


# Liahona

A young girl with dark hair, wearing a dark blue jacket with gold buttons, is smiling and looking towards the camera. She is in the foreground, slightly to the right. In the background, there are several other people, including a man in a suit holding a white object, a woman with long dark hair, and another person in a red jacket. The background is slightly blurred, suggesting an outdoor setting with stone steps or a walkway.

## Lahateny tamin'ny Fihaonamben'ny Fiangonana

Nisy ny fiantsoana Fitopololahy  
vaovao sy Fiadidian'ny Zatovolahy  
Maneran-tany vaovao ary  
Mpanolotsaina iray vaovao ao  
amin'ny Fiadidian'ny Kilonga  
Maneran-tany

Tempoly telo vaovao no nambara



© GREG OLSEN, TSY AZO ADIKA

Teny an-dalana hankany Emaosy, nataon'i Greg Olsen

*“Ary indreo nisy [mpianatra] roa tamin'ireny nandeha tamin'izany andro izany hankany  
amin'ny vohitra atao hoe Emaosy. . . .*

*“Ary raha mbola niresaka sy niara-nisaina izy, dia nanatona Jesosy ka niaraka taminy. . . .*

*“Ary raha niara-nipetraka nihinana teo aminy Izy, dia nandray ny mofo ka nisaotra, dia namaky sy nanolotra azy.*

*“Dia nahiratra ny mason'izy ireo, ka nahalala Azy; fa Izy kosa dia tonga tsy hitany.*

*“Dia niresaka hoe izy: Tsy nangorakoraka va ny fontsika, raha niresaka tamintsika teny an-dàlana Izy ka namoaka  
ny hevitra ny Soratra Masina tamintsika?” (Lioka 24:13, 15, 30–32).*

## Fivoriamben'ny vehivavy maneran-tany

- 8 Mameny ny tokantranontsika amin'ny fahazavana sy fahamarinana  
*Cheryl A. Esplin*
- 11 Avy amin'Andriamanitra ny fianakaviana  
*Carole M. Stephens*
- 14 Mpiaro ilay fanambarana momba ny fianakaviana  
*Bonnie L. Oscarson*
- 17 Ilay Mpampionona  
*Filoha Henry B. Eyring*

## Fivoriana sabotsy maraina

- 22 “Tsy izao va no fifadian-[kanina] izay ankasitrahako?”  
*Filoha Henry B. Eyring*
- 26 Ny drafitry ny fahasambarana  
*Filoha Boyd K. Packer*
- 29 Hiara-hivoatra isika  
*Linda K. Burton*
- 32 Fanoharana momba ilay mpamafy voa  
*Loholona Dallin H. Oaks*
- 36 Safidio ny hino  
*Loholona L. Whitney Clayton*
- 39 Nahoana no manan-danja ny fanambadiana sy ny fianakaviana—Na aiza na aiza eto amin'izao tontolo izao  
*Loholona L. Tom Perry*

## Fivoriana sabotsy tolakandro

- 43 Fanohanana ireo mpiandraikitra ato amin'ny Fiangonana  
*Filoha Dieter F. Uchtdorf*
- 45 Tatitry ny departemantan'ny Fanamarinana ny fampiasambolan'ny Fiangonana, taona 2014  
*Kevin R. Jergensen*
- 45 Tatitra momba ny antontan'isa ho an'ny taona 2014  
*Brook P. Hales*
- 46 Noho izany izy ireo dia nampangina ny tahony  
*Loholona David A. Bednar*
- 50 Nahoana no ilaina ny manambady sy manorina fianakaviana?  
*Loholona D. Todd Christofferson*

- 54 Ny feon-kiran'ny filazantsara  
*Loholona Wilford W. Andersen*
- 56 Manohy miezaka ny Olomasin'ny Andro Farany  
*Loholona Dale G. Renlund*
- 59 Tena feno hatsarana ary tsy mba mamitaka  
*Loholona Michael T. Ringwood*
- 62 Ny Tompo no fahazavako  
*Loholona Quentin L. Cook*

## Fivorian'ny fisoronana maneran-tany

- 67 Taranaka tanora tsara indrindra  
*Loholona M. Russell Ballard*
- 70 Eny, afaka mandresy isika ary handresy!  
*Loholona Ulisses Soares*
- 77 Ny maha-ray—anjarantsika mandrakizay  
*Larry M. Gibson*
- 80 Ny amin'ny hoe tsisy fitaka  
*Filoha Dieter F. Uchtdorf*
- 84 Ny fisoronana sy ny vavaka ataon'ny tena manokana  
*Filoha Henry B. Eyring*
- 88 Ny Fisoronana—fanomezam-pahasoavana masina  
*Filoha Thomas S. Monson*

## Fivoriana alahady maraina

- 91 Ireo fitahiana avy amin'ny tempoly  
*Filoha Thomas S. Monson*
- 93 Miverina amin'ny finoana  
*Rosemary M. Wixom*
- 96 Mikatsaka ny Tompo  
*Loholona José A. Teixeira*
- 98 Mbola mahagaga anareo ve izany?  
*Eveka Gérald Caussé*
- 101 Miandry ilay nania  
*Loholona Brent H. Nielson*
- 104 [Fahamarinana,] fitiavana, famindrampo, no tafaraka soa  
*Loholona Jeffrey R. Holland*
- 107 Ny fanomezam-pahasoavan'ny famindrampo  
*Filoha Dieter F. Uchtdorf*

## Fivoriana alahady tolakandro

- 111 Miaro ny fahafahana misafidy, miaro ny zom-pahafahana misafidy ny finoana  
*Nataon'ny Loholona Robert D. Hales*
- 114 Mijanòna eo akaikin'ilay hazo  
*Loholona Kevin W. Pearson*
- 117 Ny fomba fijery mandrakizay raketin'ny filazantsara  
*Loholona Rafael E. Pino*
- 119 Ho Tonga anie ny Fanjakanao  
*Loholona Neil L. Andersen*
- 123 Raha ho tompon'andraikitra ianareo  
*Loholona Jorge F. Zeballos*
- 126 Maroa fara sy mihabetsaha, ary mampanompoa ny tany  
*Loholona Joseph W. Sitati*
- 129 Fahafinaretana ny Sabata  
*Loholona Russell M. Nelson*
- 72 Manampahefana Ambony sy Mpiandraikitra Ambony ao amin'Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany
- 133 Fanoroam-pejin'ireo Tantara nandritra ny Fihaonambe
- 134 Niteny tamintsika izy ireo: manome anjara toerana ny fihaonamben'ny Fiangonana eo amin'ny fiainantsika
- 136 Vaovaom-piangonana



# Fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany fanao isan-taona faha 185

## Sabotsy hariva, 28 martsa 2015, Fivoriamben'ny vehivavy maneran-tany

Mpiahy: Filoha Thomas S. Monson.  
Mpitarika: Linda K. Burton.  
Vavaka fanokafana: Beverly Tingey.  
Vavaka famaranana: Reyna I. Aburto.  
Hira nataon'ny amboarampeo itambaran'ny Kilonga sy ny Zatovovavy ary ny Fikambanana Ifanampiana avy ao amin'ny tsatòkan'i Salt Lake, Murray, Kamas, sy Park City, Utah; Erin Pike Tall, mpitarika; Linda Margetts, mpitendry ôrga: "Fototra mafy orina," *Hira sy Fihiran'ny Ankizy*, lah. 12; Hira, "Avy amin'Andriamanitra ny fianakaviana," Neeley, narindran'i Zabriskie, tsy navoaka; "La joie règne au foyer," *Cantiques*, no. 189, narindran'i Wilberg, tsy navoaka; Hira natambatra: "Fitia ao an-tokantrano," *Fihirana sy Hiran'ny Ankizy*, lah. 88; "Sachons dire un mot gentil," *Cantiques*, no. 150; "Divin amour," *Cantiques*, no. 59, narindran'i Tall/Margetts, tsy navoaka.

## Sabotsy maraina, 4 aprily 2015, Fivoriana ho an'ny daholobe

Mpiahy: Filoha Thomas S. Monson.  
Mpitarika: Filoha Dieter F. Uchtdorf.  
Vavaka fanokafana: Loholona Timothy J. Dyches. Vavaka famaranana: Loholona Larry J. Echo Hawk. Hira nataon'ny Amboarampeon'ny Tabernakely; Mack Wilberg sy Ryan Murphy, mpitarika; Andrew Unsworth sy Clay Christiansen, mpitendry ôrga: "Vers Sion, cité promise" *Cantiques*, no. 83; "Gloire au Dieu tout-puissant," *Cantiques*, no. 32; "Have I Done Any Good?" *Hymns*, no. 223, narindran'i Zabriskie © HolySheetMusic.com; "An-tendrombohitra," *Fihirana sy Hiran'ny Ankizy*, lah. 5; "Venez à Jésus! Il vous appelle," *Cantiques*, no. 62, narindran'i Murphy, tsy navoaka; "Oui, je crois en Christ," *Cantiques*, lah. 71, narindran'i Wilberg, navoakan'i Jackman.

## Sabotsy tolakandro, 4 aprily 2015, Fivoriana ho an'ny daholobe

Mpiahy: Filoha Thomas S. Monson.  
Mpitarika: Filoha Henry B. Eyring.  
Vavaka fanokafana: Jean A. Stevens.  
Vavaka famaranana: Loholona Randy D. Funk. Hira nataon'ny amboarampeo itambaran'ny tanora tokan-tena ao amin'ireo tsatòka any amin'ny faritanin'i Davis sy Weber, Utah; Sonja Sperling, mpitarika; Bonnie Goodliffe sy Linda Margetts, mpitendry ôrga: "Louange à Dieu," *Cantiques*, no. 37, narindran'i Wilberg, navoakan'i Oxford; "Endrey mahagaga," *Fihirana sy Hiran'ny Ankizy*, lah. 44, narindran'i Murphy, tsy navoaka; "Misaotra Anao noho ny mpaminany," *Fihirana sy Hiran'ny Ankizy*, lah. 72; "Ndao Handroso Hatrany," *Fihirana sy Hiran'ny Ankizy*, lah. 243, narindran'i Elliott, navoakan'i Jackman.

## Sabotsy hariva, 4 aprily 2015, Fivoriamben'ny fisoronana

Mpiahy: Filoha Thomas S. Monson.  
Mpitarika: Filoha Dieter F. Uchtdorf.  
Vavaka fanokafana: David L. Beck.  
Vavaka famaranana: Loholona Robert C. Gay. Hira nataon'ny amboarampeon'ny fisoronana avy ao amin'ny Oniversiten'i Brigham Young; Ronald Staheli, mpitarika; Richard Elliott sy Andrew Unsworth, mpitendry ôrga: "Sois loué pour ces collines," *Cantiques*, no. 20, narindran'i Tom Durham, navoakan'i Jackman; "On This Day of Joy and Gladness," *Hymns*, no. 64, narindran'i Staheli, tsy navoaka; "Peuples du monde, écoutez-donc!" *Cantiques*, no. 170; "Maître, la tempête lance," *Cantiques*, no. 56, narindran'i Staheli, tsy navoaka

## Fivoriana alahady maraina, 5 aprily 2015, Fivoriana ho an'ny daholobe

Mpiahy: Filoha Thomas S. Monson.  
Mpitarika: Filoha Henry B. Eyring.  
Vavaka fanokafana: Linda S. Reeves.  
Vavaka famaranana: Loholona Kevin S. Hamilton. Hira nataon'ny Amboarampeon'ny Tabernakely; Mack Wilberg, mpitarika; Clay Christiansen sy Richard Elliott, mpitendry ôrga: "Hosanna au grand Roi!" *Cantiques*, no. 34; "Tafatsangana i Kristy!" *Cantiques*, lah. 107, narindran'i Wilberg, tsy navoaka; "Consider the Lilies," Hoffman, narindran'i Lyon, navoakan'i Jackman; "Velona ilay Mpanavotra ahy," *Fihirana sy Hiran'ny Ankizy*, lah. 76; "Jésus est ressuscité," *Chants pour les enfants*, 70, narindran'i Murphy, tsy navoaka; "Le Christ est ressuscité," *Cantiques*, no. 122, narindran'i Wilberg, tsy navoaka.

## Alahady tolakandro, 5 aprily 2015, Fivoriana ho an'ny daholobe

Mpiahy: Filoha Thomas S. Monson.  
Mpitarika: Filoha Dieter F. Uchtdorf.  
Vavaka fanokafana: Loholona S. Gifford Nielsen. Vavaka Famaranana: Loholona Koichi Aoyagi. Hira nataon'ny Amboarampeon'ny Tabernakely; Mack Wilberg sy Ryan Murphy, mpitarika; Bonnie Goodliffe sy Linda Margetts, mpitendry ôrga: "Il vit mon Rédempteur," *Cantiques*, no. 72, narindran'i Wilberg, tsy navoaka; "il envoya son Fils aimé," *Chants pour les enfants*, 20, narindran'i Hofheins, tsy navoaka; "O viens, toi, Roi des rois" *Cantiques*, no. 59; "Raconte-moi les histoires de Jésus," *Chants pour les enfants*, 36, narindran'i Murphy, tsy navoaka; "Seigneur, je te suivrai" *Cantiques*, no. 141, narindran'i Murphy, tsy navoaka.

## Fomba hahazoana ireo lahatenin'ny Fihaonamben'ny Fiangonana

Mba hahazoana ireo lahateny tamin'ny Fihaonamben'ny Fiangonana amin'ny fiteny

maro ao amin'ny Internet dia tsidiho ny conference.lds.org ary misafidiana fiteny iray. Hita amin'ny Application Gospel Library ihany koa ireo lahateny tamin'ny Fihaonamben'ny Fiangonana. Amin'ny ankapobeny dia enina herinandro aorian'ny fihaonamben'ny Fiangonana no hita ao amin'ireo foibe fanaparihana ireo rakitsary sy rakipeo amin'ny teny Anglisy. Misy fampahalalana mikasika ny Fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany izay azo alaina amin'ny endriny maromaro ho an'ireo olona manana fahasembanana ao amin'ny disability.lds.org.

## Hafatra ho an'ny famangiana sy fampianarana isan-tokantrano

Ho an'ny hafatra ho an'ny famangiana sy ny fampianarana isan-tokantrano, dia mba misafidiana lahateny iray izay tena mifanaraka amin'ny zavatra ilain'ireo izay vangiana.

## Eo amin'ny fonony

Eo anoloana: Sary nalin'i Cody Bell.  
Ao ambadika: Sary nalin'i Leslie Nilsson.

## Sary nandritra ny Fihaonambe

Ireo sary nandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany tao Salt Lake City dia nalin'i Welden C. Andersen, Cody Bell, Janae Bingham, Ale Borges, Randy Collier, Weston Colton, Mark Davis, Craig Dimond, Nathaniel Ray Edwards, Brandon Flint, Ashlee Larsen, August Miller, Leslie Nilsson, Brad Slade, ary Christina Smith; sarina tanamasoandro nahazoana lalana tamin'ny fianakavin'i Quentin L. Cook; nalin'i Craig Marshall Jacobsen ilay sary tao anaty fiaramanidina; nalin'i Sandra Wahlquist ny sary tao Woodbury, Minnesota, Etazonia; nalin'i Jade West ny sary tao McMinnville, Oregon, Etazonia; nalin'i Lucien sy Agathe Affoue ary Philippe sy Annelies Assard ny sary tao Abidjan, Côte d'Ivoire nalin'i Renee Castagno ny sary tao Perpignan, Frantsa; nalin'i Kukka Fristrom ny sary tao Helsinki, Finlande; nahazoana lalana tamin'ny fianakavian'i Christoffel Golden ny sary tao Johannesburg, Afrika Atsimo; nalin'i Humanum ny sary tao amin'ny Tanànan'i Vatican; nalin'i Sathit Kaivaivatana ny sary tao Bangkok, Thailand; nalin'i Wendy Keeler ny sary tao Mumbai, Inde; nalin'i Laurent Lucuix ny sary tao Montréal, Quebec, Canada; nalin'i Hector Manuel Hernandez Martinez ny sary tao Ciudad del Carmen, Campeche, Mexique; nalin'i Colton Mondragon ny sary tao San Martín de Los Andes, Neuquén, Argentine; nalin'i Brian Yan ny sary tamin'ny fifanana sary nataon'ny National Geographic tao Hong Kong; nalin'i Clebber Tex ny sary tao Natal, Rio Grande do Norte, Brésil; ary nalin'i Kami Weddick ny sary tany Londres, Angleterre. Pejy 77: sary nalin'i Brian Call.



**MEY 2015 BOKY. 15 LAH. 2****LIAHONA 12565 654**

Gazetiboky iraisam-pirenena an' Ny Fiangonan' Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany

**Ny Fiadidiana Voalohany:** Thomas S. Monson, Henry B. Eyring, Dieter F. Uchtdorf

**Ny Kôlejiny Apôstôly Roambinifolo:** Boyd K. Packer, L. Tom Perry, Russell M. Nelson, Dallin H. Oaks, M. Russell Ballard, Richard G. Scott, Robert D. Hales, Jeffrey R. Holland, David A. Bednar, Quentin L. Cook, D. Todd Christofferson, Neil L. Andersen

**Mpanomana ny fanontana:** Craig A. Cardon

**Mpanorohevitra:** Mervyn B. Arnold, Christoffel Golden, Larry R. Lawrence, James B. Martino, Joseph W. Sitati

**Tale mpitantana:** David T. Warner

**Talen'ny Fanohanana ny Fianakaviana**

**sy ny Mpikambana:** Vincent A. Vaughn

**Talen'ny Gazetibokin'ny Fiangonana:** Allan R. Loyborg

**Mpitantana ny Fandraharahana:** Garff Cannon

**Mpitantana ny Fanontana:** R. Val Johnson

**Mpitantana Mpanampy amin'ny Fanontana:** Ryan Carr

**Mpanampy amin'ny famoahana:** Lisa Carolina López

**Mpiara-miasa ao amin'ny Fanoratana sy Fanontana:** Brittany Beattie, David Dickson, David A. Edwards, Matthew D. Fililton, Lori Fuller, Garrett H. Garff, LaRene Porter Gaunt, Mindy Ann Leavitt, Michael R. Morris, Sally Johnson Odekirik, Joshua J. Perkey, Jan Pinborough, Richard M. Romney, Paul VanDenBerghe, Marissa Widdison

**Tale Mpitantana ny Hai-tao:** J. Scott Knudsen

**Talen'ny Hai-tao:** Tadd R. Peterson

**Mpiara-miasa ao amin'ny Hai-tao:** Jeanette Andrews, Fay P. Andrus, Mandie M. Bentley, C. Kimball Bott, Thomas Child, Nate Gines, Colleen Hincley, Eric P. Johnsen, Susan Lofgren, Scott M. Mooy, Mark W. Robison, Brad Teare, K. Nicole Walkenhorst

**Mpampirindra ny mikasika ny Fananana ny Zo:**

Collette Nebeker Aune

**Talen'ny Famoahana:** Jane Ann Peters

**Mpiara-miasa ao amin'ny Famokarana:** Connie Bowthorpe Bridge, Julie Burdett, Katie Duncan, Bryan W. Gygi, Denise Kirby, Ginny J. Nilson, Gayle Tate Rafferty

**Mpanara-maso Alohan'ny Fanontana:** Jeff L. Martin

**Talen'ny Fanaovana Printy:** Craig K. Sedgwick

**Talen'ny Fanaparihana:** Stephen R. Christiansen

**Adiresin'ny biraon'ny fandikan-teny eto Madagascar:**

Bâtiment Robert 5, Face Complexe

Fokontany Manarintsoa Est

Antananarivo 101, Madagascar

Ho an'ny famandrihana sy ny sarany ivelan' Etazonia sy Kanadà dia manatona ny mpiandraikitra ny foibe fanaparihana any amin'ny Fiangonana eo amin'ny toerana misy anao na ny mpitarika ao amin'ny parosy na sampana misy anao.

**Ny taratasy sy ny fanontaniana** dia alefaso amin'ny alalan'ny internet ao amin'ny [liahona.lds.org](http://liahona.lds.org); amin'ny alalan'ity e-mail [liahona@ldschurch.org](mailto:liahona@ldschurch.org); na amin'ny alalan'ity adiresy ity *Liahona*, Rm. 2420, 50 E. North Temple St., Salt Lake City, UT 84150-0024, USA.

Ny *Liahona* (teny avy ao amin'ny Bokin'i Môrmôna izay midika hoe "kômpa" na "mpitarika-dalana") dia avoaka amin'ny teny Albaniana, Alema, Anglisy, Armeniana, Bislama, Boligariana, Danoa, Espaniola, Estoniana, Fijiana, Finisy, Frantsay, Grika, Hôlandey, Hongoroa, Indoneziana, Islandey, Italiana, Japôney, Kambojiana, Kiribatia, Koreana, Kroasiana, Lativiana, Litoaniana, Malagasy, Marisalizy, Mongoliana, Norveziana, Okireniana, Ordo, Pôlôney, Portogey, Romaniana, Rosiana, Samoana, Seboanô, Siloveniana, Sinoa, Sinoa (notsorina), Soaily, Soedoa, Tagalogy, Tahisiana, Tailandey, Tongana, Tseky ary Vietnamiiana (Ny fivoahon'ny boky dia miovaova araka ny tenim-pirenena nanoratana azy.)

© 2015 an'ny Intellectual Reserve, Inc. Zo rehetra voatokana. Natonta tany Etazonia.

Ny Lahatsoratra sy ny sary ao amin'ny *Liahona* dia azo adika raha sendra ilaina any am-piangonana na ao an-tokantrano ka tsy atao itadiavam-bola. Ny sary dia tsy azo adika raha misy famerana mikasika izany eo amin'ny toerana fanaovana fanamarihana eo amin'ilay sary. Ny fanontaniana momba ny fahazoan-dalana tamin'ny fandikana dia alefaso amin'izao adiresy izao: Intellectual Property Office, 50 E. North Temple St., Salt Lake City, UT 84150, USA; e-mail: [cor-intellectualproperty@ldschurch.org](mailto:cor-intellectualproperty@ldschurch.org).

**For Readers in the United States and Canada:**

May 2015 Vol. 15 No. 2. LIAHONA (USPS 311-480) Malagasy (ISSN 1525-7592) is published four times a year (April, May, October, and November) by The Church of Jesus Christ of Latter-day Saints, 50 East North Temple, Salt Lake City, UT 84150. USA subscription price is \$2.00 per year; Canada, \$2.40 plus applicable taxes. Periodicals Postage Paid at Salt Lake City, Utah. Sixty days' notice required for change of address. Include address label from a recent issue; old and new address *must* be included. Send USA and Canadian subscriptions to Salt Lake Distribution Center at address below. Subscription help line: 1-800-537-5971. Credit card orders (Visa, MasterCard, American Express) may be taken by phone. (Canada Poste Information: Publication Agreement #40017431)

POSTMASTER: Send all UAA to CFS (see DMM 707.4.12.5). NONPOSTAL AND MILITARY FACILITIES: Send address changes to Distribution Services, Church Magazines, P.O. Box 26368, Salt Lake City, UT 84126-0368, USA.



### Lisitr'ireo mpandahateny manaraka ny abidia

Andersen, Neil L., 119  
Andersen, Wilford W., 54  
Ballard, M. Russell, 67  
Bednar, David A., 46  
Burton, Linda K., 29  
Caussé, Gérard, 98  
Christofferson, D. Todd, 50  
Clayton, L. Whitney, 36  
Cook, Quentin L., 62  
Espiln, Cheryl A., 8  
Eyring, Henry B., 17, 22, 84  
Gibson, Larry M., 77  
Hales, Brook P., 45  
Hales, Robert D., 111  
Holland, Jeffrey R., 104  
Jergensen, Kevin R., 45  
Monson, Thomas S., 88, 91  
Nelson, Russell M., 129  
Nielsen, Brent H., 101  
Oaks, Dallin H., 32  
Oscarson, Bonnie L., 14  
Packer, Boyd K., 26  
Pearson, Kevin W., 114  
Perry, L. Tom, 39  
Pino, Rafael E., 117  
Renlund, Dale G., 56  
Ringwood, Michael T., 59  
Sitati, Joseph W., 126  
Soares, Ulisses, 70  
Stephens, Carole M., 11  
Teixeira, José A., 96  
Uchtdorf, Dieter F., 43, 80, 107  
Wixom, Rosemary M., 93  
Zeballos, Jorge F., 123

### Fanoroam-pejy araka ny lohahevitra

Adidy, 88, 123  
Ahiaty, 36, 93, 101  
Andriamanitra Ray, 11, 77  
Andro Sabata, 36, 62, 67, 129  
Antso ao amin'ny Fiangonana, 59, 88  
Asa fampahavitrihana, 93, 101  
Asa Fanompoana, 22, 59, 80, 84, 129  
Asa fitoriana, 91, 111, 126  
Bokin'i Môrmôna, 8, 114  
Drafitry ny famonjena, 14, 26, 50, 111, 117, 126  
Fahadiovam-pitondrantena, 26  
Fahafahana misafidy, 36, 70, 111, 123  
Fahagagana, 98, 119  
Fahalalahana ara-pivavahana, 111  
Fahamarinana, 8  
Faharetana, 114  
Faharetana, 54, 101, 129  
Fahasoavana, 36, 46, 50, 59, 80, 104, 107  
Fahazavana, 8, 36  
Fahoriana, 11, 17, 36, 62, 91, 96, 117, 119  
Fakam-panahy, 70  
Fampianarana isan-tokantrano, 84  
Fampiarahana, 67  
Fanahy Masina, 8, 17, 54, 84, 98, 111  
Fanambadiana, 14, 26, 29, 39, 50, 67, 126  
Fanambarana, 84  
Fanantenana, 36, 101, 117  
Fandalinana soratra masina, 98, 129  
Fandefarana, 111  
Fanekepihavanana, 11, 17, 29, 46, 59, 114, 129  
Fanetrentena, 59, 84  
Fangorahana, 11, 17  
Fiadanana, 17, 46, 91  
Fiainana mandrakizay, 114, 117  
Fianakaviana, 8, 11, 14, 26, 39, 50, 62, 101, 126, 129  
Fiaviana Fanindroany, 119

Fibebahana, 26, 56, 107  
Fifadian-kanina, 22, 67, 84, 129  
Fifaliana, 26, 93, 96  
Fijoroana ho vavolombelona, 36, 67, 70, 80, 93, 101  
Finamanana, 93  
Finoana, 36, 46, 62, 84, 93, 98, 101, 114  
Fiovampo, 32, 56, 93  
Firasankina, 11, 62  
Fisoronana, 77, 84, 88  
Fitahiana, 22, 36, 88, 91  
Fitavianana, 11, 26, 37, 62, 62, 80, 96, 101, 104  
Fitomboan'ny Fiangonana, 45, 119  
Fitsanganana tamin'ny maty, 104, 107  
Fomba fijery, 117, 119  
Hatsaram-panahy, 29  
I Adama sy i Eva, 26, 46, 50, 104, 117  
Institiota, 67  
Jesoa Kristy, 17, 36, 46, 50, 62, 67, 77, 80, 91, 93, 96, 101, 104, 107, 111, 114, 119  
Joseph Smith, 8, 111  
Laharampahamehana, 32  
Ny maha-mpanaradia, 32, 59, 67, 80, 114, 123  
Ny maha-ray, 14, 29, 77  
Ny maha-ray aman-dreny, 14, 39, 50, 54, 126, 129  
Ny maha-reny, 14  
Paska, 91, 104, 107  
Pôrnôgrafia, 67, 70  
Semina, 67  
Sorompanavotana, 17, 46, 62, 70, 78, 70, 96, 104, 107, 123  
Tahotra, 46  
Tanora tokan-tena sy mpivady vao herotrerony, 67  
Tantaram-pianakaviana, 129  
Teknôlojia, 67, 96  
Tempoly, 26, 91  
Toetra araka an'Andriamanitra, 11, 126  
Tokantrano, 8, 14, 54, 62  
Vavaka, 22, 84, 91, 114



faritra ireo, ary izany tokoa no mitranga na aiza na aiza misy tempoly manerana izao tontolo izao” (pejy 91).

- Notohanan’ny mpikamban’ny Fiangonana ireo mpikambana dimy vaovao ao amin’ny Kôlejy Voalohany ao amin’ny Fitopololahy, ny fiadidian’ny Zatovolahy maneran-tany vaovao ary ny mpanolotsaina iray vaovao ao amin’ny fiadidian’ny Kilonga maneran-tany.
- Araka ny tatitra fanao isan-taona momba ny antotan’isa dia 15.3 tapitrisa ny isan’ny mpikamban’ny Fiangonana izay ao anatin’ny tsatòka 3114 sy disitrika 561. Tempoly telo vaovao no natokana tamin’ny taona lasa ka mahatonga ny isan’ny



tempoly am-perinasa ho 144.

- Nadika tamin’ny fiteny miisa 95 ny fihaonambe. Taorian’ny fampidirana zava-baovao izay nanomboka tamin’ny ôktôbra lasa teo dia mpandahateny telo no nanao ny lahateniny tamin’ny fiteniny ankoatra ny teny Anglisy.

Mpandahateny maro no nijoro ho vavolombelona momba ny Fitsanganan’ny Mpamonjy tamin’ny maty rehefa nandray fitenenana nandritra ny faran’ny herinandron’ny Paska. “Zanak’Andriamanitra Izy,” hoy ny Filoha Thomas S. Monson nijoro ho vavolombelona. “Izy ilay nivoaka avy ao am-pasana tamin’ily marainan’ny Paska, ka nentiny niaraka taminy ilay fanomezana ny fiainana mandrakizay ho an’ny zanak’ Andriamanitra rehetra.” (pejy 93). ■

## Zavatra nisongadina nandritra ny Fihaonamben’ny Fiangonana maneran-tany faha 185 an’Ny Fiangonan’i Jesoa Kristy ho an’ny Olomasin’ny Andro Farany

“**N**y lohahevitra mikasika ireo lahateny mandritra ny fihaonamben’ny Fiangonana maneran-tany dia omena—tsy amin’ny alalan’ny olona mety maty izay manana fahefana hanao izany fa amin’ny alalan’ny fitaoman’ny Fanahy,” hoy ny fanazavan’ny Loholona Dallin H. Oaks ao amin’ny Kôlejin’ny Apôstôly Roambinifolo (pejy 32). Nandritra ilay fihaonamben’ny Fiangonana nanentana fanahy izay natomboka tamin’ny alalan’ny fivoriamben’ny vehivavy maneran-tany ary nifarana ny alahadin’ny Paska, dia anisan’ny nampianarin’ny mpandahateny teo anivon’ireo

fitsipiky ny filazantsara maro hafa ny mikasika ny fianakaviana, ny fifadiankanina, ny asa atao any amin’ny tempoly, ny maha-mpanaradia, sy ny Sabata ary ny Sorompanavotan’ny Mpamonjy (jereo ny pejy 3).

Ireto manaraka ireto ny sasany tamin’ireo zavatra nisongadina:

- Nanambaran’ny Filoha Thomas S. Monson ny fanorenana tempoly vaovao any Abidjan, Côte d’Ivoire sy any Port-au-Prince, Haiti; ary any Bangkok, Thailand. Hoy izy mikasika izany hoe: “Endrey ireo fitahiana voatahiry ho an’ireo mpikambana mahatoky any amin’ireo









**Nataon'i Cheryl A. Esplin**

Mpanolotsaina Faharoa ao amin'ny  
Fiadidian'ny Kilonga Maneran-tany

# Mameno ny tokantranontsika amin'ny fahazavana sy fahamarinana


*Tsy maintsy manao izay hahaheniky ny fahazavana sy ny fahamarinan'ny filazantsara antsika isika mba hanoherantsika sy ny fianakaviansika ny faneriteren'izao tontolo izao.*

**H**eniky ny Fanahy ny foko teo am-pihainoana ireo fianakaviana ireo izay nampianatra ilay fahamarinana masina hoe: “Avy amin' Andriamanitra ny fianakaviana.”<sup>1</sup> Tena iray amin'ireo fomba maro ahafahantsika mahatsapa ny Fanahy mibitsika amintsika ny hira manentana ny fanahy, ka mameno fahazavana sy fahamarinana antsika izany.

Lasa nanan-danja manokana ho ahy ilay fahatsapana hoe heniky ny fahazavana sy fahamarinana noho ny zavatra anankiray niainako taona maro lasa izay. Nanatrika fivoriana anankiray aho izay nampianaran'ireo mpikambana tao amin'ny filankevipitantanan'ny Zatovovavy maneran-tany ny fomba fanorenana ara-panahy fianakaviana sy tokantrano mafy orina. Mba hampisehoana mivantana izany dia nihazona canette fitoerana soda

anankiroa ny mpitarika ny Zatovovavy anankiray. Nihazona canette iray tsy nisy soda intsony tamin'ny tanana anankiray izy ary nihazona canette feno soda mbola tsy nisokatra tamin'ny tanana iray hafa. Nopotseriny aloha ilay canette iray tsy nisy soda. Nanomboka niforitra izany ary dia potika noho ny fanapotsipotserana azy. Nopotseriny tamin'ilay tanana iray hafa avy eo ilay canette mbola tsy nisokatra. Tsy nihetsika izany. Tsy niforitra na potika tahaka ilay canette tsy nisy soda izany—satria feno.

Nampitahanay tamin'ny fiainanay manokana sy ny tokantronay ary ny fianakavianay izany zavatra naseho izany. Rehefa heniky ny Fanahy sy ny fahamarinan'ny filazantsara isika dia manana hery hanoherana ny herin'izao tontolo izao izay manodidina sy manapotsitra antsika. Tsy manana hery



anaty hanoherana ireo faneriterena ety ivelany anefa isika rehefa tsy feno tsara ara-panahy ary ho simba rehefa misy hery manapotsitra.

Fantatr'i Satana fa tsy maintsy manao izay hahaheniky ny fahazavana sy ny fahamarinan'ny filazantsara antsika isika mba hanoherantsika sy ny fianakaviansika ny faneriteren'izao tontolo izao. Noho izany dia ataony izay rehetra azony atao mba hanatsasoana sy hampisavorovoroana ary hamotehana ny fahamarinan'ny filazantsara sy hanasarahana antsika amin'izany fahamarinana izany.

Maro amintsika no efa natao batisa sy nandray ny fanomezana ny Fanahy



Masina, izay ny manambara sy mam-pianatra ny fahamarinan'ny zava-drehetra no asany.<sup>2</sup> Tonga miaraka amin'io tombontsoa io ny andraikitra mba hikatsaka ny fahamarinana, hiaina ny fahamarinana fantatsika ary hizara sy hiaro ny fahamarinana.

Ny toerana iray tena hikatsahana tsara ny mba hahaheniky ny fahazavana sy fahamarinana antsika dia ao an-tokantranontsika. Ny tonon'ilay fiverenan-kira ao anatin'ilay hira henontsika teo dia mampahatsiahy antsika hoe, "Nomen' Andriamanitra fianakaviana isika mba hanampy antsika ho tonga amin'izay tiany hahatongavantsika."<sup>3</sup> Ny fianakaviana no

fitavonana iray nomen'ny Tompo eto antany mba hanampiana antsika hianatra sy hiaina ny filazantsara. Tonga ao amin'ny fianakaviansika isika miaraka amin'ny adidy masina mba hifampatanjaka ara-panahy.

Tsy mitrangantranga ho azy ny fianakaviana mandrakizay matanjaka sy ny tokantrano heniky ny Fanahy. Mitaky ezaka lehibe sy fotoana izany ary mitaky ny hanaovan'ny olona tsirairay ao amin'ny fianakaviana ny anjara andraikiny. Tsy mitovy ny tokantrano tsirairay kanefa ny fahitana olona na dia iray monja izay mikatsaka ny fahamarinana any amin'ny tokantrano tsirairay dia afaka mitondra fiovana.

Toroina hevitra tsy tapaka isika mba hampitombo ny fahalalantsika ara-panahy amin'ny alalan'ny vavaka sy ny fandalinana ny soratra masina ary ny fisaintsainana ny soratra masina sy ny tenin'ny mpaminany velona. Toy izao ny nolazain'ny Filoha Dieter F. Uchtdorf tao anatin'ilay lahateny nataony nandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana mikasika ny fandraisana fijoroana ho vavolombelona momba ny fahazavana sy ny fahamarinana:

"Hiteny amin'ireo rehetra izay manatona Azy amin-kitsimpo omban'ny tena finiavana ilay Andriamanitra Mandrakizay sy Tsitoha.

"Hiteny amin'izy ireo amin'ny nofy sy fahitana sy eritreritra ary fahatsapana Izy."

Notohizan'ny Filoha Uchtdorf hoe: "Tena miraharaha anao Andriamanitra. Hihaino sy hamaly ireo fanontaniana manokana Izy. Ny valin'ireo vavaka ataonao dia ho tonga amin'ny fotoany sy araka ny fombany, ary noho izany dia mila mianatra mihaino ny Feony ianao."<sup>4</sup>

Misy tantaram-pianakaviana iray fohy izay ohatra maneho io torohevitra io.

Namaky ny fijoroana ho vavolombelona an'ny rahavavy Elizabeth Staheli Walker anabavin'ny rain'ny dadabeko aho volana maro lasa izay. Niala tany Suisse ka nifindra monina tany Amerika niaraka tamin'ny fianakaviany i Elizabeth fony mbola ankizy.

Taorian'ny nanambadian'i Elizabeth dia nipetraka tany Utah akaikin'ny sisintanin'i Nevada izy sy ny vadiny ary ny zanany ka nitantana toerana iray fanangonana sy fandefasana taratasy. Toerana fijanonan'ireo mpanao dia lavitra ny tokantranony. Tsy maintsy nivonona nahandro sy nandroso sakafo andro aman'alina ho an'ireo mpanao dia lavitra izy ireo. Asa mafy sy nandreraka izany ary zara raha afaka naka aina izy ireo. Saingy ny zavatra tena lehibe nanahiran-tsaina an'i Elizabeth dia ny resaka nifanaovany tamin'ireo olona nifanerasera taminy.

Nilaza i Elizabeth fa hatramin'io fotoana io dia nino tsy hatramipisalasalana izy fa marina ny Bokin'i Môrmôna, nomen' Andriamanitra

alalana mba hanao ny zavatra nataony ny Mpaminany Joseph Smith, ary drafty ny fiainana sy famonjena ny hafatra nentiny. Saingy tsy hanamafy orina izany finoana izany ilay fiainana niainany.

Mpamaky boky sy manam-pahaizana ary manam-pahalalana ny sasany tamin'ireo mpanao dia lavitra tonga nijanona teo ary ny resaka fanao foana manodidina ny latabany dia hoe “olona mpamitaka” i Joseph Smith ka izy ihany no nanoratra ny Bokin'i Môrmôna dia naporitany izany mba hahazoany vola. Nasehon'izy ireo tamin'ny fihetsiny hoe, ny fieritreretana zavatra hafa ankoatra izany dia hevitra adala ka dia niziriziry tamin'ny heviny izy ireo hoe “mifono fitaka ny Môrmônisma.”

Nahatonga an'i Elizabeth hahatsapa ho tokana sy irery izany. Tsy mba nisy olona azony niresahana na fotoana mba nanaovany vavaka—na dia niva-vaka aza izy teo am-panaovana asa. Natahotra loatra izy hilaza zavatra tamin'ireo izay nanaraby ny finoany. Nilaza izy fa nozakainy teny fotsiny izany toy ireny hoe nilaza ny marina ireny izy ireo ary tsy ho afaka niaro ny finoana izy raha nanandrana nanao izany.

Nifindra toerana taty aoriana i Elizabeth sy ny fianakaviany. Nilaza i Elizabeth fa nanana fotoana bebe kokoa hieritreretana izy ary tsy dia tena voahenligelina lava. Nidina tany amin'ny lakavy izy matetika nivavaka tamin'ny Ray any an-danitra mikasika ny zavatra manahirana ny sainy—mikasika ireo tantara izay notantarain'ireo olona toa mahiran-tsaina ireo momba ilay filazantsara izay lazaina ho fitaka ary mikasika an'i Joseph Smith sy ny Bokin'i Môrmôna.

Indray alina nanofy i Elizabeth. Hoy izy hoe: “Toa nijoro teo amin'ny lalantsarety teritery izay aho izay nitondra nankeny am-pototry ny havoana misy misolampy kely. Teo amin'ny antsasaky ny lalana mitondra miakatra eny amin'ilay havoana dia nahita lehilahy iray nijery ambany sy niresaka aho na toy ny hoe miresaka amin'ny zatovolahy iray nandohalika sy niondrika teo amin'ny lavaka iray tamin'ny tany izany izy.



Naninjitra ny tanany ilay zatovolahy ary toy ny nanakatra zavatra avy tao anaty lavaka tao izy. Nahita saron-javatra vita amin'ny vato aho izay toa avy nesorina teo amin'ilay lavaka niondrehan'ilay zatovolahy. Nisy olona maro teny andalana saingy tsy nisy na dia iray aza tamin'izy ireo liana tamin'ireo olona anankiroa ireo izay teo amin'ny lafy irain'ilay havoana. Nisy zavatra tsapako tamin'ny fomba tena hafahafa izay tonga niaraka tamin'ilay nofy ka tonga aho dia taitra; . . . Tsy afaka nitantara ny nofiko tamin'iza na tamin'iza aho fa toa afa-po aho satria nidika izany hoe ny Anjely Môrônia no nanome torolalana ny zatovolahy Joseph tamin'ny fotoana nakany ireo takelaka.”

Nandeha nankany Salt Lake City tamin'ny fitokanana ny tempoly i Elizabeth ny lohataona 1893. Toy izao ny fitantarany ny zavatra niainany: “Hitako tao anatin'izany ilay sary nitovy tamin'ilay hitako tao amin'ny nofiko, toa fitaratra nilokoloko izy izay. Nahatsapa ho nahazo antoka aho fa ilay havoan'i Komôrâ no hitako ary ilay tena izy tokoa. Nahatsapa ho nahazo antoka aho fa nampiseho ahy tao anatin'ny nofy ny sarin'ny Anjely Môrônia nanome ireo takela-bolamena an'i Joseph Smith.”

Taona maro taty aorian'io nofiny io ary volana maro talohan'ny nahafatesany teo amin'ny 88 taona latsaka teo dia naharay fahatsapana mahery vaika i Elizabeth. Hoy izy hoe, “Nisy

eritreritra tonga mazava tsara tao antsaiko . . . toy ireny olona ireny mihitsy no niteny hoe, . . . ‘Aza alevina any ambany tany ny fijoroana ho vavolombelona anananao.’”<sup>5</sup>

Mbola manohy manovo hery amin'ny alalan'ny fijoroana ho vavolombelona nananan'i Elizabeth ireo taranany maro taty aoriana. Miaina ao anaty tontolo iray tahaka an'i Elizabeth izay ahitana mpihiahy sy mpitsikera maro mikasika ireo fahamarinana izay sarobidy amintsika isika. Mety maheno tantara mampisavorovoro saina sy hafatra mifanohitra isika. Isika koa tahaka an'i Elizabeth dia mila manao izay vitantsika mba hifikitra amin'izay fahazavana sy fahamarinana ananantsika amin'izao fotoana izao indrindra ao anatin'ireo toe-javatra sarotra. Mety tsy ho tonga amin'ny fomba mahatalanjona ny valin'ny vavaka nataontsika saingy tsy maintsy mitady fotoana milamina isika mba hikatsahana fahazavana sy fahamarinana. Ary rehefa azontsika izany dia andraikitsika ny miaina sy mizara ary miaro izany.

Apetrako aminareo ny fijoroako ho vavolombelona fa fantatro hoe rehefa ny fahazavana sy ny fahamarinan'ny Mpamonjy no amenoantsika ny fonsika sy tokantranontsika dia hahazo hery anaty hijoroana ho mahatoky ao anatin'ny toe-javatra miseho rehetra isika. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

*Fanamarihana: Rahavavy Esplin dia nisiorana tamin'ny naha-mpanolotsaina faharoa azy tao amin'ny fiadidian'ny Kilonga maneran-tany ary notohanana mba ho mpanolotsaina voalohany.*

#### FANAMARIHANA

1. “Avy amin' Andriamanitra ny Fianakaviana,” ao amin'ny *Mandrakizay ny Fianakaviana: Rindran-damina mandritra ny fotoana ifanakalozana ho an'ny taona 2014* (2013), 28–29.
2. Jereo ny Môrônia 10:5.
3. “Avy amin' Andriamanitra ny Fianakaviana,”
4. Dieter F. Uchtdorf, “Mandray Fijoroana ho Vavolombelona momba ny Fahazavana sy Fahamarinana,” *Liahona*, nôv. 2014, 21.
5. Jereo ny Elizabeth Staheli Walker, “My Testimony, Written for My Children and Their Children after I Am Gone,” 1939, 22–26, University of Nevada, Las Vegas, Amboaran-javatra nangonina manokana. Natao manara-penitra ny mari-tsoratra, renin-tsoratra ary ny fanoratana.



**Nataon'i Carole M. Stephens**

Mpanolotsaina voalohany ao amin'ny fiadidian'ny Fikambanana Ifanampiana maneran-tany

# Avy amin' Andriamanitra ny fianakaviana

*Ao anatin'ny fianakavian' Andriamanitra isika tsirairay ary ilaina ao isika.*

**M**isy ve zavatra tsara sy lalina kokoa noho ny fahamarinana tsotra sy madion'ny filazantsara izay ampianarina ao anatin'ny hiran'ny Kilonga? Ary fantatrarao zazavavy rehetra ao amin'ny Kilonga izay manatrika eto anio hariva ilay hira izay horesahiko. Nianaranareo tao amin'ny fandaharam-pianaran'ny Kilonga tamin'ny herintaona izany.

Ao amin'ny tonon'ny “Avy amin' Andriamanitra ny fianakaviana”<sup>1</sup>—izay nohiraina talohaloa teo tato anatin'ity fivoriana ity—dia ampahatsiahivina antsika ny fotopampianarana madio. Tsy mianatra fotsiny isika fa avy amin' Andriamanitra ny fianakaviana fa fantatsika koa fa ampahany amin'ny fianakavian' Andriamanitra ny tsirairay amintsika.

Ny andalana voalohany amin'ilay hira dia mampianatra hoe: **“Fianakavian'ny Ray izaho sy ianao. Ary zanany avokoa isika rehetra.”** Ianarantsika avy ao amin'ny Fanambarana ho an'ny fianakaviana fa “ Tany amin'ny fanjakana talohan'ny nahaterahana, ireo fanahy izay zanakalahy sy zanakavavy dia nahafantatra sy nanompo an' Andriamanitra tahaka ny Rainy mandrakizay.” Nianatra momba

ny tena maha-izy antsika vehivavy isika tany amin'izany fanjakana izany. Nahafantatra isika fa “. . . zanakavavy malalan'ny ray aman-dreny any andanitra” isika tsirairay.<sup>2</sup>

Tsy nampiova ireo fahamarinana ireo ny diantsika hiaina eto an-tany. Ao anatin'ny fianakavian' Andriamanitra isika tsirairay ary ilaina ao isika. Tsy mitovy daholo ny fianakaviana eto ambonin'ny tany. Ary rehefa manao ny tsara

indrindra azontsika atao isika mba hananganana fianakaviana matanjaka, dia tsy miankina amin'ny fifandraisana hafa ananantsika—ara-panambadiana, amin'ny maha-ray aman-dreny, arabola, ara-piarahamonina, eny na ireo karazana fari-piainana asehontsika ao amin'ny tambazotra ifaneraserana aza ny maha-mpikambana ao amin'ny fianakavian' Andriamanitra.

Ao anatin'izany isika. “Isika dia zanakavavin'ny Raintsika any Andanitra izay tia antsika ary tiantsika Izy.”<sup>3</sup>

Manazava bebe kokoa ilay voalohany ny andalana faharoa ao amin'ilay hira. **“Napetraka mba hiaina ety an-tany [ny tsirairay avy amintsika mba hiaina sy hianatra] ao amin'ny fianakaviana.”**

Nianatra isika tany amin'ny fiainana talohan'ny fahaterahana fa mila fotoana hiainana eto ambonin'ny tany isika. “Nanaiky ny draf[try ny Ray any Andanitra isika] izay ahafahan'ireo zanany hahazo vatana sy hahazo traikefa ety ambonin'ny tany mba handrosoany mankany amin'ny fahatanterahana ary hahatratrarany any amin'ny farany ny anjarany tahakan' Andriamanitra amin'ny maha-mpandova ny fiainana mandrakizay azy.”<sup>4</sup>

Nanazava ny Loholona Richard G. Scott fa “nampianarina isika tany amin'ny fiainana talohan'ny nahaterahana fa ny tanjontsika amin'ny fahatongavana



eto dia ny hotsapaina sy hosedraina ary hampivelarina.”<sup>5</sup> Fa ny fampivelarana dia tonga amin’ny endriny maro rehefa miaina izany ny olona tsirairay. Tsy niaina tao anatin’ny fisarahampanambadiana mihitsy aho, na niaina ny fanaintainana sy tahotra avy amin’ny fandoazan’ny olona, na ny andraikitra mifandray amin’ny maha-reny token-tena ao an-tokantrano. Tsy niaina fahafatesanjaka aho, na fahamombana, na fitiavan’ny samy vavy. Tsy mbola niharan’ny herisetra na aretina mikiky na tratran’ny fiankinan-doha aho. Tsy izany no fizahan-toetra nampivelarana ahy.

Koa amin’izao fotoana izao dia mieritreritra ny sasany aminareo hoe: “Eny ry Rahavavy Stephens a! Tsy takatrao mihitsy ny mahazo anay!” Dia mamaly aho hoe mety ho marina ny voalazanareo. Tsy takatro tanteraka ny olana atrehanareo. Kanefa amin’ny alalan’ny fitsapana sy fisedrana nianjady tamiko manokana—ireo izay nampandohalika *ahymba* hivavaka—dia nanjary nifankahazatra tamin’Ilay mahatakatra aho—Izy ilay “zatra ny fahoriana,”<sup>6</sup> izay niaina ny zavatra rehetra sy mahatakatra ny zavatra rehetra. Ankoatra izany dia niaina ireo fitsapana rehetra vao notononiko teo ireo aho tamin’ny alalan’ny zanakavavy, reny, renibe, rahavavy, nenitoa ary namana.

Tsy ny hianatra avy amin’ireo olana ananantsika ihany no tombontsoa ananantsika amin’ny maha-zanakavavin’ Andriamanitra mitandrina fanekempihavanana antsika fa ny hifandrimbona amin’ny fitserana sy famindrampo rehefa manampy ireo olona hafa ao amin’ny fianakavian’ Andriamanitra isika amin’ny olana ananany, araka izay efa nekentsika fa hataontsika.

Manjary mahatakatra sy mahatoky ihany koa isika rehefa manao izany fa mahalala ny fahasarotan’ny lalana ny Mpamonjy ary afaka mitarika antsika ao anatin’izay mety ho alahelo sy fahakiviana mitranga Izy. Fitiavana marina Izy, ary “maharitra mandrakizay”<sup>7</sup> ny fitiavany—amin’ny alalantsika ny ampahany—rehefa manaraka Azy isika.

Amin’ny maha-zanakavavin’ Andriamanitra sy mpianatr’i Jesoa

Kristy antsika dia “manao asa araka ireo fitserana ny hafa izay novolen’ Andriamanitra” tao am-pontsika isika.<sup>8</sup> Tsy mijanona amin’ny fianakaviansika ihany ny fanampiana entintsika.

Vao haingana aho no nanana fahafahana niresaka tamin-drahavavy Yazzie tao amin’ny trano bongony tany amin’ny Tsaòkan’i Chinle Arizona. Ny zavatra tsikaritro voalohany rehefa nampandrosoiny tao an-tranony aho dia ireo sarin’ny fianakaviana sy misiónera tao anaty fonon-tsary maro teny amin’ny rindrina sy latabatra. Dia nanontany aho hoe: “Rahavavy Yazzie, firy ny zafikelinao?”

Gaga tamin’ny fanontaniako izy, dia naneho fihetsika nandà tamin’ny sorony. Very hevitra tamin’ny valinteniny aho dia nijery an-drahavavy Yellowhair, zanany vavy izay namaly hoe: “Tsy fantany hoe firy ny zafikeliny. Tsy manisa izahay. Miantso azy hoe ‘Bebe’ daholo ny ankizy rehetra—Bebe izy ho an’ny rehetra.”

Tsy feran-drahavavy Yazzie amin’ny fianakaviana iray ra aminy ny fitiavany sy ny ohatra omeny. Takany ny dikan’ny hoe manitatra ny tontolon’ny ohatra asehony rehefa mandehandeha manao soa sy mikolokolo ary miaro ny



fianakavian’ Andriamanitra izy. Takany fa “isaky ny mampatanjaka ny finoan’ny ankizy iray ny vehivavy iray dia mandray anjara amin’ny tanjaky ny fianakaviana iray amin’izao fotoana izao sy amin’ny hoavy izy.”<sup>9</sup>

Manazava bebe kokoa ny tanjon’ny fiainantsika eto an-tany ny andalana fahatelo izay fiverenan-kira manao hoe: **“Fianakaviana mba hanampy antsika ho tonga toa Azy.”** Nampianatra ny Mpamonjy hoe: “aoka ho iray ianareo; ary raha tsy iray ianareo dia tsy Ahy.”<sup>10</sup> Mampianatra ny fanambarana ho an’ny fianakaviana fa amin’ny maha-zanakavavy ara-panahin’ny ray aman-dreny any an-danitra antsika dia manana toetra araka an’ Andriamanitra sy manana ny maha-isika antsika mandrakizay ary tanjona mandrakizay isika. Tian’ Andriamanitra ho iray isika—zanakavavy mitandrina fanekempihavanana izay miray ao anatin’ny fahasamihafan’ny fiainantsika manokana,<sup>11</sup> izay maniry hianatra ny zavatra rehetra ilaina mba hiverenana eo anatrehan’ny, voafehy Aminy amin’ny maha-mpikambana ao amin’ny fianakaviany mandrakizay.

“Ireo ôrdônansy sy fanekempihavanana masina misy any amin’ny tempoly masina no ahafahan’ny tsirairay hiverina eo anatrehan’ Andriamanitra sy ahafahan’ny fianakaviana ho iray mandrakizay.”<sup>12</sup> Mampifandray ny fianakavian’ Andriamanitra amin’ny lafiny roa amin’ny voaly ireo ôrdônansy raisintsika sy ireo fanekempihavanana ataontsika amin’ny batisa sy ao amin’ny tempoly masina—mampifandray antsika amin’ny Raintsika amin’ny alalan’ny Zanakalahiny, izay nangataka hoe: “Mba ho iray ihany izy rehetra, tahaka Anao Ray ato Amiko, ary Izaho koa ao Aminao, mba ho ao Amintsika koa Izy.”<sup>13</sup>

Rehefa mampiasa ny fotoantsika eto an-tany isika mba handalina sy hampihatra ny fampianaran’ny Mpamonjy dia tonga toa Azy bebe kokoa. Lasa takatsika fa Izy no lalana—ilay lalana tokana—ahafahantsika mandresy ireo olan’ny fiainana an-tany, ho sitrana sy hiverina any amin’ny tranontsika any an-danitra.

Miverina amin'ny zavatra nolazainy tany am-piandohana ny andalana farany ao amin'ilay hira: **“Izany no fitiavany, drafitra napetrany.”** Drafitry ny fitiavana ny drafitry ny Ray ho an'ny zanany, ary drafitra hampiraisana ny zanany—ny fianakaviany—miaraka Aminy izany. Nampianatra ny Loholona Russell M. Nelson hoe: “Roa ny fanirian'ny Ray any An-danitra ho an'ny zanany . . . : tsy fahafatesana sy fiainana mandrakizay, 'izay midika hoe fiainana miaraka Aminy any an-tranontsika.’”<sup>14</sup> Tsy ho tanteraka ireo faniriana ireo raha tsy rehefa mizara ihany koa ny fitiavan'ny Ray any An-danitra ho an'ny fianakaviany isika amin'ny alalan'ny fanoloran-tanana sy fizarana ny drafiny amin'ny hafa.

Roapolo taona lasa izay dia nanolo-tanana ho an'izao tontolo izao ny Fiadidiana Voalohany sy ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo rehefa namoaka fanambarana iray ho an'ny fianakaviany. Nanomboka tamin'izay dia tsy nitsaha-nitombo ny ezaka famotohana ny fianakaviany.

Raha te hahomby isika ao amin'ireo andraikitra masina ananantsika amin'ny maha-zanakavavin' Andriamanitra antsika dia tsy maintsy mahatakatra ny maha-zava-dehibe mandrakizay ny fampianarana ireo fahamarinana momba ny drafitry ny Raintsika any An-danitra ho an'ny fianakaviany isika, sy ny andraikitsika manokana hampianatra izany. Nanazava ny Filoha Howard W. Hunter hoe:

“Ilaina tokoa ny mampiray ny vehivavy ao amin'ny Fiangonana mba hiara-hitsangana sy hanohana ireo Rahalahy amin'ny fampitsaharana ny fitombon'ny ratsy izay manodidina antsika sy amin'ny fampandrosoana ny asan'ny Mpamonjintsika. . . .

“ . . . Koa manasa anareo izahay hitondra fanampiana amin'ny alalan'ilay ohatra mahery vaika anananareo mba hitaona amin'ny tsara amin'ny fampatanjahana ny fianakaviansika, ny Fiangonantsika ary ny fiarahamonina misy antsika.”<sup>15</sup>

Ry rahavavy isany, mpikambana. Tiana isika. Ilaina. Ary manana tanjona, asa ary anjara asa masina ao amin'ny



Fiangonana sy fanjakan' Andriamanitra sy ao amin'ny fianakaviany mandrakizay isika. Fantatrareo lalina ao amponareo ve fa tia anareo sy maniry anareo sy ireo hava-malalanareo hiaraka Aminy ny Rainareo any An-danitra? Tahaka ny maha- “tonga lafatra ny Ray any An-danitra sy ny Zanany, Jesoa Kristy . . . , dia tonga lafatra ho antsika ny fanantenan'izy ireo.”<sup>16</sup> Tonga lafatra ny drafitra nomanin'Izy ireo ho antsika, ary azo antoka ny fampantenenana nomen'Izy ireo. Mijoro ho vavolombelona amim-pankasitrahana ny amin'ireo fahamarinana ireo aho amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

#### FANAMARIHANA

1. Jereo ny “Avy amin' Andriamanitra ny fianakaviany,” ao amin'ny *Mandrakizay ny fianakaviany: Rindran-damina mandritra ny fotoana ifanakalozana ho an'ny taona 2014* (2013), 28–29.
2. “Ny Fianakaviany: Fanambarana ho an'izao tontolo izao,” *Liahona*, nòv. 2010, 129.
3. Teny filamatry ny Zatovovavy, ao amin'ny *Jeunes Filles, Mon Progrès Personnel* (kiboky, 2009), 3.

4. “Ny Fianakaviany: Fanambarana ho an'izao tontolo izao.”
5. Richard G. Scott, “Ataovy Voalohany amin'ny Laharampahameharane ny Fampiasana Finoana,” *Liahona*, nòv. 2014, 92.
6. Isaia 53:3.
7. Mòrônia 7:47.
8. Joseph Smith, ao amin'ny *Filles dans mon royaume: l'histoire et l'œuvre de la Société de Secours* (2011), 16.
9. *Filles dans mon royaume*, 159.
10. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 38:27.
11. Jereo ny Patricia T. Holland, “One Thing Needful: Becoming Women of Greater Faith in Christ,” *Ensign*, ôkt. 1987, 26–33.
12. “Ny Fianakaviany: Fanambarana ho an'izao tontolo izao.”
13. Jaona 17:21.
14. R. Scott Lloyd, “God Wants His Children to Return to Him, Elder Nelson Teaches,” Church News section of LDS.org, 28 jan, 2014, [lds.org/church/news/god-wants-his-children-to-return-to-him-elder-nelson-teaches](http://lds.org/church/news/god-wants-his-children-to-return-to-him-elder-nelson-teaches).
15. Howard W. Hunter, ao amin'ny *Filles dans mon royaume*, 157. Jereo koa ny “To the Women of the Church,” *Ensign*, nòv. 1992, 96.
16. M. Russell Ballard, “Let Us Think Straight” Fampaherezam-panahy tao amin'ny Oniversiten'i Brigham Young, 20 Aog. 2013; [speeches.byu.edu](http://speeches.byu.edu).



Nataon'i Bonnie L. Oscarson  
Filohan'ny Zatovovavy maneran-tany

# Mpiaro ilay Fanambarana momba ny Fianakaviana

*Andeha isika hanampy amin'ny fananganana ny fanjakan' Andriamanitra amin'ny alalan'ny fijoroana amim-pahasahiana sy ho tonga mpiaro ny fanambadiana, ny maha-ray aman-dreny ary ny tokantrano.*

Tombontsoa lehibe sy fifaliana ho ahy ny miaraka amin'ity vondrona mahafinaritra ahitana ankizivavy sy vehivavy maro ity. Voatahy tokoa isika vehivavy tafavory ao anatin'ny firaisankina sy ny fitiavana izao hariva izao.

Vao haingana aho no namaky ny tantaran'i Marie Madeleine Cardon,

izay nandray niaraka tamin'ny fianakaviany ny hafatra momba ny filazantsaran'i Jesoa Kristy naverina tamin'ny laoniny, avy tamin'ireo misiônera nantsoina hanompo tany Italia tamin'ny taona 1850. Tovovavy 17 na 18 taona teo izy tamin'ny fotoana nanaovana batisa azy ireo. Indray alahady, raha teo am-panaovana fotoam-bavaka izy ireo

tao an-tranony, izay avo toerana teny amin'ireo vondron-tendrombohitra Alpes tany amin'ny faritra avaratr'i Italia, dia nisy andian-dehilahy feno fahatezerana, tao anatin'izany ny sasany tamin'ireo mpitandrina teo an-toerana, izay nitangorona nanodidina ilay trano, ka nanomboka nitabataba sy nivazavaza ary nangataka ny hamoahana ireo misiônera. Tsy mino aho hoe dodona ny ho ampianarina ny filazantsara fotsiny izy ireo—nikasa hampihatra fampijaliana ara-batana izy ireo. I Marie kely no nivoaka avy ao amin'ilay trano mba hiatrika ilay andian'olona.

Nanohy nivazavaza sy nitaky tamin-karatsiam-panahy izy ireo ny hamoahana ireo misiônera. Nanainga ny Baiboliny i Marie ka nandidy azy ireo hiala teo. Nolazainy azy ireo fa teo ambany fiarovany ireo misiônera ka tsy afaka hikasika na ny singambolon'izy ireo aza ireto andian'olona. Henoy anie ny nolazainy:” Gaga daholo ny rehetra. . . . Niaraka tamiko Andriamanitra. Izy no nanome ireo teny ireo hiloaka ny vavako, fa raha tsy izany dia tsy afaka niteny an'izany aho. Gina tampoka teo ny rehetra. Ity andian-dehilahy natanjaka sy feno fahasahiana ity dia tsy nahavita na inona na inona teo anoloan'ny zazavavy iray izay nalemy sy nangovitra, kanefa tsy natahotra mihitsy.” Nasain'ireo mpitandrina niala teo ilay andian-dehilahy, ka nandeha tamim-pahanginana izy ireo, feno henatra sy tahotra ary nenina. Namita ny fiarahany mivory tamim-pilaminana i Marie sy ny fianakaviany.<sup>1</sup>

Azonareo an-tsaina ve io tovovavy be herimpo io, mitovy taona amin'ny maro aminareo, ary nijoro teo anatrehan'ny andian'olona ka niaro tamin-kerimpo sy faharesen-dahatra ny finoana izay vao tsy ela no fantany?

Ry Rahavavy, vitsy amintsika no tsy maintsy hifanehitra amin'ny andian'olona feno hatezerana, kanefa misy ady mitranga eto amin'ity fiainana ity izay hanafihana ireo fotopampianarana fototra izay lalaintsika indrindra. Ny fotopampianarana momba ny fianakaviana no resahiko manokana eto. Hametraham-panontaniana sy tsikeraina ary hozongozonina



amin'ny fomba rehetra azo atao ny fahasinan'ny tokantrano sy ireo tanjona manan-danja nampisiana ny fianakaviana.

Tamin'ny Filoha Gordon B. Hinckley namaky voalohany ny "Ny Fianakaviana: fanambarana ho an'izao tontolo izao," feno 20 taona lasa izay amin'ity taona ity, dia feno fankasitrahana isika ary nanome lanja ny fahazavan'io taratasy azo tamin'ny alalan'ny fanambarana io, sy ny fahatsorany, ary ny fahamarinany. Tsy dia nahatakatra firy isika tamin'izany fotoana izany hoe hatraiza no hilantsika mafy an'ireo fanambarana fototra ireo amin'izao fiainana ankehitriny izao mba hatao fenitra handrefesantsika izay fampianarana vaovao tsirairay izay aroso eo amintsika avy amin'ny haino aman-jery, ny Internet, ireo manam-pahaizana, ny fahitalavitra sy ny horonan-tsary, eny fa na dia ireo mpanao lalàna aza. Ny fanambarana mikasika ny fianakaviana no lasa fenitra handrefesantsika ireo fotokevitr'izao tontolo izao, ary mijoro ho vavolombelona aho fa ireo fitsipika aroso ao anatin'io fanambarana io dia mbola marina amin'izao fotoana izao, tahaka ny naha-marina izany tamin'ny fotoana nanomezan'ny mpaminanin' Andriamanitra izany antsika efa ho 20 taona lasa izay.

Afaka manazava zavatra marina iray ve aho? Mahalana ny fiainana vao mizotra araka ny drafitra natao na ho an'iza izany na iza, ary tena fantatsika tsara fa tsy ny vehivavy rehetra akory no miaina ireo zavatra resahin'ilay fanambarana. Mbola zava-dehibe ny mahatakatra sy mampianatra ny lamin'ny Tompo ary ny miezaka manao izay tratan'ny herintsika mba hahatanteraka izany lamina izany.

Isika tsirairay dia samy manana anjara asa ao amin'ilay drafitra ary mitovy ny hasarobidintsika tsirairay eo imason'ny Tompo. Tokony hotadiantsika fa misy Ray any An-danitra be fitiavana izay mahafantatra ny faniriana marina ananantsika ary vonona hanaja ny fampanantenana nomeny fa tsy hisy na inona na inona holavina amin'ireo izay manaja amim-pahatokiana ny fanekempihavanana nataony. Manana iraka sy drafitra ho antsika tsirairay



ny Ray any An-danitra, saingy manana ny fandaharam-potoany koa Izy. Anisan'ireo fanamby sarotra indrindra eto amin'ity fiainana ity ny mino ny fandaharan'ny Tompo. Hevitra tsara ny manana drafitra iray hafa ao an-tsaina, izay manampy antsika ho tonga vehivavy mpanaja fanekempihavanana, be fiantrana, ary marina, izay manangana ny fanjakan' Andriamanitra na mandeha araka ny drafitra nataontsika ny fiainantsika na tsia. Mila mampianatra ireo zanatsika vavy isika mba hiezaka ny hanatratra ny fiainana lafatra indrindra, kanefa hiomana ho amin'ny zava-miseho tsy ampoizina.

Mandritra ity faha 20 taonan'ny fanambarana ho an'ny fianakaviana ity dia tiako ny hanolotra fanamby ho antsika rehetra amin'ny mahavehivavin'ny Fiangonana antsika mba ho mpiaro an'ilay "Ny fianakaviana: fanambarana ho an'izao tontolo izao." Tsy misy hafa amin'ny niarovan'i Marie Madeleine Cardon tamin-kerimpo ireo misiônera sy ny finoana vaovao vao fantany no ilantsika hiarovana amim-pahasahiana ireo fotopampianaran'ny Tompo izay nambara, izay mamariparitra ny fanambadiana, ny fianakaviana, ny anjara asa masin'ny lehilahy sy ny vehivavy, ary ny lanjan'ny tokantrano amin'ny maha-toerana masina izany—eny fa na dia rehefa mitabataba ao an-tsofintsika aza izao tontolo izao hoe efa lany andro sy mametra antsika ary tsy mitombina intsony ireo fitsipika

ireo. Ny olona tsirairay, na manambady na tsy manambady na manan-janaka na tsia, dia afaka ny ho tonga mpiaro ny drafitry ny Tompo izay voafaritra ao anatin'ny fanambarana momba ny fianakaviana. Raha io no drafitry ny Tompo dia io ihany koa no tokony ho drafitsika!

Misy fitsipika telo ampianarina ao amin'ilay fanambarana, izay heveriko fa tena mila mpiaro mahatoky indrindra. Ny voalohany dia ny fanambadiana eo amin'ny lehilahy iray sy ny vehivavy iray. Ampianarina antsika ao amin'ny soratra masina hoe: "Kanefa ao amin'ny Tompo tsy misy vehivavy raha tsy misy lehilahy, ary tsy misy lehilahy raha tsy misy vehivavy."<sup>2</sup> Mba hahatratran'ny olona rehetra na iza na iza ny fahafenoan'ireo fitahian'ny fisoronana dia tsy maintsy misy lehilahy iray sy vehivavy iray mpivady nofehezina ao amin'ny tranon'ny Tompo, miara-miasa amim-pahamarinana sy mijanona ho mahatoky amin'ny fanekempihavanana nataon'izy ireo. Izany no drafitry ny Tompo ho an'ireo zanany, ka tsy misy ady hevitra na fitsikerana ataon'ny olona, na betsaka toy ny ahoana aza, ka ho afaka hanova izay nambaran'ny Tompo. Mila manohy maneho ohatra tsara isika amin'ny fananana fanambadiana marina, mikatsaka izany fitahiana izany eo amin'ny fiainantsika ary manam-pinoana raha miadam-piavy izany. Aoka isika mba ho mpiaro ny fanambadiana araka ny fomba namaritan'ny Tompo izany sady manohy maneho fitiavana sy fangorahana amin'ireo izay tsy mitovy hevitra amintsika.

Ny fitsipika manaraka izay mila ny feontsika mba hiaro azy dia ny fanajana ny anjara asa masin'ny reny sy ny ray. Maika ery isika mampianatra ireo zanatsika hanana tanjona ambony eto amin'ity fiainana ity. Tiantsika indrindra indrindra ny haka antoka fa fantat'ireo zanakavavintsika fa manana ny hery anaty izy ireo hanatratrarana sy hahatongavana ho na inona na inona azon'izy ireo heverina. Manantena isika fa ho tia mianatra izy ireo, hahavita handranto fianarana, hanan-talenta, ary angamba ho lasa Marie Curie na Eliza R. Snow vaovao mihitsy aza.

Moa ve isika mampianatra ihany koa ireo zanakalahy sy zanakavavintsika fa tsy misy voninahitra lehibe kokoa, tsy misy anaram-boninahitra ambony kokoa, ary tsy misy anjara asa manandanja kokoa eto amin'ity fiainana ity mihoatra noho ny an'ny reny sy ny ray? Manantena aho fa rehefa mamporisika ireo zanatsika isika mba hanatratra izay tsara indrindra eto amin'ity fiainana ity dia mampianatra azy ireo koa isika mba hanaja sy hanandratra ny anjara asa sahanin'ireo reny sy ray ao anatin'ny drafitry ny Raintsika any An-danitra.

I Abby, zanakay faravavy dia nanana fahafahana miavaka nijoroana ho mpiaro ny anjara asan'ny reny. Indray andro dia naharay filazana avy amin'ny sekolin'ireo zanany izy fa hisy Andro hampahafantarana mikasika ny asa tany am-pianarana. Nasaina ireo ray aman-dreny mba handefa fangatahana raha naniry ny ho any am-pianarana mba hampianatra ny ankizy mikasika ny asan'izy ireo, ary nahatsapa i Abby fa tokony handefa fangatahana mba hahafahany mankany sy miresaka mikasika ny maha-reny. Tsy nahazo valiny avy tamin'ilay sekoly izy, ka rehefa nihananaikaiky ilay Andro hampahafantarana momba ny asa dia niantso an'ilay sekoly ihany izy nony farany, nihevitra fa mety hoe tsy hitan'ireo mpikarakara izay nalehan'ilay fangatahana nataony. Nanezakezaka nitady ireo mpikarakara ka dia nahita mpampianatra roa izay nanaiky ny hampianaran'i Abby ny kila-sin'izy ireo amin'ny fiafaran'ilay Andro hampahafantarana momba ny asa.

Tamin'ny famelabelarana mahafinaritra nataony tamin'ireo ankizy dia nampianatra azy ireo i Abby, tao anatin'ireo zavatra maro nolazainy, fa amin'ny maha-reny azy dia nilainy ny ho tonga karazarazana manampahaizana manokana momba ny fitsaboana, ny fomba fisainana sy ny fihetsehampo, ny fivavahana, ny fam-pianarana, ny hira, ny haisoratra, ny zava-kanto, ny fitantanam-bola, ny fandravahana, ny taovolo, ny fanaterana amin'ny fiara, ny fanatanjahantena, ny fandrahoan-tsakafo, ary zavatra maro hafa. Talanjona ireo ankizy. Nofaranany izany tamin'ny alalan'ny fanasana ny



ankizy tsirairay mba hahatsiaro ny renin'izy ireo amin'ny alalan'ny fanoratana teny fisaorana izay maneho fankasitrahana noho ireo asa fanompoana natao tamim-pitiavana izay raisin'izy ireo isan'andro. Tsapan'i Abby fa nahita ireo reniny tamin'ny fomba fijery vaovao ireo ankizy ary zavatra tena sarobidy izany hoe reny na ray izany. Nanao fangatahana indray izy tamin'ity taona ity mandritra ny Andron'ny Asa ka dia nasaina hanao famelabelarana ho an'ny kilasy miisa enina.

Izao no nolazain'i Abby mikasika ny zavatra niainany: "Tsapako fa mety ho mora tokoa, mandritra ity fiainana ity, ho an'ny ankizy iray, ny manana fahatsapana fa ambinkambin'asa izany hoe ray aman-dreny izany na zavatra manahirana tsy maintsy hatao mihitsy aza. Tiako ny hahatsapan'ny ankizy tsirairay fa izy ireo no laharampahamehana manan-danja indrindra amin'ireo ray aman-dreniny, ary angamba ny filazako amin'izy ireo ny maha-manan-danja ny maha-ray aman-dreny amiko dia

hanampy azy ireo hahatsapa ny zavatra rehetra ataon'ireo ray aman-dreniny ho azy ireo sy ny antony hanaovan'izy ireo izany."

Ny mpaminany malalantsika, ny Filoha Thomas S. Monson, dia ohatra mahatalanjona eo amin'ny fanajana ny vehivavy sy ny maha-reny, indrindra fa ny reniny. Raha niresaka momba ny renintsika ety an-tany izy dia nilaza hoe: "Enga anie isika tsirairay hanome lanja lehibe ity fahamarinana ity: tsy misy afaka manadino ny reniny ka hoe hahatsiaro an' Andriamanitra. Tsy misy afaka mahatsiaro ny reniny ka hanadino an' Andriamanitra. Nahoana? Satria ireo olona roa sarobidy ireo, Andriamanitra sy ny reni[nintsika eto an-tany], izay mpiara-miasa eo amin'ny fahariana, sy ny fitiavana, sy ny fahazoantena ary ny asa fanompoana, dia toy ny iray ihany."<sup>3</sup>

Ny fitsipika farany tokony hijoroantsika sy harovantsika dia ny fahamasi-nan'ny tokantrano. Mila maka fomba fiteny iray izay resahina indraindray

amin'ny alalan'ny fanesoana isika ka manome lanja izany. Izany dia ilay fomba fiteny hoe *mpikarakara tokantrano*. Afaka miezaka ny ho mpikarakara tokantrano avokoa isika rehetra vehivavy, lehilahy, zatovo ary ankizy, na mpitovo na manambady. Tokony “hokarakaraintsika ny tokantranontsika” mba ho lasa toerana fialofana, sy toerana masina ary fiarovana. Tokony ho toerana hahatsapana mitafotafo ny Fanahin'ny Tompo ny tokantranontsika ary hianarana sy hampianarana ary hiainana ny soratra masina sy ny filazantsara. Hisy fiovana lehibe eto amin'izao tontolo izao raha mihevitra ny tenany ho toy ny mpanorina tokantrano marina avokoa ny olona rehetra. Aoka isika hiaro ny tokantrano mba ho toerana faharoa avy hatrany amin'ny fahamasinana aorian'ny tempoly.

Ry Rahavavy, feno fankasitrahana aho fa vehivavy amin'izao andro farany izao. Manana fahafaha-manao izay tsy mbola nananan'ireo vehivavy tao anatin'ny taranaka hafa nifandimby teo aloha isika. Andeha isika hanampy amin'ny fananganana ny fanjakan' Andriamanitra amin'ny alalan'ny fijoroana amim-pahasahiana sy ho tonga mpiaro ny fanambadiana, ny maha-ray aman-dreny ary ny tokantrano. Ilain'ny Tompo isika mba ho lasa miaramila be herimpo, sy mahatoky ary tsy voahozongozona, izay hiaro ny drafiny sy hampianatra ireo fahamarinana avy Aminy amin'ireo taranaka vao misondrotra.

Mijoro ho vavolombelona aho fa velona ny Ray any An-danitra ary tia antsika tsirairay. Mpamonjy sy Mpanavotra antsika i Jesoa Kristy Zanany. Izany no fijoroana ho vavolombelona apetrako aminareo amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

#### FANAMARIHANA

1. Jereo ny Marie Madeline Cardon Guild, “Marie Madeline Cardon Guild: An Autobiography,” [cardonfamilies.org/Histories/MarieMadelineCardonGuild.html](http://cardonfamilies.org/Histories/MarieMadelineCardonGuild.html); jereo koa ny Marie C. Guild autobiography, circa 1909, Church History Library, Salt Lake City, Utah.
2. 1 Korintiana 11:11.
3. Thomas S. Monson, “Behold Thy Mother,” *Ensign*, jan. 1974, 32.



Nataon'ny Filoha Henry B. Eyring

Mpanolotsaina Voalohany ao amin'ny Fiadidiana Voalohany

## Ilay Mpampionona

*Omeko ny tenivavolombeloko fa ilay Kristy velona dia mandefa ny Fanahy Masina, ilay Mpampionona, amin'ireo izay efa nanaovantsika fanekena fa hohampiononiny mba hanampiana Azy.*

Ry anabaviko malala isany, fifaliana ho ahy ny miaraka aminareo. Mieritreritra ny reniko, ny vadiko, ireo zanako vavy, ireo vinantovaviko, ireo zafikeliko vavy aho —izay manatrika etoana ny sasantsasany amin'izy ireo. Manampy ahy hankasitraka azy ireo bebe kokoa ity fandaharam-potoana mahafinaritra ity. Manaiky aho fa noho ny fananan'izy ireo ny Mpamonjy eo amin'ny fiainan'izy ireo tsirairay avy no ananana fianakaviana sy fiainam-pianakaviana toy izany.

Nahatsiaro Azy isika tamin'ity takariva ity tamin'ny hira sy ireo vavaka ary tamin'ny alalan'ireo lahateny nitaona fanahy. Anisan'ireo toetran'ny Mpamonjy izay tiantsika indrindra ilay fangorahany tsy misy fetra.

Nahatsapa ianareo anio hariva fa mahafantatra anareo Izy ary tia anareo. Tsapanareo ny fitiavany ireo izay mipetraka manodidina anareo. Rahavavinareo izy ireo, fanahy zanakavavin'ny Raintsika any an-danitra. Karakarainy izy ireo tahaka ny



hikarakarany anareo. Takany avokoa ny alahelo rehetra ananan'izy ireo. Maniry ny hamonjy azy ireo Izy.

Ny hafatro ho anareo anio hariva dia ny mba hahafahanareo ho tonga ary tsy maintsy ho tonga mpandray anjara manan-danja amin'ny fanomezany fampiononana ho an'ireo izay mila fampiononana. Afaka mitondra ny anjara birikinareo araka izay azonareo atao ianareo raha mahafantatra bebe kokoa ny fomba hamaliany ireo vavaka fangatahana fanampiana.

Maro no mivavaka amin'ny Ray any An-danitra mba hahazoana fanamaivanana sy fanampiana eo amin'ny fitondrana ny enta-mavesatry ny alahelon'izy ireo sy ny fanireriny ary ny tahotr'izy ireo. Henon'ny Ray any An-danitra ireny vavaka ireny, ary takany ny zavatra ilain'izy ireo. Nampanantena fanampiana Izy sy ny Zanaka malalany, dia i Jesoa Kristy, ilay nitsangana tamin'ny maty.

Nanome ity fampanantenana mamy ity i Jesoa Kristy:

“Mankanesa aty amiko, ianareo rehetra izay miasa fatratra sy mavesatra entana, fa Izaho hanome anareo fitsaharana.

“Ento ny ziofako, ka mianara amiko; fa malemy fanahy sady tsy miavona am-po Aho; dia hahita fitsaharana ho an'ny fanahinareo ianareo.

“Fa mora ny ziofako, ary maivana ny entako.”<sup>1</sup>

Ireo enta-mavesatra tsy maintsy zakain'ireo mpanompony mahatoky dia hohamavainina amin'ny alalan'ny Sorompanavotany. Azo esorina ny enta-mavesatry ny fahotana, kanefa ireo fitsapan'ny fiainana an-tany ho an'ny olona tsara dia mety mbola ho enta-mavesatra ihany.

Efa nahita ny fitsapana tahaka izany ianareo teo amin'ny fiainan'ireo olona tsara izay tianareo. Nanana faniriana ny hanampy azy ireo ianareo. Misy antony izany fahatsapanareo fangorahana ho azy ireo izany.

Ianao dia mpikamban'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy izay nanao fanekempihavanana. Nisy fiovana mahery vaika nanomboka nitranga tao am-ponao rehefa tonga tao amin'ny Fiangonana ianao. Nanao fanekempihavanana ianao, ary nandray fampantenenana izay nanomboka nanova ny tena toetranao marina.

Nofaritan'i Almà tamin'ny teniny manokana teo amin'ny Ranon'i Môrmôna ny zavatra nampanantenainareo tamin'ny batisanareo sy ny ho dikan'izany aminareo sy amin'ireo manodidina anareo, indrindra ho an'ny fianakavianareo. Niresaka tamin'ireo izay vao hanao ireo

fanekempihavanana izay efa nataonareo izy ary nandray ilay fampanantenana izay nataon'ny Tompo taminareo ihany koa izy ireo nanao hoe:

“Indro, inty no ranon'i Môrmôna (fa izany no niantsoana azy) ary ankehitriny, satria maniry ianareo ho tonga ao amin'ny valan' Andriamanitra, sy antsoina hoe vahoakany ary te hifampitondra ny enta-mavesatry ny tsirairay mba hanamaivana izany;

“Eny, ary te hiara-malahelo amin'izay malahelo, eny, ary hampionona an'ireo izay mila fampiononana sy hijoro ho vavolombelon' Andriamanitra amin'ny fotoana rehetra sy amin'ny zava-drehetra, ary amin'ny toerana rehetra izay mety hisy anareo, na dia hatramin'ny fahafatesana aza, mba hahatonga anareo ho voavotr' Andriamanitra ary ho voaisa miaraka amin'ireo ao amin'ny fitsanganana amin'ny maty voalohany, ka hahazonareo ny fiainana mandrakizay.”<sup>2</sup>

Izany no antony anananareo fahatsapana te hanampy olona iray miady mafy mba handroso eo ambany ziofan'ny enta-mavesatry ny fahoriana sy ny fahasaratana. Nampanantena ianareo fa hanampy ny Tompo hanaivana ny enta-mavesatr'izy ireo ka hahatanjahany. Nomena anareo ny hery hanampiana mba hanamaivana ireo enta-mavesatra ireo fony ianareo nandray ny fanomezana ny Fanahy Masina.

Nofaritan'ny Mpamonjy ny fomba fanampiany amin'ny fanamaivanana ny enta-mavesatra sy ny fanomezany tanjaka hitondrana azy ireo raha iny Izy handeha homboina amin'ny hazofijaliana iny. Fantany fa halahelo ireo mpianany. Fantany fa hatahotra ny amin'ny hoaviny izy ireo. Fantany fa hahatsapa ho tsy mahatoky tena izy ireo hoe hahavita handroso ve sa tsia.

Noho izany dia nomeny azy ireo ny fampanantenana izay ataony amin-tsika sy amin'ireo mpianany mahatoky rehetra:

“Ary Izaho hangataka amin'ny Ray, ary Izy hanome anareo mpananatra hafa mba ho eo aminareo mandrakizay;

“dia ny Fanahin'ny fahamarinana, izay tsy azon'izao tontolo izao ho





no fanomeko anareo. Aza malahelo na matahotra ny fonareo.”<sup>4</sup>

Vao tao anatin’ny herinandro vitsivitsy lasa izay aho no nahita izany fampanantenana amin’ny fanirahana ny Fanahy Masina izany tanteraka teo amin’ny fiainan’ireo zanak’ Andriamanitra izay nitalaho tamim-bavaka ny hanamaivanana ny enta-mavesatr’izy ireo. Tonga tamin’ny fomba nampanantenain’ny Tompo ny fahagagan’ny fanamaivanana ny enta-mavesatra. Maniraka ny Fanahy Masina Izy sy ny Ray any An-danitra mba ho Mpampionona hanampy ireo mpianany.

Mumbai, Inde

ireo aho tamin’ny naha-mpanompon’ny Tompo nanao fanekempihavanana ahy—tahaka izay ho ataonareo mate-tika eo amin’ny fiainanareo—dia ny mba “hira-malahelo amin’izay malahelo, ary hampionona ireo izay mila fampiononana”.<sup>5</sup>

Koa satria fantatro fa marina izany dia faly sy nahatsapa fiadanana aho rehefa nanasa ahy ireo raibe sy renibe mba hihaona tamin’izy ireo sy ny ray aman-drenin’ily zalahy kely talohan’ny fandevenana.

Nivavaka aho mba hahafantarako ny fomba hanampy ireo Tompo hampionona azy ireo. Niara-nipetraka tamiko tao amin’ny efitrano fandraisambahinay izy ireo. Nasiako afo kely tao amin’ny famindroana mba hamanana ilay efitrano tamin’io alina mamananala io.

Nahazo fahatsapana aho mba hiteny amin’izy ireo hoe tiako izy ireo. Nolazaiko azy ireo fa tsapako ny fitiavan’ny Tompo azy ireo. Tao anatin’ny teny vitsy monja no niezahako nilaza tamin’izy ireo fa malahelo azy ireo, kanefa ny Tompo irery ihany no nahafantatra sy afaka nahatsapa tanteraka ny fanaintainana sy ny alahelon’izy ireo.

Rehefa avy nilaza ireo teny vitsivitsy ireo aho dia nahazo fitaomam-panahy mba hihaino amim-pitiavana teo ampiesahan’izy ireo ny zavatra tsapany.

Nandritra ny ora niarahanay nipetraka teo dia izy ireo no niresaka mihoatra lavitra noho izaho. Tsapako tamin’ny feon’izy ireo ary hitako tamin’ny endrik’izy ireo fa nahakasika azy ireo ny Fanahy Masina. Nilaza mikasika ny zava-nitranga izy ireo, sy ny fahatsapan’izy ireo tamin’ny alalan’ny tenivavolombelona tsotra. Efa nanome azy ireo sahadry ilay fiadanana izay tonga miaraka amin’ny fanantenana ny fiainana mandrakizay ny Fanahy Masina, rehefa afaka ny ho zanak’izy ireo mandrakizay ilay zanany lahy izay maty tsy nanam-pahotana.

Rehefa nanome tsodranon’ny fisoronana ho azy ireo tsirairay aho dia nanolotra fisaorana noho ny fitaoman’ny Fanahy Masina izay nanatrika teo. Tonga ilay Mpampionona izay nitondra fanantenana, fankaherezana ary nitondra hery lehibe ho anay rehetra.



raisina, satria tsy hitany na fantany; fa ianareo no mahafantatra Azy, satria mitoetra eo aminareo Izy, ary ho ao anatinareo.”<sup>3</sup>

Avy eo Izy dia nampanantena hoe:

“Fa ny mpananatra dia ny Fanahy Masina, izay hirahin’ny Ray amin’ny anarako. Izy no hampianatra anareo ny zavatra rehetra izay nolazaiko taminareo.

“Fiadanana no avelako ho anareo, ny fiadanako no omeko anareo; tsy tahaka ny fanomen’izao tontolo izao

Vao haingana no nisy taranaka mi-fandimby telo tao amin’ny fianakaviana iray izay ory noho ny fahafatesan’ny zalahy kely iray dimy taona. Maty tampoka izy raha mbola tany ampialan-tsasatra ny fianakaviany. Nomena fahafahana aho ny hahita indray ny fomba hitahian’ny Tompo ireo izay mahatoky amin’ny alalan’ny fanampiana sy ny tanjaka mba haharetana.

Nodinihako ny fomba nanamainan’ny Tompo ny enta-mavesatra lehibe nentin’izy ireo. Niaraka tamin’izy



Tamin'io alina io no nahitako ny fomba fiarahan'ny Tompo miasa amin-tsika mba hanamaivanana ny enta-mavesatry ny vahoakany. Tsaroanareo ao amin'ny Bokin'i Môrmôna rehefa saika ho trotraky ny enta-mavesatra nampitondrain'ireo mpampiasa ratsy fanahy ny vahoakany.

Nitalaho famonjena ny vahoaka, tahaka ny fanaon'ny maro amin'ireo izay tiantsika sy tompointsika. Iza no zavatra voarakitra izay fantatro fa marina:

“Ary hohamaivaniko koa ny enta-mavesatra izay apetraka eo antsorokareo, ka tsy hahatsapa izany ny lamosinareo na dia mbola ao anatin'ny famatorana aza ianareo, ary izany no ataoko dia ny mba hahazoanareo mijoro ho vavolombelona ny Amiko rahatrizay sy mba hahazoanareo mahalala marina tokoa fa Izaho, Tompo Andriamanitra, dia mamangy ny oloko ao amin'ny fahoriana.”

“Ary ankehitriny ny zava-nitranga dia nohamaivanina ny enta-mavesatra izay nampitondraina an'i Almà sy ny rahalahiny; eny; nampahatanjaka azy ny Tompo mba hahafahany mitondra mora foana ny enta-mavesany, ary izy dia nanaiky tamim-pifaliana sy tamim-paharetana ny sitrapon'ny Tompo rehetra.”<sup>6</sup>

Hitako ombieny ombieny izany fahagagana izany. Ny fomba tsara indrindra hanamaivanantsika ny

enta-mavesatry ny hafa dia ny fanampiana ny Tompo hampahatanjaka azy ireo. Izany no antony nahatonga ny Tompo nampiditra ilay didy hoe ho vavolombelony amin'ny fotoana rehetra sy amin'ny toerana rehetra ho anisan'ny andraikitsika eo amin'ny fampiononana ny hafa.

Nijoro ho vavolombelona mikasika ny Mpamonjy ny ray amandrenin'ilay zazalahy kely tamin'io alina io tao amin'ny efitrano fandraisambahininay. Tonga ny Fanahy Masina. Nampiononina avokoa izahay rehetra. Nampahatanjahina ireo ray amandreny. Tsy nanjavona akory ny vesatry ny alahelo, fa lasa nahazaka ny fahoriana izy ireo. Nitombo ny finoan'izy ireo. Ary mbola hitohy hitombo hatrany ny tanjak'izy ireo raha toa mangataka an'izany izy ireo sy miaina ho an'izany.

Ilay tenivavolombelon'ny Fanahy momba ny Sorompanavotana izay tonga tamin'io alina io dia nankahery ihany koa an'i Joba hahazaka ny enta-mavesany:

“Kanefa raha izaho, dia fantatro fa velona ny Mpanavotra ahy, ka hitsangana any am-parany eo ambonin'ny vovoka Izy:

“Ary rehefa levona ny hoditro, izao simba izao, sady afaka amin'ny nofoko aho, dia hahita an' Andriamanitra.”<sup>7</sup>

Io tenivavolombelon'ny Fanahy io no nanome hery azy ahafahana

maharitra. Hisedra ny fimenomenomana sy ny tsy fisian'ny fampiononana avy amin'ireo olona manodidina azy izy mba hahitana ny fifaliana izay ho azon'ireo mahatoky rehefa avy nandalo tamim-pahatokiana tamin'ny fitsapana azy ireo.

Marina izany ho an'i Joba, Tonga eto amin'ity fiainana ity ireo fitahiana. Niafara tamin'ity fahagagana ity ny tantaran'i Joba:

“Ary Jehovah nitahy ny niafaran'i Joba mihoatra noho ny voalohany. . . .

“Ary tsy nisy vehivavy tsara tarehy tahaka ny zanakavavin'i Joba hita tany amin'ny tany rehetra, ary niara-nomen-drainy lova tamin'ny anadahiny izy.

“Ary mbola velona efa-polo amby zato taona Joba taorian'izany ka nahita ny zananilahy sy ny zafiny ka hatramin'ny zafin-dohaliny aza.

“Dia maty Joba rehefa tratrantitra ka ela niainana.”<sup>8</sup>

Avy amin'ilay tenivavolombelon'ny Fanahy mikasika ilay Sorompanavotana ho avy izay nanampy an'i Joba haharitra ireo fitsapana izay natao ho lalovana eo amin'ny fiainana izany. Tafiditra ao amin'ny drafitra lehiben'ny fahasambarana izay nomen'ny Ray antsika izany. Namela ny Zanany Izy, tamin'ny alalan'ny sorompanavotana nataony, hanome ilay fanantenana izay mampionona antsika na dia sarotra toy ny ahoana aza ny lalana hodiavintsika mankany Aminy.

Nandefa ny Fanahy Masina ny Ray sy ny Zanaka mba hampionona sy hampahatanjaka ireo mpanara-dia an'ilay Mpampianatra mandritra ny dian'izy ireo.

Hitako izany fahagagan'ny fampiononana izany rehefa tonga teo ivelan'ny trano fiangonana izay hanaovana ny fotoam-pivavahana fanaovambeloma farany an'ilay zazalahy aho. Nisy tovovavy maha-te ho tia iray nanakana ahy. Tsy nahafantatra azy aho. Nilaza tamiko izy fa handeha any amin'ilay fandevenana mba hiara-ory sy hampionona raha azony natao izany.

Nilaza izy fa nandeha tany amin'ilay fandevenana mba hampionona ny tenany ihany koa. Notantarainy tamiko fa vao haingana no maty ny zanany


voalohany. Nitroto zazavavy kely tsara tarehy izy. Nitongilana nankany aminy aho mba hanatona ny tarehy miramiran'ily zazavavy kely. Nanontaniako ny renin'ily zaza hoe: "Iza no anaran'ity zanakao vavy ity?" Dia namaly haingana sy tamim-pifaliana izy hoe: "Joy no anarany [izany hoe Hafaliana]. Tonga foana ny hafaliana aorian'ny fahoriana."

Nijoro ho vavolombelona tamiko izy. Hitako fa tonga teo aminy ny fiadanana sy ny fampiononana, tamin'ny alalan'ily hany loharano tokana azo antoka. Andriamanitra ihany no mahafantatra ny ao am-po, noho izany dia Izy irery ihany no afaka hiteny amimpahamarinana hoe: "Fantatro ny zavatra tsapanao." Ka noho izany dia azoko an-tsaina fotsiny ihany ny fifaliany sy ny alahelony izay nialoha izany, kanefa mahafantatra ny Tompo izay tia azy.

Amin'ny ampahany ihany no ahafantarako ny haben'ny hafaliany isak'izay manampy Azy hitondra fotoam-piadanana sy fifaliana ho an'ny zanaky ny Rainareo any An-danitra ianareo amin'ny maha-mpianany anareo.

Mijoro ho vavolombelona aho fa niangavy ny tsirairay amintsika mpianany ny Tompo mba hifampitondra ny enta-mavesatra. Nampanantena ny hanao izany isika. Mijoro ho vavolombelona aho fa ny Tompo, amin'ny alalan'ny Sorompanavotany sy ny Fitsanganany tamin'ny maty, dia namaha ny herin'ny fahafatesana. Omeko ny tenivavolombeloko fa ilay Kristy velona dia mandefa ny Fanahy Masina, ilay Mpampionona, amin'ireo izay efa nanaovantsika fanekena fa hampiononiny mba hanampiana Azy.

Ianareo rehetra, tahaka ahy, dia vavolombelon'ily fahamarinana voarakitr'ily soratra eo amin'ily marika kely fanao amin'ny akanjo izay nanaovan'ny reniko nandritra ny 20 taona mahery tamin'ny naha-mpikambana azy tao amin'ny filankevi-pitantanan'ny Fikambanana Ifanampiana manerantany. Mivaky toy izao izany hoe: "Ny fiantrana tsy ho levona mandrakizay."<sup>9</sup> Tsy mbola fantatro foana ny tena dikan'ireo teny ireo amin'ny fahafenoany. Kanefa afaka nahafantatra



kely ny amin'izany aho rehefa nahita azy nanampy ireo izay nila fanampiana. Milaza amintsika ity fahamarinana ity ny soratra masina: "Ny fiantrana dia ny fitiavana madion'i Kristy."<sup>10</sup>

Mitoetra mandrakariva ny fitiavany ary tsy hitsahatra mihitsy ny fahatsapantsika ao am-pontsika ilay faniriana mba "hiara-malahelo amin' izay malahelo . . . ary hampionona ireo izay mila fampiononana."<sup>11</sup> Ary tsy hiala amintsika ihany koa ilay fiadanana nampantenainy rehefa manompo ny hafa ho Azy isika.

Amin'ny maha-vavolombelony ahy no hanehoako fankasitrahana noho ny zavatra izay ataonareo tsara tokoa mba

hanampiana an'i Jesoa Kristy Tompo izay velona sy ny Fanahy Masina, ilay Mpampionona, mba hampatanjaka ireo lohalika malemy sy hampakatra ny tanana miraviravy.<sup>12</sup> Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

#### FANAMARIHANA

1. Matio 11:28–30.
2. Mòsià 18:8–9.
3. Jaona 14:16–17.
4. Jaona 14:26–27.
5. Mòsià 184:9
6. Mòsià 24:14–15.
7. Joba 19:25–26.
8. Joba 42:12, 15–17.
9. 1 Korintiana 13:8.
10. Môrônia 7:47.
11. Mòsià 18:9.
12. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 81:5.



Nataon'ny Filoha Henry B. Eyring

Mpanolotsaina Voalohany ao amin'ny Fiadidiana Voalohany

# “Tsy izao va no fifadian-[kanina] izay ankasitrahako?”

*Mahavita mihoatra noho ny manampy amin'ny famahanana sy fanafiana vatana ny fanatitra amin'ny fifadian-kanina omenareo. Hanasitrana sy hanova fo izany.*

Ry rahalahiko sy anabaviko malala isany, fifaliana ho ahy ny maneho ny fitiavako ho anareo amin'ity fihaonambe maneran-tany an' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany ity. Izany fifaliana izany dia avy amin'ny fijoroan'ny Fanahy Masina ho vavolombelona fa ny fitiavan'ny Mpamonjy dia mipaka hatrany aminareo tsirairay avy sy hatrany amin'ireo zanaky ny Ray any An-danitra rehetra. Maniry ny hitahy ireo zanany ara-panahy sy ara-batana ny Raintsika any An-danitra. Mahatakatra ny zavatra ilain'izy ireo sy ireo fangirifiriany ary ireo fanantenany Izy.

Rehefa manampy olona iray isika dia tsapan'ny Mpamonjy izany, toy ny hoe manolo-tanana hanampy Azy isika.

Nolazainy tamintsika fa marina izany rehefa nilazalaza momba ny fotoana iray any aoriana Izy izay fotoana hai-nantsika rehetra rehefa habita Azy isika aorian'ny fiafaran'ny fiainantsika eto amin'ity tontolo ity. Nihanazava kokoa ny fahitako ao an-tsaiko io andro io

nandritra ireo andro vitsivitsy izay nivavahako sy nifadiako hanina mba hahafantarako ny zavatra holazaina amin'ity maraina ity. Nilazalaza tamin'ireo mpianany ny amin'io dinidinika amin'ny ho avy io ny Tompo ary izany dia filazalazana ny zavatra izay iriant-sika amin'ny fontsika manontolo mba ho marina ho antsika ihany koa:



“Ary amin'izany ny Mpanjaka dia hilaza amin'izay eo amin'ny ankavanany hoe: Avia hianareo izay notahin'ny Raiko, mandovà ny fanjakana izay voavoatra ho anareo hatrizay nanorenana izao tontolo izao:

“Fa noana Aho, dia nomenareo hanina; nangetaheta Aho dia nampisotroinareo; nivahiny Aho, dia nampiantranoinareo;

“Tsy nanan-kitafy Aho, dia notafianareo; narary Aho, dia notsaboinareo; tao an-trano-maizina Aho, dia novangianareo.

“Ary dia hamaly Azy ny marina ka hanao hoe: Tompoko, oviana no hitanay noana Hianao ka nomenay hanina, na nangetaheta ka nampisotroinay?

“Oviana no hitanay nivahiny Hianao ka nampiantranoinay, na tsy nanan-kitafy ka notafianay?

“Ary oviana no hitanay narary Hianao, na tao an-trano-maizina, ka novangianay?

“Dia hamaly ny Mpanjaka ka hanao aminy hoe: Lazaiko aminareo marina tokoa: Araka izay efa nataonareo tamin'ny anankiray amin'ireto rahalahiko kely indrindra ireto no nataonareo tamiko.”<sup>1</sup>

Te hahazo izany fandraisana feno fitiavana avy amin'ny Mpamonjy izany izaho sy ianao. Fa ahoana ary no ahafahantsika ho mendrika izany? Mihoatra noho izay mba azontsika ampiana ireo zanaky ny Ray any An-danitra izay noana sy tsy manan-kialofana ary manirery. Ary mitombo hatrany ny isany mihoatra lavitra noho izay azontsika hanoloran-tanana.

Noho izany dia nanome antsika zavatra azontsika tsirairary hatao ny Tompo. Didy tena tsotra izany hany ka na ankizy aza dia afaka mahatakatra azy. Izany dia didy misy fampanantenana mahafinaritra ho an'ireo izay sahirana sy ho antsika.

Ny lalàn'ny fifadian-kanina izany. Ireo teny ao amin'ny bokin'i Isaia no ilazalazan'ny Tompo ny amin'ilay didy sy ireo fitahiana afaka hirotsaka amin-tsika ao amin'ny Fiangonany:

“Tsy izao va no [fifadian-kanina] izay ankasitrahako: dia ny hamaha ny famatoran'ny faharatsiana, sy hanaboraka ny fehin'ny zioga, sy handefa ny

ampahorina ho afaka, ary hanapata-paka ny zioga rehetra?

“Moa tsy ny hizara ny mofonao ho an’ny noana va, sy ny hampiantrano ny ory manjenjena, ary mba hanafianao izay hitanao mitanjaka, ka tsy hihirim-belona amin’ny namanao?”


“Fa raha izany, dia hiposaka tahaka ny fahazavan’ny maraina ny fahazavanao, ary ho tonga faingana ny fahasitrananao; ny fahamarinanao ho loha-lalanao ary ny voninahitr’i Jehovah ho vodi-lalanao.

“Ary amin’izany dia hiantso hianao, ary Jehovah hamaly; Eny, hanandratra ny feonao hianao, ary Izy hanao hoe: Inty Aho. Raha esorinao tsy ho eo aminao ny zioga sy ny fanondroan’ny fanondro sy ny fitenenan-dratsy;

“Ary afoinao ho an’ny noana izay hanina tianao, ka mahavoky ny ory hianao, dia hiposaka ao amin’ny maizina ny fahazavanao, ary ny aizim-pitona ho tahaka ny mitataovovonana:

“Ary Jehovah hitari-dalana anao mandrakariva sady hahavoky ny fanahinao ao amin’ny tany karankaina aza sy hampahatanjaka ny taolanao; dia ho tahaka ny saha vonton-drano hianao sy ho tahaka ny loharano miboiboika izay tsy mety ritra.”<sup>2</sup>

Araka izany dia nomen’ny Tompo didy tsotra isika miaraka amin’ny fampantenana mahatalanjona. Ao amin’ny Fiangonana isika ankehitriny dia manana fahafahana hifady hanina indray mandeha isam-bolana sy hanome fanatitra amin’ny fifadian-kanina nomena tamin-kalalahan-tanana amin’ny alalan’ny evekantsika na ny filohan’ny sampantsika mba ho tombontsoan’ireo mahantra sy sahirana. Ny ampahany amin’izay omenao dia ho ampiasaina hanampiana ireo manodidina anao, mety hoe olona ao amin’ny fianakavianao. Hivavaka sy hifady hanina ireo mpanompon’ny Tompo mba hahazoany fanambarana hahafantarany hoe iza no tokony hampiana ary inona no fanampiana tokony homena azy. Ny ampahany izay tsy ilaina hanampiana ny olona ao amin’ny vondrona an’ny Fiangonana eo an-toerana izay misy anao dia manjary azo ampiasaina mba hitahiana ireo mpikambana hafa ao



amin’ny Fiangonana manerana izao tontolo izao izay sahirana.

Maro ny fitahiana mifamatotra amin’ny didy nomena mba hifady hanina ho an’ny mahantra. Fahotana vokatry ny tsy fahavitana, izay miteraka sazy mavesa-danja, no niantsoan’ny Filoha Spencer W. Kimball ny tsy fanarahana io didy io. Nanoratra izy hoe: “Fampanantenana mitafotafao no nataon’ny Tompo ho an’ireo izay mifady hanina sy manampy ireo sahirana. . . . Fitaomam-panahy sy fitarihana arapanahy no ho azo amin’ny fahamarinana sy ny fanatonana ny Raintsika any An-danitra. Ny tsy fahavitana ny fanaovana io asa marin’ny fifadian-kanina io dia hanakana antsika tsy hahazo ireo fitahiana ireo.”<sup>3</sup>

Nahazo ny iray tamin’ireo fitahiana ireo aho herinandro vitsivitsy monja izay. Koa satria ny fihaonamben’ny fiangonana maneran-tany dia atao mandritra ny faran’ny herinandro izay hanaovana ny fivoriana ifadian-kanina sy ijoroana ho vavolombelona raha ny mahazatra, dia nifady hanina sy nivavaka aho mba hahafantarako hoe ahoana no ahafahako mbola mankatò ihany ilay didy hoe tokony hikarakara ireo izay sahirana.

Ny sabotsy, raha mbola nifady hanina aho, dia nifoha tamin’ny 6:00 ary nivavaka indray. Nahatsapa fitaomana aho hijery ny vaovao maneran-tany. Tao no namakiako ity tatitra ity:

“Ilay Rivo-doza antsoina hoe Pam dia nandrava trano maro raha namakivaky ny Port Vila, izay renivohitr’i Vanuatu. Namono olona enina izy io farafahakeliny tao Vanuatu, izany no tatitra voalohany voamarina momba ny fahafatesana nateraky ny tafio-drivotra izay anisan’ny mahery indrindra amin’ireo izay tafiditra an-tanety hatrizay.

“Zara raha afaka nijoro mahitsy ny hazo rehefa nitsoka mafy ilay rivo-doza namakivaky” ilay firenena izay nosy any Pasifika.”<sup>4</sup>

“Ireo mpiandraikitra ny tombantombana ny amin’ny vonjy taitra mila apetraka ao amin’ny “World Vision” dia nanao drafitra hijery ny fahasimbana aorian’ny fitoniam’ny tafio-drivotra.

“Nanoro hevitra ireo mponina izy ireo mba hamonjy fialofana any amin’ny trano mafy tsara toy ny oniversite sy fianarana.

Avy eo dia hoy izy ireo hoe: “‘Ny zavatra mafy indrindra ananan’izy ireo dia fiangonana vita simenitra’, hoy i Inga Mepham avy ao amin’ny CARE International. . . . ‘Tsy manana izany ny sasany amin’izy ireo. Sarotra ny mahita trano izay eritreretinao hoe afaka mahatohitra (rivo-doza) Sokajy 5).’”<sup>5</sup>

Rehefa namaky an’izany aho, dia nahatsiaro ny famangiana tokenrano kely maromaro tany Vanuatu. Afaka naka sary an-tsaina ireo olona mifaneritery ao anatin’ny trano izay ravan’ny rivotra aho. Avy eo dia tsaroako ny fandraisana

feny fitiavana izay nataon'ny olona tany Vanuatu ho ahy. Nieritreritra azy ireo sy ireo mpiara-monina aminy aho hoe nandositra ho any amin'ny trano fivoriantika vita simenitra izy ireo mba ho voaro.

Avy eo dia azoko sary an-tsaina ny eveka sy ny filohan'ny Fikambanana Ifanampiana mandeha eo anivon'izy ireo, manome fampaherezana, bodofotsy, sakafo hohanina, ary rano hosotroina. Azoko sary an-tsaina ireo ankizy feno tahotra izay miara-mitampify.

Tena lavitra ny tranoko izay nama-kiako ilay tatitra izy ireo, kanefa nahafantatra ny zavatra ho nataon'ny Tompo amin'ny alalan'ireo mpanompony aho. Nahafantatra aho hoe ny nahatonga azy ireo ho afaka nanampy ireo zanaky ny Ray any An-danitra ireo dia ireo fanatitra amin'ny fifadian-kanina, izay nomena malalaka avy amin'ireo mpiantaty ny Tompo izay tena lavitra azy ireo kanefa akaiky ny Tompo.

Noho izany dia tsy niandry ny Alahady aho. Nanatitra ny fanatitra amin'ny fifadian-kanina tany amin'ny evekako aho. Fantatro fa mety ho ampiasain'ny eveka sy ny filohan'ny Fikambanana Ifanampiana hanampiana olona manodidina ahy io fanatitra io. Ilay fanatitra kely nomeko dia mety tsy ilaina ao amin'ny toerana akaikin'ny fonenanay sy ny fianakaviako, saingy ny ambin'ny fanatitra nataoko dia mety ho tafapaka lavitra hatrany amin'ny toerana toa an'i Vanuatu mihitsy.

Hisy tafio-drivotra sy zava-doza hafa hitranga manerana izao tontolo izao amin'ny olona izay tian'ny Tompo ary tsapany ny alahelon'izy ireo. Ny ampahany amin'ny fanatitra amin'ny fifadian-kanina omenareo sy omeko amin'ity volana ity dia ho ampiasaina mba hanampiana olona, any ho any, ary hahatsapa ny Tompo fa toy ny ho Azy ny fanampiana omena izany olona izany.

Mahavita mihoatra noho ny manampy amin'ny famahanana sy fanafiana vatana ny fanatitra amin'ny fifadian-kanina omenareo. Hanasitrana sy hanova fo izany. Ny vokatry ny fanatitra nomena an-tsitraro dia mety ho faniriana ao am-po hanampy ny hafa izay mitsiry ao amin'ilay olona nahazo



ny fanatitra. Mitranga manerana izao tontolo izao izany.

Izany dia nitranga teo amin'ny fiainan'i Abie Turay, izay monina any Sierra Leone. Nisy adim-poko izay niantomboka tamin'ny taona 1991. Nandrava ilay firenena nandritra ny taona maro izany. Sierra Leone dia efa anisan'ny firenena mahantra indrindra eran-tany. "Tsy nazava tsara hoe iza no nifehy ny firenena nandritra ilay ady—nikatona ireo banky, nanidy varavarana ireo biraom-panjakana, tsy nanan-kery nanoloana ireo miaramila mpioko ireo mpitandro ny filaminana, . . . ary nisy korontana sy famonoana ary alahelo. An'aliny maro ny olona namoy ny ainy, ary mihoatra ny roa tapitrisa ny olona voatery niala ny fonenany mba hialana amin'ny famonoana mahatsiravina."<sup>6</sup>

Na dia tao anatin'ny fotoana toy izany aza, dia nitombo Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany.

Ny iray tamin'ireo sampana voalohany dia natsangana tao amin'ny tanàna nonenan'ny Rahavavy Turay. Ny vadiny no filohan'ny sampana voalohany. Filohan'ny distrika izy nandritra ilay ady an-trano.

"Rehefa misy vahiny mamangy ny tokantranon'ny Rahavavy Turay ankehitriny, dia tiany ny mampiseho zava-tsarobidy roa avy amin'ilay ady ho an'ireo vahiny: ambonin'akanjo manga sy fotsy misy tsipika mitsoriadriaka izay azony tamin'ny antontan'akanjo efa nampiasaina izay nomen'ireo mpikamban'ny Fiangonana ary koa bodofotsy iray, izay efa tonta sy misy goaka amin'izao fotoana izao."<sup>7</sup>

Hoy izy: "Ity ambonin'akanjo ity no fitafy . . . voalohany azoko. . . . Fentiko mandeha miasa izy ity, tsara ery izy ity tamin'izany. Nanendrika ahy ery izy ity. Tsy mba nanana akanjo hafa aho.

"Nandritra ny ady, dia nanafana ahy sy ireo zanako ity bodofotsy ity. Rehefa tonga hanafika anay ireo mpioko, dia ity no hany voarain'ny tanako rehefa nandositra niafina tany anaty ala izahay. Ary dia nentinay nanaraka anay ilay bodofotsy. Nanafana anay ilay izy ary niaro anay tamin'ny moka."<sup>8</sup>

"Niresaka momba ny fankasitrahany ny filohan'ny misiôna izay nandeha tany amin'ny firenena ravan'ny ady niaraka tamin'ny vola tao am-paosiny ny Rahavavy Turay." Ireo vola ireo, izay avy amin'ny fanatitra amin'ny fifadian-kanina nomen'ny olona toa anareo, no nahafahan'ireo Olomasina nividy sakafo izay tsy afaka novidian'ny ankamaroan'ny mponina tany Sierra Leone.<sup>9</sup>

Hoy ny Rahavavy Turay momba ireo izay ampy falalahan-tanana ka nanome azy ireo izay hivelomany: "Rehefa mieritreritra momba ny olona izay nanao izany aho . . . dia tsapako hoe nalefan'Andriamanitra izy ireo, satria olona tsotra no nanao izany fihetsika feno hatsaram-panahy izany ho anay."<sup>10</sup>

Nisy mpamangy avy any Etazonia nipetraka niaraka tamin'i Abie vao tsy ela izay. Nandritra ny fotoana niarahany taminy dia "nitopy teny amin'ny bokin'ny soratra masina iray teo ambony latabatra ny masonry." Afaka nilaza izy fa harena sarobidy izy io, "nisy fanamarihana voamarika tsara eo amin'ny tsanganana. Efa tonta ireo pejy; ny sasany rovitra. Niendaka ny fonony."

Nohazoniny tamin'ny "tanany ilay soratra masina ary navadiny moramora ireo pejy. Rehefa nanao izany izy dia nahita ravin-taratasy mavo fandoavana ny fanatitra amin'ny fifadian-kanina iray. Nahita izy fa tany amin'ny firenena iray izay saro-tadiavina sy misanda ambony ny iray dolara, i Abie Turay dia nandoa iray dolara ho fahafolonkarena sy iray dolara ho an'ny kitapom-bola ho an'ny asa fitoriana ary iray dolara ho an'ny fanatitra amin'ny fifadian-kanina ho an'ireo izay "tena mahantra" araka ny teny nampiasainy.

Nakombon'ilay mpamangy ilay so-  
ratra masin'ny Rahavavy Turay ary raha  
nijoro niaraka tamin'ity reny Afrikanina  
mahatoky ity izy dia nieritreritra hoe  
teo amin'ny tany masina izy.<sup>11</sup>

Ny mandray ny fanatitra amin'ny  
fifadian-kanina izay omenareo sy  
omeko dia afaka manova fo ary toy  
izany koa ny fifadian-kanina mba  
hahasoa ny olona iray hafa. Afaka  
mahatsapa izany na ny ankizy aza.

Mety ho sarotra amin'ny ankizy  
maro, eny na ho an'ny olon-dehibe  
sasany ihany koa aza, ny mifady  
hanina mandritra ny 24 ora. Ilay  
fifadian-kanina dia mety ho tsapa toy  
ny hoe "[n]ampahory ny tena[n]"  
raha ny teny nampiasain'i Isaia. Ireo  
ray aman-dreny hendry dia maha-  
fantatra ny mety hitrangan'izany ka  
noho izany dia mitandrina amin'ny  
fanarahana ny torohevitra ny Filoha  
Joseph F. Smith: "Tsara kokoa ny  
mampianatra azy ireo ilay fitsipika  
ary mamela azy ireo hitandrina izany  
rehefa mihalehibe izy ireo ka hahay  
hisafidy amim-pahendrena."<sup>12</sup>

Nahita ny fitahiana entin'izany toro-  
hevitra izany aho vao haingana. Ny iray  
tamin'ireo zafikeliko lahy dia nahita fa  
tsy tratry ny heriny ny mifady hanina  
mandritra ny 24 ora. Kanefa nataon'ireo  
ray aman-dreniny izay feno fahendrena  
ihany izay hahalalim-paka io fitsipika  
io ao anatin'ny. Nisy namany iray any  
am-pianarana namoy vao haingana ny  
havany iray mbola tanora, izay zanaky  
ny nenitoany, noho ny fahafatesana

tampoka. Tamin'ny fotoana iray nandri-  
tra ny andro fifadian-kanina izay, raha ny  
mahazatra, dia hitenenan'ilay zafikeliko  
hoe sarotra aminy ny manohy mifady  
hanina, dia nanontany ny reniny izy hoe  
hahatonga ilay namany feno fahorianana  
ho tonga maivamaivana kokoa ve raha  
toa izy manohy ny fifadian-kanina.

Manamafy ilay torohevitra ny Filoha  
Joseph F. Smith ny fanontaniana nape-  
trany. Tonga teo amin'ny dingana iray  
ilay zafikeliko izay tsy vitan'ny hoe naha-  
takarany ilay fitsipiky ny fifadian-kanina  
fotsiny fa nahatonga izany ho latsa-paka  
tao am-pony koa. Lasa nahatsapa ny  
zafikeliko fa ny fifadian-kanina sy va-  
vaka ataony dia afaka mitondra fitahiana  
avy amin'Andriamanitra ho amin'ny  
olona iray izay sahirana. Raha ampy ny  
famerimberenany miaina ilay fitsipika,  
dia hitondra ireo vokany mahatalanjona  
eo amin'ny fiainany izany, araka ny efa  
nampanantenain'ny Tompo. Ho azony  
ny fitahiana ara-panahy amin'ny fana-  
nana hery handray fitaomam-panahy  
sy ny fananana fahafahana bebe kokoa  
hanohitra ny fakam-panahy.

Tsy fantatsika avokoa ireo antony  
nandehanan'i Jesoa Kristy tany an'efitra  
mba hifady hanina sy hivavaka. Saingy  
fantatsika ny iray amin'ireo vokany  
farafahakeliny: Notoherin'ny Mpamonjy  
tanteraka ireo fakam-panahy natao-  
n'i Satana mba hampiasany amin'ny  
tsy tokony ho izy ny heriny avy  
amin'Andriamanitra.

Ny fotoana fohy hifadiantsika hanina  
isam-bolana sy ny vola kely atolotsika

ho an'ny mahantra dia mety hanome  
antsika ampahany kely fotsiny ihany  
amin'ny fiovan'ny toetrantsika izay  
hahatonga antsika tsy hanana intsony  
faniriana hanao ratsy. Kanefa misy fam-  
panantenana lehibe kokoa azontsika  
rehefa manao izay vitantsika isika mba  
hivavaka sy hifady hanina ary hanome  
ho an'ireo izay sahirana:

"Fa raha izany, dia hiposaka tahaka  
ny fahazavan'ny maraina ny faha-  
zavanao, ary ho tonga faingana ny  
fahasitrananao; ny fahamarinanao  
ho loha-lalanao, ary ny voninahitr'i  
Jehovah ho vodi-lalanao.

"Ary amin'izany dia hiantso hianao,  
ary Jehovah hamaly; Eny, hanandratra  
ny feona hianao, ary Izy hanao hoe;  
Inty Aho."<sup>13</sup>

Mivavaka aho ny mba hanaovan-  
tsika izay hahazoantsika ireo fitahiana  
lehibe ireo ho antsika sy ho an'ny  
fianakaviansika.

Mijoro ho vavolombelona aho  
fa i Jesoa no Kristy, ary ao amin'ny  
Fiangonany isika dia asaina hanampy  
Azy amin'ny fikarakarana ireo ma-  
hantra amin'ny fombany, ary mam-  
panantena Izy fa fitahiana maharitra  
mandrakizay no hirotsaka noho ny  
fanampiansika Azy. Amin'ny anaran'i  
Jesoa Kristy, amena. ■

#### FANAMARIHANA

1. Matio 25:34–40.
2. Isaia 58:6–11.
3. Spencer W. Kimball, *The Miracle of For-  
giveness (Le Miracle du Pardon)* (1969), 98.
4. Jereo ny Steve Almasy, Ben Brumfield,  
ary Laura Smith-Spark, "Cleanup begins  
in Vanuatu after cyclone batters islands,"  
14 mar. 2015, edition.cnn.com.
5. Jereo ny Sean Morris, Steve Almasy, ary  
Laura Smith-Spark, "'Unbelievable destruc-  
tion' reported in Tropical Cyclone Pam's  
Wake," sy "Cleanup begins in Vanuatu after  
cyclone batters islands," 14 mar. 2015,  
edition.cnn.com.
6. Peter F. Evans, "Sister Abie Turay's Story,"  
lahatsoratra nosoratan-tanana tsy natonta.
7. Peter F. Evans, "Sister Abie Turay's Story."
8. Abie Turay, voalaza ao amin'ny Evans,  
"Sister Abie Turay's Story."
9. Peter F. Evans, "Sister Abie Turay's Story."
10. Abie Turay, voalaza ao amin'ny Evans,  
"Sister Abie Turay's Story."
11. Peter F. Evans, "Sister Abie Turay's Story";  
horonan-tsary momba ny Rahavavy Turay,  
"We Did Not Stand Alone," hita ao amin'ny  
lds.org/media-library.
12. Joseph F. Smith, "Editor's Table," *Improve-  
ment Era*, des. 1903, 149.
13. Isaia 58:8–9.





Nataon'ny Filoha Boyd K. Packer  
Filohan'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

# Ny drafitry ny fahasambarana

*Ny vokatra farany azo avy amin'ny asa rehetra atao ato amin'ny Fiangonana dia ny mahita fa sambatra ao an-tokantrano ny lehilahy sy ny vehivavy iray miaraka amin'ny zanany ary nofehezina hiaraka mandrakizay izy ireo.*

Nianatra tao amin'ny Oniversite aho taona maro lasa izay tao-rian'ny ady lehibe faha II. Tao no nihaonako tamin'i Donna Smith. Namaky aho tamin'izay fotoana izay fa ny zavatra roa manan-danja ho amin'ny fahombiazan'ny fanambadiana dia ny mofomamy sy oroka. Nieritreritra aho fa zavatra tena mifameno tsara izany.

Nianatra aho ny maraina, ary avy eo dia niverina tany Brigham City ny hariva mba hiasa tao amin'ny toerana fikojakojana fiara an'ny raiko. Fianarana momba ny fikarakarana tokantrano no taranja farany natrehin'i Donna rehefa amin'ny maraina. Nijanona teo akaikin'ny efitrano fianarany aho talohan'ny nandehanako. Nisy varavarankely fitaratra izay nanjavozavona ny varavaran'ny kilasiny, kanefa rehefa nitsangana teo akaikin'ilay fitaratra aho dia afaka nahita ny aloko tao ivelany izy. Dia nitsaitsaika izy nivoaka niaraka tamin'ny mofomamy dia nanoroka ahy. Dia izao hitantsika izao ny vokany. Nivady tao amin'ny Tempolin'i Logan izahay, ary izay no nisantatra ilay traikafa lehibe teo amin'ny fiainanay.

Nandritra ny taona maro dia mate-tika aho no nampianatra fitsipika iray manan-danja: ny vokatra farany azo avy amin'ny asa rehetra atao ato amin'ny Fiangonana dia ny mahita fa sambatra ao an-tokantrano ny lehilahy sy ny vehivavy iray miaraka amin'ny zanany ary nofehezina mandritra izao fiainana izao sy mandrakizay izy ireo.

Tany am-piandohana:

“Dia nidina ireo Andriamanitra mba hamorona ny olona tahaka ny endriny, tahaka ny endrik' ireo Andriamanitra no namoronany azy, lahy sy vavy no namoronany azy ireo.

“Ary hoy ireo Andriamanitra: Isika dia hahatonga azy ireo ho maro fara sy hihabetsaka ary hameno ny tany ka hampanompo azy” (Abrahama 4:27–28).

Ary dia toy izany no niantombohan'ny fihodin'ny fiainan'ny olombelona teto ambonin'ity tany ity rehefa “nahalala ny vadiny [i Adama], ka niteraka zazalahy sy zazavavy ho azy izy, ary ireo dia nanomboka nihamaro sy nameno ny tany.

“Ary . . . ireo zanakalahy sy zanakavavin' i Adama dia nanomboka nizara

tsiroaroa teo amin' ny tany, . . . ary niteraka zazalahy sy zazavavy koa” (Mosesy 5:2–3).

Mbola tsy nofoanana mihitsy ny didy hihabetsaka sy hameno ny tany. Zava-dehibe ho an'ny drafitry ny fanavotana izany ary loharanon'ny fahasambaran'ny olombelona. Afaka ny ho akaikin'ny Ray any An-danitra isika amin'ny alalan'ny fampiasana amim-pahamarinana io fahefana io ary hahatsapa ny fahafenoan'ny fifaliana, dia ho lasa andriamanitra mihitsy aza. Tsy famenon'ny drafitry ny fahasambarana fotsiny ny hery ahafahana miteraka fa drafitry ny fahasambarana izany. Fanalahidy hahazoana ny fahasambarana izany.

Ny faniriana hitady olona hiarahana dia misy foana ao anatin'ny olombelona ary tena mahery vaika izany. Miankina amin'ny fihetsitsika manoloana izany faniriana ara-batana tsy tapaka sy mandresy lahatra izany ny fahasambarantsika eto amin'ny fiainana an-tany sy ny fifaliantsika ary ny fisandratantsika. Rehefa feno tsara eo amin'ny taonan'ny fahatanoran'ny lehilahy sy ny vehivavy ny hery ahafahana miteraka dia misy fahatsapana izay tena an'ny tena manokana miseho amin'ny fomba tena ara-boajanahary, fa tsy mitovy amin'ny fahatsapana ara-batana hafa rehetra.

Ny tena tsara, araka ny fiheveran'ny olona azy, dia miantomboka amin'ny tantaram-pitiavana mampientam-po ny fiarahana. Na dia tsy mitovy aza ny fomba amam-panao dia mitombo miaraka amin'ireo fahatsapana fientanentanana sy tsy faharetana ary fanilihana aza indraindray, toy ny hita amin'ny tantaram-pitiavana izany. Misy volana sy raozy, taratasim-pitiavana, hiram-pitiavana, tononkalo, fifampitazonantanana sy ireo fanehoam-pitiavana hafa eo amin'ny zatovolahy sy ny zatovovavy. Tsy tsapan'ireo mpifankatia intsony ny zavatra miseho manodidina azy ary mahatsapa fifaliana izy ireo.

Ary raha mihevitra ianareo fa ny fitambaran'ireo zavatra mety hiseho avy amin'ny hery ahafahana miteraka no fifaliana feno indrindra amin'ny fitiavana vao izay mampientam-po dia tsy mbola hitanareo izany hoe fanolorantena

sy fiadanam-piainana ao anatin'ny fitiavan'ny mpivady efa naharitra ela izany. Sedraina amin'ny alalan'ny fakam-panahy, ny tsy fifankahazoan-kevitra, ny olana ara-bola, ny olana ara-pianakaviana, ary ny aretina ny mpivady, ary mandritra ireo zavatra iainana rehetra ireo dia mihamatanjaka hatrany ny fitiavana. Misy fahasambarana izay tsy mbola azon'ireo mpivady vao an'eritreritra mihitsy ao anatin'ny fitiavana efa naharitra ela.

Ny tena fitiavana dia mitaky ny tsy hizarana raha tsy aorian'ny fanambadiana io fitiavana izay mamaha ireo fahefana masina izay ahafahana manome aina ireo. Izany dia midika hoe mila misoroka ireo toe-javatra izay mety hampanjakazaka ny faniriana arabatana. Ny fitiavana madio dia midika fa aorian'ny fanomezan-toky ny hanaja mandrakizay ny vady ihany sy ny lanonana ara-dalàna sy ara-panjakana ary raha ny tsara indrindra dia aorian'ny ôrdônansin'ny famehezana any amin'ny tempoly vao tokony homena fahalalahana, araka ny hevitr' Andriamanitra, ny hery ahafahana miteraka mba ho fanehoana ny fitiavana amin'ny fahafenoany. Amin'izay ho vadinao mandrakizay irery ihany no tokony hifampizarana izany.

Rehefa atao amim-pahamendrehana io dingana io dia manambatra ireo fahatsapana ara-batana sy ara-pihetsehampo ary ara-panahy faran'izay tsara sy ambony indrindra ka mifandray amin'ny teny hoe *fitiavana*. Tsy manan-tsahala izany ampahany amin'ny fiainana izany ary tsy misy mitovy aminy amin'ny zavatra rehetra iainan'ny olombelona. Haharitra mandrakizay izany rehefa atao sy tandrovana ireo fanekempihavanana, “fa ao no anokanana ireo fanalahidin' ny fisoronana masina mba hahazoanareo mandray laza sy voninahitra” (F&F 124:34), “dia voninahitra izay ho fahafenoana sy ho fitohizan' ny taranaka mandrakizay mandrakizay” (F&F 132:19).

Fa ny fitiavana mampientam-po dia tsy feno. Fiomanana ihany izany. Ny fitiavana dia ampitomboin'ny fahaterahan'ireo zanaka, izay nohariana avy amin'izany fahafahana manome aina nankinina tamin'ny mpivady izany.



Ao anatin'ny fifankatiavan'ny mpivady ara-dalàna no hitrangan'ny fitsaihan'ny zaza. Manomboka miforona amin'ny fomba mahatalanjona ny vatana kely iray. Tonga amin'ny alalan'ny fahagagan'ny fahaterahana ny zaza iray, izay nohariana araka ny endriky ny rainy sy ny reniny eto an-tany. Ao anatin'ny vatany mety maty dia misy fanahy iray izay afaka mahatsapa sy mahafantatra ny zavatra ara-panahy. Matory ao anatin'izany vatan'io zazakely io izany ilay hery ahafahana manan-janaka tahaka ny endriny.

“Ny fanahy sy vatana no atao hoe olona velona” (F&F 88:15), ary misy lalàna ara-panahy sy ara-batana izay tokony hankatoavina raha tiantsika ny ho sambatra. Misy lalàna mandrakizay, anisan'izany ireo lalàna momba an'io hery ahafahana manome aina io, izay “navoaka tsy azo novana tany an-danitra, talohan' ny fanorenana izao tontolo izao, izay ifotoran' ny fitahiana rehetra” (F&F 130:20). Ireo no lalàna ara-panahy izay mamaritra ny fitsipika ara-pitondrantenan'ny olombelona (jereo ny Dikantenin'i Joseph Smith, Romana 7:14–15; 2 Nefia 2:5; F&F 29:34; 134:6). Misy ny fanekempihavanana izay mamatotra, mamehy, ary miaro sy manome fampanantenana ireo fitahiana mandrakizay.

Nananatra an'i Siblôna zanany lahy i Almà nanao hoe: “Ataovy . . . izay hifehezanao ny filanao rehetra mba hahatonga anao ho feno fitiavana” (Almà 38:12). Ny lamboridy dia ampiasaina mba hitari-dalana sy hitarika ary hampijanona ny soavaly. Tokony hofehézina ny filantsika. Hitahy sy

hanamasina antsika ny hery ahafahana miteraka raha ampiasaina amin'ny fomba ara-dalàna (jereo ny *Teachings of Presidents of the Church: Joseph F. Smith* [1998], 158).

Misy foana ny fakam-panahy. Satria tsy manana ny fahafahana hiteraka ny fahavalo dia mialona ireo rehetra izay manana izany hery avy amin' Andriamanitra izany izy. Noroahina izy sy ireo izay nanaraka azy ary efa nahafoy ny zo hahazo vatana mety maty. “Katsahiny ny hahatonga ny olon-drehetra ho ory tahaka azy” (2 Nefia 2:27). Haka fanahy izy, raha azony atao, mba hanambany, hanimba, ary raha azo atao aza dia handrava ity fanomezam-pahasoavana izay ahafahantsika manana ny fitomboana mandrakizay ity, raha toa ka mendrika isika (jereo ny F&F 132:28–31).

Raha toa ka lotointsika ny hery ahafahana miteraka izay ananantsika na mitarika ny hafa handika lalàna isika dia hisy sazy izay “mangirifiry” sy “sarotra zakaina” (F&F 19:15) izay tsy ho afaky ny fahafinaretana ara-batana velively.

Hoy i Almà tamin'i Kôriantôna zanany lahy: “Tsy fantatrao va, anaka, fa ireny zavatra ireny dia fahavetavetana eo imason'ny Tompo; eny, tena fahavetavetana indrindra noho ny fahotana rehetra, afa-tsy ny fandatsahana ny ran'ny tsy manan-tsiny, na ny fandavana ny Fanahy Masina? (Almà 39:5). Tsy azontsika ialana ny vokany rehefa mandika lalàna isika.

Eo amin'ny mpivady, lehilahy sy vehivavy nivady ara-dalàna sy ara-panjakana ihany no hany ahazoandalana hanehoana ara-dalàna ny hery

ahafahana miteraka. Mandika ny didin' Andriamanitra ny ankoatra izany. Aza manaiky ho resin'ny fakam-panahy mahatsiravin'ny fahavalo satria tsy maintsy aloanao “ambara-pandoanao ny variraiventy farany indrindra” ny trosan'ny fandikan-dalàna rehetra ataonao (Matio 5:26).

Tsy ho hita na aiza na aiza ny fahalalahan-tanana sy ny famindrampon' Andriamanitra raha tsy ao amin'ny fibebahana.

Rehefa maratra ny vatantsika dia afaka manasitrana ny tenany ihany, indraindray dia mila fanampian'ny dokotera. Raha lehibe anefa ilay fery dia matetika misy holatra tavela mampahatsiahy ilay ratra.

Ny momba ny vatantsika ara-panahy dia zavatra hafa indray. Maratra ny fanahintsika rehefa manao fahadisoana sy manota isika. Saingy rehefa vita ny dingan'ny fibebahana dia tsy mba misy holatra tavela, toy ny amin'ny vatan-tsika, noho ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy. Hoy ny fampanantenana manao hoe: “Indro, izay efa nibebaka tamin'ny fahotany, dia izy no voavela, ary Izaho Tompo dia tsy mahatsiaro izany intsony” (F&F 58:42).

Rehefa miresaka momba ny fanambadiana sy ny fiainam-pianakaviana isika dia tsy maintsy tonga ao an-tsaina ny hoe: “Ahoana ny momba ireo tranga miavaka?” Ny sasany dia teraka ao anatin'ny tsy fahatomombanan'ny vatana ka tsy afaka miteraka. Rendrika ny fanambadian'ny tsy manan-tsiny sasany noho ny fanitsakitsaham-bady. Ny hafa indray dia tsy manambady ary tokantena nefa mendrika.

Ankehitriny aho dia manome izao fampiononana izao: Raintsika Andriamanitra! Ananany avokoa, Izy izay Raintsika sy Andriamanintsika, ny fitiavana rehetra sy ny fahalalahan-tanana ananan'ny ray izay tonga lafatra indrindra eto an-tany ary mihoatra noho ny fahatakarany sain'olombelona izany. Marina ny fitsarany; tsy misy fetra ny famindrampony; tsy misy afaka mitaha amin'ny eto an-tany ny hery fanonerana izay ananany. “Raha amin'izao fiainana izao ihany no anantenantsika an'i Kristy, dia mahantra



indrindra noho ny olona rehetra isika” (1 Korintiana 15:19).

Ankehitriny dia mampiasa amim-panajana ny teny hoe *tempoly* aho. Mieritreritra efitrano famehezana sy alitara iray aho ary mpivady vao herotrerony izay mandohalika eo. Mihoatra lavitra noho ny fampakarambady ity ôrdônansy masin'ny tempoly ity, satria afaka fehezin'ny Fanahy Masin'ny Fampanantenana ilay fanambadiana, ary manambara ny soratra masina fa “handova ireo fiandrianana, fanjakana, fanapahana sy hery, fizakana” isika (F&F 132:19). Hitako ny fifaliana izay miandry ireo izay manaiky ity fanomezana avy amin' Andriamanitra ity ka mampiasa izany amim-pahamendrehana.

Niaraka tao anatin'ny fanambadiana izaho sy rahavavy Donna Smith Packer efa ho 70 taona izay. Raha ny vadiko no resahina, ny renin'ireo zanakay, dia tsy misy teny afaka milaza ny zavatra tsapakao. Lalina loatra ny fihetsehampo ary tena lehibe ny fankasitrahako ka dia tsy mahateny intsony aho. Ny valisoa lehibe indrindra azonay tamin'ity fiainana ity, sy amin'ny fiainan-ko avy, dia ireo zanakay sy ny zafikelinay. Raha mizotra mankany amin'ny fiakaran'ny andro hiarahanay eto an-tany izahay dia feno fankasitrahana noho ny fotoana rehetra niarahanay nifanjohy hatrany aho sy ny fampanantenana nomen'ny Tompo fa tsy hisy izany farany izany.

Mijoro ho vavolombelona aho fa i Jesoa no Kristy ary Zanak'ilay Andriamanitra velona. Izy no lohan'ny Fiangonana. Amin'ny alalan'ny Sorompanavotany sy ny herin'ny fisoronana, dia afaka ny hiaraka mandrakizay ny fianakaviana izay manomboka eto an-tany. Tsy mitondra holatra ilay Sorompanavotana izay afaka mamonjy antsika indray. Midika izany hoe na inona na inona zavatra nataontsika, na taiza na taiza nisy antsika ary na nanao ahoana ny fitrangan'ny zavatra iray, rehefa tena mibebaka isika dia nampanantena Izy fa hanonitra. Ary rehefa nanonitra Izy dia voalamina ny momba izany. Maro amintsika no mihotakotaka toy ny mahatsapa ho meloka izany ka tsy mahafantatra tsara ny fomba hahatafoavahana. Tafavoaka ianao amin'ny alalan'ny fanekena ny Sorompanavotan'i Kristy ary hatsarana sy fitiavana ary mandrakizay no haka ny toeran'ny zavatra rehetra izay nampijaly.

Feno fankasitrahana aho noho ireo fitahiana avy amin'i Jesoa Kristy Tompo, ny hery ahafahana miteraka sy ny herin'ny fanavotana ary ny Sorompanavotana—Sorompanavotana izay afaka manadio ny pentina rehetra na sarotra manao ahoana aza izany ary na naharitra manao ahoana ary na impiry na impiry niverimberenan'izany. Ny Sorompanavotana dia afaka manolotra fahafahana ho anao indray mba handroso hatrany, omban'ny fahadiovana sy fahamendrehana, hanohy ilay lalana nosafidiana eo amin'ny fiainana.

Mijoro ho vavolombelona aho fa velona Andriamanitra, i Jesoa no Kristy, ary ny Sorompanavotana dia tsy zavatra amin'ny ankapobeny ho an'ny Fiangonana iray manontolo. Zavatra ho an'ny tena manokana ny Sorompanavotana ary raha misy zavatra manelingelina anao—indraindray zavatra efa ela be ka tsy tadidinao tsara intsony akory aza—dia ampiasao ny Sorompanavotana. Hanadio izany ary tsy hotsarohanao intsony ny fahotanao tahaka ny tsy hahatsiarovany izany intsony. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■



Nataon'i Linda K. Burton  
Filohan'ny Fikambanana Ifanampiana maneran-tany

## Hiara-hivoatra isika

*Amin'ny maha-vehivavy sy lehilahy mpanao fanekehampihavanana antsika dia mila mifampahery isika ary mifanampy mba ho tonga ilay vahoaka tian'ny Tompo hahatongavantsika.*

**A**nkoatra ireo lahateny sy hira ary vavaka manentana ny fanahy izay mahakasika mandrakariva ny fonsika mandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany dia nolazain'ny rahavavy marobe tamiko fa ny zavatra tian'izy ireo indrindra dia ny mijery ny Fiadidiana Voalohany sy ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo rehefa mandao ny lampihazo miaraka amin'ireo vadiny mandrakizay. Ary moa ve tsy mba mahafinaritra antsika rehetra ny maheno ireo Rahalahy milaza amin-kamamiana ny fitiavan'izy ireo ny vadiny?

Raha niresaka mikasika an'i Donna vadiny ny Filoha Boyd K. Packer dia hoy izy hoe: "Noho ny anjara fanompoana ananako dia manana adidy ny hilaza ny marina aho: Tonga lafatra izy."<sup>1</sup>

"Izy no masoandrom-piainako,"<sup>2</sup> hoy ny Filoha Dieter F. Uchtdorf raha niresaka mikasika an'i Harriet vadiny.

Rehefa niresaka an'i Kathleen vadiny ny Filoha Henry B. Eyring dia hoy izy hoe: "Izy [dia] olona iray izay nahatonga ahy naniry ny ho lasa ilay olona tsara indrindra azoko ahatongavana."<sup>3</sup>

Ary rehefa niresaka an'i Frances malany ny Filoha Thomas S. Monson dia

hoy izy hoe: "Izy no ilay olon-tiako teo amin'ny fiainako, ilay olona nitokiako ary ilay namako akaiky indrindra. Ny filazana hoe malahelo azy aho dia tsy ampy hanombohana hilazana ny halalin'ny fahatsapako."<sup>4</sup>

Izaho koa dia te hanambara ny fitiavako an'i Craig vady malalako. Fanomezana sarobidy ho ahy izy! Raha ny vadiko no resahina dia misy fehezanteny iray izay lalaiko sy tena sarobidy ao amin'ny tsodranon'ny patriarika ho ahy izay mampanantena fa "ho voakararakany tsara" ny fiainako sy ny fiainan'ireo zanako. Mazava amiko



fa i Craig no fahatanterahan'izany fampanantenana izany. Raha mindrana ny tenin'i Mark Twain aho dia hoy aho hoe: "ny fiainana tsy misy an'i [Craig] dia tsy fiainana."<sup>5</sup> Tiako amin'ny foko sy ny fanahiko izy!

### Anjara asa sy andraikitra masina

Anio aho dia te hanome voninahitra ireo vady, raim-pianakaviana, anadahy, zanakalahy, ary dadatoa izay mahafantatra hoe iza izy ireo, sy izay manao ny tsara indrindra vitany hanatanterahana ny anjara asa nomen' Andriamanitra azy ireo araka izay voafaritra ao amin'ny fanambarana ho an'ny fianakaviana, anisan'izany ny fitarihana ny fianakavian'izy ireo amim-pahamarinana sy ny fanomezana izay ilainy ary ny fiarovana azy. Fantaro fa tena mahalala tsara mihitsy aho hoe mety manahirana ny olona maro ny lohahevitra mikasika ny maha-ray sy ny maha-reny ary ny fanambadiana. Fantatro fa ny mpikambana sasany ato amin'ny Fiangonana dia mahatsapa fa tsy ho tonga amin'ilay heverin'izy ireo fa tsara indrindra mihitsy ny tokantranon'izy ireo. Maro ireo maratra noho ny tsy firaharahiana, ny fanararaotana, ny fiankinan-doha ary ireo fombafomba sy kolontsaina tsy mendrika. Tsy azoko odian-tsy hita ireo zavatra ataon'ireo lehilahy sy vehivavy izay ninia nampitondra fanaintainana sy fahoriana ary fahadisoam-panantenana tao an-tokantranony, na ireo izay nanao izany kanefa tsy mahatsiaro tena hoe nanao izany. Saingy androany aho dia hiresaka zavatra hafa.

Resy lahatra aho fa rehefa manao ny anjara asa nomen' Andriamanitra azy amin'ny maha-mpihazona ny fisoronana mendrika azy ny lehilahy no tena mahasarika ny vadiny indrindra—indrindra fa rehefa ao an-tokantrano. Tiako ary inoako ireto teny avy amin'ny Filoha Packer ireto ho an'ireo vady sy raim-pianakaviana mendrika manao hoe: "Manana ny herin'ny fisoronana avy amin'ny Tompo ianareo mba hiarovana ny tokantranonareo. Hisy fotoana izay hijoroan'izany hery izany ho hany sisa ampinga hanelanelanana ny fianakavianareo sy ny fanafihana ataon'ny fahavalo."<sup>6</sup>



### Mpitarika ara-panahy sy mpampianatra ao an-tokantrano

Tany am-piandohan'ity taona ity dia nanatrika ny fandevenana lehilahy iray aho, izay tahaka ny olona rehetra kanefa niavaka—i Don dadatoan'ny vadiko. Nizara ny zavatra niainany tamin'ny fahazazany ny iray amin'ny zanakalahin'i Dadatoa Don, fotoana fohy taorian'ny nividianan'ireo ray aman-dreniny ny tranon'izy ireo voalohany. Koa satria nisy zaza dimy tsy maintsy nofahanana sy nampitafiana dia tsy ampy ny vola mba hamefena ny tokotany. Noho izy tsy mba nivazivazy tamin'ny anjara asa masina nananany amin'ny maha-mpiaro ny fianakaviany azy dia nitaona tsato-kazo madinika vitsivitsy ho eo an-tokotany i Dadatoa Don, dia naka tady ary namato- tra ilay tady avy eo amin'ny tsato-kazo iray mankeny amin'ny iray hafa manodidina ilay tokotany. Dia nantsoiny ho eny aminy avy eo ireo zanany. Nasehony azy ireo ireo tsato-kazo sy tady ary nohazavainy tamin'izy ireo fa raha mijanona ao anatin'izany fefy vonjy maika izany izy ireo dia ho voaro.

Indray andro raha nanatona ilay trano ireo mpampianatra isan-tokantrano dia talanjona nijery ka nahita ankizy kely dimy nijoro tamim-pankatoavana teo amoron'ilay tady, izay nitazana tamim-pitsiriritana ny baolina iray izay nitontona nivoaka ny faritra nisy azy ireo ka lasa teny amin'ny arabe. Nihazakazaka ny ankizy kely iray mba haka ny dadany, izay namaly ny antso ka nihazakazaka naka ilay baolina.

Rehefa nandeha ny fotoana nandritra ilay fandevenana dia nilaza

tamin-dranomaso ilay zanany lahima- toa fa ny zavatra tena niriany indrindra teto amin'ity fiainana ity dia ny hitovy amin'ny dada malalany.

Hoy ny Filoha Ezra Taft Benson hoe:

“Ry vady sy ray ao amin'ny mpianakavin'i Isiraely ô! Afaka manao zavatra marobe ianareo ho an'ny famonjena sy ny fisandratan'ny fianakavianareo! . . .

“Tsarovy ny antso masina nomena anareo mba ho ray ao amin'ny Isiraely—ny antso manan-danja indrindra nomena anareo amin'izao fotoana izao sy mandrakizay—antso izay tsy hisaorana anareo na oviana na oviana.”

“Tsy maintsy manampy amin'ny fanorenana tokantrano ahafahan'ny Fanahin'ny Tompo mitoetra ianareo.”<sup>7</sup>

Tena mety tsara amin'izao fotoana izao ireo tenin'ny mpaminany ireo.

Tsy maintsy ho sarotra be tokoa ho an'ireo lehilahy nanao fanekempihavanana ny miaina ao anatin'ny tontolo izay tsy vitan'ny hoe tsy manisny lanja ny anjara asa sy andraikitra masin'izy ireo fa mandefa hafatra diso mikasika ny dikan'ny hoe “tena lehilahy” ihany koa. Hafatra diso iray ny hoe “Izaho ihany no manan-danja indrindra amiko.” Etsy ankilan'izay ihany koa ny hafatra manimba sy maneso izay milaza fa tsy ilaina intsony ny vady sy ny raim-pianakaviana. Miangavy anareo aho tsy hihaino ireo laingan'i Satana! Nafoiny izany tombontsoa sarobidy ahafahana ho lasa vady na ray izany. Noho ny fialonany ireo izay manana ireo anjara asa masina izay tsy ho tanterany mihitsy ireo dia mikasa ny hanao izay hahatonga ny “olon-drehetra ho ory tahaka azy” izy!<sup>8</sup>

### Mampahery sy manampy amin'ny anjara asantsika izay mifameno

Ry rahalahy sy rahavavy, mila ny lehilahy ny vehivavy ary mila ny vehivavy ny lehilahy! Amin'ny maha-vehivavy sy lehilahy mpanao fanekempihavanana antsika dia mila mifampahery isika ary mifanampy mba ho tonga ilay vahoaka tian'ny Tompo hahatongavantsika.

Ary mila miara-miasa isika mba hampahery ny taranaka vao misondrotra ary manampy azy ireo hahatratra ny fahafahan'izy ireo ho tonga tahaka an' Andriamanitra amin'ny maha-mpandova ny fiainana mandrakizay azy ireo. Afaka manao tahaka izay nataon'ny Loholona Robert D. Hales sy i Mary vadiny isika ary manaraka ilay ohabolana hoe “Ampaherezo aho dia ampahereziko ianao, dia hiara-hivoatra isika.”<sup>9</sup>

Fantatsika avy amin'ny soratra masina fa “tsy tsara raha irery ralehilahy.” Ka izay no antony nanamboaran'ny Ray any An-danitra “mpanampy saha ho azy.”<sup>10</sup> Ilay andian-teny hoe *mpanampy saha* dia midika hoe “mpanampy mety aminy, na mendrika azy, na mifanaraka aminy.”<sup>11</sup> Ohatra, mitovy endrika ny tanantsika roa kanefa tsy tena mitovy tanteraka. Raha ny marina dia samihafa tanteraka izy ireo, kanefa mifameno ary mifanentana tsara. Rehefa miara-miasa izy ireo dia matanjaka kokoa.<sup>12</sup>

Mirakitra ity fehezanteny ity ny boky torolalan'ny Fiangonana ao amin'ny fizarana iray mikasika ny fianakaviana: “Ny toetoetry ny fanahy lahy sy ny fanahy vavy dia natao hifameno.”<sup>13</sup> Jereo tsara fa izany dia tsy milaza hoe “mifaninana,” fa hoe “[m]ifameno”! Isika dia natao mba hifanampy sy hifampahery ary hiara-hifaly rehefa miezaka ny ho lasa izay tsara indrindra azontsika ahatongavana. Nampianatra tamim-pahendrena Rahavavy Barbara B. Smith hoe: “Afaka mahazo fahasambarana betsaka kokoa isika rehefa afaka mifaly amin'ny fahombiazan'ny hafa fa tsy amin'ny antsika fotsiny.”<sup>14</sup> Rehefa mikatsaka ny “hifameno” isika fa tsy “hifaninana” dia mora lavitra kokoa ny mifampahery amin-kafanam-po!

Fony aho reny tanoran'ny ankizy madinika maromaro dia tsy nisy na

iray aza nihira tamin-kafanam-po ilay hiran'ny Kilonga hoe: “Quand papa rentre à la maison, je suis très heureux (Rehefa tonga ao an-trano i Dada dia faly aho)”<sup>15</sup> rehefa nifarana ny tontolo andro, izay nanoloana lamban-jaza marobe, nanasana vilia ary nampiharana ireo fitsipi-pifehezana. Malahelo aho anefa raha miaiky eto anoloanareo fa tsy nientanentana foana aho rehefa niditra ny varavarana tamimpientanentana i Craig taorian'ny andro henjana iray niasana. Niarahaba lalandava ny tsirairay avy taminay tamin'ny alalan'ny fihina sy oroka izy ary namadika ireo andro sarotra, ary indraindray ratsy dia ratsy, ho fotoampifaliana niarahana tamin'i dada. Tahaka izay aho mba tsy dia nifantoka be loatra tamin'ireo zavatra maro tokony mbola ho nataoko ka nifantoka bebe kokoa tamim-pahendrena, tahaka izay nataony, tamin'ireo zavatra manandanja indrindra. Mety ho niato matetika kokoa aho dia nankafy ireo fotoana sarobidy ho an'ny fianakaviana ary mety ho nisaotra azy matetika kokoa noho ny fitondrany fitahiana teo amin'ny fiainanay!

#### Aoka isika hifanao matetika teny feno hatsaram-panahy


Vao haingana ny rahavavy mahatoky iray ato amin'ny Fiangonana no nizara tamiko ny olana lehibe iray izay nentiny am-bavaka nandritra ny fotoana iray. Mahakasika ireo rahavavy sasany ao amin'ny paroasiny ny olany. Nolazainy tamiko fa tena nandratra ny fony ny nahatsikaritra fa indraindray izy ireo dia nanao teny tsy manaja tamin'ireo vadiny sy mikasika ireo vadiny, eny fa na dia teo imason'ireo zanany aza. Dia notantarainy tamiko hoe toy ny ahoana ny naniriany sy nivavahany tamin-kitsimpo fony izy zatovovavy mba hahita sy hanambady mpihazona fisoronana mendrika ka hanorina tokantrano sambatra miaraka aminy. Nobeazina tao amin'ny tokantrano iray izy, izay “nanjakazakan'ny” reniny tao an-tokantrano ary nanatanterahan'ny rainy tamin-tahotra ny zavatra nangatahan'ny reniny mba hitandroana ny filaminana tao an-trano.

Tsapany fa nisy fomba iray tsara kokoa. Tsy hitany tamin'ny alalan'ny ohatra tao amin'ny tokantrano nahalehibe azy izany, kanefa rehefa nivavaka tamin-kitsimpo izy mba hahazo fitarihana dia nampahafantarin'ny Tompo azy ny fomba hanorenana tokantrano miaraka amin'ny vadiny, izay handraisana amim-pitiavana ny Fanahy. Tao amin'izany tokantrano izany aho ary afaka mijoro ho vavolombelona fa toerana masina izany!

Ry rahavavy sy rahalahy, impiry isika no “mifanao teny feno hatsaram-panahy”<sup>16</sup> avy amin'ny nahim-pontsika?

Afaka manadina ny tenantsika isika amin'ny alalan'ny fametrahana fanontaniana vitsivitsy. Mety amin'ny ankamaroantsika ireto fanontaniana ireto, raha amboarina kely, na manambady isika na tokan-tena na manao ahoana na manao ahoana ny mety ho toe-javatra misy ao amin'ny tokantranontsika.

1. Oviana ny fotoana farany niderako ny vadiko, na tamin'ny fotoana niarahanay samirery na teo anatrehan'ireo zanakay?
2. Oviana ny fotoana farany nisaorako azy, na nanehoako fitiavana taminy, na nitondrako azy am-bavaka tamin-kafanampo sy tamim-pinoana?



3. Oviana ny fotoana farany nitsaharako tamin'ny fitenenana zavatra izay fantatro fa mety handratra?
4. Oviana ny fotoana farany nialako tsiny sy nangatahako famelan-keloka tamim-panetrentena—ka tsy nanampy ireo andian-teny hoe “fa raha mba nanao an'izao mantsy ianao” na “fa raha mba tsy nanao an'izao mantsy ianao”?
5. Oviana ny fotoana farany nisafidiana ny ho faly toy izay ny hitaky hoe izaho no “manana ny rariny”?

Raha misy ary amin'ireo fanontaniana ireo no mahatonga anareo ho sadaikatra na hahatsapa ho meloka kely dia tsarovy fa nampianatra ny Loholona David A. Bednar fa “ny fahatsapana ho meloka ho an'ny fanahintsika dia mitovy amin'ny fanaintanana ho an'ny vatantsika—fampitandremana ny loza sy fiarovana amin'ny fahavoazana fanampiny.”<sup>17</sup>

Manasa ny tsirairay avy amintsika aho mba hihaino ny fangatahana avy amin'ny fo nataon'ny Loholona Jeffrey R. Holland manao hoe: “Ry rahalahy sy rahavavy, mandritra ity fikatsahana maharitra mandrakizay mba hitovy bebe kokoa amin'ny Mpamonjy antsika ity dia enga anie isika mba hiezaka ny ho lehilahy sy vehivavy “laborary,” farafaharatsiny amin'ity fomba iray ity amin'izao fotoana izao— mba tsy hanafintohina amin'ny teny, na raha lazaina amin'ny fomba tsaratsara kokoa, dia mba hiteny amin'ny fiteny vaovao, ny fitenin'ny anjely.”<sup>18</sup>

Rehefa niomana ho amin'ity fahafahana hanao lahateny androany ity aho dia nampianatra ahy ny Fanahy, ka dia nanolo-tena aho mba hanao teny feno hatsaram-panahy matetika kokoa amin'ny vady malalako sy mikasika azy, hampahery ireo lehilahy ao amin'ny fianakaviako sy haneho fankasitrahana noho ny fomba hanatanterahan'izy ireo ny anjara asany masina sy mifameno amin'ny an'ny hafa. Ary nanolo-tena aho ny hanaraka ilay ohabolana hoe: “Ampaherezo aho dia ampahereziko ianao, dia hiara-hivoatra isika.”

Hiaraka amiko ve ianareo amin'ny fikatsahana ny fanampian'ny Fanahy

Masina mba hampianatra antsika ny fomba ahafahantsika mifampahery amin'ny fomba tsaratsara kokoa amin'ny anjara asantsika izay mifameno, amin'ny maha-zanakalahy sy zanakavavy nanao fanekempihanana antsika, izay zanak'ireo ray aman-drenintsika any an-danitra be fitiavana?

Fantatro fa afaka manao izany isika amin'ny alalan'ilay hery manome fahafahana avy amin'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy sy ny finoantsika Azy. Mivavaka aho mba hametrahantsika ny fitokisantsika Aminy mba hanampiana antsika hifanampy mba hiaina amim-pahasambarana sy mandrakizay rehefa miara-mivoatra, amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

#### FANAMARIHANA

1. Boyd K. Packer, ao amin'ny "Donna Smith Packer Receives Family History Certificate from BYU," [news.byu.edu/archive12-jun-packer.aspx](http://news.byu.edu/archive12-jun-packer.aspx).
2. Dieter F. Uchtdorf, ao amin'ny Jeffrey R. Holland, "Elder Dieter F. Uchtdorf: On to New Horizons," *Liahona*, mar. 2005, 10.
3. Henry B. Eyring, ao amin'ny Gerald N. Lund, "Elder Henry B. Eyring: Molded by Defining Influences," *Liahona*, apr. 1996, 31.
4. Thomas S. Monson, "Tsy handao na hahafoy anao Aho," *Liahona*, nov. 2013, 85.
5. Mark Twain, *Eve's Diary* (1905), 107.
6. Boyd K. Packer, "Ny herin'ny fisoronana," *Liahona*, mey 2010, 9.
7. Ezra Taft Benson, "To the Fathers in Israel," *Ensign*, nov. 1987, 51, 50.
8. 2 Nefia 2:27.
9. Jereo ny Robert D. Hales, "Strengthening Families: Our Sacred Duty," *Liahona*, jolay 1999, 40; jereo koa ny LaRene Gaunt, "Elder Robert D. Hales: 'Return with Honor,'" *Liahona*, apr. 1995, 31.
10. Genesisy 2:18.
11. Genesisy 2:18, fanovozan-kevitra b. eny ambanin'ny pejy ao amin'ny Baiboly navoakan'ny Olomasin'ny Andro Farany
12. Jereo ny Bruce K. Satterfield, "The Family under Siege: The Role of Man and Woman" (famelabelarana natao tao Ricks College Education Week, 7 jona 2001), 4; [emp.byui.edu/SATTERFIELD/PDF/RoleManWoman2.pdf](http://emp.byui.edu/SATTERFIELD/PDF/RoleManWoman2.pdf).
13. *Boky torolalana 2: Fitantanana ny Fianganana* (2010), 1.3.1.
14. Barbara B. Smith, "Hearts So Similar," *Ensign*, mey 1982, 97.
15. "Le retour de papa," *Chants pour les enfants*, 110.
16. "Sachons dire un mot gentil," *Cantiques*, no. 150.
17. David A. Bednar, "Mino isika fa tokony ho madio fitondrantena," *Liahona*, mey 2013, 44.
18. Jeffrey R. Holland, "The Tongue of Angels," *Liahona*, mey 2007, 18.



Nataon'ny Loholona Dallin H. Oaks

Ao amin'ny Kôlejin'ny Apostoly Roambinifolo

## Fanoharana momba ilay mpamafy voa

*Miankina amintsika tsirairay ny mametraka ireo laharampahamehana sy manao ireo zavatra mba hahatonga ny tanintsika ho tsara sy ny vokatra azontsika ho betsaka.*

Ny lohahevitra mikasika ireo lahateny mandritra ny fihaonamben'ny Fianganana manerantany dia omena—tsy amin'ny alalan'ny olona mety maty izay manana fahefana hanao izany fa amin'ny alalan'ny fitaoman'ny Fanahy. Lohahevitra maro no hiresaka mikasika ireo olona ara-nofo izay ifampizarantsika rehetra. Saingy tahaka ny tsy nampianaran'i Jesoa ny fomba handresena ireo olona ara-nofo na ireo fampahoriana ara-pôlitika tamin'ny androny anefa dia matetika Izy no manome aingam-panahy ireo mpampony maoderina hiresaka momba izay tokony hataon'ny mpanara-dia Azy mba hanovana ny fiainantsika manokana hanomanana antsika amin'ny fiverenana any amin'ny fonenantsika any an-danitra. Amin'izao faran'ny herinandron'ny Paska izao dia nahatsapa fitaomam-panahy aho mba hiresaka momba ireo fampianarana sarobidy sy tsy tontan'ny ela ao anatin'ny iray amin'ireo fanoharana nataon'i Jesoa.

Ny fanoharana momba ilay mpamafy voa dia anisan'ireo fanoharana vitsy izay voaresaka hatrany ao amin'ny Filazantsaran'i Matio sy Marka ary

Lioka. Anisan'ireo andiana fanoharana kely nohazavain'i Jesoa tamin'ny mpianany koa izany. Ny voa nafafy dia ilay "tenin'ny fanjakana" (Matio 13:19), "ny teny" (Marka 4:14), na "ny tenin' Andriamanitra" (Lioka 8:11)—dia ireo fampianaran'ny Mpampianatra sy ny mpampony.

Ireo karazana tany izay nilatsahana'ireo voa dia maneho ireo karazana fomba izay handraisana'ny olona sy hanarahany ireny fampianarana ireny. Noho izany, ireo voa izay "voafafy teny amoron-dalana" (Marka 4:4) dia tsy tody teny amin'ny tanin'ny olombelona izay mety ho naniriany. Mitovy amin'ny fampianarana izay latsaka tao amin'ny fo nohamafisina sy tsy ampy fiomanana izany. Tsy hiresaka mihoatra noho izay aho mikasika an'ireo. Mahakasika antsika izay nanolo-tena ho mpanara-dia an'i Kristy ny hafatro. Inona no ataontsika amin'ny fampianaran'ny Mpamonjy rehefa miaina ny fiainantsika isika?

Ny fanoharana momba ilay mpamafy dia mampitandrina antsika ny amin'ireo toe-javatra miseho na fihe-tsika izay mety manakana ireo rehetra

izay nandray ilay voan'ny hafatry ny filazantsara tsy hitondra vokatra tsara.


### I. Tany ambony vatolampy, tsy manam-paka

Ny voa sasany dia “voafafy teny amin'ny tany marivo ambony vatolampy: dia nalaky nitrebona ireny, satria tsy nisy tany lalina. Fa rehefa nipoaka ny masoandro, dia nalazo ireny, ary satria tsy nanam-paka, dia maty izy” (Marka 4:5–6).

Nanazava i Jesoa fa izany dia mamaritra “ireo izay mandre ny teny ka malaky mandray izany amin'ny hafaliana,” kanefa satria “tsy manam-paka ao anatiny ireny, . . . koa rehefa . . . tonga izay fahoriana na fanenjehana noho ny teny, dia tafintohina miaraka amin'izay izy” (Marka 4:16–17).

Inona no mahatonga ireo mpihaino “tsy manam-paka ao anatiny”? Izany no toe-javatra mitranga amin'ireo mpikambana vaovao izay miova fo fotsiny amin'ny misiônera na amin'ireo toe-javatra mahasarika maro ato amin'ny Fiangonana na amin'ireo fitahiana mahafinaritry ny maha-mpikambana. Satria tsy mifototra amin'ny teny ny finoan'ireny olona ireny dia miala amin'ny fahamarinana ka manary ny fanolorantenany izy rehefa tonga ny fifanoherana. Kanefa na ireo izay no-beazina tato amin'ny Fiangonana aza—ireo mpikambana efa ela—dia mety ho tonga tahaka ireo izay tsy manam-paka. Nahafantatra ny sasany tamin'izy ireo aho—dia ireo mpikambana izay tsy manana fiovampo mafy orina sy maharitra amin'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy. Raha sady tsy miorim-paka amin'ny fampianaran'ny filazantsara isika no miovaova eo amin'ny fampiharana azy, dia mety hamboly fo vato ny tsirairay amintsika, ka izany dia hahatonga ireo fahamarinana ara-pilazantsara ho sarotra ekena.

Ilaina ny sakafo ara-panahy ho an'ny fahavelomana ara-panahy, indrindra ao amin'ity izao tontolo izao ity izay misitaka amin'ny finoana an' Andriamanitra sy amin'ny marina sy ny ratsy tanteraka. Amin'izao vanimpotoana hanjakan'ny Internet izao izay manindrahindra ireo hafatra manambana ny hanimba ny



finoantsika manokana dia tsy maintsy mampitombo ny fanarahantsika ny fahamarinana ara-panahy isika mba hampatanjaka ny finoantsika ary hiorenampaka ao amin'ny filazantsara.

Ry tanora, raha toa ka tsy dia voafaritra mazava loatra izany fampianarana izany dia indro misy ohatra voafaritra tsara. Raha mizara ny fanasan'ny Tompo ireo mpihazona ny fisoronana kanefa ianareo mandefa hafatra na mibitsibitsika na milalao jeux vidéos na manao zavatra hafa izay handavan'ny tenanareo ireo sakafo ara-panahy manan-danja dia mampalemy ny fijoroanareo ho vavolombelona ianareo ka mamindra ny tenanareo mankany amin'ny tany feno vatolampy. Manao izay mamparefo ny tenanareo ianareo ka lasa mora malemy ara-panahy rehefa tratry ny olana tahaka ny fitokantokanana, ny fampitahorana na fahafaham-baraka. Ary miantefa amin'ny olon-dehibe koa izany.


Ny zavatra hafa iray izay mety ho mpanimba ny faka ara-panahy—izay

hafainanin'ny teknôlôjia amin'izao fotoana izao, kanefa tsy izay ihany no antony mahatonga izany—dia ny fitsarana ny filazantsara na ny Fiangonana amin'ny alalan'ny ampahany kely amin'izany. Izany fijery voafetra izany dia mifantoka amin'ny fotopampianarana manokana na fomba fanao na fahadisoana tsikaritra nataon'ny mpitarika iray ka tsy miraharaha ireo lafin-javatra maro hafa ao amin'ny drafitry ny filazantsara sy ireo fitahiana natokana ho an'ny tsirairay sy ho an'ny vondrona, izay azo rehefa manaraka izany izy ireo. Ny Filoha Gordon B. Hinckley dia nanome fanorisoritana mazava mikasika ny iray amin'io fomba fijery voafetra io. Niresaka momba ireo mpandinika ara-pôlitika izay “nisafoaka mafy” noho ny zavatra iray izay nitranga vao haingana tamin'izany fotoana izany tamin'ny mpihaino azy tao BYU izy. “Tamin'ny fomba voakaly no nilazan'izy ireo zavatra feno hatezerana sy fanebahana. . . . ‘Azo antoka,’” hoy izy namarana izany fa “toa tena azo ekena sy malaza amin'izao fotoana izao sy eto amin'ity toerana ity ny miresaka amin'ny fomba manebaka toy izany.”<sup>1</sup> Fa mifanohitra amin'izany kosa raha te hiorim-paka mafy ao amin'ny filazantsara isika dia tokony ho voalanjalanja sy ho voahevitra ny fitsikerana ataontsika ka hikatsaka hatrany ny hahatakatra ny lafin-javatra rehetra ao amin'ny asa lehiben' Andriamanitra.

### II. Tsilo: Ilay fiahiahiana izao fiainana izao sy ny fitaky ny harena

Nampianatra i Jesoa fa “ny sasany dia voafafy teny amin'ny tsilo; ary ny tsilo naniry ka nangeja azy, dia tsy namoa izy” (Marka 4:7). Nanazava Izy fa “ireo no ilay nandre ny teny, fa ny fiahiahiana izao fiainana izao sy ny fitaky ny harena ary ny filana ny zavatra hafa miditra, dia mangeja ny teny, ka tsy mamoa izy” (Marka 4:18–19). Azo antoka fa fampitandremana tokony hohenointsika rehetra izany.

Voalohany dia hiresaka momba ny fitaky ny harena aho. Na aiza na aiza no misy antsika eo amin'ny diantsika ara-panahy—na manao ahoana na manao ahoana ny toetry



ny fiovampontsika—dia alaim-panahy amin'izany avokoa isika. Rehefa mifantoka amin'ny fahazoana, fampiasana, na fananana zavatra ny fihetsika na ny laharampahamehana dia antsointsika hoe materialisma izany. Betsaka ireo efa voalaza sy voasoratra momba ny materialisma ka tsy mila ampiana firy izany.<sup>2</sup> Ireo izay mino an'ilay antsoina hoe firehana amin'ny fikatsahana harena dia ianjadian'ny “fitaky ny harena.” Ny fananana harena na volabe miditra dia tsy famantarana ny fiandanian' Andriamanitra, ary ny tsy fananana izany dia tsy porofon'ny tsy fiandanian' Andriamanitra. Rehefa nilaza tamin'ny mpanaradia mahatoky Azy i Jesoa fa afaka handova ny fiainana mandrakizay izy raha toa ka hanome izay rehetra ananany ho an'ny mahantra (jereo ny Marka 10:17–24), dia tsy nilaza fa ratsy ny *fananana* harena fa ny ratsy dia ny *fhetsika* nasehon'io mpanaradia io nanoloana azy ireo. Araka ny efa fantatsika rehetra, i Jesoa dia nidera ilay Samaritana tsara fanahy izay nampiasa

ilay karazana vola nitovy tamin'ilay nampiasain'i Jodasy mba hamadihana ny Mpamonjiny mba hanompoana ny namany. Ny *fitivam-bola* no fototry ny ratsy rehetra fa tsy ny vola (jereo ny 1 Timoty 6:10).

Ny Bokin'i Môrmôna dia miresaka momba ny fotoana iray izay nahatonga ny Fiangonan' Andriamanitra “nanomboka tsy mahomby tamin'ny fandroasoany” (Almà 4:10) satria “ny olon'ny fiangonana dia nanomboka . . . name-traka ny fony tamin'ny harena sy tamin'ny zava-poanan' izao tontolo izao” (Almà 4:8). Na iza na iza manana fananana betsaka dia tandindomin-doza ny ho tsy “vonona hivoatra” ara-panahy noho ireo harena sy zavatra hafan'izao tontolo izao.<sup>3</sup> Fampidirana mety tsara amin'ny fampianarana manaraka entin'ny Mpamonjy izany.

Ny tsilo mamitaka amin'ny fomba an-kolaka izay tsy hamela toerana ho an'ny vokatra ateraky ny tenin'ny filazantsara eo amin'ny fiainantsika dia ireo hery eo amin'izao tontolo izao izay

nantsoin'i Jesoa hoe: ny “fiahiahiana izao fiainana izao” (Lioka 8:14). Betsaka loatra izy ireny ka tsy ho voatanisa. Ampy ny ohatra vitsivitsy.

Tamin'ny fotoana iray dia nanitsy ny lehiben'ny Apostoliny i Jesoa ka nanao tamin'i Petera hoe: “Fanafintohinana amiko hianao, satria tsy misaina izay an' Andriamanitra hianao, fa izay an'ny olona” (Matio 16:23; jereo ihany koa ny F&F 3:6–7; 58:39). Ny hoe fametrahana lanja lehibe amin'ny zavatra ny olona dia midika ho fametrahana mialoha ny fiahiahiana izao fiainana izao manoloana ireo zavatr' Andriamanitra eo amin'ny asantsika, ny laharampahamehantsika, ary ny eritreritsika.

Mitolo-batana amin'ireo “fahafinaretan'ity fiainana ity” isika (1) rehefa miankin-doha, izay manaratsy ny fiasan'ilay fanomezana sarobidin'ny fahafahana misafidy avy amin' Andriamanitra; (2) rehefa voafitaky ny fialamboly tsy manan-danja firy, izay mampisitaka antsika amin'ireo zavatra manan-danja mandrakizay; ary (3) rehefa mieritreritra fa hahazo vokatra tsara hatrany, izay tsy mampandroso ny fivoarantsika manokana izay ilaina hahamendrika antsika amin'ny hoavintsika mandrakizay.

Resin'ny “fiahiahiana . . . eo amin'ity fiainana ity” isika rehefa tsy afamihetsika noho ny tahotra ny hoavy, izay manakana ny fandrosoantsika am-pinoana, ny fahatokiansika an' Andriamanitra sy ny fampanantenany. Dimy amby roapolo taona lasa izay dia niresaka momba ireo loza rehefa mitolo-batana amin'ny fiahiahiana ity fiainana ity i Hugh W. Nibley izay mpampianatra ahy tao BYU tena anka-sitrahako indrindra. Nanontaniana izy tao anatin'ny tafatafa iray raha toa ny toetoetran'izao tontolo izao sy ny adidintsika hanaparitaka ny filazantsara ka mahatonga ny faniriana hikatsaka bebe kokoa na tsia ny fomba vitsivitsy “hanovana ny zavatra ataontsika ato amin'ny Fiangonana mba hitovy amin'izay atao ao amin'izao tontolo izao.”<sup>4</sup>

Ny valinteniny dia hoe: “Izany no tantara manontolon'ny Fiangonana, sa tsy izany? Mila vonona hanafintohina olona ianao eto, mila vonona hanao vy very ny aina ianao. Eo no hidiran'ny

finoana. . . Natao ho fitsapana ny fanolorantenantsika, natao ho sarotra izany, natao ho toy ny tsy azo tanterahina izany raha araka ny fijeren'izao tontolo izao.”<sup>5</sup>

Ity laharampahamehan'ny filazantsara ity dia nohamafisin'ny mpitarika hajaina iray ao amin'ny Katôlika, dia i Charles J. Chaput, arsevekan'i Philadelphie tao BYU volana vitsy monja lasa izay. Raha niresaka momba ireo “olana izay ifampizaran'ny fiarahamonina OAF sy Katôlika” izy, toy ny “mikasika ny fanambadiana sy ny fianakaviana, ny toetry ny fananahantsika, ny fahasinan'ny fiainan'ny olombelona, ary ny fahamehana eo amin'ny fananana zom-pahafahana misafidy ny finoana,” dia hoy izy:

“Tiako ny hanamafy indray ny maha-zava-dehibe ny tena fiainantsika marina izay itompoantsika teny fa inoantsika. Tokony no laharampahamehana izany—tsy ao amin'ny fiainantsika manokana na ao amin'ny fiainam-pianakaviansika fotsiny fa ao amin'ny fiangonantsika, ireo safidy ara-pôlitika ataontsika, ny fandraharahana eo amin'ny asa ataontsika, ny fikarakarantsika ny mahantra; na amin'ny teny hafa: amin'ny zavatra rehetra izay ataontsika.”

“Izao no maha-manan-danja izany,” hoy izy nanohy. “Mianara avy amin'ny zavatra iainan'ny Katôlika. Izahay Katôlika dia mino fa ny tanjonay dia ny ho masirasira (lalivay) eo amin'ny fiarahamonina. Kanefa misy fahasimihafana manasaraka ny hoe masirasira *ao amin'ny* fiarahamonina, sy ny hoe *atelin'ny* fiarahamonina.”<sup>6</sup>

Ny fampitandreman'ny Mpamonjy amin'ny fiarahadiana ity fiainana ity izay tsy mamela toerana ho an'ny tenin' Andriamanitra eo amin'ny fiainantsika dia azo antoka fa mametraka fanamby ho antsika mba hampifantoka ny laharampahamehantsika—sy ny faniriantika—amin'ny didin' Andriamanitra sy amin'ireo mpitarika ny Fiangonany.

Ny ohatra nataon'ny Mpamonjy dia mety hahatonga antsika hieritritra momba ity fanoharana ity ho toy ilay fanoharana momba ny tany. Ny maha-tsara na maha-ratsy ny tany dia



miankina amin'ny fontsika tsirairay avy izay ahitana ny voan'ny filazantsara. Raha ny fahavononana ara-panahin'ny olona no eritreretina dia misy ireo fo sasany izay nohamafisina sy tsy nomanina, misy ireo fo vato noho ny tsy fampiasana azy, ary misy ireo fo sasany mifantoka amin'ny zavatr'izao tontolo izao.

### III. Nafafy tamin'ny tany tsara dia namoa

Ny fanoharana momba ny mpamafy dia nofaranan'ny Mpamonjy tamin'ny famaritana ilay voa izay “voafafy teny amin'ny tany tsara dia namoa” betsaka (Matio 13:8). Ahoana no ahafahantsika manomana ny tenantsika ho tonga tahaka izany tany tsara izany ka hanana vokatra tsara?

Nanazava i Jesoa “fa ireo teny amin'ny tany tsara kosa dia izay nandre ny teny amin'ny fo sady marina no tsara, dia mitana azy ka mamoa amin'ny faharetana” (Lioka 8:15). Manana ny voan'ny tenin'ny filazantsara isika. Miankina amintsika tsirairay ny mametraka ireo laharampahamehana sy manao ireo zavatra mba hahatonga ny tanintsika ho tsara sy ny vokatra azontsika ho betsaka. Mila mikatsaka ny hiorim-paka tsara sy hiova fo amin'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy isika (jereo ny Kolosiana 2:6–7). Tratrantsika izany fiovampo izany amin'ny alalan'ny vavaka, amin'ny alalan'ny famakiana ny soratra masina, amin'ny alalan'ny fanompoana, amin'ny alalan'ny fandraisana tsy tapaka ny fanasan'ny Tompo mba hanana mandrakariva ny Fanahiny miaraka amintsika. Tsy maintsy mikatsaka izany fiovampo mahery vaika

izany koa isika (jereo ny Alàmà 5:12–14) izay manolo ireo fanirian-dratsy sy ny fitiavan-tena amin'ny fitiavana an' Andriamanitra sy ny faniriana hanompo Azy sy ny zanany.

Mijoro ho vavolombelona momba ny fahamarinan'ireo zavatra ireo aho ary mijoro ho vavolombelona momba an'i Jesoa Kristy Mpamonjy antsika, ka ny fampianarany dia manoro lalana antsika ary ny Sorompanavotany dia mahatonga ny zavatra rehetra ho tanteraka, amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

### FANAMARIHANA

1. Gordon B. Hinckley, “Let Not Your Heart Be Troubled” (Fampaherezam-panahy tao amin'ny Oniversiten'i Brigham Young University, 29 ôkt. 1974), 1; [speeches.byu.edu](http://speeches.byu.edu).
2. Jereo ohatra ny Dallin H. Oaks, “Materialism,” toko faha 5 ao amin'ny *Pure in Heart* (1988), 73–87.
3. Ananan'ny Loholona Neal A. Maxwell trosa aho amin'ity fanoharana ity (jereo ny “These Are Your Days,” *Ensign*, ôkt. 2004, 26).
4. James P. Bell, ao amin'ny “Hugh Nibley, in Black and White,” *BYU Today*, mey 1990, 37.
5. Hugh Nibley, ao amin'ny “Hugh Nibley in Black and White,” 37–38.
6. Charles J. Chaput, “The Great Charter at 800: Why It Still Matters,” *First Things*, 23 jan. 2015, [firstthings.com/web-exclusives/2015/01/the-great-charter-at-800](http://firstthings.com/web-exclusives/2015/01/the-great-charter-at-800); jereo ihany koa ny Tad Walch, “At BYU, Catholic Archbishop Seeks Friends, Says U.S. Liberty Depends on Moral People,” *Deseret News*, 23 jan. 2015 [deseretnews.com/article/865620233/At-BYU-Catholic-archbishop-seeks-friends-says-US-liberty-depends-on-moral-people.html](http://deseretnews.com/article/865620233/At-BYU-Catholic-archbishop-seeks-friends-says-US-liberty-depends-on-moral-people.html). Nilaza koa ny arseveka Chaput hoe “ny sasany tamin'ireo toeram-pianarana Katôlika dia na namera na nanalefaka tokoa ny maha-izy azy ireo ara-pivavahana. . . oniversite miavaka i Brigham Young . . . satria ivontoeram-pianarana izay manan-karena amin'ny alalan'ny maha-izy azy ara-pivavahana izany. Aza mamery izany na rahoviana na rahoviana” (“The Great Charter at 800”).



Nataon'ny Loholona L. Whitney Clayton  
Ao amin'ny Fiadidian'ny Fitopololahy

## Safidio ny hino

*Manolotra ny filazantsarany ho fahazavana hitarika ireo izay misafidy ny hino sy hanaraka Azy ny Mpamonjy.*

N isidina avy tany Florida ho any Illinois tamin'ny fiaramanidina manokana i Sailor Gutzler, izay fito taona, sy ny fianakaviany. Ny rain'i Sailor no nanamory. Nanana olana ara-teknika ilay fiaramanidina raha vao nanomboka ny alina ka nianjera tao amin'ny vohitra maizin-kitrok'i Kentucky, nitsimbadika ambony ambony tao amin'ny tany malalaka nikintoantoana. Maty tao anatin'ilay loza avokoa ny olona rehetra ankoatra an'i Sailor. Tapaka tao anatin'ilay fianjerana ny hatotanany. Feno tataka sy kiaka ny vatany ary very ny kirarony. 3 degré Celsius ny mari-pana—alin'ny ririnina nangatsiaka sy nanorana tao Kentucky tamin'izay—kanefa pataloha fohy sy ambonin'akanjo iray ary ba kiraro iray ihany no nanaovan'i Sailor.

Niantsoantso ny reniny sy ny rainy izy saingy tsy nisy namaly. Nampiasa ny herimpo rehetra nananany izy, namakivaky tsy nanao kiraro ny ambanivohitra hitady fanampiana, niampita sakelidrano, lavaka, ary namakivaky tamimpahasahiana ireo alana voaroihazo. Nahatsikaritra hazavana kely teny lavidavitra teo amin'ny roa kilaometatra teo i Sailor avy teny ambonin'ny havoana iray. Rehefa avy namakivaky tao anatin'ny haizina sy nihazakazaka nankeny amin'ilay hazavana izy dia tonga ihany

teny amin'ilay tranon'ny lehilahy tsara fanahy iray tsy fantany izay nanomboka nikarakara azy faingaina. Avotra i Sailor. Nentina tany amin'ny hôpitaly tsy ela izy ary nampiana mba ho sitrana.<sup>1</sup>

Velon'aina soa aman-tsara i Sailor satria nahita fahazavana teny lavidavitra izy ka nitolona mba hahatongavana teny na dia teo aza ny tany haolon'ambanivohitra, ny halalin'ny voina natrehiny, ary ny ratra niaretany. Sarotra ny maka sary an-tsaina ny fomba nanaovan'i Sailor ny zavatra nataony tamin'izay alina izay. Fa ny fantatsika dia hoe fantany fa ho famonjena ho azy ny fahitany ilay hazavana teny amin'ilay trano lavitra iray. Nisy ny fanantenana. Ny fanantenany fa ho hitany ao amin'izany fahazavana izany ny famonjena azy no nahatonga azy nanana herimpo, na ratsy toy ny inona aza ny zavatra nahazo azy.

Vitsy amintsika no hiaritra toejavatra tena mampivarahontsana tahaka ny an'i Sailor. Saingy isika rehetra dia tsy maintsy hamakivaky ny tany haolo ara-panahintsika sy hanao ilay dia sarotra ara-pihetsehampontsika na rahoviana izany na rahoviana. Amin'ireny fotoana ireny, na maizina toy ny ahoana na toa tsy misy fanantenana toy ny ahoana izany, dia hisy *foana* ny hazavana ara-panahy izay miantso



antsika, izay manome fanantenana sy fanampiana antsika, raha mitady izany isika. Mampiratra avy amin'ny Mpamonjy ny olombelona rehetra izany, izay Fahazavan'Izao Tontolo Izao.

Tsy mitovy amin'ny mahita fahazavana ara-batana ny fahitana fahazavana ara-panahy. Manomboka amin'ny fahavononantsika hino ny famantarana ilay fahazavana ara-panahin'ny Mpamonjy. Takin' Andriamanitra amintsika voalohany indrindra ny mba hananantsika faniriana ny hino aloha farafahakeliny. “Raha te hamoha sy hanaitra ny faharanitan' ny sainareo ianareo. . . ary hampihatra *sombiny* amin'ny finoana,” hoy ny nampianarin'ny mpaminany Almà: “eny, na dia tsy afa-manao mihoatra noho ny *maniry* ny hino aza ianareo, dia avelao izany faniriana izany hiasa ao aminareo, ambara-pinoanareo amin' ny fomba izay hahafahanareo manisa toerana ho an' ny ampahany amin' ny tenin'[ny Mpamonjy].”<sup>2</sup>


Ny fiantsoan'i Almà antsika mba haniry ny hino sy “hanome toerana” ao am-pontsika ho an'ny tenin'ny Mpamonjy dia mampahatsiahy antsika fa mitaky ny safidy sy ny asantsika manokana ny fahatokiana sy finoana. Tsy maintsy “mamoha sy manaitra ny faharanitan-tsaintsika isika.” Mangataka isika mialoha ny hanomezana antsika; mitady isika mialoha ny hahitan-tsika; mandondona isika mialoha ny hamohana antsika. Dia omena izao fampanantenana izao isika avy eo: “Fa izay rehetra mangataka no mahazo; ary izay mitady no mahita; ary izay mandondona no hovohana.”<sup>3</sup>

Tsy mbola nisy fitalahoana mahery vaika be kokoa mba hino mihoatra noho ilay avy tamin'ny Mpamonjy Tenany mihitsy nandritra ny asa fanompoany teto an-tany rehefa nanao antso avo tamin'ny mpihaino azy izay tsy nino Izy:

“Raha tsy manao ny asan'ny Raiko aho, dia aza mino Ahy.

“Fa raha manao ihany kosa Aho, na dia tsy mino Ahy aza hianareo, dia minoa ny asa, mba ho fantatrareo sy hekenareo fa ny Ray no ato Amiko.”<sup>4</sup>

Miatrika fitsapana ny tsirairay amin-tsika isan'andro. Izany no fitsapana eo



amin'ny androm-piainantsika: hisafidy ny hino Azy sy hamela ny fahazavan'ny filazantsarany hitombo ao anatintsika ve isika, sa handà ny hino Azy sy hikiry handeha irery ao anatin'ny haizina? Manolotra ny filazantsarany ho fahazavana hitarika ireo izay misafidy ny hino sy hanaraka azy ny Mpamonjy.

Nanana safidy iray i Sailor taorian'ilay voina. Afaka nisafidy ny hijanona teo akaikin'ilay fiaramanidina tao anatin'ny haizina izy, irery sy natahotra. Kanefa mbola ho lava ny alina, ary hihamangatsiaka hatrany izany. Nisafidy fomba hafa izy. Nihanika havoana i Sailor ka avy eny izy no nahita hazavana teny amin'ny faravodilanitra.

Nanatona tsikelikely ilay hazavana izy nandritra ny alina ary nihanazava izany.

Mbola tsy maintsy nisy ihany fotoana tsy nahafahany nahita izany. Angamba mety tsy nahita izany izy rehefa tao anaty hady na tao ambadiky ny hazo na kirihitra, kanefa nandroso hatrany izy. Isaky ny nahita ilay fahazavana i Sailor dia nanana porofo fa teo amin'ny lalana marina izy. Tsy mbola fantany mazava anefa hoe inona ilay hazavana, saingy nanohy nanatona izany izy nifototra tamin'izay fantany—natoky sy nanantena fa hahita izany indray izy raha toa ka manohy mandroso amin'ny lalana tokony hizorana. Mety ho voavonjy ny ainy amin'ny fanaovana izany.

Mety hitovy amin'izany koa ny fiainantsika. Mety nisy ireo fotoana nampaharatra antsika, nahareraka antsika, ary toa maizina sy nangatsiaka



ny fiainantsika. Mety misy fotoana tsy ahitantsika fahazavana eny amin'ny faravodilanitra, ka mety hahatsapa ho te hilavo lefona isika. Raha toa ka vonona ny hino isika, raha toa ka maniry ny hino isika, raha toa ka misafidy ny hino isika dia hampiseho antsika ny lalana irosoana ireo fampianaran'ny Mpamonjy sy ny ohatra nasehony.

#### Misafidiana ny Hino

Tahaka an'i Sailor izay tsy maintsy nino fa hahita fiarovana ao amin'izany hazavana lavitra izany izy, dia tsy maintsy misafidy ny hanokatra ny fontsika ihany koa isika hidiran'ny maha-tena misy ny Mpamonjy—hidiran'ily fahazavany mandrakizay sy ny famindrampony manasitrana. Namporisika antsika sy niangavy antsika aza ireo mpaminany tao anatin'ny vanimpotoana rehetra mba hino an'i Kristy. Mampiseho zava-misy fototra iray ny famporisihana ataon'izy ireo: tsy manery antsika hino Andriamanitra. Fa manasa antsika kosa Izy mba hino, amin'ny alalan'ny fandefasany mpaminany sy apôstôly velona mba hampianatra antsika, amin'ny alalan'ny fanomezana ny soratra masina ho antsika, ary amin'ny alalan'ny fiantsoana antsika amin'ny alalan'ny Fanahiny. Isika no ireo izay tsy maintsy misafidy ny hanaiky ireo fanasana

ara-panahy ireo, hisafidy ny hijery amin'ny masom-panahy ilay hazavana ara-panahy izay entiny iantsoana antsika. Ny fanapahan-kevitra mba hino no tena safidy tsara indrindra mihoatra noho izay safidy hafa nataontsika. Mamolavola ireo fanapahan-kevitra hafa rehetra horaisintsika izany.

Tsy manery antsika hino tahaka ny tsy hanerany antsika mba hitandrina na didy inona na didy inona Andriamanitra, na dia eo aza ny faniriany tonga lafatra mba hitahy antsika. Mbola mijanona ho manankery ihany anefa ankehitriny ny antso ataony amintsika mba hino Azy—mba hampiasa izany finoana kely izany ka hanome toerana ho an'ny teniny. Araka ny nolazain'ny Mpamonjy hoe: “Izaho dia vavolombelona fa mandidy ny olona rehetra ny Ray, na aiza na aiza, hibebaka sy hino Ahy.”<sup>5</sup>

Tsy fitsipika iharana ny zavatra inoana sy ny fijoroana ho vavolombelona ary ny finoana. Tsy mitranga fotsiny amintsika izany. Ny zavatra inoana dia zavatra safidiansika—manantena izany isika, miasa ho amin'izany, ary manolo-tena ho amin'izany. Tsy hino tsy nahy ny Mpamonjy sy ny filazantsarany isika tahaka ny tsy hivavahantsika na handoavantsika ny fahafolonkarena tsy nahy. Misafidy amim-pahazotoana

ny hino isika, tahaka ny hisafidiansika ny hitandrina ireo didy hafa.

#### Avadiho ho asa ny finoana

Tsy afaka nahafantatra i Sailor tamin'ny voalohany rehefa nandroso niditra ilay kirihitra izy fa handaitra ny zavatra nataony. Very sy natra izy; maizina sy nangatsiaka tamin'izany. Kanefa nilaozany ilay fiaramanidina nianjera ka nandeha tamimpahasahiana izy nanam-panantenana fa ho voavonjy, nandady sy nijalijaly teny an-dalana mandra-pahitany hazavana iray teny lavitra teny. Raha vantany vao hitany izany dia nanao ny tsara indrindra vitany izy mba handrosoana mankany amin'izany, sady nahatsiaro foana ny zavatra hitany.

Tsy maintsy manome toerana ho an'ny fanantenana torak'izany koa isika, fa hahita hazavana ara-panahy isika amin'ny alalan'ny fifikirana amin'ny finoana fa tsy hisafidy ny hisalalasa. Porofon'izay inoantsika sy manjary ho fototry ny finoantsika ny asantsika. Misafidy ny hino isika rehefa mivavaka sy rehefa mamaky ny soratra masina. Misafidy ny hino isika rehefa mifady hanina, rehefa mitandrina ny Sabata ho masina, ary rehefa mitsaoka any amin'ny tempoly. Misafidy ny hino isika rehefa atao batisa sy rehefa mandray ny fanasan'ny Tompo. Misafidy ny hino isika rehefa mibebaka sy mikatsaka famelan-keloka sy fitiavana manasitrana avy amin' Andriamanitra.

#### Aza milavo lefona na oviana na oviana

Mety ho toa miadana sy mielanelana ny fivoarana amin'ny zavatra ara-panahy indraindray. Mety hahatsapa isika indraindray fa resy, nanao fahadisoana na tsy mandaitra ny ezaka tsara indrindra ataontsika mba hahita ny Mpamonjy. Raha mahatsapa izany ianareo dia miangavy anareo aho mba tsy hilavo lefona—na oviana na oviana. Tohizo hatrany ny finoana Azy sy ny filazantsarany ary ny Fianganony. Ampifanaraho amin'izany finoana izany ny asanareo. Amin'ireo fotoana izay mampitsilopilopy ny finoanareo dia ataovy mandresy ny ahiahinareo ny fanantenanareo ny fitiavana sy ny famindram-pon'ny

Mpamonjy hita ao amin'ny filazantsarany ary ny Fiangonany. Mampanantena aho fa vonona handray anareo Izy. Rehefa mandeha ny fotoana dia ho hitanareo fa nanao ny safidy tsara indrindra azonareo natao ianareo. Hitahy anareo tsy misy fetra sy mandrakizay ny fanapahan-kevitra feno risipo nataonareo mba hino Azy.

#### Ireo fitahian'ny finoana

Nahatsapa ny fitiavana feno famindrampon'ny Mpamonjy aho teo amin'ny fiainako. Nitady Azy aho tao anatin'ireo fotoana nandalovako haizina manokana ary nanolo-tanana ahy Izy niaraka tamin'ilay hazavany izay manasitrana. Anisan'ireo fifaliana lehibe teo amin'ny fiainako ny nanao dia niaraka tamin'i Kathy vadiko mba hihaona amin'ireo mpikamban'ny Fiangonana tany amin'ny faritra maro manerana an'izao tontolo izao. Nampianatra ahy sy nampianatra anay momba ny fitiavan' Andriamanitra ny zanany ireny fihaonana mahafinaritra ireny. Nampiseho ahy ny fahafahana tsy misy fetra hahazo fahasambarana ireny izay lasa fitahiana ho an'ireo izay misafidy ny hanaraka ireo fampianaran'ny Tompo Jesoa Kristy. Nianatra aho fa ny finoana Azy sy ny heriny manavotra no "fiadanana eo amin' ity izao tontolo izao ity ary fiainana mandrakizay any amin' ny tontolo ho avy."<sup>6</sup>

Mijoro ho vavolombelona aho fa i Jesoa Kristy no loharanon'ny fahazavana sy fanantenana ho antsika rehetra. Mivavaka aho mba hisafidy ny hino Azy isika rehetra. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

#### FANAMARIHANA

1. Jereo ny Lindsey Bever, "How 7-Year-Old Sailor Gutzler Survived a Plane Crash," *Washington Post*, 5 jan. 2015, washingtonpost.com "Girl Who Survived Plane Crash Hoped Family 'Was Just Sleeping,'" 4 jan. 2015, myfox8.com; "Kentucky Plane Crash: Four Killed, Little Girl Survives" 4 jan. 2015, news.com.au; "Young Girl, Sole Survivor of Kentucky Plane Crash," Associated Press, 3 jan. 2015, jems.com.
2. Almà 32:27; nampiana fanamafisana.
3. 3 Nefia 14:8; jereo ihany koa ny andininy 7.
4. Jaona 10:37–38.
5. 3 Nefia 11:32.
6. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 59:23.



Nataon'ny Loholona L. Tom Perry

Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambonifolo

# Nahoana no manan-danja ny fanambadiana sy ny fianakaviana—Na aiza na aiza eto amin'izao tontolo izao

*Ny fianakaviana no ivon'ny fiainana sy fanalahidin'ny fahasambarana mandrakizay.*



Tamin'ny volana Nôvambra lasa teo aho dia nahazo tombontsoa ny ho voasa-niaraka tamin'ny Filoha Henry B. Eyring sy ny Eveka Gérald Caussé—mba hanatrika ny fikaonan-doha iray momba ny fanambadiana sy ny fianakaviana tany Vatikana, Rôma, Italia. Nanatrika izany ireo solontena ara-pivavahana avy amin'ny antokom-pinoana samihafa miisa 14 sy avy amin'ny kaontinanta enina, izay samy nasaina haneho ny finoany mikasika ny zava-manjo ny fianakaviana eo amin'izao fotoana izao.

Nanokatra ny fivoriana voalohany tamin'ilay fihaonambe tamin'izao fanambarana izao ny Papa François: "Ankehitriny isika dia miaina ao anatin'ny kolontsain'ny zava-mihelina, ka ao anatin'izany dia mihabetsaka



maneran-tany rehefa niara-nanambara ny fahatsapany mikasika ny lanjan'ny fanambadiana eo amin'ny lehilahy iray sy vehivavy iray izy ireo. Ny lahateny tsirairay nataon'izy ireo dia narahin'ny fijoroana ho vavolombelona avy

*Fikaonan-doha momba ny fanambadiana sy ny fianakaviana, Renivohitr'i Vatican*

ireo olona izay mandao tsotra izao ny fanambadiana ho toy ny fanolorantena ampahibemaso. Matetika io fiovana lehibe eo amin'ny fomba sy ny toe-tsaina io no nandrangaranga ny sainan'ny fahalalahana, kanefa raha ny marina dia nitondra faharavana ara-panahy sy ara-pitaovana ho an'ny olona tsy tambo isaina izany, indrindra ireo tena mahantatra sy marefo indrindra. . . . Izy ireo foana no mijaly indrindra ao anatin'io krizy io.”<sup>1</sup>

Rehefa niresaka mikasika ireo taranaka vao misondrotra izy dia nilaza fa zava-dehibe ny hoe “tsy manolotra ny tenany amin'ny [foto-pisainana] misy poizina momba ny zava-mihelina [izy ireo], fa mba ho mpanova miaraka amin'ny herimpo hikatsaka ny marina sy ny fitiavana maharitra, hanohitra ireo kisary mahazatra.” Tsy maintsy atao izany.<sup>2</sup>

Narahin'ny famelabelarana sy fifanakalozan-kevitra niaraka tamin'ireo mpitarika ara-pivavahana izay niresaka mahakasika ny lohahevitra ny fanambadiana eo amin'ny lehilahy iray sy ny vehivavy iray izany. Rehefa nihaino ireo karazana mpitarika ara-pivavahana maro maneran-tany izay azo eritreretina aho dia nandre azy ireo niombon-kevitra tanteraka ka naneho fanohanana ny finoan'ny tsirairay ny fahasinan'ny rafitry ny fanambadiana sy ny lanjan'ny fianakaviana ho toy ny singa fototry ny fiarahamonina. Nahatsapa fitoviana sy firaisankina niaraka tamin'izy ireo aho.

Maro ireo nahita sy naneho io firaisankina io, ka samy nanao izany tamin'ny fomba maro samihafa. Anisan'ny tiako indrindra ny fotoana nitanisan'ny manampahaizana Silamo iray avy any Iran ara-bakiteny ny



andiny roa tao amin'ilay fanambarantsika ho an'ny fianakaviana.

Nandritra ilay fikaonan-doha dia nahatsikaritra aho fa rehefa niray hina mikasika ny fanambadiana sy ny fianakaviana ireo antokom-pinoana sy antokom-pivavahana ary fiangonana isan-karazany dia niray hina koa tamin'ireo soatoavina sy fahatokiana ary fanolorantena izay miaraka ho azy amin'ireo fianakaviana izy ireo. Tena zava-nahatalanjona ho ahy ny nahita ny fomba nanoloan'ireo laharampahamehana mifantoka amin'ny fianakaviana ireo fahasamihafana eo amin'ny lafiny ara-pôlitika, ara-toekarena na ara-pivavahana. Rehefa ny fitiavan'ny mpivady sy ny fanantenana, fiahiahiana ary ny nofinofy ho an'ireo zanaka no asian-dresaka dia mitovy avokoa isika rehetra.

Tena nahafinaritra ny nanatrika ireo fivoriana niaraka tamin'ireo solontena

amin'ireo mpitarika ara-pivavahana hafa. Ny Filoha Henry B. Eyring no nanolotra ny fijoroana ho vavolombelona farany tamin'ilay fikaonan-doha. Nijoro ho vavolombelona mahery vaika mikasika ny hatsaran'ny fanambadiana izay ifanoloran'ny mpivady tena sy ny finoantsika ny fitahiana nampanantenaina mikasika ny fianakaviana mandrakizay izy.

Tena famaranana nety tsara ho an'ireo telo andro manokana ireo ny fijoroana ho vavolombelona nataon'ny Filoha Eyring.

Izao dia mety manontany ianareo hoe “Raha nahatsapa izany fitoviana teo amin'ny laharampahamehana momba ny fianakaviana sy finoana izany ary ny ankamaroany, raha toa ka niombon-kevitra mikasika ny tokony atao hoe fanambadiana avokoa ireo rehetra avy amin'ireo antokom-pinoana sy fivavahana, ary raha toa ka niombon-kevitra amin'ny soatoavina izay tokony

hapetraka ao amin'ny tokantrano sy ny fifandraisan'ny fianakaviana izy rehetra dia inona no mety ho mampiavaka antsika? Inona no mampiavaka sy mahasamy hafa Ny Fiangonan'i Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany amin'ny sisa ambiny amin'izao tontolo izao?

Izao ny valiny: na dia nahafinaritra aza ny nahita sy nahatsapa fa manana zavatra maro iraisana amin'ny sisa ambiny amin'izao tontolo izao isika mikasika ny fianakaviansika, dia isika irery no manana ny fomba fijery mandrakizain'ny filazantsara naverina tamin'ny laoniny.

Tena mivelatra sy manan-danja tokoa ny zavatra entin'ny filazantsara naverina tamin'ny laoniny teo amin'ilay fifanakalozan-kevitra momba ny fanambadiana sy ny fianakaviana hany ka tokony hantitranterina mazava tsara izany: ataontsika ho lohahevitra mandrakizay izany! Ampiakarintsika amin'ny ambaratonga ambonimbony kokoa ny fanolorantena sy ny fahamasinan'ny fanambadiana noho ny finoantsika sy ny fahatakarantsika fa niandoha tany alohan'ity tany ity ny fianakaviana ary haharitra mandrakizay.

Tamin'ny fomba tsotra sy mahery vaika ary mahafinaritra no nampianaran'ny tononkira nataon'i Ruth Gardner an'io fotompampianarana io tao amin'ny hiran'ny Kilonga hoe: "Ensemble à Tout Jamais." Miatoa kely ange ary eritrereto ny momba ireo ankizy ao amin'ny Kilonga maneran-tany izay mihira ireo tononkira ireo amin'ny fitenin-drazany, amin'ny heriny iray manontolo, miaraka amin'ny fientanentanana izay ny fitiavana ny fianakaviana ihany no afaka mampihetsika izany:

*Fianakaviana mandrakizay*

*No drafitry ny Ray.*

*Fa mba iriako hatrany ny*

*hahatontosa izany,*

*Ka ny Tompo no nanoro ahy.*<sup>3</sup>

Ny haifinoana iray manontolon'ny filazantsarantsika naverina tamin'ny laoniny dia mifototra amin'ny fianakaviana sy ny fanekempihavanana vaovao sy mandrakizain'ny fanambadiana. Ato

anatin' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany, isika dia mino ny fiainana talohan'ny nahaterahana izay toerana niainantsika rehetra amin'ny maha-zanaka fanahy ara-bakitenin' Andriamanitra, ilay Raintsika any An-danitra antsika. Isika dia mino fa efa mpikambana sy mbola mpikambana ao amin'ny fianakaviany.

Isika dia mino fa ny fanambadiana sy ny fifandraisan'ny fianakaviana dia afaka mitohy aorian'ny fahafatesana—fa ny fanambadiana notanterahan'ireo izay manana ny fahefana ilaina amin'izany ao amin'ny tempoliny dia hitohy hanan-kery any amin'ny tontolo ho avy. Ny fombafombantsika amin'ny fanambadiana dia manala ireo teny hoe "lamban'akoho ka faty no hisarahana" fa milaza kosa ny hoe "mandritra izao fiainana izao sy mandrakizay."

Isika koa dia mino fa ny fianakaviana nentin-drazana matanjaka dia tsy vitan'ny hoe singa fototry ny fiarahamonina mafy orina, toekarena mafy orina ary kolontsain'ny soatoavina mafy orina fotsiny—fa singa fototry ny mandrakizay sy ny fanjakana ary ny governemantan' Andriamanitra koa.

Isika dia mino fa ny firafitra sy ny governemantan'ny lanitra dia ho aorina manodidina ny fianakaviana sy ny havana.

Noho ny finoantsika fa ny fanambadiana sy ny fianakaviana dia mandrakizay no antony mahatonga antsika, amin'ny maha-fiagonana antsika, te ho mpitarika sy ho mpandray anjara amin'ny hetsika maneran-tany ho fanamafisana orina azy ireo. Fantatsika fa tsy ireo olona izay mavitrika arapivavahana fotsiny ihany no manana soatoavina sy laharampahamehana iombonana mikasika ny fanambadiana maharitra sy ny fifandraisana mafy orina eo amin'ny fianakaviana. Maro ireo olona eto amin'izao tontolo izao no nanapa-kevitra fa ny fanambadiana izay ifanoloran'ny mpivady tena sy ny fari-piainan'ny fianakaviana no anisan'ny fomba fiaina faran'izay saropady sy faran'izay iafiana ary faran'izay mahafaly indrindra.

Tsy mbola nisy olona na dia iray aza, nahita fomba mahomby kokoa

hanabeazana ny taranaka vao misondrotra ankoatra ny "tokantrano" iray ahitana mpivady miaraka amin'ny zanaka.

Nahoana no tokony hanan-danja ny fanambadiana sy ny fianakaviana—na aiza na aiza? Ny fakana ny hevitra ny olona dia mampiseho fa ny fanambadiana dia mbola tarigetra sy fanantenan'ny ankabeazan'ny sokajin-taona tsirairay—eny fa na dia eo amin'ireo taranaky ny arivotaona aza, izay andrene-santsika matetika ny fisafidianana ny ho tokan-tena, ny fahalalahan'ny tena manokana ary ny fanaovana tokantrano maso fa tsy ny fanambadiana. Raha ny marina dia hoe: mbola te hanan-janaka sy hanorina fianakaviana matanjaka ny ankamaroan'ny olona maneran-tany.

Raha vantany vao manambady sy manan-janaka isika dia vao mainka voaporofa bebe kokoa ny fitoviana marina misy eo amin'ny olombelona rehetra. Amin'ny maha-"olon'ny fianakaviana" antsika—na aiza na aiza no iainantsika, na inona na inona ny mety ho finoantsika ara-pivavahana—dia iarahantsika manana ny ankabeazan'ireo fahasahiranana-tsaina sy ireo fampivoarana, ireo fanantenana sy fiahiahiana ary nofinofy ho an'ny zanantsika.

Hoy i David Brooks, izay mpanoratra ao amin'ny *New York Times* hoe: "Tsy tsara kokoa ny fiainan'ireo olona rehefa omena fahalalahan'ny tena be loatra hanao izay sitrapony izy ireo. Fa tsaratsara kokoa izy ireo rehefa voahodidin'ny fanolorantena izay mihoatra lavitra noho ny safidin'ny tenany manokana—fanolorantena ho an'ny fianakaviana, ho an' Andriamanitra, ho an'ny asa ary ho an'ny tanindrazana."<sup>4</sup>

Ny olana iray dia hoe maro amin'ireo fampitam-baovao sy fialamboly maneran-tany no tsy ahitana taratra ireo laharampahamehana sy soatoavin'ny maro an'isa. Na inona na inona antony, maro loatra amin'ireo fahitalavitra, sarimihetsika, mozika ary Internet no mampiseho tranga manokana manjo ny olom-bitsy izay milaza ny tenany ho toy ny maro an'isa. Ny fahavetavetana sy ny fahafatesan'ny eritreritra, izay manomboka amin'ireo herisetra mahery vaika ka hatramin'ny firaisana ara-nofo natao ho fialamboly fotsiny,



dia aseho ho toy ny fenitra ka mety hitarika ireo olona manana soatoavina nentin-drazana hahatsapa ho toy ny hoe efa nilaozan'ny toetr'andro isika na avy tamin'ny vaninandro taloha. Ao anatin'izao tontolo izay anjakan'ny Internet sy ny fampitam-baovao izao dia tsy mbola nananosarotra toy izany ny manabe ankizy tompon'andraikitra sy mitandrana ny fanambadiana sy ny fianakaviana miaraka.

Na manao ahoana na manao ahoana ny zavatra mety haroson'ireo endrika maro samihafan'ny seraseram-pifandraisana sy ny fialamboly, ary na dia eo aza ny fihenana marina misy eo amin'ny fanirian'ny sasany amin'ny fanambadiana sy ny fianakaviana, dia mbola mino ny ankamaroan'ny olombelona fa ny fanambadiana dia tokony ho eo amin'ny lehilahy iray sy vehivavy iray. Izy ireo dia mino ny fahatokiana ao amin'ny fanambadiana, ary mino ny voadin'ny fanambadiana hoe “na ao anatin'ny aretina na ao anatin'ny fahasalamana” sy ny hoe “lamban'akoho ka faty no hisarahana.”

Mila mampahatsiahy ny tenantsika matetika isika, tahaka ny nampahatsiahivana ahy tany Rôma, mikasika ilay fahamarinana manome toky sy mankahery hoe: mbola faniriana sy tarigetran'ny ankamaroan'ny olona ny fanambadiana sy ny fianakaviana ary tsy irery isika amin'ireo finoana ireo.

Tsy mbola nanahirana toy izany hatrizay ny mitady ny fandanjalanjana azo atao eo amin'ny asa, ny fianakaviana ary ny filan'ny tena manokana raha tsy amin'izao androntsika izao. Amin'ny maha-fiangonana antsika dia mitady ny hanampy amin'ny fomba rehetra izay azontsika atao isika mba hanorenana sy hanohanana fanambadiana sy fianakaviana matanjaka.

Izay no antony mahatonga ny Fiangonana ho mandray anjara mavitrika sy manolotra fitarihana amin'ny fiombonana maro isan-karazany sy ezaka iraisam-pinoana mba hanamafisana orina ny fianakaviana. Izay no antony mahatonga antsika mizara ny soatoavintsika izay mifantoka amin'ny fianakaviana amin'ireo fampitam-baovao sy tambazotra ifaneraserana. Izay no antony mahatonga antsika mizara ny firaketantsika momba ny tetiarantsika sy momba ny havantsika amin'ny firenen-drehetra.

Tiantsika ny handrenesana ny feontsika izay manohitra ireo fomba fiaina diso sy hafa izay miezaka manolo ny rafitry ny fianakaviana izay Andriamanitra Izy Tenany mihitsy no nametraka izany. Tiantsika koa ny handrenesana ny feontsika amin'ny fanohanana ny fifaliana sy ny fahafaham-po izay entin'ny fianakaviana nentin-drazana. Tsy maintsy tohizantsika ny fanehoana izany feo izany manerana an'izao tontolo

izao amin'ny fanambarana ny antony maha-zava-dehibe ny fanambadiana sy ny fianakaviana, ny antony mahatonga ny hoe tena manan-danja tokoa ny fanambadiana sy ny fianakaviana, ary ny antony mahatonga ny hoe hanan-danja mandrakariva izany.

Ry rahalahiko sy anabaviko, mifotra amin'ny fanambadiana sy ny fianakaviana ny filazantsara naverina tamin'ny laoniny. Ao anatin'ny fanambadiana sy fianakaviana no ahafahantsika tena miray hina amin'ireo finoana hafa. Manodidina ny fanambadiana sy ny fianakaviana no hahitantsika fitoviana lehibe indrindra amin'ny sisa ambiny amin'izao tontolo izao. Manodidina ny fanambadiana sy ny fianakaviana no ananan' Ny Fiangonan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany fahafahana lehibe indrindra ho fahazavana eo an-tampon-tendrombohitra.

Mamelà ahy ianareo hamarana izany amin'ny fijoroana ho vavolombelona (ary ireo sivifolo taona niainako teto an-tany no ahafahako milaza izany tanteraka) fa arakaraka ny mahalehibe ahy no ahatongavako saina fa ny fianakaviana no ivon'ny fiainana sy fanalaha-din'ny fahasambarana mandrakizay.

Izaho dia mankasitraka ny vadiko sy ny zanako ary ireo zafikeliko mba-min'ny zafiafiko, sy ireo zanak'olom-pirahalalahy sy zanak'olom-pirahavavy rehetra ary ireo fianakaviam-badiko sy ireo havana izay nahatonga ny fiainako ho voatahy, eny, ho mandrakizay mihitsy aza. Izany fahamarinana mandrakizay izany no izarako ny fijoroako ho vavolombelona mahery vaika sy masina indrindra amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

#### FANAMARIHANA

1. Ny lahateny nataon'ny Papa François tao amin'ny Humanum: An International Interreligious Colloquium on the Complementarity of Man and Woman, 17 nov. 2014, [humanum.it/en/videos](http://humanum.it/en/videos); jereo koa ny [zenit.org/en/articles/pope-francis-address-at-opening-of-colloquium-on-complementarity-of-man-and-woman](http://zenit.org/en/articles/pope-francis-address-at-opening-of-colloquium-on-complementarity-of-man-and-woman).
2. Papa François, Colloquium on the Complementarity of Man and Woman.
3. “Ensemble à tout jamais,” *Cantiques*, no. 192.
4. David Brooks, “The Age of Possibility,” *New York Times*, 16 nov. 2012, A35; [nytimes.com/2012/11/16/opinion/brooks-the-age-of-possibility.html](http://nytimes.com/2012/11/16/opinion/brooks-the-age-of-possibility.html).



Fivoriana Sabotsy Tolakandro | 4 Aprily 2015

**Atolotry ny Filoha Dieter F. Uchtdorf**  
Mpanolotsaina Faharao ao amin'ny Fiadidiana Voalohany

# Fanohanana ireo Mpiandraikitra ato amin'ny Fiangonana

**R**y rahalahy sy anabavy, aroso amintsika mba ho tohanana i Thomas Spencer Monson amin'ny maha-mpaminany sy mpahita ary mpanambara azy ary Filohan' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany; Henry Bennion Eyring, Mpanolotsaina Voalohany ao amin'ny Fiadidiana Voalohany; ary Dieter Friedrich Uchtdorf, Mpanolotsaina Faharao ao amin'ny Fiadidiana Voalohany.

Ireo izay manohana dia afaka maneho izany.

Ireo izay manohitra, raha misy, dia afaka maneho izany.

Voarakitra an-tsoratra ny fanohanana.

Aroso amintsika ny hanohanantsika an'i Boyd Kenneth Packer amin'ny maha-Filohan'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo azy, ary ireto manaraka ireto amin'ny maha-mpikambana azy ireo ao amin'io kôlejy io: Boyd K.

Packer, L. Tom Perry, Russell M. Nelson, Dallin H. Oaks, M. Russell Ballard, Richard G. Scott, Robert D. Hales, Jeffrey R. Holland, David A. Bednar, Quentin L. Cook, D. Todd Christofferson, ary i Neil L. Andersen.

Ireo izay manohana, aoka haneho izany.

Izay manohitra dia aoka haneho izany.

Misaotra. Voarakitra an-tsoratra ny fanohanana.

Aroso amintsika ny mba hanohanantsika ireo mpanolotsaina ao amin'ny Fiadidiana Voalohany sy ireo Apôstôly Roambinifolo ho mpaminany sy mpahita ary mpanambara.

Izay rehetra manohana, aoka haneho izany.

Izay manohitra, raha misy, dia aoka haneho izany ihany koa.

Voarakitra an-tsoratra ny fanohanana.

Aroso amintsika ny hisaorana ireto manaraka ireto tamin'ny naha-Fitopololahin'ny Vondrom-paritra azy ireo, mihatra manomboka ny 1 mey 2015: Juan C. Avila, Philip K. Bussey, René J. Cabrera, Renato Capelletti, Paul D. M. Christensen, Samuel W. Clark, Rogério G. R. Cruz, George R. Donaldson, Ini B. Ekong, Christian H. Fingerle, Craig G. Fisher, Jerry L. Garns, M. Keith Giddens, Allen D. Haynie, Jui Chang Juan, George M. Keele, Von G. Keetch, Katsumi Kusume, German





Laboriel, J. Christopher Lansing, Gustavo Lopez, Dmitry V. Marchenko, Peter F. Meurs, T. Jackson Mkhabela, Hugo Montoya, Valentín F. Nuñez, Hee Keun Oh, Jeffery E. Olson, R. Ingvar Olsson, Norbert K. Ounleu, Robert N. Packer, Nathaniel R. Payne, Cesar A. Perez Jr., Michael J. Reall, Edson D. G. Ribeiro, Brad K. Risenmay, Walter C. Selden, Mozart B. Soares, Carlos Solis, Norland Souza, Vern P. Stanfill, T. Marama Tarati, Kouzou Tashiro, Ruben D. Torres, Omar Villalobos, Jack D. Ward, Alan J. Webb, Gerardo J. Wilhelm, Jim L. Wright.

Ireo izay te hiaraka aminay haneho fankasitrahana noho ny asa fanompoana tena tsara nataon'izy ireo dia iangaviana haneho izany.

Aroso amintsika ny hisaorana amin'ny fankasitrahana avy amin'ny fo ny Rahalahy David L. Beck, Larry M. Gibons, ary Randall L. Ridd tamin'ny naha-fiadidian'ny Zatovolahy maneran-tany azy ireo. Manohy tahaka izany ny fisaorana ireo mpikambana rehetra tao amin'ny filankevi-pitantanan'ny Zatovolahy ihany koa izahay.

Amin'izao fotoana izao izahay dia manohy ihany koa ny fisaorana ny Rahavavy Jean A. Stevens tamin'ny

naha-mpanolotsaina voalohany azy tao amin'ny fiadidian'ny Kilonga maneran-tany sy Rahavavy Sister Cheryl A. Esplin tamin'ny naha-mpanolotsaina faharoa azy tao amin'ny fiadidian'ny Kilonga maneran-tany.

Ireo izay te hiaraka aminay haneho fankasitrahana noho ny asa fanompoana tena tsara nataon'ireo rahalahy sy rahavavy ireo dia iangaviana haneho izany.

Aroso amintsika ny hanohanantsika mba ho mpikambana vaovao ao amin'ny Kôlejy Voalohan'ny Fitopololahy an'i Kim B. Clark, Von G. Keetch, Allen D. Haynie, Hugo Montoya, ary i Vern P. Stanfill.

Izay rehetra manohana, iangaviana haneho izany.

Ireo izay manohitra, hanao tahaka izany ihany koa.

Aroso amintsika ny hanohanantsika ireto manaraka ireto ho Fitopololahin'ny Vondrom-paritra vaovao: Nelson Ardila, Jose M. Batalla, Lawrence P. Blunck, Bradford C. Bowen, Mark A. Bragg, Sergio Luis Carboni, Armando Carreón, S. Marc Clay Jr., Z. Dominique Dekaye, Osvaldo R. Dias, Michael M. Dudley,

Mark P. Durham, James E. Evanson, Paschoal F. Fortunato, Patricio M. Giuffra, Daniel P. Hall, Toru Hayashi, Paul F. Hintze, J. K. Chukwumeka Igwe, Seung Hoon Koo, Ming-Shun Kuan, Johnny L. Leota, Carlo M. Lezano, Joel Martinez, J. Vaun McArthur, Kyle S. McKay, Helamán Montejo, A. Fabio Moscoso, Michael R. Murray, Norman R. Nemrow, S. Mark Palmer, Ferdinand P. Pangan, Jairus C. Perez, Steven M. Petersen, Wolfgang Pilz, Jay D. Pimentel, John C. Pingree Jr., Edvaldo B. Pinto Jr., Evan A. Schmutz, K. David Scott, Paul H. Sinclair, Benjamin T. Sinjoux, Rulon F. Stacey, David L. Stapleton, Karl M. Tilleman, William R. Titera, Seiji Tokuzawa, Carlos R. Toledo, Cesar E. Villar, Juan Pablo Villar, David T. Warner, Gary K. Wilde, ary i Robert K. William.

Ireo izay manohana aoka haneho izany.

Ireo izay manohitra raha misy.

Aroso amintsika ny hanohanantsika an'i Cheryl A. Esplin mba ho mpanolotsaina voalohany ao amin'ny fiadidian'ny Kilonga maneran-tany amin'izao ary i Mary R. Durham mba ho mpanolotsaina faharoa.

Aroso amintsika ihany koa ny hanohanantsika ny Rahalahy Stephen W. Owen ho filohan'ny Zatovolahy maneran-tany, miaraka amin'i Douglas Dee Holmes ho mpanolotsaina voalohany ary i Monte Joseph Brough ho mpanolotsaina faharoa.

Ireo izay manohana dia aoka haneho izany.

Ireo izay manohitra mba haneho izany koa.

Ry Filoha Monson, voarakitra antsoratra daholo ny fanohanana. Asainay ireo izay naneho hevitra nanohitra ny fandrosoana mba hihaona amin'ireo filohan'ny tsatòkany. Ry rahalahy sy anabavy malalako, misaotra anareo izahay noho ny finoanareo sy ny vavaka tsy tapaka ataonareo ho anay mpitondra ny Fiangonana.

Asainay ireo Manampahefana Ambony sy ny fiadidian'ny mpiandraitra ambony maneran-tany izay vao nantsoina mba haka ny toerany ety akaikin'ny lampihazo. ■

# Tatitry ny Departemantan'ny Fanamarinana ny Fampiasam-bolan'ny Fiangonana, 2014

**Natolotr'i Kevin R. Jergensen**

Tale mpitantana, Departemantan'ny Fanamarinana ny Fampiasam-bolan'ny Fiangonana

*Ho an'ny Fiadidiana Voalohany ao amin' Ny Fiangonana'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany*

Ry Rahalahy malala isany: Araka ny voalazan'ny fanambarana ao amin'ny fizarana faha 120 ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekehampihanana, dia ny Filankevitry ny Fitantanana ny Fahafolonkarena—izay ahitana ny Fiadidiana Voalohany, sy ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, ary ny Episkôpà Mpiahy—no manome lalana ny hampiasana ny volan'ny Fiangonana. Ireo rafitra ato amin'ny Fiangonana no mitsinjara ny vola araka ny tetibola sy ireo fitsipika ary fomba fiasa izay nolanihana.

Ny Departemantan'ny Fanamarinana ny Fampiasam-bolan'ny Fiangonana, izay ahitana matihanina manana mari-pahaizana ary tsy miankina amin'ireo departemanta hafa rehetra ato amin'ny Fiangonana, dia manana andraikitra ny hanao ireo fanamarinana ny fampiasam-bola mba hahazoana antoka tsara ny amin'ireo vola miditra sy ny vola mivoaka ary ny fiarovana ny fananan'ny Fiangonana.

Araka ireo fanamarinana ny fampiasam-bola natao, dia maneho ny heviny ny Departemantan'ny Fanamarinana ny Fampiasam-bolan'ny Fiangonana fa ny anjara biriky voaray sy ny fandaniana natao ary ny fananan'ny Fiangonana amin'ny antsipiriany rehetra ho an'ny taona 2014

dia noraketina sy notantanana araka ny tetibola sy ireo fitsipika ary fomba fiasa ara-dalàna amin'ny fampiasam-bola izay nolanian'ny Fiangonana. Ny Fiangonana dia manaraka ireo fomba amam-panao ampianarina ny mpi-kambana ao aminy dia ny mba hanao tetibola hivelomana sy hisoroka ny trosa ary hanangom-bola hiatrehana ny tsy fisiana.

Natolotra tamim-panajana,  
Departemantan'ny Fanamarinana  
ny Fampiasam-bolan'ny Fiangonana  
Kevin R. Jergensen  
Tale Mpitantana ■



# Tatitra momba ny antontan'isa ho an'ny taona 2014

**Natolotr'i Brook P. Hales**

Mpitantsoratra ao amin'ny Fiadidiana Voalohany

Ny Fiadidiana Voalohany dia namoaka ity tatitra momba ny antontan'isa manaraka ity, izay mikasika ny fitombon'ny Fiangonana sy ny toe-javatra nisy tato amin'ny Fiangonana hatramin'ny 31 desambra 2014.

## Ireo vondron'ny Fiangonana

Tsatòka .....	3.114
Misiôna .....	406
Distrika .....	561
Paroasy sy Sampana.....	29.621

## Ny mpikamban'ny Fiangonana

Totalin'ny isan'ny	
Mpikambana .....	15.372.337
Zaza voarakitra vaovao .....	116.409
Mpikambana vaovao	
Vita batisa.....	296.803

## Misiônera

Misiônera amin'ny fotoana feno ...	85.147
Misiônera mpanao asa soa an'ny Fiangonana .....	30.404

## Tempoly

Tempoly natokana nandritra ny taona 2014 (Fort Lauderdale Floride, Gilbert Arizona, ary Phoenix Arizona).....	3
Tempoly naverina natokana (Ogden Utah).....	1
Tempoly am-perinasa hatramin'ny faran'ny taona.....	144



**Nataon'ny Loholona David A. Bednar**  
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

# Noho izany izy ireo dia nampangina ny tahony

*Ny fahatahorana an' Andriamanitra dia loharanom-piadanana sy fananana toky sy fahatokian-tena, tsy tahaka ny tahotra araka izao tontolo izao izay miteraka fahatairana sy tebiteby.*

Tena mbola tsaroako tsara ny zavatra iray niainako fony aho mbola zazalahy. Indray andro raha nilalao niaraka tamin'ireo namako aho dia nahavaky tsy nahy ny varavarankelin'ny tranombarotra iray teo akaikin'ny tranonay. Raha niparasaka ilay fitaratra ka naneno ny anjomara fanairana, dia nisy tahotra tsy nahafahana nihetsika nanenika ny foko sy ny saiko. Tonga dia tsapako hoe ho voaozona handany ny androm-piainako sisa any am-ponja aho izany. Nony farany dia nandresy lahatra ahy ireo ray aman-dreniko hivoaka tao amin'ny toeram-piafenako tao ambany fandriako ary nanampy ahy hanonitra ny fahadisoako tamin'ny tompon'ilay tranombarotra. Soa ihany fa tsy nilaina ny nidirako am-ponja.

Nampivarahontsana sy tena azo tsapain-tanana ny tahotra tsapako tamin'io andro io. Tsy hisalasalana fa efa niaina fahatsapana tahotra lehibe lavitra noho izany ianareo rehefa nandre momba ny aretina iray izay nahazo anareo, na rehefa nahita ny olona iray tao amin'ny fianakaviana izay tojo fasahiranana na nisedra loza, na raha sendra nahita trangan-javatra

nanakorotana teo amin'izao tontolo izao. Amin'ny tranga toy ireny dia mirongatra ny tahotra mampahory noho ny loza mananontanona, na ny ahiahy mikasika ny ho avy na ny fanaintainana sy amin'ny alalan'ny zavatra iainana izay tsy ampoizina, sy tampoka indraindray, ka mety hiteraka voka-dratsy.

Eo amin'ny fiainantsika andavanandro dia mety hiteraka tahotra sy tebiteby ny vaovao mitatitra hatrany hatrany herisetra miaro heloka bevava, mosary, ady, kolikoly, fampihoro-roana, fitontongan'ny toe-tsaina, aretina, ary ny fandravana ateraky ny loza voajanahary. Tena miaina ao anatin'ny fotoana izay nambaran'ny Tompo miailoha tokoa isika manao hoe: “Ary amin'izany andro izany . . . [dia] ho anaty korontana ny tany manontolo, ary ho reraka ny fon'ny olona” (F&F 45:26).

Ny tanjoko dia ny hamariparitra ny fomba handroahana ny tahotra amin'ny alalan'ny fahalalana tomombana momba an'i Jesoa Kristy sy ny finoana Azy. Mivavaka mafy aho mba hitahy antsika tsirairay ny Fanahy Masina raha hiara-handinika an'ity lohahevitra manan-danja ity isika.

**Tahotra eto amin'ny fiainana an-tany**

Raha nandre ny feon' Andriamanitra i Adama sy i Eva rehefa avy nihinana tamin'ilay voankazo voarara, dia niafina tao amin'ny Saha Edena izy ireo. Niantso an'i Adama Andriamanitra ary nanontany hoe: “Aiza moa ianao? Dia [namaly i Adama hoe] Nandre Anao . . . aho, dia natahotra aho” (Genesisy 3:9–10). Tsara ho marihina fa ny iray tamin'ireo vokatra voalohany nateraky ny fahalavoana dia ny fiainan'i Adama sy i Eva tahotra. Io fihetse-hampo mahery vaika io dia ampahany manan-danja eo amin'ny fiainantsika eto an-tany.

Ny ohatra iray ao amin'ny Bokin'i Môrmôna dia mampisongadina ny hery ao amin'ny fahalalana ny Tompo (jereo ny 2 Petera 1:2–8; Almà 23:5–6) ahafahana mandroaka ny tahotra ary manolotra fiadanana eny fa na dia rehefa miatrika fanoherana lehibe aza.

Tao amin'ny tanin'i Helama dia natahotra ireo vahoakan'i Almà noho ny fanatonan'ny tafika Lamanita iray.

“Nefa nandroso i Almà ary nijoro teo anivony sy nandrisika azy ireo tsy hatahotra fa hahatsiaro kosa ny Tompo Andriamaniny, ary ho afahany izy ireo.

“Noho izany izy ireo dia nampangina ny tahony” (Môsià 23:27–28).

Mariho fa tsy nampangina ny tahotry ny vahoaka i Almà. Fa nanoro hevitra kosa an'ireo mpino mba hahatsiaro ny Tompo sy ny fanafahana izay Izy ihany no afaka manolotra azy (jereo ny 2 Nefia 2:8). Ary ny fahalalana ny fiahian'ny Mpamonjy izay miaro dia nahafahan'ny vahoaka handroaka ny tahotr'izy ireo manokana.

Ny fahalalana marina mikasika ny Tompo sy ny finoana Azy dia manome hery antsika handroahana ny tahotsika satria i Jesoa Kristy no hany loharanon'ny fiadanana maharitra. Hoy Izy: “Mianara Amiko ary henoy ny teniko; mandehana amin' ny fahalemempahanahiko, dia hanana ny fiadanana ao Amiko ianao” (F&F 19:23).

Nanazava koa ny Tompo hoe: “Mianara Amiko ary henoy ny teniko; mandehana amin' ny fahalemempahanahiko, dia hanana ny fiadanana ao Amiko ianao” (F&F 59:23).



Ny fitokisana amin'i Kristy sy ny fahatokiana Azy ary ny fianteherana tsy misy fisalasalana amin'ny fahamen-drehany sy ny famindrampony ary ny fahasovany dia mitondra amin'ny fanantenana ny Fitsanganana amin'ny maty sy ny fiainana mandrakizay amin'ny alalan'ny Sorompanavotany (jereo ny Môrônia 7:41). Ny finoana sy ny fanantenana toy izany dia mampiditra eo amin'ny fiainantsika ilay fiadanantsaina mahafinaritra izay katsahantsika rehetra. Ny herin'ny Sorompanavotana no mahatonga ny fibebahana ho azo tanterahina ary mampitony ilay fahakiviana ateraky ny fahotana. Io ihany koa no mampatanjaka antsika mba hahafahantsika mahita ny tsara sy manao ny tsara ary ho tonga tsara amin'ny fomba izay tsy ho azontsika fantarina na tanterahina mihitsy noho ny fahafaha-manao voafetra ananantsika amin'ny mahabolombelona antsika. Marina tokoa, fa ny iray amin'ireo fitahiana lehibe indrindra azo amin'ny maha-mpianatra mahafatrapo dia ny "fiadanan' Andriamanitra, izay mihoatra noho ny fahalalana rehetra" (Filipiana 4:7).

Ny Fiadanana izay omen'i Kristy dia ahafahantsika mahatakatra ny fiainana an-tany amin'ny alalan'ilay fahaizana mijery ny mandrakizay izay sarobidy

ary manome fiorenana ara-panahy (jereo ny Kolosiana 1:23) izay manampy antsika hibanjina hatrany ilay toerana any an-danitra halehantsika. Noho izany isika dia sambatra fa afaka mandroaka ny tahotsika satria manome tanjona sy taridalana eo amin'ny lafiny rehetra amin'ny fiainantsika ireo fotopampianarany. Mampatanjaka sy mankahery ireo ôrdônansiny sy fanekempihavanany na amin'ny fotoana milamina izany na amin'ny fotoantsarotra. Ary ny fahefan'ny fisoronany dia manome antoka fa afaka maharitra na mandritra ity fiainana ity na any amin'ny mandrakizay ireo zavatra izay manan-danja indrindra.

Saingy moa ve isika afaka mandroaka ireo tahotra izay mahazo antsika mora foana sy matetika tokoa eo amin'izao tontolo izao izay iainantsika ankehitriny? Ny valin'io fanontaniana io dia "eny" tsy misy isalasalana. Fitsipika foto-telo no ifotoran'ny fahazoana izany fitahiana izany eo amin'ny fiainantsika: (1) mibanjina an'i Kristy, sy (2) miorina eo amin'ny fanorenana mafy nataon'i Kristy, ary (3) mibosesika mandroso ombam-pinoana an'i Kristy.

#### *Mibanjina an'i Kristy*

Mihatra tsara amintsika ankehitriny ilay torohevitra nomen'i Almà an'i

Helamàna zanany manao hoe: "Eny, ezaho izay hijerenao an' Andriamanitra ka ho velona" (Almà 37:47). Tokony hibanjina ny Mpamonjy isika ary tokony hiraikitra tsara Aminy ny fifantohantsika, amin'ny fotoana rehetra sy amin'ny toerana rehetra.

Tsarovy ny fotoana naha tao anaty sambo an'ireo Apôstôlin'ny Tompo, natopatopan'ny onja teny afovoan'ny ranomasina. Nanatona azy ireo i Jesoa, nandeha teo ambonin'ny rano, saingy nihiakiaka izy ireo noho ny tahotra satria tsy nahafantatra Azy.

"Ary Jesosy niteny taminy niaraka tamin'izay hoe: Matokia, fa izaho ihany, aza matahotra.

"Ary Petera namaly Azy ka nanao hoe: Tompoko, raha Hianao ihany, dia asaovy manatona Anao eny ambonin'ny rano aho.

"Ary hoy Izy: Manatona" (Matio 14:27-29).

Avy teo i Petera dia nandeha teo ambonin'ny rano nanatona an'i Jesoa.

Saingy rehefa nahita ny rivotra nifofofy izy dia natahotra ka nanomboka nilentika ary nihiakiaka hoe: "Tampo ô, vonjejo aho!

"Ary naninjitra ny tanany niaraka tamin'izay Jesosy, dia nandray azy ka nanao taminy hoe: Ry kely finoana,



*Mibosesika mandroso omban'ny finoana an'i Kristy*

Hoy i Nefia: “Noho izany dia tsy maintsy mibosesika handroso amin' ny fiorenana ao amin' i Kristy ianareo, amin' ny fanananareo fanantenana mamirapiratra sy lavorary omban' ny fitiavana an' Andriamanitra sy ny olon-drehetra. Koa raha mibosesika handroso ianareo ka mivoky amin' ny tenin' i Kristy ary maharitra hatramin' ny farany, dia indro, izao no lazain' ny Ray: Hahazo ny fiainana mandrakizay ianareo” (2 Nefia 31:20).

Ny faharetana feno fifehezantena voafaritra ao amin'io torohevitra io dia vokatry ny fahatakarana sy fomba fijery ara-panahy, ny fitozoana, ny faharetana ary ny fahasovan' Andriamanitra. Ny fanehoana finoana ny anarana masin'i Jesoa Kristy sy amin'ny alalan'ny anarany masina, manoa amim-pahalempanahy ny Sitrapony sy ny fotoany eo amin'ny fiainantsika ary miaiky amimpanetrentena ny Tanany eo amin'ny zava-drehetra no miteraka ireo zavatra izay mivoy fiadanana ao amin'ny fanjakan' Andriamanitra ary mitondra fifaliana sy fiainana mandrakizay (jereo ny F&F 42:61). Fa na dia misedra olana sy miatrika hoavy feno ahiahy aza isika dia afaka maharitra amim-pahazotoana sy “[miaina] miadana sy mandry fahizay amin'ny toe-panahy araka an' Andriamanitra sy ny fahamaotinana rehetra” (1 Timoty 2:2).

Afaka mandroaka ny tahotra ananantsika isika rehefa mandray ilay hery izay azo noho ny fianarana sy ny fiainana ireo fitsipiky ny filazantsara ary tapa-kevitra hibosesika handroso eo am-panaovana fanekempihavanana sy eo am-pitandremana izany.

**Ny fahatahorana ny Tompo**

Tsy mitovy nefa mifandray amin'ireo tahotra izay iainantsika mate-tika ny zavatra izay faritan'ny soratra masina hoe “fahatahorana araka an' Andriamanitra” (jereo ny Hebreo 12:28) na ny “fahatahorana ny Tompo” (Joba 28:28; Ohabolana 16:6; Isaia 11:2-3). Ny fahatahorana an' Andriamanitra dia loharanom-piadanana sy fananana toky sy fahatokian-tena, tsy tahaka ny

nahoana no nihanahana ianao?” (Matio 14:30-31).

Azoko sary an-tsaina i Petera namaly amim-pahavitrihana avy hatrany an'ilay fanasana nataon'ny Mpamonjy. Ka tamin'ny maso nibanjina an'i Jesoa no nivoahany avy tao amin'ny sambo ka nandehanany tamim-pahagagana teo ambonin'ny rano. Rehefa nohelingele-nin'ny rivotra sy ny onja ihany ny fifantohany izay vao lasa natahotra izy ka nanomboka nilentika.

Afaka ny handresy ny tahotra mahazo antsika isika ary manamafy orina ny finoantsika rehefa manaraka ilay toromariky ny Tompo hoe: “Banjino Aho amin' ny eritreritra rehetra; aza miroanàhana, aza matahotra” (F&F 6:36).

*Miorina eo amin'ny fototra nataon'i Kristy*

Nananatra an'i Nefia sy i Leahia zanany i Helamàna, nanao hoe: “Tsarovy, tsarovy fa eo amin' ny vatolampin' ny Mpanavotra antsika, dia i Kristy, Ilay Zanak' Andriamanitra, no tsy maintsy anorenanareo ny fototrareo; ka rehefa handefa ny rivo maheriny ny devoly, eny, ny zana-tsipikany ao amin' ny tadio, eny, rehefa hamely anareo ny havandrany rehetra sy ny tafiotra maheriny, dia tsy hanankery aminareo izany mba hisintona

anareo hidina any amin' ny hantsan' ny fahoriana sy ny loza tsisy farany, noho ilay vatolampy izay iorenanareo eo amboniny, izay fototra azo antoka, dia fototra izay tsy ahafahan' ny olona mianjera raha miorina eo amboniny izy” (Helamàna 5:12).

Ireo ôrdônansy sy ireo fanekempihavanana no biriky fanorenana izay ampiasaintsika mba hanorenana ny fiainantsika eo ambonin'ny fototr'i Kristy sy ny Sorompanavotany. Mifamatotra tsara amin'ny fomba azo antoka amin'ny Mpamonjy isika rehefa mandray ôrdônansy amim-pahamendrehana ary miditra ao anaty fanekempihavanana, ka mahatsiaro sy manaja amim-pahatokiana ireo fanolorantena masina ireo, ary manao izay tratra mba hiai-nana araka ireo adidy izay nekentsika. Ary io fatotra io no loharanon'ny hery ara-panahy sy ny tsy fiovaovana eo amin'ny toe-javatra rehetra eo amin'ny fiainantsika.

Afaka mandroaka ny tahotra ananantsika isika rehefa mampiorina mafy tsara ny fanirantsika sy ny zavatra ataontsika eo amin'ilay fototra azo antoky ny Mpamonjy amin'ny alalan'ireo ôrdônansy sy fanekempihavanana nataontsika.

tahotra araka izao tontolo izao izay miteraka fahatairana sy tebiteby.

Fa ahoana no ahafahan'ny zavatra izay mifandray amin'ny tahotra hampiorina sy hanampy eo amin'ny ara-panahy?

Ny fahatahorana marina izay ezahiko fariparitana dia resaka fananana fahatsapana fanehoam-panajana lalina sy fiderana an'i Jesoa Kristy Tompo (jereo ny Salamo 33:8; 96:4), fankatoavana an'ireo didiny (jereo ny Deoteronomia 5:29; 8:6; 10:12; 13:4; Salamo 112:1), ary fiandrdrana ny Fitsarana Farany sy ny fahamarinana eo an-tanany. Araka izany ny fahatahorana an' Andriamanitra dia teraka noho ny fahatakarana marina ny maha-Andriamanitra an'i Jesoa Kristy Tompo sy ny asa nanirahana Azy, fahavononana hampanoa ny sitrapontsika eo anatrehan'ny Sitrapony, ary fahalalana fa ny lehilahy sy vehivavy rehetra dia ho tompon'andraikitra amin'ny fahotany ihany amin'ny Andron'ny Fitsarana (jereo ny F&F 101:78; Fane Kempinoana 1:2).

Mampianatra ny soratra masina fa ny fahatahorana an' Andriamanitra "no fiandoham-pahalalana" (Ohabolana 1:7), "fananarana mampahahendry" (Ohabolana 15:33), "fiarovana mahatoky" (Ohabolana 14:26), sy "loharanon'aina" (Ohabolana 14:27).

Mariho fa ny fahatahorana an' Andriamanitra dia mifamatotra tsy hay sarahina amin'ny fahatakarana ny Fitsarana Farany sy ny maha-tompon'andraikitra antsika tsirairay amin'ny fanirantsika sy ny eritrerintsika sy ny tenintsika ary ny zavatra ataontsika (jereo ny Môsià 4:30). Ny fahatahorana an' Andriamanitra dia tsy tebiteby tiana hialana noho ny tsy maintsy hanatrehana Azy mba hotsaraina. Tsy mino aho hoe hatahotra Azy isika na dia kely fotsiny aza. Fa hoe eo anatrehany kosa isika, miatrika ny zavatra araka izay tena toetrany mikasika ny tenantsika ary manana "fahalalana tomombana" (2 Nefia 9:14; jereo koa ny Almà 11:43) momba ny fanamarinantena rehetra ataontsika, sy ny zavatra odiansika atao ary ny famitahan-tena ataontsika. Amin'ny farany isika dia ho tavela tsy misy filantsiny azo hatao.

Ny olona rehetra izay efa niaina na mbola hiaina eto ambonin'ny tany dia "hoentina [h]joro eo anoloan'ny fitsaran' Andriamanitra mba hotsarainy araka ny asany avy na tsara izany na ratsy" (Mosiah 16:10). Raha ny fahamarinana no nokatsahintsika ka ny tsara no nataontsika, dia hahafinaritra ilay toeram-pitsarana (jereo ny Jakôba 6:13; Enôsa 1:27; Môrônia 10:34). Ary amin'ny andro farany isika dia ho "[valiana] fahamarinana" (Almà 41:6).

Fa etsy ankilany, raha ny ratsy no nokatsahintsika ary ny ratsy no nataontsika, dia hahatonga antsika hatahotra ny toeram-pitsarana. "Tsy ho sahy ny hiandrandra ny Andriamanitsika [isika]; ary ho faly aza isika raha afaka mibaiko ny vatolampy sy tendrombohitra hianjera amintsika mba hanafina amintsika ny tavany" (Almà 12:14). Ary amin'ny andro farany isika dia "[handray] loka ratsy" (Almà 41:5).

Araka ny voafintina ao amin'ny Mpitoriteny:

"Andriamanitra no atahory, ary ny didiny no tandremo: fa izany no tokony hataon'ny olona rehetra.

"Fa ny atao rehetra dia ho entin' Andriamanitra ho amin'ny fitsarana mbamin'ny zava-miafina rehetra, na soa na ratsy" (Mpitoriteny 12:13–14).

Ry rahalahy sy anabavy malalako, ny fahatahorana an' Andriamanitra dia mandroaka ny tahotra mikasika ny fiainana an-tany. Voafehiny mihitsy aza ilay tahotra mangeja hoe tsy afaka ny



ho ampy mihitsy ny hatsarantsika arapanahy ary tsy afaka hanatanteraka ireo zavatra takin' Andriamanitra sy ny zavatra andrasan' Andriamanitra amintsika mihitsy isika. Raha ny marina dia tsy afaka ny ho ampy mihitsy ny hatsarantsika ary tsy hahatanteraka izay andrasana amintsika isika raha miantehitra fotsiny ihany amin'ny fahaizantsika sy ny zava-bitan'ny tenantsika. Tsy mahavonjy ary tsy afaka hamonjy antsika raha ny asantsika sy ny fanirantsika fotsiny ihany. "Rehefa ataontsika ny zavatra rehetra azontsika atao" (2 Nefia 25:23), dia tsy atao tanteraka isika raha tsy amin'ny alalan'ny famindrampo sy ny fahasovan'ny sorona tsisy fetra sady mandrakizay nataon'ny Mpamonjy (jereo ny Almà 34:10, 14). Marina tokoa, "mino isika fa noho ny Sorompanavotana nataon'i Kristy dia azo vonjena ny olombelona rehetra, amin'ny fankatoavana ireo lalàna sy ôrdônansin'ny filazantsara" (Fane Kempinoana 1:3).

Ny fahatahorana an' Andriamanitra dia fitiavana Azy sy fahatokiana Azy. Rehefa feno kokoa ny fahatahorantsika an' Andriamanitra dia tantaraka kokoa ny fitiavantsika Azy. Ary "ny fitiavana tanteraka mandroaka ny tahotra rehetra" (Môrônia 8:16). Mampanantena aho fa ny hazavana mampiratra avy amin'ny fahatahorana an' Andriamanitra dia handroaka ny aloka maizin'ny tahotry ny fiainana an-tany (jereo ny F&F 50:25) rehefa mi-banjina ny Mpamonjy isika ka miorina eo Aminy sy manao Azy ho fototra, ary mibosesika mandroso eo amin'ny lalan'ny fane Kempihavanany omban'ny fanolorantena masina.

#### Fijoroana ho vavolombelona sy Fampanantenana

Tiako sy hajaiko ny Tompo. Tena marina ny heriny sy ny fiadanany. Izy no Mpanavotra antsika, ary mijoro ho vavolombelona aho fa velona Izy. Ary noho Izy dia tsy mila malahelo na matahotra ny fontsika (jereo ny Jaona 14:27), ary dia hotahiana isika ka afaka hampangina ny tahotra ao amintsika. Izany no ijoroako ho vavolombelona amin'ny anarana masin'i Jesoa Kristy Tompo, amena. ■



Nataon'ny Loholona D. Todd Christofferson  
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

# Nahoana no ilaina ny manambady sy manorina fianakaviana?

*Ny fianakaviana miorina eo amin'ny fanambadian'ny lehilahy iray sy vehivavy iray dia manolotra toerana tena tsara ahafahan'ny drafitr' Andriamanitra hivelatra.*

Eo ambonin'ilay Varavarana Andrefana Lehiben'ny Tranondreljiozy fanta-dazan'i Westminster any Londres, Angleterre dia ahitana sarimivongan'ny Kristianina 10 maty martiora tamin'ny taonjato faha 20. Anisan'izy ireo i Dietrich Bonhoeffer, teôlôjianina Alemana mahiran-tsaina iray izay teraka tamin'ny 1906.<sup>1</sup> Lasa mpitsikera ampahibemaso ny didy ja-dona nataon'ny Nazi sy ny fampijaliana

nataon'izy ireo ny Jiosy sy ny hafa izy. Nogadraina izy noho ilay fanoherany tamin-kafanampo ary novonoina tao amin'ny toerana fampitobiana babo tamin'ny farany. Mpanoratra namokatra zavatra maro i Bonhoeffer ka ny sasany tamin'ireo sangan'asany tena nalaza dia taratasy izay ireo mpiambina fonja be fangorahana no nanampy azy hamoaka izany an-tsokosoko taty ivelan'ny fonja ary nitondra ny lohateny hoe *Letters and Papers from Prison* (Taratasy avy any am-ponja) izany rehefa navoaka.

Ny iray tamin'ireo taratasiny ireo dia nosoratany ho an'ny tovovavy iray zanaky ny iray tampo aminy talohan'ny hanambadiany. Ahitana ireto torohevitra manan-danja ireto izany: “Mifono zavatra bebe kokoa noho ny fifankatiavanareo ny fanambadiana. . . . Ny tenanareo roa ihany no hitanareo eto amin'izao tontolo izao ao anatin'ny fitiavanareo, kanefa ao anatin'ny fanambadiana dia rohy mampifandray ireo taranaka ianareo, izay nataon' Andriamanitra ny hahatongavany sy

handalovany ho an'ny voninahiny ary hiantsoany izany ho ao amin'ny fanjakany. Ny lanitry ny fahasambaranareo manokana ihany no hitanareo ao anatin'ny fitiavanareo, kanefa ao anatin'ny fanambadiana dia apetraka eo amin'ny toerana iray hanaovana adidy amin'izao tontolo izao sy ny olombelona ianareo. Fanananareo manokana ny fitiavanareo fa ny fanambadiana kosa dia mifono zavatra bebe kokoa noho ny zavatra ny tena manokana—toerana hazonina sy anjara andraikitra izany. Raha ny satroboninahitra no maha-mpanjaka ny mpanjaka fa tsy ny fahavononana hana-paka fotsiny dia tsy ny fifankatiavanareo fotsiny koa fa ny fanambadiana no mampitambatra anareo eo anatrehan' Andriamanitra sy ny olona. . . . Noho izany dia avy aminareo ny fitiavana fa ny fanambadiana kosa avy any ambony, avy any amin' Andriamanitra.”<sup>2</sup>

Amin'ny fomba ahoana ary no mahatonga ny fanambadiana eo amin'ny lehilahy sy ny vehivavy hihoatra ilay fifankatiavany sy ny fahasambarany manokana mba ho lasa “toerana iray hanaovana adidy amin'izao tontolo izao sy ny olombelona”? Nahoana izany no hoe “avy any ambony, avy any amin' Andriamanitra”? Mila miverina any am-piandohana isika mba hahatakarana izany.

Nanambara ireo mpaminany fa faharanitan-tsaina isika tamin'ny voalohany ary nomen' Andriamanitra endrika na vatana fanahy, dia lasa fanahy izay zanany isika avy eo—zankalahy sy zanakavavin'ny ray aman-dreny any an-danitra.<sup>3</sup> Nisy fotoana nandritra ny fiainan'ny fanahintsika talohan'ny nahaterahana, tao anatin'ny fampivelarana ny faniriany mba “hananantsika fahafahana hivoatra tahaka azy,”<sup>4</sup> dia nanomana drafitra hanatanterahana izany ny Raintsika any An-danitra. Nomena anarana maro samihafa izany ao anatin'ny soratra masina, ao anatin'izany ny hoe “ny drafitry ny famonjena,”<sup>5</sup> “ny drafitra lehiben'ny fahasambarana,”<sup>6</sup> ary “ny drafitry ny fanavotana.”<sup>7</sup> Nohazavaina tamin'i Abrahama tao anatin'ireto teny ireto ireo tanjona fototra anankiroan'ilay drafitra:

“Ary nisy anankiray nijoro teo anivony, izay nitovy tamin' Andriamanitra,



ary hoy Izy tamin'ireo izay niaraka tamin'ny: Hidina isika fa misy toerana eny, ary haka amin'ireto akora ireto isika dia hanao tany iray izay hahazoan'ireto [fanahy ireto] mitoetra;

“Dia hosedraintsika amin'izany izy ireo, hahitana raha toa izy ireo ka hanao ny zava-drehetra handidian'ny Tompo Andriamaniny azy ireo;

“Ary ireo izay mitana ny toetrany voalohany no homena fanampiny; . . . ary ireo izay mitana ny toetrany faharoa dia hanana voninahitra anampy eo ambony lohany mandrakizay mandrakizay.”<sup>8</sup>

Noho ny Raintsika any An-danitra dia efa olona niendrika fanahy isika. Nomeny fomba iray isika amin'izao fotoana izao mba hamenoana na handavorariana izany endrik'olona izany. Tena ilaina ny fanampiana singa ara-batana iray mba hananana ny fahafenoan'ny fisiana sy ny voninahitra izay ananan' Andriamanitra tenany. Raha toa isika ka nanaiky ny handray anjara tao amin'ny drafiny—na amin'ny teny hafa hoe “nitana ny toetrantsika voalohany”—fony isika niaraka tamin' Andriamanitra tany amin'ny tontolon'ny fanahy talohan'ny nahaterahana, dia “nomena [vatana ara-nofa] fanampiny,” isika rehefa tonga niaina teto an-tany izay nohariany ho antsika.

Raha mandritra ny zavatra iainantsika eto an-tany kosa isika no nisafidy ny “hanao ny zava-drehetra tokony handidian'ny Tompo Andriamanin[tsika] [antsika]” dia ho nahatana ny “toetra-[ntsika] faharoa isika.” Midika izany fa hasehontsika amin'ny alalan'ny safidintsika amin' Andriamanitra (sy amin'ny tenantsika) ilay fanolorantenantsika sy ny fahaizantsika miaina ny lalàna selestialiny rehefa tsy eo anatrehany sy ao anatin'ny vatana iray miaraka amin'ny heriny sy ny filany ary ny faniriany isika. Afaka nifehy ny nofo ve isika mba hahatongavan'izany ho fitaovana fa tsy ho tompon'ny fanahy? Azo nankinina tamintsika ve nandritra izao fiainana izao sy mandrakizay ireo hery masina, ka tafiditra ao anatin'izany ny hery ahafahana mamorona aina? Nandresy manokana ny ratsy ve isika? Ireo izay nahavita izany dia “hanana voninahitra anampy eo ambony lohany

mandrakizay mandrakizay”—ny endrika iray tena mampiavaka an'io voninahitra io dia ilay vatana nitsangana tamin'ny maty sy tsy mety maty ary feno voninahitra.<sup>9</sup> Tsy mahagaga raha toa isika ka “nihoby” teo anatrehan'ireo tombontsoa sy fampanantenana mahafinaritra ireo.<sup>10</sup>

Misy zavatra efatra farafahakeliny ilaina mba hahombiazan'izany drafitra masina izany:

Voalohany, ny Fahariana ny tany mba ho toeram-ponenantsika. Na manao ahoana na manao ahoana ny antsipirian'ny fizotran'ny fahariana dia fantatsika fa tsy tonga an-kisendrasendra izany fa notantan' Andriamanitra Ray ary notanterahan'i Jesoa Kristy—“Izy no nahariana ny zavatra rehetra; ary raha tsy Izy dia tsy nahariana izao zavatra ary izao, na dia iray aza.”<sup>11</sup>

Faharoa, ilay toetra maha-mety maty. Nanatanteraka asa ho an'izay rehetra nisafidy ny handray anjara amin'ilay drafitra lehiben'ny fahasambarana an' Andriamanitra i Adama sy i Eva.<sup>12</sup> Nampisy ireo toe-javatra nilaina ho an'ny fahaterahantsika ara-batana sy ho an'ny fiainantsika eto an-tany ary ho fiaranana tsy eo anatrehan' Andriamanitra ny fahalavoan'izy ireo. Niseho niaraka tamin'ny Fahalavoana ny fahafantarana ny tsara sy ny ratsy ary ny hery nomen' Andriamanitra ahafahana misafidy.<sup>13</sup> Farany dia nitondra ny fahafatesan'ny vatana izay nilaina mba tsy haharetan'ny fiainana an-tany ny Fahalavoana mba tsy hiainantsika mandrakizay ao anatin'ny fahotantsika.<sup>14</sup>

Ny fanavotana avy amin'ny Fahalavoana ny fahatelo. Hitantsika ny anjara asan'ny fahafatesana ao amin'ny drafitry ny Ray any An-danitra, saingy ho toy ny zava-poana ihany izany drafitra izany raha tsy misy ny karazana fomba handresena ny fahafatesana amin'ny farany, dia ny fahafatesan'ny vatana sy ny fahafatesana ara-panahy. Noho izany dia nijaly sy maty mba hanonerana ny fandikan-dalàna nataon'i Adama sy i Eva ny Mpanavotra iray dia i Jesoa Kristy, ilay Zanaka Lahitokan' Andriamanitra, ka dia nanolotra ny fitsanganana amin'ny maty sy ny tsy fahafatesana ho an'ny rehetra izany. Ary satria tsy misy amintsika tena afaka

nankatò amin'ny fomba lavorary sy tsy tapaka ny lalàn'ny filazantsara, dia manavotra antsika amin'ny fahotantsika manokana koa ny Sorompanavotany, raha toa ka mibebaka isika. Afaka ny ho ateraka ara-panahy indray sy hihavana amin' Andriamanitra isika amin'ny alalan'ilay fahasoavana manavotry ny Mpamonjy izay mitondra ny famelana ny fahotantsika sy ny fanamasinana ny fanahintsika. Hifarana ny fahafatesantsika ara-panahy—dia ilay fisarahantsika amin' Andriamanitra.<sup>15</sup>

Fahaefatra ary farany, ny toe-javatra miseho mikasika ny fahaterahantsika ara-batana sy ny fisehoan'ny fahaterahana ara-panahy indray aorian'izany ao amin'ny fanjakan' Andriamanitra. Mba hahombiazan'ny asany “[hampisandrata] antsika] miaraka aminy,”<sup>16</sup> dia nanome didy Andriamanitra fa tokony hanambady ny lehilahy sy ny vehivavy ary hiteraka, amin'izay dia miara-miasa amin' Andriamanitra eo amin'ny famoronana vatana izay tena zava-dehibe ho an'ny fisedrana mandritra ny fiainana antany ary tena ilaina amin'ny fahazoana voninahitra mandrakizay miaraka Aminy. Nanome didy koa izy ny mba hanorenan'ny ray aman-dreny fianakaviana sy hitaizany ny zanany ao anatin'ny fahazavana sy fahamarinana,<sup>17</sup> ka hitarika azy ireo hananana fanantenana ao amin'i Kristy. Nandidy antsika ny Ray hoe:

“[Ampianaro] malalaka ny zanakao izany zavatra izany manao hoe:

“Fa . . . toy ny efa nahaterahanareo teo amin'izao tontolo izao tamin'ny rano sy ny ra ary ny fanahy, izay nataoko, ka tonga fanahy velona avy amin'ny vovo-tany, dia toy izany koa no tsy maintsy ahaterahanareo indray ao amin'ny fanjakan'ny lanitra, amin'ny rano sy amin'ny Fanahy [Masina] ary hanadiovana anareo amin'ny ra, dia ny ran'ny Lahitokako; mba ho azo haminina hiala amin'ny fahotana rehetra ianareo ka hankamamy ny tenin'ny fiainana mandrakizay eo amin'ity izao tontolo izao ity ary ny fiainana mandrakizay any amin'ny tontolo ho avy, dia voninahitra tsy mety maty.”<sup>18</sup>

Rehefa fantatra ny antony nialantsika teo anatrehan'ny Raintsika any An-danitra sy ny zavatra takina mba

hivorenana any Aminy sy hisandratana miaraka Aminy dia lasa tena mazava fa tsy misy zavatra mifandray amin'izao fotoana iainantsika eto an-tany izao izay manan-danja bebe kokoa noho ny fahaterahana ara-batana sy ny fahaterahana ara-panahy indray, izay fepetra roa takina hahazoana ny fiainana mandrakizay. Raha ampiasaina ny tenin'i Dietrich Bonhoeffer, dia izany no ilay "anjara andraikitra" ny fanambadiana, ilay "toerana iray hanaovana adidy . . . amin'ny olombelona," izay hazonin'io rafitra masina "avy any ambony, avy any amin' Andriamanitra" io. "Rohy mampifandray ireo taranaka" eto sy any ankoatra izany—ilay lamin'ny lanitra.

Ny fianakaviana miorina eo amin'ny fanambadian'ny lehilahy iray sy vehivavy iray dia manolotra toerana tena tsara ahafahan'ny draftir' Andriamanitra hivelatra—toerana ilaina ho an'ny fahaterahan'ny zanaka izay tonga ao anatin'ny fahadiovana sy ny tsy fananan-tsiny ary tontolo ho an'ny fianarana sy fiomanana izay ho ilain'izy ireo mba hananana fiainana an-tany mahomby sy fiainana mandrakizay any amin'ny tontolo ho avy. Ny fisian'ny vondrom-pianakaviana na dia amin'ny isany kely indrindra izay naorina tamin'ny alalan'ny fanambadiana toy izany dia tena zava-dehibe ho an'ny fiarahamonina mba hahavelona azy sy mba hivelarany. Izany no antony nahatonga ireo fiarahamonina sy firenena namporisika sy niaro ny fanambadiana ho toy ny rafitra miavaka. Tsy hoe fitiavana sy fahasambaran'olon-dehibe fotsiny velively izany hatramin'izay.

Tena maharesy lahatra mihitsy aza ny famaritana omen'ny haifarahamonina mba hanohanana ny fanambadiana sy ny fianakaviana tarihin'ny lehilahy iray sy vehivavy iray mivady.<sup>19</sup> Noho izany dia, "mampitandrina izahay fa ny faharavan'ny fianakaviana dia hitondra loza izay efa nambaran'ireo mpaminany fahiny sy maoderina eo amin'ny olona tsirairay sy eo amin'ny fiarahamonina ary eo amin'ny firenena."<sup>20</sup> Tsy mifototra amin'ny haifarahamonina anefa ny hevitra ijoroantsika mikasika ny anjara asan'ny fanambadiana sy ny fianakaviana fa

mifototra amin'ilay fahamarinana hoe zavaboaharin' Andriamanitra izy ireo. Tany am-piandohana dia Izy no nahary an'i Adama sy i Eva araka ny endriny, izay lahy sy vavy ary nampitambatra azy ireo ho mpivady mba ho lasa "nofo iray" sy hihabetsaka ary hameno ny tany.<sup>21</sup> Samy manana izay endrik' Andriamanitra izay ny olona tsirairay, saingy ao anatin'ny fanambadian'ny lehilahy sy vehivavy hitambatra ho iray angamba no hahatanterahantsika ny dikany feno tanteraka fonosin'ilay hoe namboarina araka ny endrik' Andriamanitra—lahy sy vavy. Tsy misy amintsika, na olona mety maty hafa, afaka manova io lamina masin'ny fanambadiana io. Tsy zavatra noforonin'olombelona izany. Tena "avy any ambony, avy any amin' Andriamanitra" tokoa ny fanambadiana toy izany ary tena ampahan-javatra iray ao amin'ny draftiry ny fahasambarana toy ny Fahalavoana sy ny Sorompanavotana.

Nikomy tamin' Andriamanitra sy ny drafiny i Losifera tany amin'ny tontolo talohan'ny nahaterahana ary mitombo hatrany ny fanoherany. Mitolona izy mba hitsipahana ny fanambadiana sy ny fanorenana fianakaviana, ary rehefa miorina ny fanambadiana sy ny fianakaviana dia manao izay azo atao izy mba hampikorontanana izany. Simbainy ny zavatra rehetra izay masina momba ny maha-lehilahy sy ny maha-vehivavy, ary sarahiny an-keriny hivoaka ao anatin'ny sahan-kevitra ny fanambadiana izany amin'ny alalan'ny karazana eritreritra sy fihetsika vetaveta maro tsy tambo isaina. Mikatsaka ny handresy lahatra ny lehilahy sy ny vehivavy izy hoe azo tsy raharahina na tsy tanterahina ny fanaovana ny fanambadiana sy ny fianakaviana ho lohalaharana, na farafaharatsiny any aorian'ny asa sy ireo fanatontosan-javatra hafa, sy ny fikatsahana ny "fahafaham-pon'ny tena" ary ny fananana fizakan-tena manokana no tokony hisy izany. Mazava ho azy fa faly ny fahavalo rehefa tsy raharahin'ny ray aman-dreny ny fampianarana sy fanoanana ny zanany mba hanana finoana an'i Kristy sy hahatratra fiovampo ary hateraka ara-panahy indray. Ry rahalahy sy rahavavy, maro ny zavatra tsara ary

maro ny zavatra manan-danja saingy vitsy ihany no tena ilaina.

Ny fanambarana ny fahamarinana fototra mikasika ny fanambadiana sy ny fianakaviana dia tsy midika akory hoe tsy miraharaha na manambany ny fahafoizantena sy ny fahombiazana asehon'ireo izay tsy mbola afaka miaina io rafitra tena tsara io amin'izao fotoana izao. Ny sasany aminareo dia tsy afaka mahazo ireo fitahiana avy amin'ny fanambadiana noho ny antony maro ka tafiditra ao anatin'izany ny tsy fisian'ny olona mendrika azo vadina, ny fironana any amin'ny fiarahan'ny lahy samy lahy na ny vavy samy vavy, ny fahasembanana ara-batana na ara-tsaina, na fahatahorana tsy fahombiazana tsotra fotsiny izay manarona ny finoana amin'izao fotoana izao. Na mety efa nanambady ianao fa nitsahatra izany fanambadiana izany ary lasa ianao irery no misahana zavatra izay na olon-droa miaraka aza zara raha mahavita izany. Ny sasany aminareo izay manambady dia tsy afaka mahazo zaza na dia manam-paniriana lehibe sy mitalaho amam-bavaka aza.

Na dia izany aza dia manana fanomezam-pahasoavana ny tsirairay, manana talenta ny tsirairay ary afaka mitondra anjara biriky ao amin'ilay draftira masina navelatra isaky ny taranaka tsirairay. Zavatra tsara maro sy zavatra tena ilaina maro—ary indraindray aza ny zavatra rehetra ilaina amin'izao fotoana izao—no azo tanterahina ao anatin'ny toe-javatra izay tsy tonga lafatra. Maro dia maro aminareo no manao izay tsara indrindra vitanareo. Ary rehefa mijoro hiaro ny draftir' Andriamanitra mba hampisandratra ny zanany ianareo izay mizaka ireo entamavesatra lehibe indrindra eto amin'ny fiainana an-tany, dia vonona ny hiaradia isika rehetra. Mijoro ho vavolombelona amim-pahatokiana isika fa efa noraisin'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy an-tanana mialoha ary amin'ny farany honerany daholo ny fihafiana sy ny famoizan-javatra rehetra nozakain'ireo izay mitodika any Aminy. Tsy misy na iza na iza voafidy mialoha mba hahazo kely kokoa noho ny zavatra rehetra omen'ny Ray ny zanany.

Nisy renim-pianakaviana ananki-ray vao herotreronny nizara tamiko ny ahiahiny mikasika ny fahatsapany ho tsy mahavita tsara io antso faran'izay ambony io. Tsapako fa ny olana nanahiran-tsaina azy dia zavatra kely ka tsy tokony hiahiahy izy ary tsy nisy hatahorana ny aminy. Saingy fantatro fa te hanao izay hahafaly an' Andriamanitra fotsiny izy ary te haneho fanajana ny fametraham-pitokisany. Nanolotra teny fampaherezana azy aho ary nitalaho ombam-bavaka tao am-poko ny mba hanatanjahan' Andriamanitra ilay Rainy any An-danitra ny sainy amin'ny alalan'ny fanehoany ny fitiavany sy ny mariky ny fankasitrahany rehefa manao ny Asany izy.

Izany no vavaka ataoko ho antsika rehetra androany. Enga anie isika rehetra hahazo fankasitrahana eo anatrehan'ny. Enga anie hitombo ny fanambadiana ary hiroborobo ny fianakaviana ary na anjarantsika na tsia ny hahazo ny fahafenoan'ireo fitahiana ireo eto an-tany dia enga anie ny fahasovan'ny Tompo hitondra fifaliana amin'izao fotoana izao ary hitondra finoana an'ireo fampantenanana azo antoka fa ho avy. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

#### FANAMARIHANA

1. Jereo ny Kevin Rudd, "Faith in Politics," *The Monthly*, ôkt. 2006; themonthly.com.au/monthly-essays-kevin-rudd-faith-politics-300.
2. Dietrich Bonhoeffer, *Letters and Papers from Prison*, navoakan'i Eberhard Bethge (1953), 42–43.
3. Jereo mba hahitana ohatra ny Salamo 82:6; Asan'ny Apôstôly 17:29; Hebreo 12:9; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 93:29, 33; Mosesy 6:51; Abrahama 3:22. Nanolotra ity fanazavana amin'ny antsi-piriany ity ny Mpaminany Joseph Smith: "Ireo fitsipika voalohany mamaritra ny olona dia ny fisiany amin-pahaleovantana tanteraka miaraka amin' Andriamanitra. Rehefa hitan' Andriamanitra tenany fa teo anivon'ireo fanahy [na faharanitan-tsaina] sy ny voninahiny Izy, satria narani-tsaina bebe kokoa Izy, dia hitany fa ara-drariny raha manorina lalàna hahafahana'ireo ambiny manana fahafahana hivoatra toa Azy Izy. . . Manana hery hanorina lalàna hampianarana ireo faharanitan-tsaina tsy dia matanjaka loatra Izy mba hahafahana'izy ireo hisandratra miaraka Aminy" (*Teachings of the Presidents of the Church: Joseph Smith* [2007], 210).
4. *Teachings: Joseph Smith*, 210.
5. Almà 24:14.
6. Almà 42:8.



7. Almà 12:25; jereo koa ny andininy 26–33.
8. Abrahama 3:24–26.
9. Nanolotra ity teny famintinana ity ny Mpaminany Joseph Smith: "Ny drafitr' Andriamanitra talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao dia ny mba handraisantsika tabernakely [vatana], ny tokony handresentsika noho izany amin'ny alalan'ny fahatokiana sy hahazoantsika ny fitsanganana amin'ny maty, ary dia hahazo voninahitra, laza sy hery ary fanapahana amin'ny alalan'izany fomba izany." Nilaza koa ny mpaminany hoe: "Tonga teto an-tany isika mba hanana vatana sy hanolotra izany amin'ny endriny madio eo anatrehan' Andriamanitra ao amin'ny fanjakana selestialy. Ny fitsipika lehiben'ny fahasambarana dia mifototra amin'ny fananana vatana. Tsy manana vatana ny devoly ary izay no fanasaziana azy. Faly izy rehefa azony ny tabernakelin'ny olona, rehefa noroahin'ny Mpamonjy izy dia nangataka ny hankany anatin'ireo andiana kisoa, izay nampiseho fa aleony vatan'ny kisoa toy izay tsy manana mihitsy. Ny olona rehetra izay manana vatana dia manana hery amin'ireo tsy manana" (*Teachings: Joseph Smith*, 211).
10. Joba 38:7.
11. Jaona 1:3; jereo koa ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 76:23–24.
12. Jereo ny 1 Korintiana 15:21–22; 2 Nefia 2:25.
13. Jereo ny 2 Nefia 2:15–18; Almà 12:24; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 29:39; Mosesy 4:3. Hoy i Joseph Smith hoe: "Nomena ny fahafahany misafidy ny olona rehetra satria izay no fanapahan-kevitr' Andriamanitra. Izy no nanamboatra ny fahafaha-misafidy ara-pitondrantenan'ny olombelona, ka nomeny hery hisafidianana ny tsara na ny ratsy izy ireo; hikatsaka izay tsara amin'ny alalan'ny fandehanana hatrany eo amin'ilay lalan'ny fahasamianana eto amin'ity fiainana ity izay mitondra fiadanana-tsaina sy fifaliana ao amin'ny Fanahy Masina ety ary fahafenoan'ny fifaliana sy fahasambarana eo an-tanankavanany aorian'izao fiainana izao; na

hanaraka ny lalan'ny ratsy hanohy hanota sy hikomy amin' Andriamanitra, izay hitondra fanamelohana ho an'ny fanahiny eto amin'ity izao tontolo izao ity ary fahaverezana mandrakizay any amin'ilay tontolo ho avy." Nanamarika koa ny Mpaminany hoe: "Tsy afaka ny haka fanahy antsika amin'ny alalan'ireo fanangolony i Satana raha tsy hoe manaiky sy milefitra ny fontsika. Tena miavaka ny fomba nandrafetana antsika ka afaka manohitra ny devoly izany. Raha tsy narafitra toy izany isika dia tsy ho afaka ny hisafidy malalaka" (*Teachings: Joseph Smith*, 213).

14. Jereo ny Genesisy 3:22–24; Almà 42:2–6; Mosesy 4:28–31.
15. Na ireo izay tsy mibebaka aza dia avotana amin'ny fahafatesana ara-panahy amin'ny alalan'ny Sorompanavotana satria mbola hijoro eo anatrehan' Andriamanitra izy ireo amin'ny Fitsarana Farany (jereo ny Helamàna 14:17; 3 Nefia 27:14–15).
16. *Teachings: Joseph Smith*, 210.
17. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 93:36–40.
18. Mosesy 6:58–59.
19. Mety ahitana fifampahatokiana ao anatin'ny fiarahan'olon-droa mbola tsy nivady ary mety hoe teraka sy voataiza amin'ny fomba tsara kokoa ihany matetika ny ankizy noho ny ao anatin'ny tontolon'ny fianakaviana iray ahitana ray aman-dreny nivady. Saingy raha araka ny salan-javatra hita sy ny ankamaroany dia lehibe sy maharesy lahatra ny porofin'ny tombontsoa ara-piarahamonina azo avy amin'ny fanambadiana sy ny vokatra tsara izay ambony ihany eo amin'ireo ankizy ao anatin'ny fianakaviana tarihin'ny lehilahy sy vehivavy mivady. Ary etsy ankilany dia misy voka-dratsy avy amin'ny fiarahamonina ny vokany ara-piarahamonina sy ara-toekaren'ilay antsoin'ny mpamelabelatra iray hoe "Ny fandosirana faobe avy ao amin'ny fianakaviana." Ampidirin'i Nicholas Eberstadt ao anatin'ny sokajy iray ny fitontonganan'ny fanambadiana sy ny fitaizana zanaka ary ilay fironana any amin'ny tokantrano tsy misy ray sy ny fisarahampanambadiana ary nambarany hoe: "Efa tena miharihary ny voka-dratsy miantraika amin'ireo zanaka maro dia maro niharan'ilay fandosirana avy ao amin'ny fianakaviana. Dia torak'izany koa ny fiantraikany ratsy entin'ny fisarahampanambadiana sy ny fitondrana vohoka ivelan'ny fanambadiana izay mampihombo ny tsy fitovian'ny vola miditra sy ny fananan-karena—ho an'ny fiarahamonina iray manontolo fa indrindra koa ho an'ny zanaka. Marina fa mahazaka ny ankizy sy ny sisa. Kanefa ny fandosirana avy ao amin'ny fianakaviana dia tena azo antoka fa manimba ireo mbola kely izay marefo. Izany fandosirana izany koa dia misy fiantraikany lehibe amin'ireo lehibe izay marefo." (Jereo ny "The Global Flight from the Family," *Wall Street Journal*, 21 Feb., 2015; wsj.com/articles/nicholas-eberstadt-the-global-flight-from-the-family-1424476179.)
20. "Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an'izao Tontolo Izao," *Liahona*, nov. 2010, 129.
21. Jereo ny Genesisy 1:26–28; 2:7, 18, 21–24; 3:20; Mosesy 2:26–28; 3:7–8, 18, 20–24; 4:26.



Nataon'ny Loholona Wilford W. Andersen  
Ao amin'ny Fitopololahy

# Ny feon-kiran'ny filazantsara

*Ny feon-kiran'ny filazantsara dia ny fahatsapana ara-panahy mahafinaritra izay avy amin'ny Fanahy Masina. Mitondra fiovampo izany.*

Taona maro lasa izay dia nihaino fanadihadiana iray aho tao amin'ny radio izay natao tamin'ny mpitsabo tanora iray izay niasa tao amin'ny hôpitaly iray tao amin'ny Firenena Navajo. Notantarainy ny zavatra niainany indray alina izay, raha nisy anti-dahy iray Amerikana Zanatany izay mirandrana sady lava volo niditra tao amin'ny efitrano hiandraiketana ny vonjy taitra. Noraisin'ilay mpitsabo ny fandraisany naoty ary nanatona ilay lehilahy izy ka niteny hoe: "Inona no azoko hanampiana anao?" Nibanjina tany aloha fotsiny ilay anti-dahy, ary tsy niteny na inona na inona. Ilay mpitsabo, izay somary tsy nanam-paharetana dia namerina nanandrana nanontany indray. "Tsy afaka manampy anao aho raha tsy miresaka amiko ianao," hoy izy. "Lazao amiko izay nahatonga anao ho aty amin'ny hôpitaly."

Avy eo dia nibanjina azy ilay anti-dahy sady niteny hoe: "Mahay mandihy ve ianao?" Rehefa nandinika izany fanontaniana hafahafa izany ilay mpitsabo tanora, dia tonga tao an-tsainy hoe angamba io marariny io mety ho mpitsabo nentim-paharazana, izay raha araka ny fomban-drazana fahiny, dia

manandrana manasitrana ny marary amin'ny alalan'ny hira sy dihy fa tsy amin'ny alalan'ny fanomezana fanafody.

"Tsia," hoy ilay mpitsabo, "Tsy mahay mandihy aho. Ianao angaha mahay?" Nihatokatoka ilay anti-dahy nanao eny. Ary dia nanontany ilay mpitsabo hoe: "Afaka mampianatra ahy handihy ve ianao?"

Nampieritritra lalina ahy nandritra ny taona maro ny valintenin'ilay anti-dahy. "Afaka mampianatra anao



handihy aho," hoy izy, "saingy mila maheno ilay feon-kira ianao."

Indraindray isika ao an-tokantranontsika, dia mampianatra amim-pahombiazana ireo fihetsika atao rehefa mandihy, kanefa tsy mahomby eo amin'ny fanampiana ireo fianakaviansika haheno ilay feon-kira. Ary araka ny zavatra fantatr'ilay mpi-tsabo nentim-paharazana, dia sarotra ny mandihy tsy misy feon-kira. Sarotra sy mampiambakavaka ny mandihy tsy misy feon-kira—mahamenatra mihitsy aza. Efa nanandrana nanao an'izany ve ianao?

Ao amin'ny fizarana faha 8 ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekepihanana ny Tompo dia nampianatra an'i Joseph Smith sy Oliver Cowdery, "Eny, indro, hiteny ao an-tsainao sy ao am-ponao Aho, amin'ny alalan'ny Fanahy Masina izay ho tonga ao aminao sy hitoetra ao am-ponao" (andinin'ny faha 2). Ny saintsika no ianarantsika ireo fihetsika amin'ny fandihizana, fa ny fontsika no handrenesantsika ny feon-kira. Ireo fihetsika amin'ny dihin'ny filazantsara dia ireo zavatra ataontsika, ary ny feon-kiran'ny filazantsara dia ny fahatsapana ara-panahy mahafinaritra izay avy amin'ny Fanahy Masina. Mitondra fiovampo izany, ary izany no loharanon'ireo faniriana marina rehetra. Mitaky fitsipidalàna raha ny dingan'ny fandihizana, fa ny fifaliana entiny dia tsy ho tsapantsika raha tsy efa mandre ilay feon-kira isika.

Misy ireo izay manaraby ny mpi-kamban'ny Fianganana noho ireo zavatra izay ataontsika. Mora takarina izany. Matetika ireo izay mandihy no toa hafahafa na miambakavaka na raha ampiasaina ny tenin'ny soratra masina dia hoe "olona nalaina ho an'Andriamanitra" (1 Petera 2:9) amin'ireo izay tsy maheno ilay feon-kira. Efa sendra nijanona tamina jiro mena ve ianao sy ny fiaranao teo akaikina fiara iray, ka ny mpamily an'izany dia mandihy sy mivazavaza mihira faran'izay mafy kanefa ianao tsy maheno feo satria nihidy ny fitaratrao? Moa ve tsy toa mampihomemy izy? Raha mianatra ireo fihetsika atao amin'ilay dihy ireo zanatsika fa tsy mianatra mandre sy mahatsapa ilay

feon-kira kanton'ny filazantsara, dia hahatsapa ho tsy mahazo aina izy ireo rehefa ela ny ela rehefa mandihy, ary na izy tsy handihy intsony, na izy, saika ratsy toy izany ihany, manohy mandihidy amin'izao fotsiny noho ny fanerena izay tsapan'izy ireo avy amin'ireo izay mandihy manodidina azy.

Ny fanamby ho antsika rehetra izay mikatsaka ny hampianatra ny filazantsara dia ny hampivelatra bebe kokoa ilay zavatra tokony hampianarina mba hahafaoka mihoatra lavitra noho ireo fihetsika atao amin'ny fandihizana fotsiny. Miankina amin'ny fahaizan'ireo zanatsika mandre sy mitia ny feon-kira kanton'ny filazantsara ny fahasambaran'izy ireo. Ahoana no fomba anaovantsika an'izany?

Voalohany, mila ampifanarahantsika amin'ilay onjam-peo ara-panahy tena marina aloha ny fiainantsika manokana. Raha iverenana ny andro fahiny, talohan'ny andro nampahazo vahana ny nomerika, rehefa mitady ny onjam-peo ankafizintsika isika dia ahodintsika moramora ny bokotry ny radio mandra-pahatonga azy hifanitsy tsara eo amin'ilay onjam-peo. Rehefa manomboka manakaiky ilay nomerao isika, dia tsy maheno afa-tsy kasao-saoka. Kanefa rehefa hitantsika ihany amin'ny farany ilay tena fifandriany, dia azontsika henoina mazava tsara ilay hira tena ankafizintsika. Eo amin'ny fiainantsika, dia mila mifanitsy amin'ilay onjam-peo tena izy isika mba hahafahan'ny tenantsika mandre ilay feon-kiran'ny Fanahy.

Rehefa mandray ny fanomezana ny Fanahy Masina isika aorian'ny batista, dia heniky ny feon-kiran'ny lanitra izay miaraka amin'ny fiovampo. Miova ny fontsika, ary “tsy manana fironana ny hanao ratsy intsony [isika], fa ny hanao ny soa lalandava” (Môsià 5:2). Kanefa tsy afaka mitoetra ny Fanahy rehefa misy haratsiam-panahy na hambom-po na fialonana. Raha tsy tsapan-tsika eo amin'ny fiainantsika intsony io fitaomana malefaka io, dia vetivety foana dia mety hivadika ho tabataba mikorontana ilay firindra mahafinaritry ny filazantsara, ary dia tsy ho heno intsony. I Almà no nametraka an'ilay

fanontaniana milentika ao am-po hoe: “Raha efa nahatsiaro ny hikalo ny hiran'ny fitiavana manavotra ianareo, dia hanontany aho, tsapanareo ve izany ankehitriny?” (Almà 5:26).

Ry ray aman-dreny, raha tsy mirindra amin'ny feon-kiran'ny filazantsara ny fiainantsika, dia mila manitsy izany isika. Araka izay nampianarin'ny Filoha Thomas S. Monson tamin'ny ôktôbra lasa teo hoe, tsy maintsy misaina tsara izay ho alehan'ny tongotsika isika (jereo ny “Saino tsara izay alehan'ny tongotrao,” *Liahona*, nôv. 2014, 86–88). Fantatsika hoe ahoana no hanaovana an'izany. Tsy maintsy mandeha amin'ilay lalana izay nodiavintsika fony isika vao sambany naheno ny feon-kiran'ny filazantsara avy any an-danitra isika. Maneho finoana an'i Kristy isika, dia mibebaka, ary mandray ny fanasan'ny Tompo. Tsapantsika mafy kokoa ny fitarihan'ny Fanahy Masina, ary manomboka hilanto eo amin'ny fiainantsika indray ny feon-kiran'ny filazantsara.

Faharoa, rehefa afaka maheno ilay feon-kira isika, dia tsy maintsy manao izay rehetra vitantsika hitendrena izany ao an-tokantranantsika. Tsy zavatra azo terena izany. “Tsy misy hery na fitaomana azo na tokony hotanana amin'ny alalan'ny fisoronana”—na amin'ny maha dada na mama, na noho ny habe na noho ny hamafin'ny feo—“raha tsy amin'ny fandresen-dahatra, ny fahari-po, ny hatsaram-panahy sy ny hamoram-po, . . . ny fitiavana tsy mihasaravelsihy; [ary] amin'ny halemempahy” (F&F 121:41–42).

Nahoana ireo toetra ireo no mitondra mankany amin'ny fitomboan'ny hery sy ny fitaomana ananana ao antokantrano? Satria ireo no toetra izay manasa ny Fanahin'ny Fanahy Masina. Ireo no toetra izay mampirindra ny fontsika amin'ny feon-kiran'ny filazantsara. Rehefa manana ireo toetra ireo, dia handeha ho azy kokoa ary amimpifaliana kokoa no hanaovan'ireo mpandihy rehetra ao amin'ny fianakiviana ireo fihetsika atao amin'ilay dihy, ka tsy mila fampitahorana na fandrahonana na fanerena akory.

Raha mbola kely ireo zanatsika dia afaka mihira ny rotsirotsin'ny fitiavana



tsy misy fihatsarambelatsihy ho azy ireo isika, ary rehefa miziriziry izy ireo ka tsy mety hatory amin'ny alina, dia mety ilaina ny hihirantsika ny rotsirotsin'ny fahari-po. Rehefa tonga zatovo izy ireo, dia azontsika ialana ny kipantson'ny adivevitra sy ny fampitahorana, ary ho solon'izany, dia azontsika hiraina ny feon-kira kanton'ny fandresen-dahatra—ary angamba azontsika hiraina ny andininy faharoa amin'ny rotsirotsin'ny fahari-po. Afaka mampirindra tsara ireo toetra mifamenon'ny hatsaran-toetra sy ny hamoram-po ireo ray aman-dreny. Afaka manasa ireo zanatsika isika hiara-hihira amintsika amin'ny feo tokana rehefa maneho hatsaram-panahy amin'ny mpiray monina iray mila fanampiana.

Tsy indray ho tanteraka ao anatin'ny indray mipi-maso izany. Fa araka ny fantatry ny mpahay mozika tsirairay, dia mitaky famerenana amim-pahazotoana ny fihirana hira kanto. Raha toa ka somary mikorontana sy mivalana ireo fiezahana hihira any am-boalohany, dia tsarovy fa ny hira mivalana dia tsy ho azo ahitsy amin'ny alalan'ny fitsikerana. Ny disadisa ao an-trano dia tahaka ny haizina ao anaty efitrano iray. Tsy mitondra soa ny fibedesana ny haizina amim-pahatezerana. Ny fampidirana

hazavana no tsy maintsy ataontsika mba *handroahana* ny haizina.

Noho izany, raha toa mafy loatra na mitady hahazo laka loatra ny beso ao amin'ny amboarampeon'ny fianakavianao, na raha somary mietraka na mivalana kely ireo tadin-dokanga ao amin'ny rodooben-javamanenon'ny ny fianakavianao, na raha mivalana ireo sodina kely na sarotra ahitsy, dia manàna faharetana. Raha toa ka tsy maheno ny feon-kiran'ny filazantsara ianao ao an-tokantranonao, dia miangavy anao aho tsarovy ireto teny ireto: *tohizo ny fanazarana*. Miaraka amin'ny fanampian'Andriamanitra dia ho avy ny andro hoe hanenika ny tokantranonao ny feon-kiran'ny filazantsara ao anatin'ny fifaliana tsy hay tononina.

Kanefa, na dia atao tsara aza ny feon-kira, dia tsy hamaha ny olantsika rehetra izany. Tsy maintsy hisy ny mihamiakatra sy ny mihamidina eo amin'ny fiainanao, ny mitsatotsatoka sy ny mitohy. Izany no toe-piainana eto amin'ny planetan'ny tany.

Kanefa rehefa asiantsika feon-kira ireo fihetsika atao amin'ny fandihizana, dia mizotra mankany amin'ny firindrana mifandanja tsara ny figadon'ny fiainam-panambadiana sy ny fiainampianakaviana izay sarotra indraindray. Ary na ireo fanamby faran'izay sarotra indrindra iainantsika aza dia hanampy naoty manatsara sy fiverenan-kira mampihetsi-po. Hanomboka hitsika ao amin'ny fanahinao toy ny ando avy any an-danitra ny fotopampianaran'ny fisoronana. Ny Fanahy Masina no ho namantsika lalandava, ary ho tehim-piandrianantsika—izay mazava fa maneho ny fahefanao sy ny fitarihanao—dia ho tehim-piandrianan'ny fahamarinana sy ny marina tsy miovaova. Ary ny fanapahantsika dia ho fanapahana maharitra mandrakizay. Ary tsy mitady fitaovam-pamoretana no hikorianany mankany amintsika mandrakizay mandrakizay (jereo ny F&F 121:45–46).

Ho tanteraka eo amin'ny fiainantsika anie izany, sy any amin'ny tokantranontsika tsirairay avy. Izany no vavaka ataoko amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■



Nataon'ny Loholona Dale G. Renlund  
Ao amin'ny Fitopololahy

## Manohy miezaka ny Olomasin'ny Andro Farany

*Rehefa miezaka isika, ka maharitra, ary manampy ny hafa hanao toy izany dia tena Olomasin'ny Andro Farany marina.*

Ry rahalahy sy anabavy malalako, tamin'ny volana desambra 2013 dia nisaona ny fahafatesan'i Nelson Mandela izao tontolo izao. Taorian'ny fanagadrana nandritra ny 27 taona noho ny anjara asa notanany tamin'ny tolona fanoherana ny fanavakavahana dia i Mandela no filohan'i Afrika Atsimo voafidy voalohany tamin'ny fomba demôkratika. Nahatalanjona ny famelany ireo izay nanagadra azy. Nahazo dera sy vonihahitra avy amin'ny olona rehetra izy.<sup>1</sup> Matetika i Mandela no tsy nanaiky ny hiderana azy tamin'ny alalan'ny fitenenana hoe: “Tsy olomasina aho—raha tsy hoe, mieritreritra angaha ianareo fa ny olomasina dia olona mpanota iray izay manohy miezaka.”<sup>2</sup>

Io filazana hoe—“ny olomasina dia olona mpanota iray izay manohy miezaka”—io dia tokony hanome toky sy hampahery ireo mpikamban'ny Fiangonana. Na dia antsoina hoe “Olomasin'ny Andro Farany” aza isika dia tsy mahazo aina indraindray rehefa antsoina toy izany. Ilay fiteny hoe *Olomasina* dia ampiasain'ny

besinimaro mba hilazana ireo olona nahatratra toetran'ny fahamasinana ambony tokoa na ny fahatanterahana. Ary fantatsika tsara fa tsy tanteraka isika.

Ny foto-pinoantsika anefa dia mampianatra antsika fa afaka ny hatao ho tanteraka isika amin'ny alalan'ny famerimberenana sy ny fampitomboana hatrany ny “fianteherana tanteraka” amin'ny fotopampianaran'i Kristy: mampihatra finoana Aminy, mibebaka, mandray ny fanasan'ny Tompo mba hanavao ireo fanekempihavanan'ny batista sy ireo fitahiana avy amin'izany, ary ny fandraisana ny Fanahy Masina ho namana mandrakariva bebe kokoa. Rehefa manao izany isika dia lasa mitovy bebe kokoa amin'i Kristy ka afaka ny maharitra hatramin'ny farany, sy ny vokatry rehetra aterak'izany.<sup>3</sup> Raha lazaina amin'ny fomba tsotra dia miraharaha bebe kokoa ny mahaisika antsika sy izay hahatongavantsika Andriamanitra raha oharina amin'ny naha-isika antsika teo aloha.<sup>4</sup> Manandanja Aminy ny fanohizantsika ny ezaka.

Ilay tantara mahatsikaiky hoe *As You Like It*, izay nosoratan'ilay mpanoratra



teatira anglisy William Shakespeare dia maneho fiovana goavana teo amin'ny fiainan'ny olona anankiray izay lalao-vina ao anatin'ilay tantara. Mikendry ny hahafaty ny zandriny lahy ny zokilahy iray. Na dia nahafantatra izany aza ilay zandrilahy dia namonjy ilay rahalahiny ratsy fanahy tamin'ny fahafatesana izy. Rehefa nahafantatra izany fan-gorahana tsy mendrika ny ho azony izany ilay zokilahy dia niova tanteraka hatramin'ny farany izy ary nanana ilay nantsoiny hoe “fiovampo.” Taty aoriana dia nanatona ilay zokilahy ny vehivavy marobe, dia nanontany hoe: “Tsy ianao ve ilay nikendry matetika ny hamono ny [rahalahinao]?”

Namaly ilay zokilahy hoe: “Izaho iny: saingy tsy toy izany intsony aho amin'izao: tsy menatra aho milaza aminareo hoe toy ny ahoana aho taloha—satria tena mamy amiko ny fiovampoko ka nahatonga ahy ho lasa toy izao.”<sup>5</sup>

Noho ny famindrampon'Andriamanitra sy ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy dia tsy zavatra foronin'ny saina ara-bakiteny fotsiny ny zavatra toy izany ho antsika. Nanambara ny Tompo tamin'ny alalan'i Ezekiela hoe:

“Ny faharatsian'ny ratsy fanahy tsy hahavao azy, raha mby amin'ny andro ialany amin'ny faharatsiany. . . .

“ . . . [Raha] miala amin'ny fahotany izy sady manao izay marina sy mahitsy;

“ . . . Ka mamerina ny natao tsatòka sady mampody izay nangalariny ary mandeha araka ny didy mahavelona ka tsy manao meloka, dia ho velona tokoa izy. . . .

“Ny fahotana rehetra izay nataony dia tsy hotsarovana aminy intsony; manao izay marina sy mahitsy izy.”<sup>6</sup>

Mampanantena famelan-keloka amin'ny alalan'ny famindrampony Andriamanitra rehefa mibebaka sy miala amin'ny faharatsiana isika—amin'ny fomba lehibe tokoa mba tsy hampahatsiahivina antsika intsony ny fahotantsika. Noho ny Sorompanavotan'i Kristy sy ny fibebahantsika dia afaka mijery ny zava-bitantsika teo aloha isika dia milaza hoe: “Izaho iny, saingy tsy toy izany intsony aho amin'izao.” Na ratsy fanahy toy ny ahoana aza isika teo aloha dia afaka milaza hoe: “Izaho fahiny izany. Saingy tsy izaho amin'izao fotoana izao intsony izany olona ratsy fanahy taloha izany.”<sup>7</sup>

Nampianatra ny Filoha Thomas S. Monson hoe: “Iray amin'ireo fano-mezana lehibe indrindra ho antsika avy amin'Andriamanitra ny fifaliana amin'ny fiezahana indray, satria tsy misy tsy fahombiazana tsy azo resena.”<sup>8</sup> Na dia nanao fanahy iniana nisafidy ny hanota aza isika, na niatrika tsy fahombiazana sy fahadisoam-panantenana matetika, dia afaka manampy antsika ny Sorompanavotan'i Kristy rehefa manapa-kevitra ny hiezaka indray isika. Ary mila mahatsiaro isika fa tsy ny Fanahy Masina no milaza amintsika fa efa be fahotana loatra isika ka tsy tokony hiezaka ny hibebaka intsony.

Ny fanirian'Andriamanitra mba hano-hozan'ny Olomasin'ny Andro Farany ny hiezaka foana dia mihoatra lavitra ny fandresena ny fahotana ihany koa. Raha mijaly isika noho ireo fifandraisana

mananosarotra, na ireo olana ara-toekarena, na ny aretina, na vokatry ny fahotan'ny olona hafa, dia afaka manasitrana—indrindra indrindra fa—ireo izay nijaly tao anatin'ny tsy fananantsiny mihitsy aza ny Sorompanavotana tsy misy fetran'ny Mpamonjy. Azony tsara mihitsy izany hoe manahoana izany mijaly ao anatin'ny tsy fananantsiny izany, vokatry ny fandikan-dalàna nataon'ny hafa. Araka ny voambaran'ny faminaniana, ny Mpamonjy dia “hitory teny soa mahafaly amin'ny malahelo . . . , hanome azy namama ho solon'ny lavenona, sy diloilo fifaliana ho solon'ny fahalalohovana, ary fitafiana fiderana ho solon'ny fanahy reradreraka.”<sup>9</sup> Na inona na inona no miseho dia miandry ny Olomasin'ny Andro farany Andriamanitra mba hanohy hiezaka miaraka amin'ny fanampiany.

Tahaka ny mahafaly an'Andriamanitra rehefa mivoatra isika no maha-diso fanantenana Azy raha tsy manaiky isika fa miezaka ihany koa ny hafa. Nizara ny fomba nianarany io lesona io avy amin'i Julia reniny i Thoba izay namana malalanay. Anisan'ireo mpi-kambana vaovao mainty hoditra taloha tao Afrika Atsimo i Julia sy i Thoba. Rehefa nifarana ny fitondrana nanjakan'ny fanavakavaham-bolon-koditra dia navela niara-nivavaka ireo mpikambana mainty hoditra sy fotsy hoditra. Ho an'ny maro dia zava-baovao sy niteraka fanamby ny fifaneraseran'ireo olona samy hafa fihodirana. Indray mandeha, rehefa nivavaka tany am-piangonana i Julia sy i Thoba, dia tsapan'izy ireo fa tsy nandray azy ireo tamin'ny hatsarampanahy ny mpikambana fotsy hoditra sasany. Rehefa nody izy ireo dia nitaraina mafy tamin'ny reniny i Thoba. Nihaino tamim-pahatoniana i Julia mandra-pahavitan'i Thoba naneho ny fahadisoam-panantenany. Dia hoy i Julia hoe: “Thoba a! Tahaka ny hôpitaly lehibe iray ny Fiangonana, ary samy manana ny aretina mamparary antsika avy isika. Mankany am-piangonana isika mba ho ampiana.”

Ahitana taratra hevi-baovao manandanja iray ny fanamarihana nataon'i Julia. Tsy tokony hoe hanana fandeferana fotsiny isika rehefa miezaka manasitrana



ny aretina ara-panahy ao aminy manokana ny hafa. Tokony ho tsara fanahy koa isika, maharitra, tia manampy, ary manana fangorahana. Tahaka ny hamporisihan'Andriamanitra antsika hanohy hiezaka, dia andrasany koa ny hanomezantsika fahafahana ny hafa hanao toy izany ao anatin'ny fotoana hahavitany azy. Ho tonga eo amin'ny fiainantsika amin'ny fatrany lehibe kokoa aza ny Sorompanavotana amin'izay. Dia hialky isika amin'izay fotoana izay fa na dia eo aza ireo fahasamihafana izay tsikaritra dia samy mila ilay Sorompanavotana tsy misy fetra avokoa isika.

Taona maromaro lasa izay dia nantsoina hanao asa fitoriana ny zatovolahy mahafinaritra iray antsoina hoe Curtis. Izy ilay karazana misiônera irin'ny filohan'ny misiôna rehetra. Nifantoka izy sady niasa mafy. Nisy fotoana iray nanomezana azy namana mpiara-mitory iray izay tsy matotra, tsy dia havanana tamin'ny fifandraisana aman'olona, ary tsy dia nafana fo tamin'ny famitana ny asa.

Indray andro raha nitaingina ny bisikiletany izy ireo, dia nitodika tany aoriana i Curtis ka nahita fa nidina avy eo amin'ny bisikiletany, tsy hay hoe nahoana, ilay namany, ka nandeha an-tongotra. Nitaraina tao an-tsainy tamin'Andriamanitra i Curtis. Tena sarotra ilay niara-niasa tamin'ny namana

iray nila fampaherezana lava izao tamin'ny famitana izay zavatra rehetra natao. Fotoana fohy taorian'izay dia nanana fahatsapana lalina i Curtis, toy ny nilaza tamin'ny Andriamanitra hoe: "Hitanao ry Curtis! Amiko dia tsy misy fahasamihafana be loatra eo aminareo roalahy." Nianatra i Curtis fa nila nanana faharetana tamin'ny mpiara-mitory iray tsy tanteraka izy, izay niezaka ihany koa anefa tamin'ny fombany manokana.

Ny fanasana ataoko amintsika rehetra dia ny handinika ny fiainantsika, hibebaka, ary hanohy hiezaka. Raha tsy miezaka isika dia mpanotan'ny andro farany fotsiny ihany. Raha tsy maharitra isika dia mpitsoaka an-daharan'ny andro farany. Ary raha tsy mamela ny hafa hiezaka isika dia mpihatsaravelatsihin'ny andro farany fotsiny.<sup>10</sup> Rehefa miezaka isika, maharitra, ary manampy ny hafa hanao toy izany dia tena Olomasin'ny Andro Farany marina. Rehefa miova isika dia hahita fa tena miraharaha bebe kokoa marina mikasika ny maha-isika antsika sy izay hahatongavantsika Andriamanitra, fa tsy izay naha-isika antsika teo aloha.<sup>11</sup>

Feno fankasitrahana lalina aho noho ny Mpamonjy, noho ny Sorompanavotana tsy misy fetra nataony, ary noho ireo mpaminanin'ny andro farany izay mamporisika antsika mba ho lasa Olomasin'ny Andro Farany, mba hanohy hiezaka.<sup>12</sup> Mijoro ho vavolombelona aho fa tena velona ny Mpamonjy, amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

#### FANAMARIHANA

1. Jereo ny Nelson Rolihlahla Mandela, *Long Walk to Freedom* (1994); "Biography of Nelson Mandela," [nelsonmandela.org/content/page/biography](http://nelsonmandela.org/content/page/biography); sy ny fiderana nataon'ny Filoha Barack Obama ho an'i Nelson Mandela tamin'ny 10 des. 2013, tao amin'ny [whitehouse.gov/the-press-office/2013/12/10/remarks-president-obama-memorial-service-former-south-african-president](http://whitehouse.gov/the-press-office/2013/12/10/remarks-president-obama-memorial-service-former-south-african-president). Ireo karazana valisoa azony dia miseho amin'ny alalan'ny fahazoan'i Mandela ny Prix Nobel mahakasika ny fandriampahalemana, ny Medalin'ny Fahafahana avy amin'ny Filoham-pirenena ao Etazonia, ary ny Ordre de Lénine avy amin'ny soviëtika.
2. Jereo ohatra ny teny nambaran'i Nelson Mandela tao amin'ny Baker Institute ao amin'ny Rice University tamin'ny 26 ôkt. 1999 [bakerinstitute.org/events/1221](http://bakerinstitute.org/events/1221). Azo lazaina fa naveriny nolazaina tamin'ny teniny manokana ilay teny fanta-claza nolazain'i

Robert Louis Stevenson hoe: "Ireo olomasina dia ireo mpanota izay manohy miezaka." Maro ireo olona naneho fihetsehampo mitovy amin'izany tao anatin'ireo taona maro nifandimby. Ohatra, i Confucius dia nahazo sitraka tamin'ny filazana hoe: "Ny fandresena lehibe indrindra azontsika dia tsy mifototra amin'ny tsy fianjerana mihitsy fa amin'ny fiarenana isak'izay mianjera isika."

3. Jereo ohatra ny 2 Nefia 31:2–21; 3 Nefia 11:23–31; 27:13–21; Môrônia 6:6; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:77, 79; 59:8–9; *Boky torolalana 2: Fitantana ny Fiangonana* (2010), 2.1.2.
4. Ny filazana fa "Andriamanitra dia miraharaha bebe kokoa, ary tsy misy fetra, ny maha-isika antsika sy izay hahatongavantsika, fa tsy izay naha-isika antsika" dia tsy midika fa tsy miraharaha ny vokatra ny fahotana nataon'ny tsirairay eo amin'ny hafa ny Mpamonjy. Raha ny marina dia miraharaha tsy misy fetra an'ireo izay niaritra ratram-po sy faanaintana ary alahelo noho ny fandikan-dalana nataon'ny hafa ny Mpamonjy. Ny Tompo dia "haka ny rofin'ny [vahoakany] ho eo Aminy Izy, mba hahatonga ny ao anatin'ny ho feno famindram-po, . . . mba hahafantarany araka ny nofo ny fomba hanampiana ny vahoakany arakara ny rofiny" (Almà 7:12).
5. William Shakespeare, *As You Like It*, fizarana faha 4, fisehoana faha 3, andalana 134–37.
6. Ezekielia 33:12, 14–16.
7. Ny fampiasana ny filazam-potoana ankehitriny amin'ireo matoanteny dia tsikaritra ao amin'ny soratra masina maro mifandray amin'ny Fitsarana Farany. Jereo ohatra ny 2 Nefia 9:16; Môrônia 9:14; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 58:42–43.
8. Thomas S. Monson, "The Will Within," *Ensign*, mey 1987, 68.
9. Isaia 61:1–3; jereo koa ny Lioka 4:16–21.
10. Ny hoe *Mpihatsaravelatsihy* araka izay ampiasaina ao amin'ny Testamenta Vaovao dia azo adika avy amin'ny teny Grika ho toy ny "mpaka tahaka olona iray." "Ilay teny grika dia midika hoe "mpilalao tantara an-tsehatra" na "olona iray maka tahaka, izay maneho toy ny mpilalao tantara, na maneho amin'ny fomba tafahoatra ny zavatra iray" (Matio 6:2, footnote a ao amin'ny Baibolin'ny Olomasin'ny Andro Farany amin'ny teny anglisy). Raha tsy manome fahafahana ho an'ny hafa mba hiova araka izay fotoana hahavitany izany isika dia mody miseho ho Olomasin'ny Andro Farany fotsiny ihany.
11. Jereo ny fanamarihana 4, etsy ambonny.
12. Mahatalanjona ny isan'ny fisehoan'io hafatra io ao amin'ireo lahateny nataon'ny Fiadidiana Voalohany sy ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo. Nilaza io hevitra io ny Filoha Dieter F. Uchtdorf rehefa niteny hoe: "Amin'ireo fitsipika rehetra izay ampianarin'ireo mpaminany nandritra ny taonjato maro, ny iray izay nantitranterina hatrany dia ilay hafatra feno fanantenana sy mampahery hoe afaka mibebaka ny zanak'olombelona sy miova lalana ary miverina eo amin'ilay tena lalana marin'ny maha-mpanaradia" ("Vitanao io, izao dieny izao!" *Liahona*, nov. 2013, 56).



Nataon'ny Loholona Michael T. Ringwood  
Ao amin'ny Fitopololahy

# Tena feno hatsarana ary tsy mba mamitaka

*Ny vaovao mahafaly entin'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy dia hoe afaka hovana ny fanirian'ny fontsika ary afaka hampianarina sy hodiovina ny antony mandrisika antsika.*

Indrisy fa nisy ny fotoana teo amin'ny fiainako izay naniriako anaram-boninahitra sy fahefana.

Tsy nanana hevi-dratsy anefa aho tany am-boalohany. Rehefa niomana hanao asa fitoriana amin'ny fotoana feno aho, dia voatendry ho misiônera mpitarika ny faritra hiasana ny zokiko lahy tany amin'ny misiônany. Nahare zavatra tsara maro momba azy aho ka tsy haiko ny tsy naniry ny hiresahana toy izany momba ahy koa. Nanantena izany toerana izany aho ary mety niva-vaka momba izany mihitsy aza.

Soa ihany anefa fa nianatra lesona mahery vaika aho, rehefa nanao ny asa

fitoriako. Nampahatsiahivina ahy izany lesona izany tamin'ny fihaonambe farany teo.

Hoy ny Filoha Dieter F. Uchtdorf tamin'ny ôktôbra hoe: “Nanana fahafahana nifanerasera tamin'ny lehilahy sy vehivavy sasany faran'izay mahay sy mahiran-tsaina nonina teto amin'ity tany ity aho nandritra ny fiainako. Variana tamin'ireo olona manam-pahaizana, nahatontosa zavatra maro, nahita fahombiazana ary nahazo doka avy amin'izao tontolo izao aho fony mbola tanora. Saingy rehefa nandeha ny taona dia tsapako fa mahavariana ahy lavitra kokoa ireo fanahy mahatalanjona sy

voatahy izay tena feno hatsarana ary tsy mba mamitaka.”<sup>1</sup>

Ny maherifo ao amin'ny Bokin'i Môrmôna izay ankafiziko indrindra dia ohatra lavorary amin'ny fanahy mahagaga sy voatahy izay tena feno hatsarana ary tsy mba mamitaka. I Siblôna dia iray amin'ireo zanakalahin'i Almà Zanany. Fantatsika kokoa ny mikasika ny rahalahiny Helamàna, izay nandimby ny rainy amin'ny maha-misiônera rakitsoratra azy, sy i Kôriantôna, izay fanta-daza amin'ny maha misiônera nila torohevitra avy tamin'ny rainy azy. Nanoratra andininy 77 ho an'i Helamàna i Almà (jereo ny Almà 36–37). Nanokana andininy 91 ho an'i Kôriantôna izy (jereo ny Almà 39–42). Ho an'i Siblôna, ilay lahiaivo, dia andininy 15 monja no nosoratan'i Almà (jereo ny Almà 38). Mahery vaika sy feno fampianarana anefa ny teny hita ao amin'ireo andininy 15 ireo.

“Ary ankehitriny anaka, matoky aho fa izaho dia hanam-pifaliana lehibe aminao, noho ny fiorenanao sy ny fahatokiana an' Andriamanitra; fa toy ny efa nanombohanao niandrandra ny Tompo Andriamanitrao tamin'ny fahatanoranao, dia toy izany no anantenako fa hotohizanao ny fitandremana ny didiny; satria hotahiana izay maharitra hatramin'ny farany.

“Lazaiko aminao anaka fa efa nanampifaliana lehibe taminao sahady aho, noho ny fahatokiana sy ny fahazotoanao, ary ny faharetanao sy ny fahariponao teo anivon'ny vahoakan'ny Zôramita” (Almà 38:2–3).

Ankoatra ny firesahana tamin'i Siblôna dia niresaka momba azy tamin'i Kôriantôna koa i Almà. Hoy i Almà: “Moa tsy efa nomarihinao va ny fiorenanao ny rahalahinao, ny fahatokiana ary ny fahazotoany tamin'ny fitandremana ny didin' Andriamanitra? Indro, moa va izy tsy efa nampiseho ohatra tsara taminao?” (Almà 39:1).<sup>2</sup>

Hita fa zanaka izay naniry ny hafafaly ny rainy i Siblôna ary nanao izay marina satria izany no tokony hatao fa tsy nikatsaka laza, na toerana, na hery, na voninahitra, na fahefana. Mety nahafantatra sy nanaja izany toetra nananan'ny rahalahiny izany i Helamàna satria nampianandraiketiny an'i Siblôna





Woodbury, Minnesota, Etazonia

ny fitazonana ny rakitsoratra masina izay noraisiny tamin'ny rainy. Tena nahatoky an'i Siblôna i Helamana satria "lehilahy marina izy sy nandeha araka ny hitsiny tokoa teo anoloan' Andriamanitra; ary niezaka izy ny hanao ny tsara lalandava, ny hitandrina ny didin'ny Tompo Andriamaniny" (Almà 63:2). Raha ny toetoetra marina nananan'i Siblôna no resahina dia ahitana tahirin-tsoratra be loatra momba azy teo anelanelan'ny fotoana nandraisany ny rakitsoratra masina sy ny fotoana nanomezany izany an'i Helamàna, zanakalahin'i Helamàna (jereo ny Almà 63:11).

Tena feno hatsarana ary tsy mba namitaka i Siblôna. Olona nahafoy fotoana sy talenta ary ezaka izy mba hanampiana sy hampaherezana ny hafa noho ny fitiavany an' Andriamanitra sy an'ny mpiara-belona aminy (jereo ny Almà 48:17-19; 49:30). Tena mamari-paritra azy tsara ny teny nambaran'ny Filoha Spencer W. Kimball manao hoe: "Ny vehivavy sy ny lehilahy tena tsara dia te hanompo bebe kokoa hatrany fa tsy te hanjakazaka."<sup>3</sup>

Eo amin'ny tontolo izay hikatsahana amin'ny fomba rehetra ny laza, ny toerana, ny hery, ny voninahitra, ary ny fahefana, dia manaja ireo fanahy mahagaga sy voatahy izay tena feno hatsarana ary tsy mba mamitaka ireo



aho, ireo izay atosiky ny fitiavana an' Andriamanitra sy ny fitiavana ny hafa, ireo vehivavy sy lehilahy tena tsara izay "te hanompo bebe kokoa hatrany fa tsy te hanjakazaka."

Amin'izao fotoana izao dia ao ireo olona sasany manao izay hinoantsika fa ny fahazoana toerana sy fahefana ihany no hanome fahafahampo ny fikatsahantsika mba ho lasa olona manandanja. Soa ihany anefa fa betsaka no tsy voasarik'izany fomba fijery izany. Mahatsapa ho manandanja izy ireo amin'ny fikatsahana ny ho tena feno hatsarana ary tsy mba hamitaka. Hitako teo anivon'ireo sarangam-piainana samihafa sy teo anivon'ny antokompivavahana isan-karazany izy ireo. Ary betsaka tokoa izy ireo eo anivon'ireo mpanaradia an'i Kristy izay tena niova fo marina.<sup>4</sup>

Manaja ireo izay manompo amin'ny fahafoizantena isan-kerinandro

eo amin'ireo paroasy sy sampana maneran-tany aho amin'ny fanatan-terahana antso, mihoatra izay takina amin'izy ireo. Ny antso anefa dia mandalo fotsiny. Mbola mahatalanjona ahy kokoa ireo olona betsaka izay tsy manana antso ôfisialy, nefa mahita fomba hanampiana sy hampaherezana tsy an-kiato ny hafa. Misy rahalahy iray tonga aloha any am-piangonana mba handamina ny seza ary mijanona aorian'ny fotoana mba hampirina ny trano fiangonana. Ny rahavavy iray dia misafidy an-tsitraro ny hipetraka eo akaikin'ny rahavavy jamba iray ao amin'ny paroasiny mba hahafahany sady miarahaba azy no mihira mafy tsara mba hahafahan'ilay rahavavy jamba mandre ny tononkira dia hihira izany koa. Raha mandinika tsara ianareo ao amin'ny paroasy na sampana misy anareo, dia hahita ohatra tahaka izany. Misy foana ny mpikambana izay toa mahafantatra ny olona mila fanampiana sy ny fotoana izay tokony hanolorana izany fanampiana izany.

Ny lesona voalohany voaraiko momba ny Olomasina tena feno hatsarana ary tsy mba mamitaka angamba dia nianarako fony aho misiônera tanora. Nafindra tamin'ny faritra iray mba hiara-hiasa amin'ny elder iray tsy fantatro aho. Reko tamin'ny misiônera hafa fa tsy mbola voatendry ho mpitarika izy ary nanana fahasahiranana tamin'ny fianarana ny teny Koreana na dia efa ela aza no nijanonany tao Korea. Rehefa nahafantatra bebe kokoa an'io elder io anefa aho, dia hitako fa anisan'ireo misiônera mpankato sy mahatoky indrindra izay fantatro izy. Nandalina izy rehefa tonga ny fotoana tokony nanaovana izany. Niasa izy tamin'ny fotoana tokony nanaovana izany. Niala tao an-trano ara-potoana izy ary niverina tao an-trano tamin'ny fotoana tokony hiverenana. Nazoto tamin'ny fianarana ny teny Kôreana izy na dia tena sarotra ho azy aza izany.

Rehefa hitako fa diso ny resaka natao momba an'io misiônera io, dia tsapako fa noheverina ho tsy mahomby izy. Te hilaza tamin'ny misiônera iray manontolo ny zavatra hitako momba an'io elder io aho. Noresahiko tamin'ny

filohan'ny misiôna koa ny faniriako hanitsy io fiheveran-diso io. Toy izao no navaliny hoe: "Fantatry ny Ray any An-danitra fa misiônera mahomby io tovolahy io, ary mahafantatra izany koa aho." Nampiany hoe: "Dia mahafantatra izany koa ianao amin'izao fotoana izao, koa inona intsony moa no ilàna olonkafa hahafantatra izany?" Nampianatra ahy ny ny zavatra manan-danja amin'ny asa fanompoana io filohan'ny misiôna hendry io, ary tsy laza, na toerana, na hery, na voninahitra, na fahefana izany. Lesona tena lehibe ho an'ny misiônera tanora iray izay nifantoka be loatra tamin'ny anaram-boninahitra izany.

Teo am-piheverana io lesona io, dia nanomboka nanao jery todika ny fiainako taloha aho ary nahita ny fahatetehan'ny fotoana nitaoman'ny lehilahy sy vehivavy izay tsy niha-zona anaram-boninahitra na toerana ambony ahy tamin'izany fotoana izany. Anisan'ireo fanahy tahaka an'i Siblôna ny mpampianatro seminera tamin'izaho kilasy faharoa tany amin'ny lycée. Nampianatra seminera nandritra ny roa na telo taona monja io lehilahy io, kanefa nampisokatra ny foko tamin'ny fomba izay nanampy ahy hahazo fijoroana ho vavolombelona izy. Mety tsy ilay mpampianatra malaza indrindra tao amin'ny sekoly izy, kanefa vonona foana izy ary ny fitaomany ahy dia nahery vaika sy naharitry. Iray amin'ireo fotoana vitsy izay nahitako an'io lehilahy io tao anatin'ireo 40 taona hatramin'ny fotoana nampianarany ahy ny fotoana nahatongavany mba hijery ahy tamin'ny fandevenana ny raiko. Tena tsy avy amin'ny fikatsahana anaram-boninahitra na fahefana velively izany.

Manaja io mpampianatra feno fanolorantena io sy ny maro hafa tahaka azy aho, izay tena feno hatsarana sy tsy mba mamitaka. Manaja ilay mpampianatra Sekoly Alahady izay tsy mpampianatra ny mpianany mandritra ny kilasy rehefa alahady fotsiny ihany aho fa mpampianatra sy mitaona azy ireo mpianatra ihany koa amin'ny fanasana azy ireo hiaraka amin'ny fianakaviany hiarahisakafo maraina. Manaja ireo mpitarika ny tanora aho, izay manatrika ny fiaraha-mientana ara-panatanjahantena

sy ara-kolontsaina an'ny zatovolahy sy ny zatovovavy ao amin'ny paroasy misy azy. Manaja ilay lehilahy izay manoratra teny fampaherezana ho an'ny mpiray monina aminy aho, ary ilay vehivavy izay tsy mandefa ny karatra firarian-tsoa amin'ny Krismasy fotsiny fa manatitra izany an-tanana mihitsy any amin'ireo fianakaviana sy namana izay mila famangiana. Manaja ilay rahalahy izay lasa zatra nitondra ny mpiray monina aminy tamin'ny fiarakodia nandritra ny fotoan-tsarotra nianjadian'ny Alzheimer tamin'io mpiray monina aminy io aho—izay nanome azy sy ny vadiny fiovana tena nilaina tamin'ny rotorotompiainana nahazatra azy ireo isan'andro.

Tsy natao mba hahazoana laza sy voninahitra ireo zavatra ireo. Ireo lehilahy sy vehivavy ireo dia tsy namporisihin'ny fahafahana mandray anaram-boninahitra na fahefana. Izy ireo dia mpianatr'i Kristy izay manao ny tsara lalandava, sy miezaka ny hahafaly ny Rainy any An-danitra tahaka an'i Siblôna.

Mampalahelo ahy ny mahare mikasika ireo olona sasany izay mitsahatra amin'ny fanompoana na amin'ny fanatrehana mihitsy aza ny fivoriampiangonana satria nisaorana tamin'ny antso iray na tsy noraisina tamin'ny toerana na anaram-boninahitra izay niriany ho azo. Manantena aho fa hianatra ny lesona izay nianarako fony aho misiônera tanora izy ireo—fa ny fanompoana manan-danja indrindra mazàna dia ilay fanompoana ankasitran' Andriamanitra irery ihany. Moa ve isika manadino ny tombotsoan' Andriamanitra ao anatin'ny fikatsahantsika ny tombotsoantsika?

Mety hilaza ny sasany hoe: "Mbola betsaka anie ny ezaka mila hataoko mba ho tonga tahaka ireo olona no-resahinao ireo el!" Ny vaovao mahafalin'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy dia ny ny hoe afaka ny hiova ny fanirian'ny fontsika ary afaka ny hovolavolaina sy hatsaraina ny zavatra mandrisika antsika. Rehefa atao batisa ao amin'ilay tena valan' Andriamanitra isika, dia manomboka ny dingana amin'ny fahatongavana ho olom-baovao isika (jereo ny 2 Korintiana 5:17; Môsîa

27:26). Isaky ny manavao ny fanekempihavanan'ny batisa amin'ny fandraisana ny fanasan'ny Tompo isika, dia manakaiky bebe kokoa izany tanjona faratampony izany.<sup>5</sup> Rehefa maharitry ao amin'izany fanekempihavanana izany isika dia mandray ny hery ilaina mba hiara-malahelo amin'izay malahelo sy hampionona izay mila fampiononana (jereo ny Môsîa 18:9). Ao amin'izany fanekempihavanana izany no ahi-tantsika ny fahasoavana izay mamela antsika hanompo an' Andriamanitra sy hitandrina ny didiny, anisan'izany ny fitiavana an' Andriamanitra amin'ny fo manontolo sy ny fitiavana ny naman-tsika tahaka ny tenantsika.<sup>6</sup> Ao amin'io fanekempihavanana io dia manampy antsika Andriamanitra sy i Jesoa Kristy mba hahafahantsika manampy ireo izay mila ny fanampiantsika (Jereo ny Môsîa 4:16; jereo koa ny andininy 11–15).

Ny zavatra tena iriako amin'ny fiainana dia ny hahafaly ireo raiko—na ny eto an-tany na ny any an-danitra—ary ny hitovy bebe kokoa amin'i Siblôna.<sup>7</sup>

Misaotra ny Raiko any An-danitra aho noho ireo fanahy tahaka an'i Siblôna izay manolotra fanantenana ho ahy—sy ho antsika rehetra—amin'ny alalan'ny ohatra asehony. Hitantsika eo amin'ny fiainan'izy ireo ny vavolombelona manambara ny fisian'ny Ray any An-danitra be fitiavana sy ny Mpamonjy iray izay mikarakara sy feno famindrampo. Atambatro amin'ny azy ireo ny fijoroana ho vavolombelona ananako miaraka amin'ny fanolorantena ny hiezaka hitovy amin'izy ireo bebe kokoa, amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, Amena. ■

#### FANAMARIHANA

1. Dieter F. Uchtdorf, "Moa izaho va izany, Tompoko?" *Liahona*, nov. 2014, 58; nampiana fanamafisana.
2. Tsy nandeha nitony teo anivon'ny Zôramita i Helamàna, noho izany dia fantatsika fa niresaka mikasika an'i Siblôna i Almà rehefa nilaza hoe "ny rahalahinao" (jereo ny Almà 31:7; 39:2).
3. Spencer W. Kimball, "The Role of Righteous Women," *Ensign*, nov. 1979, 104.
4. "Nampianatra antsika ny Tompo fa rehefa miova fo marina amin'ny filazantsarany isika dia tsy hitodika amin'ireo olona mifono fitiavan-tena intsony ny fontsika fa hitodika amin'ny asa fanompoana mba hanome hery ny hafa eo am-pirosoan'izy ireo mankany amin'ny fiainana mandrakizay. Mba hahazoana izany fiovampo izany

dia afaka mivavaka sy miasa am-pinoana isika mba hahatonga antsika ho ilay olom-baovao avy amin'ny alalan'ny fanampian'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy. Afaka manomboka izany isika amin'ny alalan'ny fangatahana finoana mba hibebehana amin'ny fitiavan-tena sy ny fangatahana fanomezam-pahasoaavana mba hikarakara bebe kokoa ny hafa mihoatra ny tenantsika. Afaka mivavaka isika mba hahazo hery hialana amin'ny fitiavan-tena sy ny fitsiriritana” (Henry B. Eyring, “Fijoroana ho Vavolombelona sy Fiovampo,” *Liahona*, feb. 2015, 4–5).

5. “[Andriamanitra] dia tsy mety maty ary tonga lafatra. Isika dia mety maty ary tsy tonga lafatra. Na izany aza anefa dia mikatsaka fomba izay ahafahantsika miray Aminy ara-panahy isika na dia eto amin'ny fiainana an-tany aza. Rehefa manao izany isika dia mandray ny sasany amin'ny fahasoaavany sy ny voninahitra ny Heriny. Anisan'ireo fotoana manokana ireo . . . ny batisa sy ny fandraisana ho mpikambana . . . [ary] ny fandraisana ny tandindon'ny Fanasan'ny Tompo” (Jeffrey R. Holland, *To My Friends* [2014], 80).
6. “Ny Olomasin'ny Andro Farany izay mahatsapa ny tenany ho zanak' Andriamanitra amin'ny zavatra ataony rehetra dia manao fanolorantena ho azy ary manaja izany. Voamariky ny fanekempihavanana ny drafitry ny famonjena. Mampanantena isika fa hitandrina ny didy. Ho setrin'izay dia mampanantena fitahiana amin'ity fiainana ity sy amin'ny fiainana mandrakizay Andriamanitra. Marina tsara Izy amin'ny zavatra takiany ary lavorary amin'ny fanajana ny teny nomeny. Noho ny fitiavany antsika sy noho ny tanjon'ny drafitra dia ny ho tonga toa Azy, dia mitaky antsika ho marina tsara Izy. Ary ny fampanantenana izay omeny antsika dia ahitana mandrakariva ny hery hampitomboana ny fahafahantsika mitandrina fanekempihavanana. Ataony izay hahafantarantsika ny lalàny. Rehefa miezaka amin'ny fontsika manontolo mba hanaja ireo fitsipika napetrany isika dia omeny ny Fanahy Masina ho namana lalandava. Izany kosa dia sady mampitombo ny hery hanajantsika ny fanolorantena nataontsika no hanoro antsika ny tsara sy ny marina. Ary izany no herin'ny fianarana, na amin'ny fandalinantsika eo amin'ny ara-nofy izany na amin'ny fianarana ilaintsika amin'ny mandrakizay” (Henry B. Eyring, “A Child of God” [Fampaherezam-panahy tao amin'ny Oniversite Brigham Young, ôkt. 21, 1997], 4–5; speeches.byu.edu). Jereo koa ny David A. Bednar, “Mitondra Mora Foana ny Enta-mavesany,” *Liahona*, mey 2014, 87–90.
7. Raha ny fahatsiarovako azy hatrizay dia naniry ny hanao izay hahafaly ny raiko foana aho. Rehefa nihalehibe ka nandray fijoroana ho vavolombelona aho dia nandray ihany koa ny faniriana ny hanao izay hahafaly ny Ray any An-danitra. Taty aoriana dia nianatra momba an'i Siblôna aho ary nametraka tanjona teo amin'ny fiainako mba hitovy bebe kokoa aminy.



Nataon'ny Loholona Quentin L. Cook  
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifo

## Ny Tompo no fahazavako

*Ny fahafahantsika hijoro ho mafy orina sy mahatoky ary hanaraka ny Mpamonjy na dia eo aza ireo fiovaovan'ny toe-javatra miseho eo amin'ny fiainana dia mihamatanjaka tokoa amin'ny alalan'ny fianakaviana marina sy ny firaisankina mifototra amin'i Kristy ao amin'ny paroasy sy ny sampana misy antsika.*

Amin'izao vanim-potoan'ny Paska izao dia mieritreritra momba ny fanavotana izay natolotr'i Jesoa Kristy Mpamonjintsika isika ary mifaly noho izany.<sup>1</sup>

Miparitaka manerana izao tontolo izao ny hotakotaka satria miteraka fahatsapana ho marefo sy ny faharatsian'izao tontolo izao. Miteraka fahatsapana eo amin'ny maro fa zavatra mateti-pitranga eo amin'ny fiainana ny fiantraikan'ny faharatsiana, tsy fitovian-jo ary ny tsy rariny, noho ny fiparitahan'izany eo amin'ireo fitaovam-pifandraisana maoderina. Na dia mety ho goavana aza ireo fitsapana ireo dia tsy voatery hampivily antsika amin'ny fifaliana sy fankalazana ny fanalalàna masina nataon'i Kristy ho antsika izany. “Nandresy ny fahafatesana” ara-bakiteny ny Mpamonjy. Nentiny teo Aminy tao anatin'ny famindrampo sy fangorahana ny fahotana sy ny fandikan-dalàntsika, ka nanavotra antsika sy nanefa ny fitakian'ny fahamarinana ho an'ireo rehetra izay mibebaka sy mino ny Anarany Izy.”<sup>2</sup>



Ny sorompanavotana lehibe izay nataony dia manana lanjany goavana izay tsy takatry ny fisainan'ny olombelona. Mitondra fiadanana izay mihoatra lavitra noho ny fahatakarana tsotra izany asa feno famindrampo izany.<sup>3</sup>

Ahoana izany no hiatrehantsika ny zava-misy henjana izay manodidina antsika?

Tia ny voninkazo tanamasoandro hatramin'izay i Mary vadiko. Ravo izy



Iray amin'ireo toetra miavaka ananan'ireo tanamasoandro dia mbola tanora ny fomba fanarahan'ny bokon'ilay voninkazo tanora ny masoandro eny amin'ny lanitra.

rehefa mahita azy ireny maniry eny amoron-dalana, izay toerana tsy ampoizina hanirian'izany. Misy lalan-tany iray izay mitondra mankany amin'ny trano izay nipetrahan'ny raibe sy renibeko. Rehefa miditra izany lalana izany izahay dia matetika i Mary no mihiaka hoe: "Hahita ireny tanamasoandro mahavariana ireny indray ve isika androany araka ny eritreritrao?" Gaga izahay fa nandrombona be ireo tanamasoandro, izay tamin'ny tany niharan'ny fampiasana fitaovana amin'ny fambolena sy fanesorana ranomandry ary fitangoronan'ny fitaovana, izay tsy azo lazaina

fa tany tsara indrindra hanirian'ny voninkazo dia izany.

Anisan'ireo toetra mahagagan'ny tanamasoandro dia tanora, ankoatra ny faniriana amin'ny tany izay tsy tsara loatra, ny fomba fanarahan'ny bokon'ilay voninkazo tanora ny masoandro eny amin'ny lanitra. Rehefa manao izany izy dia mahazo hery manohana alohan'ny hamelanany ho ilay loko mavo midorehitra iny.

Mandrombona sy manjary midorehitra isika na dia eo aza ireo toe-javatra miseho mahatsiravina manodidina antsika rehefa manaraka

ny Mpamonjin'izao tontolo izao, ilay Zanak' Andriamanitra, tahaka ilay tanamasoandro tanora. Tena fahazavana sy fiainantsika tokoa Izy.

Nanambara tamin'ny mpianany ny Mpamonjy tao anatin'ilay fanoharana momba ny vary sy ny tsimparifary fa ireo izay manafintohina sy meloka dia hangonina ka *havoaka* amin'ny fanjakany.<sup>4</sup> Niteny Izy anefa momba ireo mahatoky fa: "Ary amin'izany ny marina dia hamirapiratra tahaka ny masoandro any amin'ny fanjakan'ny Rainy."<sup>5</sup> Afaka mandrombona sy mamelana isika tsirairay avy, ary amin'ny mahampianatr'i Kristy antsika, izay miaina ao anatin'ny tontolo feno fankahalana izay mikorontana ara-bakiteny raha toa ka miorim-paka ao amin'ny fitiavana ny Mpamonjy sy manaraka ireo fampianarany amim-panetrentena.

Ny fahafahantsika hijoro ho mafy orina sy mahatoky ary manaraka ny Mpamonjy na dia eo aza ireo fiovaovan'ny toe-javatra miseho eo amin'ny fiainana dia mihamatanjaka tokoa amin'ny alalan'ny fianakaviana marina sy ny firaisankina mifototra amin'i Kristy ao amin'ny paroasy sy ny sampana misy antsika.<sup>6</sup>

#### Ny fotoana tsara indrindra ao an-tokantrano

Ny anjara asan'ny fianakaviana ao amin'ny drafitr' Andriamanitra dia ny "hitondra fahasambarana ho antsika, hanampy antsika hianatra hanitsy ireo fitsipika marina ao anatin'ny tontolo feno fitiavana, ary hanomana antsika amin'ny fiainana mandrakizay."<sup>7</sup> Tokony ho tonga ampahany lalina eo amin'ny fiainan'ireo zanatsika ireo fombafomba mahafinaritra fampidirana ireo fitsipika ara-pivavahana ao an-tokantrano.

Mpianatra nahay, te ho tonga mpianoratra ary quart arrièrè tao amin'ny ekipa football amerikanina tao BYU i Vaughn Roberts Kimball dadatoako. Nisoratra anarana tao amin'ny tafika an-dranomasin'i Etazonia izy tamin'ny 8 desambra 1941, ny ampitson'ny fanafihana ny Pearl Harbor. Nandefa lahatsoratra fohy tamin'ny *Reader's Digest* izy rehefa nandeha



nandresy lahatra olona hiditra amin'ny tafika tany Albany, New York. Nanome 200 dôlara ho azy ilay gazety ary namoaka ity lahatsoratra ity izay mitondra ny lohateny hoe: "Ny fotoana tsara indrindra ao an-tokantrano," tamin'ny gazety navoaka tamin'ny taona 1944.

Mivaky toy izao ny ampahany amin'izany fandraisany anjara tamin'ny *Reader's Digest* izany, izay nametrahan'ny tenany ho tantsambo:

"Ny fotoana tsara indrindra ao an-tokantrano:

"Indray hariva tany Albany, New York, dia nanontany ny tantsambo iray aho hoe amin'ny firy izao. Namoka famantaranandro lehibe iray izy dia namaly hoe: 'Amin'ny 7:20.' Fantatro fa tara izany. 'Nijanona ny famantaranandronao, sa tsy izany?' hoy aho nanontany.

"Tsia,' hoy izy 'Mbola mihazona ny ora any Utah aho. Avy any atsimon'i Utah aho. Nomen'i dada ahy ity famantaranandro ity rehefa nilatsaka ho tafika an-dranomasina aho. Niteny izy fa hanampy ahy hahatsiaro ny any an-trano izany.

"Rehefa nanondro amin'ny 5 ora maraina ny famantaranandro dia fantatro fa mitondra fiara handeha hitery ronono i dada. Ary amin'ny alina rehefa manondro amin'ny 7:30 izany dia fantatro fa manodidina ny latabatra feno sakafo ny fianakaviana rehetra, ary misaotra an' Andriamanitra ny amin'izay eo ambonin'izany i dada sady mangataka ny mba hitsimbiny ahy. . . .', hoy izy. 'Afaka mamantatra ny

ora aho rehefa milamindamina iny. Ny tiako ho fantatra dia ora any Utah.'"<sup>8</sup>

Fotoana fohy taorian'ny nandefasany ilay lahatsoratra dia nalefa hanompo tao amin'ny sambo iray tany amin'ny Ranomasina Pasifika i Vaughn. Raha nanompo teo amin'ny sambo USS *Bunker Hill* teo akaikin'i Okinawa izy tamin'ny 11 mey 1945 dia nilatsahan'ny fiaramanidina roa nanao vy very ny ainy ilay sambo.<sup>9</sup> Saika ho tantsambo 400 no maty, ary anisan'izany i Vaughn dadatoako.

Naneho ny fitiavany lalina tamin'ny rain'i Vaughn ny Loholona Spencer W. Kimball, nanao fanamarihana momba ny fahamendrehan'i Vaughn sy ny toky nomen'ny Tompo fa "ireo izay maty ao aminy dia tsy hanandrana fahafatesana fa ho mamy aminy izany."<sup>10</sup> Nilaza tamin-katsaram-panahy ny rain'i Vaughn fa na dia nilevina any andranomasina aza i Vaughn dia hitondra azy any amin'ny tokantrano any andanitra ny tanan' Andriamanitra.<sup>11</sup>

Niresaka momba an'i Vaughn ny Filoha Spencer W. Kimball nandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana valo amby roapolo taona taty aoriana. Izao ny ampahany tamin'izay nolazainy: "Fantatro tsara izany fianakaviana izany. . . . Niara-nandohalika nanao vavaka mahery vaika [tamin'izy ireo] aho. . . . Nitondra fitahiana mandrakizay ho an'izany fianakaviana lehibe izany ny fanazarana tao an-tokantrano." Nanao fanamby tamin'ny fianakaviana rehetra ny Filoha Kimball mba "handohalika . . .

hivavaka ho an'ny zanakalahiny sy ny zanakaviny indroa isan'andro."<sup>12</sup>

Ry rahalahy sy ranabavy isany, raha toa ka manatanteraka amimpahatokiana ny vavaky ny mpianakavy, ny takarivan'ny mpianakavy, ny fandalinana ny soratra masina, ny tsodranon'ny fisoronana, ary ny fitandremana ny andro Sabata isika dia ho fantatry ny zanatsika ny ora ao an-tokantrano. Ho vonona amin'ny tokantrano mandrakizay any an-danitra izy ireo, na inona na inona mianjady aminy ato anatin'ity tontolo sarotra ity. Tena manan-danja tokoa ny hahafantaran'ny zanatsika fa tiana sy voaro izy ireo ao an-tokantrano.

Mpiara-miasa mitovy lenta ny mpivady.<sup>13</sup> Manana andraikitra samy hafa kanefa mifameno izy ireo. Mety hiteraka zanaka izay mitahy ny fianakaviana iray manontolo ny vehivavy. Mety hahazo ny fisoronana izay mitahy ny fianakaviana iray manontolo ny lehilahy. Kanefa mandray ireo fanapahankevitra manan-danja indrindra ny mpivady ao amin'ny filankevitry ny fianakaviana amin'ny maha-mpiara-miasa mitovy lenta azy. Manapa-kevitra izy ireo mikasika ny fomba ampianarana sy ifehezana ny ankizy, ny fomba handaniana ny vola, ny toerana ipetrahana, ary ireo fanapahan-kevitra maro hafa momba ny fianakaviana. Atao miaraka ireo rehefa avy nangataka fitarihana avy amin'ny Tompo.

Ny fahazavan'i Kristy dia mamboly lalina ao amin'ny zanak' Andriamanitra ny fahatakarana momba ny toetra mandrakizain'ny fianakaviana. Niteny toy izao ny iray amin'ireo mpanoratra tiako indrindra, tsy avy ato amin'ny fiangonantsika: "Tsy manan-danja loatra ny ankamaroan'ny zavatra eo amin'ny fiainantsika, [kanefa] . . . zavatra tena misy ny fianakaviana, ilay fototra; ilay mandrakizay; ilay ambenana sy karakarina ary tsy hivadihana."<sup>14</sup>

#### Manampy antsika hifantoka amin'ny Mpamonjy ny Fiangonana amin'ny maha-fianakaviana miray hina azy

Manan-danja ihany koa ny anjara asan'ny Fiangonana ankoatra ny fianakaviana. "Ny Fiangonana dia manolotra ny rafitra sy fomba hampianarana ny

filazantsaran'i Jesoa Kristy amin'ny zanak' Andriamanitra rehetra. Manolotra ny fahefan'ny fisoronana izany mba hanatanterahana ireo ôrdônansin'ny famonjena sy ny fisandratana amin'ireo rehetra izay mendrika sy vonona ny hanaiky izany.<sup>15</sup>

Ahitana ady mihanaka sy fahotana ary fanomezana laka lehibe ny fivaonan'ny kolontsaina sy ny tsy fitovian-jo eto amin'izao tontolo izao. Ato amin'ny Fiangonana, ankoatra ireo vondrona arafitra araka ny fiteny, dia manaraka ny faritra ara-jeôgrafia ireo paroasy sy sampana ananantsika. Tsy mampisaraka amin'ny alalan'ny saranga na ny ambaratongam-boninahitra isika.<sup>16</sup> Mifaly amin'ny fampifangaroana ny firazanana sy kolontsaina ao anatin'ny vondron'ny mpivavaka mahatoky isika. Manan-danja amin'ny fivoarantsika sy ny fahasambarantsika ary ezaka ataontsika manokana mba ho tahaka an'i Kristy bebe kokoa ny paroasintsika.

Mampisaraka ny olona matetika ny kolontsaina ary fototry ny herisetra sy fanavakavahana izany indraindray.<sup>17</sup> Ny sasany amin'ireo voambolana manahiran-tsaina indrindra nampiasaina tao amin'ny Bokin'i Môrmôna dia nentina namaritana ireo fombandrazan'ireo ray ratsy fanahy izay nitarika tamin'ny herisetra, ady, asa ratsy, fahotana, na ny fandravana ny vahoaka sy ny firenena mihitsy aza.<sup>18</sup>

Tsy misy toerana hanombohana mamaky momba ny famaritana ny kolontsain'ny Fiangonana izay manan-danja amintsika ankoatra ny 4 Nefia. Mivaky toy izao ny ampahany ao amin'ny andininy 2: "Niova fo ho an' ny Tompo avokoa ny vahoaka eran' ny lafiny rehetra teo amin' ny tany, na Nefita na Lamanita, ary tsy nisy fifandirana na fifanjihirana teo anivony, ary ny olona tsirairay dia nifampitondra araka ny hitsiny tokoa teo amin' izy samy izy." Ao amin'ny andininy 16 dia mamaky isika hoe: "Ary marina tokoa fa tsy ho nety nisy vahoaka sambatra kokoa toa azy teo anivon' ny vahoaka rehetra izay noharian'ny tanan' Andriamanitra." Noho "ny fitiavana an' Andriamanitra izay nitoetra tao am-pon'ny vahoaka" no nahatonga ny tsy fisian'ny fifanjihirana.<sup>19</sup>

Izany no kolontsaina katsahintsika ananana.

Ampahany fototry amin'ny mahazizy antsika ireo soatoavina sy finoana miorim-paka. Tokony ankamamiana sy arovana ireo fombafomban'ny fahafoizana, fankasitrahana, finoana ary ny fahamarinana. Tsy maintsy mankafy sy miaro ireo fombafomba izay manorina finoana ny fianakaviana.<sup>20</sup>

Iray amin'ireo manana ny lanjany lehibe tokoa eo amin'ny endrika arakolontsaina ny fiteny. Nisy vondrona miteny fiteny fito tsy avy eo an-toerana tao amin'ny faritr'i San Francisco, Californie izay toerana nipetrahako. Ny foto-pampianarantsika mikasika ny fiteny dia hita ao amin'ny fizarana 90, andininy 11 ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekehampihavanana: "Fa ny zavatra hitranga amin' izany andro izany, dia handre ny fahafenoan' ny filazantsara amin' ny teniny avy ny olona tsirairay ary amin' ny fiteniny avy."

Rehefa mivavaka amin' Andriamanitra amin'ny fitenin-drazany ny zanany dia izany no fitenin'ny fony. Mazava ho azy fa sarobidy ho an'ny olona rehetra ny fitenin'ny fo.

Dokotera mpitsabo i Joseph zokiko lahy ary nitsabo nandritra ny taona maro tao amin'ny faritry ny Baie de San Francisco izy. Nisy Samoana zokin-jokiny iray, mpikamban'ny Fiangonana, izay hitsabo tena, tonga tao amin'ny biraony. Tao anatin'ny fanaintainana nampandraingiraingy mafy izy. Voafaritry fa nisy vato ny voany, ary natao ny fitsaboana mifanaraka amin'izany. Nilaza ity mpikambana Samoana ity fa ny tanjony voalohany dia ny hahatakatra mazava tsara ny zavatra tsy mety taminy mba hahafahany mivavaka amin'ny fiteny Samoana amin'ny Rainy any An-danitra momba izany olona arapahasalamana izany.

Zava-dehibe ho an'ny mpikambana ny mahatakatra ny filazantsara amin'ny fitenin'ny fony mba hahafahany mivavaka sy manao asa araka ireo fitsipiky ny filazantsara.<sup>21</sup>

Tsy maintsy manana fo mifandray anatin'ny firaisankina sy fitiavana isika na dia misy aza ny fahasamihafan'ny fiteny sy ireo fombafomba mahafinaritra

sy mankahery ara-kolontsaina.<sup>22</sup> Niteny mazava ny Tompo hoe: "Aoka ny olona tsirairay hihevitra ny rahalahiny ho toy ny tenany. . . . aoka ho iray ianareo; ary raha tsy iray ianareo dia tsy Ahy."<sup>23</sup> Raha mankamamy ny fahasamihafan'ny kolontsaina araka ny tokony ho izy isika dia ny hiray hina amin'ny kolontsaina, fombafomba, ary fombandrazan'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy amin'ny fomba rehetra no tanjontsika.

#### Tsy mbola natanjaka toy izao Ny Fiangonana'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany

Fantatsika fa manana fanontaniana sy olana ny mpikambana sasany rehefa mikatsaka ny hampahatanjaka ny finoany sy ny fijoroana ho vavolombelony izy ireo. Tokony hitandrina isika mba tsy hanakiana na hitsara ireo izay manana olana—na lehibe na kely. Amin'izay fotoana izay koa dia tokony hanao izay rehetra azony atao ireo izay manana olana mba hanorenana ny finoana sy ny fijoroana ho vavolombelona ho azy ireo manokana. Ny fandalinana amimpaharetana sy amim-panetrentena, ny fivavahana, ny fiainana ireo fitsipiky ny filazantsara ary ny fakana torohevitra amin'ireo mpitondra mifanaraka amin'izany no fomba tsara indrindra hama-hana ireo fanontaniana sy ny olana.

Misy ireo izay milaza fa betsaka kokoa ny mpikambana izay mandao ny Fiangonana ankehitriny ary betsaka kokoa ny fanahiana sy ny tsy finoana noho ny teo aloha. Tsy marina tsotra izao izany. Tsy mbola natanjaka toy ny amin'izao Ny Fiangonana'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany. Vitsy kely ny isan'ireo mpikambana izay nanaisotra ny anarany avy tamin'ireo firaketan'ny Fiangonana ary tena nihena be izany tato anatin'ny taona vitsivitsy raha oharina amin'ny teo aloha.<sup>24</sup> Azo porofoina amin'ny faritra maro izany fitomboana izany, toy ny mpikambana nanao fanafiana masina manana fahazoan-dalana ho any amin'ny tempoly manan-kery, ny mpikambana olondhibe izay mandoa fahafolonkarena, ary ireo izay manao asa fitoriana dia nihabetsaka izaitsizy. Averiko indray hoe, Tsy mbola natanjaka toy ny amin'izao

ny Fiangonana. Kanefa, “tadidio ny hasarobidin’ny olona eo imason’ Andriamanitra.”<sup>25</sup> Manolo-tanana amin’ny rehetra isika.

Raha toa ka maizina sy mavesatra ary saika tsy ho zaka mihitsy ny fahasarotan’ny zavatra izay iainanareo ankehitriny dia tadidio fa nanatanteraka ny Sorompanavotana ny Mpamonjy tao anatin’ny fanaintainana lalina tao Getsemane sy tamin’ireo fampijaliana sy fanaintainana tsy takatry ny saina tao Kalvary, izay mamaha ireo entamavesatra mahatsiravina indrindra izay mety hitranga eto amin’ity fiainana ity. Nanao izany ho anao Izy. Nataony izany satria tiany isika ary satria mankatò sy tia ny Rainy Izy. Havotana amin’ny fahafatesana isika—na any anatin’ny ranomasina lalina aza.

Ny fiarovana antsika ato anatin’ity fiainana ity sy ho amin’ny mandrakizay dia mifototra amin’ny fahamarinan’ny tsirairay sy ny fianakaviana, ireo ôrdônansin’ny Fiangonana ary ny fanarahana ny Mpamonjy. Izany no fialofantsika amin’ny oram-baratra. Ho an’ireo izay

mahatsapa manirery, afaka mijoro amim-pahasahiana ao amin’ny fahamarinana ianareo ao anatin’ny fahafantarana fa ny Sorompanavotana dia hiaro sy hitahy anareo mihoatra noho ny fahafahanareo mahatakatra izany feno.

Isika dia tokony hahatsiaro ny Mpamonjy, hitandrina ireo fanekempihavanantsika, ary hanaraka ny Zanak’ Andriamanitra tahaka ilay tanamasoandro tanora izay manaraka ny taramasoandro. Hitondra fifaliana sy fahasambarana ary fiadanana ho anao ny fanarahana ny fahazavany sy ny ohatra nasehony. Araka ny nambaran’ny Salamo 27 sy ilay hira tiako hoe: “Jehovah no fahazavako sy famonjena ahy.”<sup>26</sup>

Mijoro ho vavolombelona momba ny Fitsanganan’i Jesoa Kristy tamin’ny maty aho amin’ity herinandron’ny Paska ity, amin’ny maha-iray amin’ireo Apôstôlin’ny Mpamonjy ahy. Fantatro fa velona Izy. Mijoro ho vavolombelona ny amin’ny maha-Andriamanitra Azy aho sy ny maha-tena misy ny Sorompanavotana, amin’ny anaran’i Jesoa Kristy, amena. ■

#### FANAMARIHANA

1. Jereo ny 2 Nefia 9:20–22.
2. Jereo ny Môsià 15:8–9.
3. Jereo ny Filipiana 4:7.
4. Jereo ny Matio 13:41.
5. Matio 13:43.
6. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 115:5–6.
7. *Boky Torolalana 2: Fitantanana ny Fiangonana* (2010), 1.1.4.
8. Vaughn R. Kimball, “The Right Time at Home,” *Reader’s Digest*, may 1944, 43.
9. Jereo ny taratasy avy tamin’ny Kapiteny G. A. Seitz, tafika an-dranomasin’i Etazonia, USS *Bunker Hill*, tamin’ny 25 mey 1945, ho an’ny rain’i Vaughn Kimball, Crozier Kimball, Draper, Utah.
10. Jereo ny taratasy avy tamin’ny Filoha Spencer W. Kimball, natao tamin’ny 2 Jona 1945, ho an’i Crozier Kimball; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 42:46.
11. Jereo ny Crozier Kimball, ao amin’ny Marva Jeanne Kimball Pederen, *Vaughn Roberts Kimball, A Memorial* (1995), 53.
12. Spencer W. Kimball, “The Family Influence,” *Ensign*, jolay 1973, 17. Filohan’ny Kôlej’in’ny Apôstôly Roambinifolo i Spencer W. Kimball tamin’izany.
13. Jereo ny “Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an’izao tontolo izao,” *Liahona*, nôv. 2010, 129.
14. Carla Carlisle, “Pray, Love, Remember,” *Country Life*, 29 sept 2010, 120.
15. *Boky Torolalana 2*, 1.1.5.
16. Jereo ny 4 Nefia 1:26.
17. Resahina be ny kolontsaina amin’izao tontolo ankehitriny izao. Nambaran’ny Merriam-Webster.com ho tenin’ny taona 2014 mihitsy aza ny teny hoe *kolontsaina*.
18. Jereo ny Almà 9; Helamana 5.
19. 4 Nefia 1:15.
20. I Goethe izay filôzôfa Alemà malaza dia nilaza hoe: “Mba hananana izay navelan’ny rainao ho lovanao dia tsy maintsy miasa mafy mba hahazoana izany ianao!” (Johann Wolfgang von Goethe, *Faust*, trans. Bayard Taylor [1912], 1:28).
21. Izany no anisan’ireo antony hampianaran’ny Fiangonana amin’ny fiteny miisa 50 sy handikana ny Bokin’i Môrmôna amin’ny fiteny miisa 110. Anisan’ireo olana maneran-tany anefa ny mianatra ny fitenin’ny firenena izay hipetrahanareo. Mila manao fahafoizantena isika amin’ny maha ray aman-dreny antsika mba hanampiana ny taranaka vao misondrotra mba hianatra ny fiteny ao amin’ny firenena izay hipetrahan’izy ireo ankehitriny. Ampio izy ireo mba hanao izany fiteny izany ho ny fitenin’ny fony.
22. Jereo ny Môsià 18:21.
23. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 38:25, 27.
24. Tato anatin’ny 25 taona dia nihena ny isan’ny mpikambana nandao ny Fiangonana ary nitombo saika ho avo roa heny ny isan’ny mpikambana ato amin’ny Fiangonana. Nihena be ny tahan’ny fandoazana ny Fiangonana.
25. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 18:10.
26. Salamo 27:1; Jereo ihany koa ny “Christ est ma lumière,” *Cantiques*, no. 50.





**Nataon'ny Loholona M. Russell Ballard**  
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambonifolo

# Taranaka tanora tsara indrindra

*Ny zavatra ilaintsika amin'izao fotoana izao dia taranaka tanora tsara indrindra eo amin'ny tantaran'ny Fiangonana. Mila ny fonareo sy ny fanahinareo iray manontolo isika.*

Ray amin'ireo fifaliana lehibe indrindra izay tiako rehefa mitety an'izao tontolo izao aho ny fahafahana mihaona sy miarahaba ireo misiônera. Mamirapiratra ny Fahazavan'i Kristy ireo misiônera mahatalanjona ireo, ka voataonan'ny fitiavan'izy ireo an'i Jesoa Kristy Tompo lalandava aho sy ny asa feno fanolorantena ataon'izy ireo Aminy. Isaky ny mandray tanana azy ireo ka mahatsapa ny fanahy sy ny finoana mahavariana izay ananany dia hoy aho amin'ny tenako hoe: "Tena fahagagana tokoa ireto zanakalahintsika sy zanakavavintsika mahafinaritra ireto!"

Nandritra ny fivoriamben'ny fisoronana tamin'ny volana Ôktôbra 2002 aho dia nampanao fanamby an'ireo eveka, ray aman-dreny ary ireo mety ho misiônera mba "hampiakatra ny zavatra takina" ho an'ny asa fitoriana amin'ny fotoana feno.

Dia nilaza aho tamin'izany hoe: "ny zavatra ilaintsika . . . dia taranaka misiônera lehibe indrindra eo amin'ny tantaran'ny Fiangonana. Mila misiônera mendrika, havanana ary mavitrika arapanahy isika. . . .

" . . . Mila ny fonareo sy ny fanahinareo iray manontolo isika. Mila misiônera mihetsiketsika sy mieritreritra ary entanim-po izay mahalala ny fomba fihainoana sy famaliana ny bitsiky ny Fanahy Masina isika."<sup>1</sup>

Amin'ny fomba maro dia feno fanamby bebe kokoa ny tontolo ankehitriny raha oharina amin'izay 13 taona lasa izay. Mihabetsaka kokoa ireo fandrehibena mianjady amin'ireo

zatovolahy sy zatovovavintsika izay manelingelina azy ireo amin'ny fiomanany amin'ny asa fitoriana sy fiainana ho avy feno fifaliana. Mihamivoatra ny teknôlojia, ka saika manana fitaovana entintanana izay mety misarika ny sain'ny fianakaviamben' Andriamanitra avokoa ny olon-drehetra, na ho an'ny zavatra tsara izany na ho an'ny zava-dratsy.

Anio hariva aho dia hiresaka amin'ireo misiônera izay manao asa fanompoana amin'izao, sy ireo misiônera hanao asa fitoriana amin'ny hoavy, ireo misiônera efa avy nanao asa fitoriana ary ireo lehilahy tanora rehetra ato amin'ny Fiangonana. Mivavaka aho mba hahatakaranao sy hisaintsainanareo lalina ny zavatra tsy maintsy ambarako aminareo eo am-pandehananareo mamakivaky ireo taona mampiantanentana sy feno fitakiana eo amin'ny fiainanareo.

Tany am-piandohan'ny Fiangonana dia Manampahefana Ambony no nanao tafa sy dinika an'ireo misiônera alohan'ny nandehananany tany amin'ny misiônany. Amin'izao fotoana izao dia ny evekanareo sy ny filohan'ny tsatôkanareo no manao tafa sy dinika anareo rehefa hanao asa fitoriana ianareo, ary ny ankamaroanareo dia tsy hanao tafa sy dinika amin'ny Manampahefana Ambony mihitsy mandritra ny andrompiainanareo iray manontolo. Ny mahatonga izany dia satria fiangonana mieli-patrana maneran-tany izay misy mpikambana mihoatra ny 15 tapitrisa



isika. Fantatro fa miteny amin'ny anaran'ireo Rahalahiko aho rehefa milaza hoe: mba nirianay, raha azo natao, ny nahalala anareo tsirairay avy sy afaka nilaza taminareo fa tianay ianareo ary manohana anareo izahay.

Soa ihany fa nanome fomba maro ho antsika ny Tompo mba hanoloran-tanana anareo. Ohatra: manendry ny misiônera tsirairay ao amin'ny misiônany ny mpikambana iray ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo. Na dia atao tsy misy tafa sy dinika mifanatri-tava izay mahazatra aza izany, ny teknôlojia sy ny fanambarana miaraka dia manome traikefa izay sady lalina no manokana. Mamelà ahy ianareo hilaza ny fomba fitrangan'izany.

Miseho eo amin'ny efijerin'ny solosaina ny sarinareo, miaraka amin'ireo fampahalalana manan-danja nomen'ny evekanareo sy ny filohan'ny tsatôkanareo. Rehefa miseho ny sarinareo dia mijery anareo eo amin'ny masonareo izahay ka mandinika ireo valinteny nomenareo tamin'ireo fanontaniana ao amin'ny taratasy fangatahana hirotsaka ho misiônera. Mandritra izay fotoana fohy izay dia toy ny hoe manatrika eo mihitsy ianareo ka mamaly anay mivantana.

Rehefa mijery ny sarinareo izahay dia matoky fa nahafeno tanteraka ireo “zavatra takina” amin'izao fotoana izao mba ho misiônera sady mahatoky no mahomby ianareo. Avy eo dia manendry anareo amin'ny iray amin'ireo misiônany ny Fiangonana maneran-tany miisa 406 izahay amin'ny alalan'ny herin'ny Fanahin'ny Tompo sy eo ambany fitarihan'ny Filoha Thomas S. Monson.

Tsia, tsy mitovy amin'ny hoe tafa sy dinika manokana sy mifanatri-tava tokoa izany. Kanefa, efa saika mitovy amin'izany ihany.

Ny vidéoconférence koa dia fomba iray izay manampy anay hifandray amin'ireo mpitarika ao amin'ny Fiangonana sy ireo mpikambana izay miaina lavitry ny foiben'ny Fiangonana.

Ao anatin'izany dia tiako ianareo izay miomana ny hanao asa fitoriana, ireo izay avy niverina ary ianareo tanora rehetra mba haka minitra vitsivitsy

miaraka amiko, tahaka ny hoe mifampiresaka manokana amin'ny alalan'ny fahitalavitra isika izao. Mba mijere kely aty amiko mandritra ny fotoana vitsivitsy, tahaka ny hoe tsy misy afa-tsy izaho sy ianareo no ao an'efitrano, na aiza na aiza no misy anareo anio hariva.

Fa izaho kosa dia haka sary ant-saina hoe mijery anareo amin'ny masonareo sy mihaino tsara ny valinteninareo mikasika ireo fanontaniana vitsivitsy izay inoako fa hanambara zavatra maro amiko mikasika ny halalin'ny fijoroanareo ho vavolombelona sy ny fanoloran-tenanareo amin'Andriamanitra. Raha azoko ambara amin'ny fomba tsotra ny zavatra nola-zaiko an'ireo misiônera 13 taona lasa izay dia izao: ny zavatra ilaintsika izao dia taranaka tanora tsara indrindra eo amin'ny tantaran'ny Fiangonana. Mila ny fonareo sy ny fanahinareo iray manontolo isika. Mila tanora mihetsiketsika sy mieritreritra ary entanim-po izay mahalala ny fomba fihainoana sy famaliana ny bitsiky ny Fanahy Masina isika eo am-pamakivakianareo ireo fitsapana sy fakam-panahy isan'andro amin'ny maha-tanora sy maha-Olomasin'ny Andro Farany anareo amin'izao fotoana izao.

Raha lazaina amin'ny fomba hafa dia hoe: fotoana izao hampiakarana ny zavatra takina, tsy ho an'ireo misiônera ihany fa ho an'ireo misiônera nahavita asa fitoriana sy ho an'ny taranaka misy anareo iray manontolo mihitsy koa aza.



Noho io antony io dia saintsaino ao am-ponareo ny valinteninareo mikasika an'ireto fanontaniana ireto:

1. Moa ve ianareo mandalina tsy tapaka ny soratra masina?
2. Moa ve ianareo mandohalika mi-vavaka mba hiresahana amin'ny Rainareo any An-danitra isa-maraina sy isak'alina?
3. Moa ve ianareo mifady hanina sy manolotra ny fanatitra avy amin'ny fifadian-kanina isam-bolana—eny fa na dia mpianatra mahantra sy feno fahasahiranana izay tsy afaka manome betsaka aza ianareo?
4. Moa ve ianareo mieritreritra lalina mikasika ny Mpamonjy sy ny sorompanavotany ho anareo rehefa asaina manomana, manamasina, mizara na mandray ny fanasan'ny Tompo ianareo?
5. Moa ve ianareo manatrika ireo fivorianareo ka miezaka ny mitandrina ny andro Sabata ho masina?
6. Moa ve ianao marin-toetra any antrano, any am-pianarana, any am-piangonana ary any am-piasana?
7. Moa ve ianareo madio ara-tsaina sy ara-panahy? Moa ve ianareo manalavitra ny fijerena pôrnôgrafia na ny fijerena tranonkala gazetiboky, sarimihetsika na applications, ka anisan'izany ny sary ao amin'ny Tinder sy ny Snapchat, izay mety hahamenatra anareo raha toa ka hitan'ny ray aman-dreninareo, ny mpitarika ao amin'ny Fiangonana na ny Mpamonjy Izy Tenany mihitsy?
8. Moa ve ianareo mitandrina tsara amin'ny fotoana anananareo—manalavitra ireo teknôlojia sy tambazotra ifaneraserana, ka tafiditra ao anatin'izany ireo jeux vidéo, izay mety mahadonto ny fahatsapanareo ara-panahy?
9. Sao dia misy zavatra eo amin'ny fiainanareo izay ilainareo hovaina sy hamboarina, manomboka androany hariva?

Misaotra anareo tamin'ity tafasiry manokana fohifohy ity. Manantena aho fa novalianareo tamin'ny fo madio sy tamim-pieritreretana lalina ny tsirairay

tamin'ireo fanontaniana ireo. Raha toa ka tsy nanaraka an'ireo fitsipika tsotra ireo ianareo dia mamporisika anareo aho hibebaka amim-pahasahiana ka hamerina ny fiainanareo hifanaraka amin'ny fenitry ny filazantsara ho an'ny mpanara-dia marina.

Ry rahalahy, azoko atao ve ny manome torohevitra fanampiny izay hanampy anareo handatsaka ny fijoroanareo ho vavolombelona momba ny filazantsara ao am-ponareo sy ao anaty fanahinareo?

Mampahatsiahy anareo misiônera nahavita asa fitoriana aho fa tokony hitohy ny fiomananareo amin'ny fiainana sy ny fianakaviana. Ny hoe “Misiônera nahavita asa fitoriana” dia tsy midika hoe “Môrmôna nisotro ronono”! Amin'ny maha-misiônera nahavita asa fitoriana anareo dia “tokony hazoto hirotsaka amin'ny tanjona tsara, ary hanao zavatra maro amin'ny nahim-po[nareo] ka hatonga fahamarinana fatratra.”<sup>2</sup>

Mba ampiasao ireo fahaiza-manao nianaranareo nandritra ny nanaovanareo asa fitoriana mba hitahiana ny fiainan'ny olona manodidina anareo isan'andro. Aza dia avadika avy amin'ny fanompoana ny hafa mankamin'ny fiompanana manokana amin'ny fianarana, asa na hetsika ara-tsôsialy fotsiny ny fifantohanareo. Fa lanjalanjao amin'ny traikefa ara-panahy izay mampahatsiahy sy manomana anareo amin'ny fanompoana mitohy isan'andro ny fiainanareo.

Nandritra ny fotoana nanaovanareo asa fitoriana dia nianatra ny maha-zavadehibe ny famangiana ny olona any an-tranony ianareo. Manantena aho fa ireo tanorantsika rehetra, na nanao asa fitoriana amin'ny fotoana feno na tsia, dia mahatakatra ny lanjan'ny fitsidihana ireo olona izay manirery, marary na kivy—izay tsy noho ny hoe asa nampandraketina fotsiny fa noho ny fitiavana madio izay anananareo amin'ny Ray any An-danitra sy ny zanany koa.

Ianareo izay any amin'ny sekoly ambaratonga faharoa ka miomana ny hanao asa fitoriana dia mamporisika anareo aho mba handray anjara sy hahavita hatramin'ny farany ny seminera. Ho anareo tanora mpitovo kosa dia tokony hisoratra anarana amin'ny



institiota fianarana filazantsara ianareo.<sup>3</sup> Raha toa ka mianatra ao amin'ny sekolin'ny Fiangonana ianareo dia atsofoy tsy tapaka ao anatin'ny enim-bolana iray ny kilasy fianarana filazantsara. Tsy maintsy mitozo amin'ny fitadiavana fomba hianarana sy hitomboana ary handraisana fitaomam-panahy sy fitarihan'ny Fanahy Masina ianareo mandritra io fotoana manan-danja fiomanana amin'ny asa fitoriana na fanambadiana mandrakizay io sy ny fiainana amin'ny maha-olon-dehibe anareo. Afaka manampy anareo hahatratra izany tanjona izany ny fandalinana tsara sy ombam-bavaka ny filazantsara amin'ny alalan'ny seminera, institiota na kilasy fianarana filazantsara.

Na mianatra ao amin'ny sekolin'ny Fiangonana ianareo na tsia, na mianatra eny amin'ny oniversite ianareo na tsia, dia aza mieritreritra hoe be atao loatra ka tsy afaka mandalina ny filazantsara. Hanome fandanjalanjana eo amin'ny fiainanareo ny seminera, institiota na ireo kilasy fianarana filazantsara ka hanampy ny fianarana laika ataonareo amin'ny fanomezana anareo fahafahana ny handany fotoana hianarana ny soratra masina sy ny fampianaran'ny mpaminany sy ny apôstôly. Misy taranja vaovao efatra izay tena tsara tokoa mba

tiako hamporisihina ny tanora hojerena sy ho arahina.<sup>4</sup>

Ary aza adino koa fa ireo kilasy sy fiaraha-mientana izay omena any amin'ireo institiota eo an-toerana na amin'ny alalan'ny paroasy na tsatôkan'ny tanora tokan-tena dia ho toerana hahafahanareo miaraka amin'ireo zatovolohy sy zatovovavy hafa sy hifanomezana famporisihina sy aingam-panahy rehefa mianatra sy mitombo ara-panahy ary mifangaroharo amin'ny hafa ianareo. Ry rahalahy, raha apetrakareo kely ny findainareo ka mijery ny manodidina anareo ianareo dia mety hahita ny vadinareo ao amin'ny institiota ianareo.

Ary izany no mitarika ahy amin'ny torohevitra kely hafa izay azoko antoka fa efa fantatrarao fa homeko: Mila mampiaraka ianareo tanora tokan-tena ka manambady. Atsaharo azafady ny fanemorana! Fantatro fa matahotra ny hanangana fianakaviana ny sasany aminareo. Kanefa, raha manambady ilay olona iray tena izy, any amin'ny toerana tena izy, amin'ny fotoana tokony hanaovana izany ianareo dia tsy mila matahotra. Raha ny marina dia izao: maro amin'ireo olona izay atrehanareo no hisinda raha toa ka “hazoto hirotsaka” amin'ny fampiarahana marina sy fihontihontiana ary fanambadiana ianareo. Aza andefasana hafatra izy! Ampiasao ny feonareo mba hifankahafantaranareo amin'ireo zanakavavy marin' Andriamanitra izay feno manodidina anareo. Ny fandrenesana feon'olombelona dia hampitolagaga azy—ka angamba hahatonga azy hiteny hoe: eny.

Dia izao ry rahalahy, mijoro ho vavolombelona aminareo aho fa afaka manampy antsika hanitsy ny zavadrehetra izay mila hahitsy eo amin'ny fiainantsika i Jesoa Kristy Tompo amin'ny alalan'ny sorompanavotany.

Amin'izao hariva izao izay anomanantsika ny fankalazana ny Alahadin'ny Paska rahampitso, dia andeha hiato kely miaraka amiko mba hahatsiarovana ny fanomezan'ny Sorompanavotan'i Kristy. Tsarovy fa mahafantatra tsara anareo sy mitia anareo tanteraka ny Ray any An-danitra sy i Jesoa Kristy, Mpamonjy antsika.

Amin'ny alalan'ny Sorompanavotana dia noraisiny Mpanavotra teo Aminy ny olantsika, ny fanaintainantsika ary ny fahotantsika. Tonga ny Mpamonjy an'izao tontolo izao mba hahatakatra ny momba antsika tsirairay avy tamin'ny alalan'ny fiainana ny fanantenantsika tsy tanteraka, ny fanamby ary ny loza tamin'ny alalan'ny fijaliany tao Getsemane sy teny amin'ny hazo fijaliana.<sup>5</sup> Maty Izy mba ho fanehoampitiavana farany ho antsika ka nalevina tao amin'ny fasana vaovao tamin'ny alina mangirifiry iny.

Ny Alahady maraina dia nitsangana tamin'ny maty i Jesoa—ka nampanantena fiainana vaovao ho an'ny tsirairay amintsika. Avy eo dia naniraka ireo mpianany ny Tompo izay nitsangana tamin'ny maty mba hampianatra ny olon-drehetra hanana finoana an'i Kristy, hibebaka amin'ny fahotana, hatao batisa, handray ny fanomezana ny Fanahy Masina ary haharitra hatramin'ny farany. Ry rahalahy, fantatsika fa niseho tamin'ny Mpaminany Joseph Smith Andriamanitra, ilay Raintsika sy ny Zanaka Malalany, ka namerina tamin'ny laoniny tamin'ny alalany ny fahafenoan'ny filazantsara mandrakizain'i Jesoa Kristy.

Matanjaha ry rahalahy. Tandremo ny didin' Andriamanitra. Mampanantena i Jesoa Kristy Tompo fa ny zava-drehetra izay iriatsika hatao amim-pahamarinana dia ho azontsika avokoa. Manantena anareo ireo mpitarika ao amin'ny Fiangonana. Mila anareo tanora tsirairay izahay mba hiomana hanambady, hanompo ary hitarika amin'ny andro manaraka, ary izany no vavaka ataoko amimpanetrentena amin'ny anaran'i Jesoa Kristy Tompo, amena. ■

#### FANAMARIHANA

1. M. Russell Ballard, "The Greatest Generation of Missionaries," *Liahona*, nov. 2002, 47.
2. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 58:27.
3. Jereo ny Taratasy avy amin'ny Fiadidiana Voalohany, 21 Aprily 2011
4. Jereo ny "New Religion Classes to Be Offered at Church Universities and Institutes of Religion," [lds.org/topics/education/new-religion-classes?](http://lds.org/topics/education/new-religion-classes?)
5. Jereo ny Môsià 3:5–13.



Nataon'ny Loholona Ulisses Soares  
Ao amin'ny Fiadidian'ny Fitopololahy

## Eny, afaka mandresy isika ary handresy!

*Tsy maintsy mifikitra mafy kokoa hatrany isika amin'ny fijoroana ho vavolombelona ananantsika mikasika ny filazantsaran'i Jesoa Kristy. Ary dia handresy isika amin'ireo ady atao isan'andro amin'ny ratsy.*

Ry rahalahy malala isany, mampanetry tena ahy ny tombontsoa lehibe ananako ahafahako mire-saka aminareo, ianareo mpihazona ny fisoronan' Andriamanitra manerana ny Fiangonana amin'izao fotoana izao.

Nilaza ny Filoha Thomas S. Monson indray mandeha hoe:

"Indraindray izao tontolo izao dia mety ho toerana mampatahotra ny miaina ao aminy. Ny endrika aramôralin'ny fiaraha-monina dia toa mihasiniba haingana dia haingana. Tsy misy na iray aza—na tanora na antitra na eo anelanelany—izay tsy hiharan'ireo zavatra izay mety afaka hanakivry sy hamotika antsika ireo. . . .

. . . Nefa tsy mila kivy isika. . . .

Miady amin'ny fahotana isika. . . .

Ady izay mety handresentsika izany ary handresy isika amin'izany. Ny Raintsika any An-danitra dia nanome antsika ireo fitaovana ilaintsika mba hanatanterahana izany."<sup>1</sup>

Isika rehetra, na tanora na antitra, dia mifanehitra isan'andro amin'ilay ady voalazan'ny Filoha Monson. Ilay fahavalo sy ireo anjelin'ny dia miezaka mandrebireby antsika. Ny tanjon'izy

ireo dia ny hamporisika antsika hiala amin'ireo fanekempihavanana izay nataontsika tamin'ny Tompo, ka hahatonga antsika hanadino ny lovantika mandrakizay. Fantatr'izy ireo tsara ny drafitry ny Raintsika any An-danitra ho an'ireo zanany, satria niara-nanatrika tamintsika izy ireo tamin'ilay Filankevitra lehibe tany An-danitra rehefa nampahafantarina manontolo izany. Miezaka manararaotra ny fahalementsika izy ireo, ka mamitaka antsika amin'ny "zavon'ny haizina . . . , izay manajamba ny maso sy manamafy ny fon'ny zanak'olombelona ary mitarika azy hankany amin'ny lalana migodàna mba ho faty sy ho very."<sup>2</sup>

Na dia eo aza ny fanoherana izay atrehintsika, araka izay nampianarin'ny Filoha Monson, dia ady izay mety handresentsika izany ary handresy isika amin'izany. Matoky ny fahafahantsika mandresy sy ny fahavononantsika ny Tompo.

Ny soratra masina dia ahitana ohatra tsy tambo isaina amin'ireo izay handresy tamin'ny adiny, na dia tao anatin'ny toe-javatra tena feno fanoherana aza. Iray amin'ireo ohatra ireo ny Kapiteny Môrônia ao amin'ny Bokin'i



Manampahafana Ambony sy Mpiandraikitra Ambony ato amin' Ny Fiangonani Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany

**NY FIADIDIANA VOALOHANY**



Henry B. Eyring  
Mpanolotsaina Voalohany



Thomas S. Monson  
Filoha



Dieter F. Uchtdorf  
Mpanolotsaina Faharoa

**NY KÔLEJIN'NY APÔSTÔLY ROAMBINIFOLO**



Boyd K. Pecker



L. Tom Perry



Russell M. Nelson



Dallin H. Oaks



M. Russell Ballard



Richard G. Scott



Robert D. Hales



Jeffrey R. Holland



David A. Bednar



Quentin L. Cook



D. Todd Christofferson



Neil L. Andersen

**NY FIADIDIAN'NY FITOPOLOLAHY**



Ronald A. Rastband



L. Whitney Clayton



Donald L. Hallstrom



Richard J. Maynes



Craig C. Christensen



Ulisses Soares



Lynn G. Robbins

## NY KÔLEJY VOALOHANY AO AMIN'NY FITOPOLOLAHY

(manaraka ny abidia)

Marcos A. Aidiakelis	John S. Jamier Mpanobotsaina Voalohany	Claudio R. M. Costa	LeGrand R. Curtis Jr.	Gerard R. Curtis Jr.	Joseph W. Slati	Hugo Montoya	S. Gifford Nielsen	Venn P. Stanfill	Dean M. Davies Mpanobotsaina Faharao	M. Joseph Brough Mpanobotsaina Faharao
Iwan S. Ardern	Benjamin De Hoyos	Edward Dube	Kevin R. Durcan	Larry J. Echo Hawk	Allen D. Heynie	Allen D. Heynie	Kevin W. Pearson	Juan A. Uceda	Francisco J. Vinas	Rosemary M. Nixon Mpanobotsaina Faharao
Iliwyn B. Arnold	David S. Baxter	Shayne M. Bowen	Craig A. Candon	Yoon Hwan Choi	Kim B. Clark	Don R. Clarke	Carl B. Cook	Lawrence E. Cochrane	Wilford W. Andersen	Douglas D. Holmes Mpanobotsaina Voalohany
Michael John U. Teh	Jose A. Teixeira	Amilfo Valenzuela	Antonio D. Perkins	Paul B. Pieper	Rafael E. Pino	Bruce D. Porter	Dale G. Reuland	Michael T. Ringwood	Per G. Malm	Stephen W. Owen Fihloa
Scott D. Whiting	Jorge F. Zeballos	Claudio D. Zivic	Scott D. Whiting	Chi Hong (Sam) Wong	Kazuhiko Yamashita	W. Craig Zwick	Erich W. Kopschke	Karin S. Kacher	Hugo E. Martinez	Gregory A. Schwizer
Terry Y. Wilson	Lary Y. Wilson	Terry Y. Wilson	Terry Y. Wilson	Terry Y. Wilson	Terry Y. Wilson	Terry Y. Wilson	Terry Y. Wilson	Terry Y. Wilson	Terry Y. Wilson	Terry Y. Wilson

## NY EPISKOPÀ MPIAHY

John S. Jamier Mpanobotsaina Voalohany	Gerard Caussé	Gay E. Stevenson	Ekeka Mpiathy

## MPIANDRAIKITRA AMBONY

Cheryl A. Espin Mpanobotsaina Voalohany	Rosemary M. Nixon Fihloa	Linda S. Reeves Mpanobotsaina Faharao	Lina S. Burton Fihloa

## ZATOVOVAVY

Carol F. McCorkle Mpanobotsaina Voalohany	Bonnie L. O'Carson Fihloa	Nell F. Marriott Mpanobotsaina Faharao

## SEKOLY ALAHADY


John S. Jamier Mpanobotsaina Voalohany	Tad R. Callister Fihloa	Devin C. Durrant Mpanobotsaina Faharao

## KILONGA

Cheryl A. Espin Mpanobotsaina Voalohany	Rosemary M. Nixon Fihloa

## ZATOVOLAHY

Douglas D. Holmes Mpanobotsaina Voalohany	Stephen W. Owen Fihloa	M. Joseph Brough Mpanobotsaina Faharao



*Hita eo amin'ny sary manaraka ny adim-pamantaranandro avy eo amin'ny tampony ankavia ireo mpikamban'ny Fiangonana sy ireo misiônera ao McMinnville, Oregon, Etazonia; San Martín de Los Andes, Neuquén, Argentine; Johannesburg, Afrika Atsimo; Helsinki, Finlande; Natal, Rio Grande do Norte, Brésil; Ciudad del Carmen, Campeche, Mexique; Perpignan, France; Montreal, Quebec, Kanada; Londres, Angletera.*



Môrmôna. Io tovolahy miavaka io dia nanana herimpo hiarovana ny fahamarinana tamin'ny fotoana izay nisian'ny fisaraham-bazana, sy ady maro, izay nanohintohina ny fisian'ny firenena Nefita iray manontolo mihitsy. Na dia namiratra aza i Môrônia tamin'ny fanatanterahany ny andraikiny dia nanetry tena hatrany izy. Io toetra io sy ny toetra hafa koa no nahatonga azy ho fitaovana niavaka teo am-pelatanan' Andriamanitra tamin'izany fotoana izany. Ny bokin'i Almà dia manazava fa raha nitovy tamin'i Môrônia avokoa ny olona rehetra dia “ny fahefan'ny helo mihitsy no efa ho nohozongozonina mandrakizay; [ary] ny devoly dia tsy ho nanam-pahefana na oviana na oviana tamin'ny fon'ny zanak'olombelona.”<sup>3</sup> Ireo toetran'i Môrônia rehetra dia azo avy amin'ny finoany lehibe an' Andriamanitra sy an'i Jesoa Kristy Tompo<sup>4</sup> ary ny fahavononany tsy voahozongozona hanaraka ny feon' Andriamanitra sy ireo mpaminaniny.<sup>5</sup>

Raha amin'ny hevi-teny itarina dia mila miova mba ho lasa Kapiteny Môrônia maoderina isika rehetra mba handresena ny ady atao amin'ny ratsy. Mahafantatra diakona kely iray tena mahatoky aho, izay niova mba ho lasa Kapiteny Môrônia maoderina. Arakaraka ny nikatsahany hanaraka ny torohevitr'ireo ray aman-dreniny sy ireo mpitarika ato amin'ny Fiangonana no nisedrana isan'andro ny finoany sy ny fahavononany, na dia mbola kely aza izy. Nilaza tamiko izy indray andro fa notampohan'ny toe-javatra tena sarotra sy tsy nampahazo aina—nijery sary mamofady tamin'ny findain'izy ireo ny namany. Tamin'izay fotoana izay indrindra dia tsy maintsy nanapa-kevitra io zatovolahy io hoe inona no tena nanandanja—ny fitiavan'ny olona azy ve sa ny fahamarinany. Tao anatin'ireo segondra vitsy taorian'izay dia feno herimpo tao anatiny, ka nilaza tamin'ireo namany izy fa tsy nety ny zavatra nataon'izy ireo. Nolazainy azy ireo mihitsy aza fa tokony hatsahatr'izy ireo io zavatra nataony io, fa raha tsy izany dia ho lasa andevozin'izany izy ireo. Nihomehezan'ny ankamaroan'ireo mpiara-mianatra taminy ilay torohevitra nomeny, tamin'ny filazana



fa ampahan-javatra ao anatin'ny fiainana izany ka tsy misy maha-ratsy azy. Kanefa nisy iray tamin'izy ireo izay nihaino ny torohevitr'io zatovolahy io ka nanapa-kevitra ny tsy hanao intsony io zavatra nataony io.

Nisy fiantraikany tsara teo amin'ny iray tamin'ireo mpiara-mianatra taminy, farafahakeliny, ny ohatra nasehon'ity diakona ity. Tsy isalasalana fa noesoina sy nenjehina noho izany fanapahan-kevitra izany izy sy ilay namany. Tetsy an-kilan'izany izy ireo dia nanaraka ny fananarana nataon'i Almà ho an'ny vahoakany, tamin'izy nilaza hoe: “Mivoàha hiala amin' ny olon-dratsy, ary aoka hisaraka, ary aza mikasika ny zavany tsy madio.”<sup>6</sup>

Ilay kiboky *Jeunes, soyez forts* dia ahitana an'izao torohevitra nankatoavin'ny Fiadidiana Voalohany izao ho an'ny tanoran'ny Fiangonana: “Tompon'andraikitra amin'ny safidy ataonareo ianareo. Mahafantatra anareo Andriamanitra ary hanampy anareo hanao safidy tsara Izy, na dia mampiasa ny fahafahany misafidy amin'ny fomba tsy mety aza ny fianakavianareo sy ireo namanareo. Manàna herimpo hijoro amin'izay inoanareo amin'ny fankatoavana ny sitrapon' Andriamanitra, na dia voatery mijoro irery aza ianareo. Raha manao izany ianareo dia mampiseho ohatra mba ho arahin'ny hafa.”<sup>7</sup>

Hitohy mandritra ny fiainantsika ny ady ataon'ny tsara amin'ny ratsy, satria ny tanjon'ny fahavalo dia ny hanao izay hahafadiranovana ny olona rehetra

tahaka azy. Hiezaka ny hampikorontana ny saintsika i Satana sy ireo anjelin'ny mba hametraka ny fifehazany amin'ny alalan'ny fakana fanahy antsika hanota. Raha afaka izy ireo dia handoto izay rehetra tsara. Na izany aza anefa dia zava-dehibe ny mahatakatra fa tsy hanana fahefana amintsika izy ireo raha tsy isika no mamela izany.

Ny soratra masina ihany koa dia mirakitra ohatra maro mikasika ireo izay nanome izany lalana izany ho an'ny fahavalo ka dia nanjary nikorontantsaina, ary simba tanteraka mihitsy aza tahaka an'i Nehôra sy i Kôrihôra ary i Serema. Mila mailo isika amin'io loza io. Tsy afaka mamela ny tenantsika isika ho voakorontan'ireo hafatra malaza izay eken'izao tontolo izao mora foana, kanefa mifanohitra amin'ny fotopampianarana sy ireo fitsipika marin'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy. Maro amin'ireo hafatra avy amin'izao tontolo izao ireo no tsy maneho afa-tsy ny fikasan'ny fiarahamonintsika hanamarina ny fahotana. Mila mitadidy isika fa amin'ny farany dia hijoro eo anatrehan'i Kristy ny rehetra mba hotsaraina amin'ny asantsika, na tsara izany na ratsy.<sup>8</sup> Rehefa mifanehitra amin'ireo hafatra avy amin'izao tontolo izao ireo isika dia herimpo lehibe sy fahalalana mafy orina ny drafitry ny Raintsika any An-danitra no ilaina mba hisafidianana ny tsara.

Afaka mahazo ny hery hisafidianana ny tsara isika rehetra raha mikatsaka ny Tompo sy mametraka ny fitokiansika sy ny finoantsika manontolo Aminy. Kanefa, araka ny ampianarin'ny soratra masina, dia mila manana “[hi]ltsimpo” sy “tena finiavana” isika. Ary ny Tompo, ao amin'ny famindrampony tsy misy fetra dia “haneho ny fahamarina[na amintsika] amin' ny herin' ny Fanahy Masina. Ary amin' ny herin' ny Fanahy Masina dia azon[tsika] fantarina ny fahamarinan' ny zava-drehetra.”<sup>9</sup>

Io fahalalana azo amin'ny alalan'ny Fanahy Masina io dia tsy inona tsy akory fa ny fijoroana ho vavolombelona an'ny tenantsika, izay mampitombo ny finoantsika sy ny fahavononantsika hanaraka ny fampianarana ao amin'ny filazantsara naverina tamin'ny laoniny amin'izao andro



farany izao, na dia eo aza ireo hafatra malaza izay rentsika avy amin'izao tontolo izao. Ny fijoroana ho vavolombelona ananantsika no tsy maintsy ataontsika ampinga hiarovana antsika amin'ny zana-tsipika mirehitry ny fahavalo eo amin'ny ezaka ataony mba hamelezana antsika.<sup>10</sup> Io no hitarika antsika tsy ho azon-doza ao anatin'ny hazina sy ny safotofoton-tsaina izay misy eto amin'izao tontolo izao ankehitriny.<sup>11</sup>

Nianatra an'io fitsipika io aho tamin'ny izaho misiônera tanora. Nanompo tao amin'ny sampana iray tena kely sy mitoka-monina an'ny Fiangonana izaho sy ny namako. Niezaka niresaka tamin'ny olona rehetra tao amin'ilay tanàna izahay. Noraisin'izy ireo tsara izahay, saingy tian'izy ireo ny miady hevitra mikasika ny soratra masina ary nangataka porofo mivaingana

izy ireo mikasika ny fahamarinan'ny zavatra nampianarinay.

Tsaroako fa isaky ny niezaka ny hanaporofy zavatra iray tamin'ny olona izaho sy ny namako dia nandao anay ny Fanahin' Andriamanitra, ka dia nahatsiaro ho very sy nikorotan-tsaina tantaraka izahay. Nahatsapa izahay fa tokony hampifanarahany tsara kokoa tamin'ny fahamarinan'ny filazantsara izay nampianarinay ireo fijoroana ho vavolombelona nanananay. Nanomboka tamin'io fotoana io dia tadidiko fa rehefa nijoro ho vavolombelona tamin'ny fonay manontolo izahay dia nameno ilay efitrano ny hery manamafy mangina avy amin'ny Fanahy Masina, ka tsy nisy toerana ho an'ny fikorontanan-tsaina sy ny ady hevitra. Nianatra aho fa tsy misy herin'ny ratsy izay afaka mampikorontan-tsaina, na mamitaka,

na manimba ny herin'ny fijoroana ho vavolombelona amin-kitsimpo ataon'ny mpianatra marin'i Jesoa Kristy.

Araka izay nampianarin'ny Mpamonjy mihitsy, dia irian'ny fahavalo ny hikororoka antsika toy ny vary, mba hahatonga antsika tsy hanana fahafahana hitarika an'izao tontolo izao ho amin'ny tsara.<sup>12</sup>

Ry rahalahiko malala, noho ny fitobaky ny safotofoton-tsaina sy ny ahiahy mihanaka manerana an'izao tontolo izao ankehitriny dia tsy maintsy mifikitra mafy kokoa hatrany isika amin'ny fijoroana ho vavolombelona ananantsika mikasika ny filazantsaran'i Jesoa Kristy. Ary dia hitombo fatratra ny fahafahantsika miaro ny fahamarinana sy ny rariny. Handresy isika amin'ireo ady atao isan'andro amin'ny ratsy, ka tsy ho lavo eny amin'ny sahan'ny adin'ny fiainana isika fa hahataona ny hafa hanaraka ireo fenitry ny Tompo.

Manasa ny rehetra aho mba hahazo fiarovana ao amin'ireo fampianarana hita ao amin'ny soratra masina. Ny Kapiteny Môrônia dia nampifanaraka ny finoany an' Andriamanitra sy ny fijoroana ho vavolombelona nanananay mikasika ny fahamarinana tamin'ny fahalalana sy ny fahendrena hita ao amin'ny soratra masina. Araka izany dia nahatoky izy fa handray ireo fitahiana avy amin'ny Tompo ary hahazo fandresena maro, ary izay tokoa, raha ny marina, no nitranga.

Manasa ny rehetra aho mba hahazo fiarovana ao amin'ireo teny feno fahendrena nataon'ireo mpaminanintsika amin'izao fotoana izao. Hoy ny Filoha Thomas S. Monson: "Afaka manova zavatra isika izay notendrena ho amin'ny fisoronan' Andriamanitra. Rehefa miha-zona ny fahadiovan'ny tenantsika isika ary manaja ny fisoronana hazonintsika dia lasa ohatra tsara arahan'ny hafa . . . [ary] afaka manazava ny tontolo izay mihamaizina hatrany."<sup>13</sup>

Manasa ny rehetra aho mba hahatoky ny herin'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy. Afaka mahazo herimpo isika amin'ny alalan'ny Sorompanavotany mba handresena amin'ny ady rehetra amin'izao andron-tsika izao, eny fa na dia mandritra ireo

zava-tsarotra sy olana ary fakam-panahy mandalo eo amintsika aza. Aoka isika hahatoky ny fitiavany sy ny fahafahany manavotra antsika. I Kristy mihitsy no nilaza hoe:

“Izaho no lalana sy fahamarinana ary fiainana; tsy misy olona man-kany amin’ny Ray, afa-tsy amin’ny alalako.”<sup>14</sup>

“Izaho no fahazavan’izao tontolo izao; izay manaraka Ahy tsy mba handeha amin’ny maizina, fa hanana ny fahazavan’aina.”<sup>15</sup>

“Izany teny izany efa nolazaiko taminareo mba hanananareo fiadanana amiko. Aty amin’izao tontolo izao no ahitanareo fahoriana; nefa matokia; Izaho efa naharesy izao tontolo izao.”<sup>16</sup>

Mijoro ho vavolombelona ny amin’ireo fahamarinana ireo aho amin’ny anarana masin’i Jesoa Kristy, amena. ■



**Nataon'i Larry M. Gibson**

Vao nisaorana tamin’ny naha-Mpanolotsaina Voalohany azy tao amin’ny Fiadidian’ny Zatovolahy Maneran-tany

## Ny maha-ray— anjarantsika mandrakizay

*Enga anie isika tsirairay mba handray ny fahafenoan’ny fitahian’ny Ray eto amin’ity fiainana ity ary hahatratra ny fahatanterahan’ny asany sy ny voninahiny amin’ny fahatongavana ho ray ho an’ny fianakaviansika mandrakizay.*

**N**ampianatra lesona iray manandanja tamiko ny raiko fony aho mbola tanora. Nahatsapa izy fa lasa niraiki-po loatra tamin’ny zavatra ara-nofy aho. Raha vao mahazo vola aho dia tonga dia mandany izany avy hatrany—ary matetika

ho ahy irery foana no nandaniako izany.

Indray tolakandro dia nentiny aho mba hividny kiraro vaovao. Rehefa tonga tao amin’ny rihana faharoan’ily trano fivarotana izahay dia nasainy aho hiara-hijery aminy any ivelan’ny varavarankely.

“Inona no hitanao?” hoy izy nanontany.

“Trano, lanitra, olona” hoy aho.

“Firy?”

“Be dia be!”

Dia nisintona vola madinika avy tao am-paosiny izy. Rehefa nanolotra izany tamiko izy dia nanontany hoe:

“Inona ity?”

Tonga dia fantatro avy hatrany: “Dôlara volafotsy!”

“Raha mifantoka eo amin’ily volafotsy ianao,” hoy ny nolazain’ny raiko, “dia ny tenanao ihany no ho hitanao, ary ... hanakana anao tsy hahita mazava tsara ilay anjara mandrakizay izay efa nomanin’ny Ray any An-danitra ho anao izany.”

### FANAMARIHANA

1. Thomas S. Monson, “Mitodika amin’ny lasa ary mandroso,” *Liahona*, mey 2008, 90.
2. 1 Nefia 12:17.
3. Almà 48:17.
4. Jereo ny Almà 48:13.
5. Jereo ny Almà 43:23–24; 48:16.
6. Almà 5:57.
7. *Jeunes, soyez forts* (kiboky, 2011), 2.
8. Jereo ny 3 Nefia 27:14.
9. Môrônia 10:4–5.
10. Jereo ny Efesiana 6:16; Fotopampianarana sy Fanekepivahanana 27:17.
11. Jereo ny Apokalypsy 12:11.
12. Jereo ny Lioka 22:31–32.
13. Thomas S. Monson, “Voatarika ka tody soa any an-trano,” *Liahona*, nôv. 2014, 68.
14. Jaona 14:6.
15. Jaona 8:12.
16. Jaona 16:33.



Hoy izy tamiko nampiasa ny fahai-zany simia: “Raha atsonika iny dôlara volafotsy iny ka afangaro amin’ny akora tokony ho izy dia manome nitrate d’argent. Raha rakofana nitrate d’argent ity varavarankely ity, dia inona no ho hitanao?”

Tena tsy fantatro, dia nentiny teo amin’ny fitaratra lehibe iray aho ka nanontaniany hoe: “Ary izao inona no hitanao?”

“Izaho no hitako.”

“Tsia,” hoy ny navaliny, “volafotsy izay mitaratra ny sarinao no hitanao. Raha mifantoka eo amin’ily volafotsy ianao, dia ny tenanao ihany no ho hitanao, ary tahaka ny voaly ihany, dia hanakana anao tsy hahita mazava tsara izay anjara mandrakizay izay efa nomanin’ny Ray any An-danitra ho anao izany.”

“Larry,” hoy izy nanohy ny teniny, “aza mikatsaka ny zavatr’ izao tontolo izao fa [katsaho] aloha ny hanorina ny fanjakan’ Andriamanitra sy ny hampitoetra ny fahamarinany dia hanampy ho [anao] ireo zavatra rehetra ireo” (Dikantenin’i Joseph Smith, Matio 6:38 [ao amin’ny Matio 6:33, fanovozan-kevitra eny ambanin’ny pejy a]).

Nasainy notazoniko ho ahy ilay dôlara ary noteneniny aho mba tsy hanary izany mihitsy. Isaky ny mijery izany aho dia tokony hieritreritra momba ilay anjara mandrakizay izay efa nomanin’ny Ray any An-danitra ho ahy.

Tena tiako ny raiko sy ny fomba fampianarany. Naniry ny ho tahaka azy aho.

Namboleny tato am-poko ny faniriana ho lasa ray tsara, ary ny fanantenako lalina indrindra dia ny miaina mifanaraka amin’ny ohatra nasehony.

Ny mpaminany malala antsika, ny Filoha Thomas S. Monson, dia niteny matetika hoe ny fanapahan-kevitra raisintsika no mamaritra ny hoavintsika ary misy fiantraikany mandrakizay (jereo ny “Decisions Determine Destiny” [takariva amorom-patana an’ny Departemantan’ny Fampianarana an’ny Fiangonana, 6 nov. 2005], 2, lds.org/broadcasts).

Koa tsy tokony hanana fomba fijery mazava ny amin’ny *anjarantsika mandrakizay* ve izany isika, indrindra fa ilay tian’ny Ray any An-danitra ho trararintsika—dia ny maha-ray mandrakizay antsika? Aoka ny *anjarantsika mandrakizay* no hamaritra ny fanapahan-kevitsika *rehetra*. Na manao ahoana na manao ahoana ny mety ho fahasarotan’izany fanapahan-kevitra izany, dia hanohana antsika ny Ray.

Nianatra momba ny herin’izany fomba fijery izany aho rehefa niaraka tamin’ireo zanako lahy 12 sy 13 taona nandray anjara tamin’ny fifaninanana 50/20. Ny 50/20 dia fandehanana antongotra 80 km izay vitaina ao anatin’ny latsaky ny 20 ora. Nanomboka tamin’ny 9:00 alina izahay ary nandeha nandritra ny alin’iny manontolo sy ny ampahany betsaka tamin’ny andro manaraka. Adiny 19 tena nahavalaka no nanaovanay izany, saingy vitanay ihany.

Teo am-piverenana, dia nandady ara-bakiteny mihitsy izahay raha niditra tao an-trano, dia vady sy reny maha-finaitra no nikarakara sakafo hariva mafiloetra tokoa ho anay, izay tsy nokasihanay akory. Nidaraboka teo amin’ny seza lava ilay zanako lahy zandriny, valaka tanteraka, ary ilay zokiny kosa nandady nankany ambany rihana any amin’ny efitrano fatoriany.

Rehefa avy niala sasatra kelikely tao anatin’ny fanaintainana aho dia nankeo amin’ily zanako lahy zandriny mba hakanana antoka raha toa ka mbola velona soa aman-tsara izy.

“Ao tsara ve ialahy?” hoy aho.

“Dada ô, iny no zavatra sarotra indrindra nataoko hatrizay, ary tsy te hiverina hanao an’iny intsony aho.”

Tsy nieritreritra ny hiteny aminy aho hoe izaho koa dia tsy mba hanao an’iny intsony. Nolazaiko azy kosa fa tena nampirehareha ahy ny nahavitany zavatra sarotra toy izany. Fantatro fa hanomana azy hiatrika ireo zava-tsarotra hafa amin’ny hoaviny izany. Teo am-pieritretana izany no nilazako taminy hoe: “Anaka, ataoko aminao izao fampiantenana izao. Rehefa handeha hanao asa fitoriana ianao, dia tsy hasaina handeha tongotra 80 km mihitsy ao anatin’ny indray andro.”

“Tsara izany ry Dada! Dia handeha aho izany.”

Tena nahafeno fankasitrahana sy fifaliana ny foko izany teny tsotra izany.

Avy eo aho dia nidina tany ambany ho any amin’ily zokiny. Nipetraka teo akaikiny aho—dia nikitika azy. “Anaka, salama tsara ve ialahy?”

“Dada a!, iny no zavatra farany sarotra indrindra nataoko teo amin’ny fiainako hatrizay, ary tena tsy hamerina hanao an’iny intsony aho.” Nikimpy ny masonry—dia nisokatra avy teo—ary niteny izy hoe: “Raha tsy hoe tian’ny zanako lahy ny hanaovako izany.”

Nilatsaka ny ranomasoko teo ampanehoako ny fankasitrahako azy. Nolazaiko azy fa fantatro fa ho lasa raim-pianakaviana tsaratsara kokoa noho izaho izy. Fenô ny foko satria tao anatin’ny fahatanorany sy tamin’ny naha mbola zaza azy dia efa nahafantatra sahaday izy fa anisan’ny andraikitra masina indrindra ao amin’ny fisoronana



izay tokony hosahaniny ny maha-ray. Tsy nanana fahatahorana an'izany andraikitra sy anaram-boninahitra izany izy—ilay anaram-boninahitra tian' Andriamanitra hampiasaintsika rehefa miresaka Aminy isika. Fantatro fa nanana andraikitra aho hikolokolo ilay afon'ny faniriana ho lasa ray izay nirehitra tao amin'ny zanako lahy.

Nanana heviny lalina kokoa tamiko ireto tenin'ny Mpamonjy ireto amin'ny maha-ray ahy:

“Ny Zanaka tsy mahazo manao na inona na inona ho Azy, afa-tsy izay hitany ataon'ny Ray; fa na inona na inona no ataon'ny Ray dia toy izany koa no ataon'ny Zanaka” (Jaona 5:19).

“Tsy manao na inona na inona ho Ahy Aho, fa araka ny nampianarin'ny Raiko Ahy” (Jaona 8:28).

Tiako ny maha-vady sy ray ahy—manambady zanakavavy iray nofinidin'ny ray aman-dreny any an-danitra. Tiako izy. Anisan'ny zavatra tena mame-lombelona ny fiainako izany. Ny fanantenako tamin'io hariva io dia ny mba hahitan'ireo zanako lahy dimy sy ny zanako vavy ato amiko ny fifaliana izay azo avy amin'ny fanambadiana mandrakizay, sy ny maha-ray ary ny fianakaviana.

Ry ray isany, mino aho fa efa he-nonareo ilay fitenenana hoe: “Torio amin'ny fotoana rehetra ny filazantsara, ary raha ilaina dia mampiasà teny” (voalaza fa tenin'i François d'Assise). Mampianatra ny zanakareo momba ny hoe ray ianareo isan'andro. Eo ampametrahana fototra ho an'ny taranaka manaraka ianareo. Ny fandinihana ny fomba fanatanterahanareo ny andraikitra maha-vady sy ray anareo no fomba hianaran'ny zanakareo lahy ireo andraikitra ireo koa. Ohatra:

Fantatr'izy ireo ve hoe hatraiza ny fitiavanareo ny renin'izy ireo sy hoe hatraiza ny fitiavanareo ny maha-rain'izy ireo anareo?

Hianatra ny fomba hitondrany izay ho vadiny sy ny ho zanany rahatrizay izy ireo amin'ny alalan'ny fandinihana ny fitondranareo ny *tsirairay amin'izy ireo* tsy misy hafa amin'izay ataon'ny Raintsika any An-danitra.

Ny ohatra asehonareo no hahafahana'ny ireo hianatra ny fomba fanajana,



sy ny fanomezana voninahitra ary ny fiarovana ny vehivavy.

Afaka mianatra ny fomba fitarihana ny fianakaviany amim-pitiavana sy amim-pahamarinana izy ireo eo anivon'ny tokantranonareo. Afaka mianatra ny fanomezana izay ilaina eo amin'ny fiainana izy ireo sy ny fiarovana ny fianakaviany—ara-nofy sy ara-panahy (jereo ny “Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an'izao tontolo izao,” *Liahona*, nôv. 2010, 129).

Ry rahalahy isany, amin'ny herin'ny fanahiko manontolo, no angatahako anareo mba handinika ity fanontaniana ity: Moa ve ny zanakareo lahy mahita anareo miezaka mafy manao izay angatahin'ny Ray any An-danitra mba hataon'izy ireo?

Mivavaka aho mba ho eny ny valiny. Raha tsia ny valiny, dia mbola tsy tara izao hiovàna, saingy tsy maintsy manomboka izao ianareo. Ary mijoro ho vavolombelona aho fa hanampy anareo ny Ray any An-danitra.

Ary izao, ianareo zatovolahy, izay tena lalaiko tokoa, fantatrareo fa eo ampiomanana ny handray ny Fisoronana Melkizedeka ianareo, ny handray ireo ôrdônansy masina an'ny tempoly, ny hanatanteraka ny *andraikitrareo* sy ny *adidinareo* hanao asa fitoriana amin'ny fotoana feno, ary avy eo, tsy miandry fotoana ela loatra, hanambady zanakavavin' Andriamanitra any amin'ny tempoly ary hanana fianakaviana. Avy eo dia hitarika ny fianakavianareo amin'ny zavatra ara-panahy araka ny

fitarihan'ny Fanahy Masina (jereo ny F&F 20:44; 46:2; 107:12).

Efa nanontany zatovolahy maromaro aho manerana izao tontolo izao hoe:

“Inona no antony mahatonga anao etỳ?”

Hatreto aloha dia tsy mbola nisy ny namaly hoe: “Mba hianatra ny ho lasa ray, ka ho vonona sy hahafeno ny fepetra ilaina ahafahana mandray izay rehetra ananan'ny Ray any An-danitra.”

Andeha hodinihintsika ireo andraikitra ny Fisoronana Aharôna izay *sahaninareo* araka ny voalaza ao amin'ny fizarana 20 amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana. Mahaiza mihaino tsara ny zavatra *tsapanareo* rehefa ampiantefako amin'ny fanompoanareo ny fianakavianareo ireo andraikitra ireo.

“[M]anasa ny rehetra [ao amin'ny fianakavianareo] hanatona an'i Kristy” (andininy 59).

“Mitandrina mandrakariva [azy ireo], ary . . . miaraka amin' izy ireo sy . . . manatanjaka azy” (andininy 53).

“Mitory, mampianatra, manazava, manentana ary . . . manao batisa” ny mpikambana ao amin'ny fianakavianareo (andininy 46).

“Manentana azy hanao tonombavaka sy hivavaka mangina ary hiatrika ny adidy rehetra ao amin'ny fianakaviana” (andininy 47).

“Mijery mba tsy hisy heloka ao amin' ny [fianakavianareo], na fifanamafisam-po, na fandaingana, na fifosana, na fitenenan-dratsy” (andininy 54).

“Manao izay hiarahan’ ny [fianakavianareo] mivory matetika” (andiny 55).

Ampio ny rainareo amin’ny andraikiny amin’ny maha-patriarika azy. Tohano ny reninareo amin’ny herin’ny fisoronana rehefa tsy eo ny ray (jereo ny andiny 52, 56).

Rehefa angatahina hanao izany dia “manokana koa ireo mpisorona, mpampianatra, ary diakona hafa” ao amin’ny fianakavianareo (andiny 48).

Tsy hitanareo ho toy *ny asa sy andraikitra ny ray* ve izany?

Ny fanatanterahanareo ny andraikitra ny Fisoronana Aharôna izay sahaninareo dia manomana anareo zatovolaha ho lasa *ray*. Ny bokikely *Devoirs envers Dieu* dia afaka manampy anareo hianatra sy hanao drafitra manokana mba hanatanterahana ny andraikitrareo. Afaka mitari-dalana sy mpanampy anareo izany rehefa mikatsaka ny sitrapon’ny Ray any Andanitra ianareo sy mametraka tanjona hanatanterahana izany.

Nitondra anareo tety ny Ray any Andanitra amin’izao fotoana manokana izao mba hanao asa voatokana ary noho ny tanjona mandrakizay. Tiany ianareo mba hahita mazava tsara sy hahatakatra hoe inona io tanjona io. Rainareo Izy ary afaka mitodika any Aminy foana ianareo raha mila fitarihana.

Fantatro fa miraharaha antsika tsirairay ny Ray any Andanitra ary manana drafitra ho antsika manokana Izy mba hahatratrarantsika ny tanjontsika mandrakizay. Naniraka ny Zanany Lahitokana Izy, dia i Jesoa Kristy, mba hanampy antsika handresy ny tsy fahalavoriantsika amin’ny alalan’ny Sorompanavotana. Nomeny antsika ny Fanahy Masina mba ho vavolombelona sy namana ary mpanorolalana mikasika *ny toeran-kalehantsika mandrakizay* raha toa ka miantehitra Aminy isika. Enga anie isika tsirairay mba handray ny fahafenoan’ny fitahian’ny Ray eto amin’ity fiainana ity ary hahatratra ny fahatanterahan’ny *asany* sy ny *voninahiny* amin’ny fahatongavana ho ray ho an’ny fianakavianareo mandrakizay (jereo ny Mosesy 1:39). Amin’ny anaran’i Jesoa Kristy, amena. ■



Nataon’ny Filoha Dieter F. Uchtdorf

Mpanolotsaina Faharoa ao amin’ny Fiadidiana Voalohany

## Ny amin’ny hoe tsisy fitaka

*Mivavaka aho, ny mba hahavitantsika manohitra ny fakam-panahy hampidera ny zava-bitantsika, ka hiezahantsika hikatsaka kosa haja ambony lavitra kokoa: ho lasa mpianatra manetry tena sy marini Jesoa Kristy.*

Tamin’ny faramparan’ny taonjato faha 18 dia nanambara i Catherine la Grande de Russie fa hitsidika ny faritra atsimon’ny fanjakany izy, miaraka amin’ireo masoivoho vahiny maromaro. Te hampitolagaga mafy ireo mpitsidika ireo i Grigory Potemkin, ilay governoran’ny faritra. Koa nanao ezaka lehibe izy mba hampisongadinana ny zava-bitan’ny firenena.

Nandeha an-dakana tamin’ny Renirano Dniepr i Catherine nandritra ny ampahany tamin’ny dia, ka nasehony tamim-pireharehana tamin’ireo masoivoho ny fivoaran’ireo tanàna kely nanerana ny moron-drano izay feno vahoaka sady faly no nazoto niasa. Ny hany olana kely dia izao: natao ho fampisehoana fotsiny izany rehetra izany. Voalaza fa nanamboatra rindrina trano sy fivarotana vita tamin’ny baoritra i Potemkin. Nametraka tantsaha izay toa mikenonkenona mihitsy aza izy mba hanomezana fahatsapana hoe miroborobo ny toekarena. Vantany vao nidify teo amin’ny fiolahan’ily renirano ireo mpitsidika dia naorin’ny olon’i Potemkin ilay tanàna sandoka ka nentina faingana nidina teny amin’ny

tanàna manaraka mba hiomanana amin’ny fandalovan’i Catherine.

Na dia nampisalalala ireo mpahay tantara maoderina aza ny fahamarinana’io tantara io dia tafiditra ao amin’ny voambolan’izao tontolo izao ny teny hoe “tanànan’i Potemkin.” Ankehitriny izany dia entina hiantsoana izay mety ho fiezahana hampino ny hafa fa tsara kokoa noho izay tena izy marina isika.

### Moa ve manana fikasana marina isika?

Anisan’ny toetran’olombelona ara-boajanahary ny te hiseho ho tsara. Izany no antony mahatonga ny maro amintsika miasa fatratra amin’ny endrika ivelan’ny tranontsika sy mahatonga ireo rahalahy tanora ao amin’ny Fisoronana Aharôna miezaka mibango tsara ny singam-bolo tsirairay, sao dia mba mifanena amin’ily olona tena miavaka. Tsy misy maharatsy ny hoe mampampirapiratra ny kirarontsika, na ny manao manimanitra, na koa aza ny manafina ireo vilia maloto alohan’ny hahatongavan’ireo mpampianatra isan-tokantrano. Kanefa, rehefa diso tafahoatra io faniriana hampitolagaga io, dia mety hivadika ka raha

tokony ho zavatra ilaina dia lasa zavatra mamitaka.


Ireo mpaminanin'ny Tompo dia nandratra mandrakariva ny feo fampitandremana nanohitra ireo “manatona [ny Tompo] amin'ny vavany . . . ary mankalaza [Azy] amin'ny molony, nefa ampanalaviriny [Azy] kosa ny fony.”<sup>1</sup>

Nahatakatra sy nangoraka ny Mpamonjy tamin'ireo mpanota izay nanana fo nietry sy nahitsy. Saingy naneho fahatezerana marina Izy tamin'ireo mpihatsaravelatsihy toy ireo mpanora-dalàna sy Fariseo ary Sadoseo—dia ireo niezaka niseho ho marina mba hahazoana ny dera sy ny laza ary ny haren'izao tontolo izao, kanefa sady mampahory ireo vahoaka izay tokony ho notahiany. Ny Mpamonjy dia nampitaha azy ireo tamin'ny “fasana voalalotra fotsy, izay miseho tsara tarehy eo ivelany, nefa ny ao anatiny dia feno taolan'ny maty mbamin'ny fahalotoana rehetra.”<sup>2</sup>

Amin'izao androntsika izao ny Tompo dia manambara teny mafy sahala amin'izany ho an'ireo mpihazona ny fisoronana izay “miezaka ny hanafina ny fahota[ny], na ny hampanarana ny fiavonavona[ny], na ny hambom-po[ny].” Raha manao izany izy ireo, hoy Izy, dia: “misintona ny lanitra; malahelo ny Fanahin'ny Tompo; ary rehefa misintona izany, dia Amena ho an'ny fisoronana na ny fahefan'izany lehilahy izany.”<sup>3</sup>

Nahoana izany no mitranga? Nahoana isika indraindray no miezaka miseho ivelany ho mavitrika sy mirobrobo ary manolo-tena kanefa ao anatiny—araka ny lazain'ilay Mpanambara mikasika ireo Efesiana—“niala tamin'ny fitiava[ntsika] voalohany?”<sup>4</sup>

Amin'ny tranga sasantsasany dia mety hoe tsy mifantoka intsony amin'ny ampahany manan-danja indrindra amin'ny filazantsara isika, ka nampifandiso ny “fomban'ny toetra araka an' Andriamanitra” ho toy ny “heriny.”<sup>5</sup> Tena mampidi-doza tokoa izany rehefa maneho ny endrika ivelan'ny mampianatra antsika isika mba hampitolagaga ny hafa ka hahazoana tombontsoa na laza ho an'ny tena manokana. Amin'izay isika no tandindomin-doza ny ho lasa tahaka an'ireo Fariseo, ka



fotoana tokoa izany handinihina ny ao am-pontsika mba hanitsiana avy hatrany izay tokony hahitsy.

#### Fandaharanasa Potemkin

Io fakam-panahy hiseho ho tsara kokoa mihoatra noho ny tena izy io dia tsy vitan'ny hoe hita taratra eny amin'ny fiainantsika manokana fa mety hita ihany koa amin'ny asa nampandraiketina antsika ato amin'ny Fiangonana.

Ohatra: mahafantatra tsatòka iray aho izay nametraka tanjona sasantsasany izay mitaky fikirizana ho an'ny taona. Na dia toa tena ilaina tokoa aza ireo tanjona rehetra ireo, dia na izy ireo nifantoka tamin'ny fanambarana avo loatra sy mampitolagaga na tamin'ny tarehimarika sy isan-jato.

Rehefa avy nodinihina ireo tanjona ireo ka nifanarahana dia nisy zavatra nanomboka nanelingelina ny sain'ilay filohan'ny tsatòka. Nieritritra an'ireo mpikambana tao amin'ny tsatòkany izy—tahaka ilay reny tanora manan-janaka izay vao maty vady tsy ela akory izay. Nieritritra an'ireo mpikambana izay sahirana noho ny fiahiahiana na mahatsiaro ho irery na manana olana goavana ara-pahasalamana kanefa tsy manana fiantohana izy. Nieritritra an'ireo mpikambana izay nianjadian'ny faharavan'ny fanambadiana, ny fiankinan-doha, ny tsy fananan'asa ary ny aretin-tsaina izy. Ary arakaraka ny nieritretany azy ireo no nametrahany fanontaniana mampietry tena iray hoe: moa ve hampiova ny fiainan'ireo mpikambana ireo ny tanjona vaovao napetrakay?

Nanomboka nanontany tena izy hoe mety ho niova nanao ahoana re ny tanjon'ny tsatòkany raha toa izy ireo ka

nametraka tany am-boalohany an'ilay fanontaniana hoe: “Inona moa no asa fanompoana ataontsika?”

Koa dia niverina niresaka tamin'ny filankevitra indray io filohan'ny tsatòka io ka niaraka nanova ny zavatra ifantohany izy ireo. Nanapa-kevitra izy ireo fa tsy hamela “ny noana, . . . ny sahirana, . . . ny mitanjaka, . . . ny marary sy ny ory handalo [azy ireo ka] tsy mahamarika azy ireny.”<sup>6</sup>

Nametraka tanjona vaovao izy ireo ka niaiky fa mety tsy ho azo refesina mandrakariva ny fahombiazana amin'ireo tanjona vaovao ireo, na farafaharatsiny tsy azon'olombelona refesina—fa ahoana moa no handrefesana ny fijo-roana ho vavolombelona an'ny tena manokana, ny fitiavana an' Andriamanitra na ny fangorahana ny hafa?

Kanefa fantatr'izy ireo koa fa “maro amin'ireo zavatra azonao lanjaina no tsy manan-danja akory. Ary maro amin'ireo zavatra tsy azonao lanjaina no tena manan-danja tokoa.”<sup>7</sup>

Manontany tena aho hoe: sao dia mitovy amin'ilay tanànan'i Potemkin indraindray ireo tanjon'ny fikambanantsika na ny tanjon'ny tenantsika manokana. Moa ve mampitolagaga ety ivelany izy ireo fa tsy mahafapo akory ireo filàna marin'ireo mpiara-belona malalantsika?

Ry namako malala sy mpiaramihazona ny fisoronana amiko, raha miara-midinika amintsika i Jesoa Kristy ka mangataka tatitra mikasika ny fitantanana-draharahantsika dia azoko antoka fa tsy hifantoka be loatra amin'ny fandaharanasa sy antontan'isa Izy. Ny zavatra tian'ny Mpamonjy ho fantarina dia ny toetran'ny fontsika.



### Pitik’afô mivadika ho afô miredareda

Na efa tsy mitsaha-mitombo sy miorina tsara ny fijoroanareo ho vavolombelona na mbola somary mitovy amin’ny tanànan’i Potemkin ny fahavitrihanareo ato amin’ny Fianganana,



Natal, Rio Grande do Norte, Brésil

Tiany ho fantatra hoe manao ahoana ny fitiavantsika sy ny fanompoantsika ireo izay eo ambany fiandraiketantsika, manao ahoana ny fanehoantsika fitiavana amin’ny vadintsika sy ny fianakaviansika, ary manao ahoana ny fanamaivanantsika ny enta-mavesany isan’andro. Ary tian’ny Mpamonjy hofantarina ny fomba hanakaikezantsika sy ianao Azy sy ny Ray any An-danitra.

### Maninona eto isika?

Mety hahasoa ny mandinika ny fontsika. Ohatra: afaka manontany tena isika hoe: nahoana moa isika no manompo ao amin’ny Fianganan’i Jesoa Kristy?

Afaka mametraka fanontaniana mi-hitsy aza isika hoe: maninona eto amin’ity fivoriana ity moa isika androany?

Mihevitra aho fa raha nasaina hamaly an’io fanontaniana io amin’ny fomba tsotsotra aho dia afaka miteny hoe manketo aho satria nasain’ny Filoha Monson handaha-teny.

Ka tsy dia manan-tsafidy loatra aho.

Ankoatra izay, manantena ny vadiko, izay tena tiako tokoa, fa manatrika izany aho. Ka ahoana moa no handavako azy?

Saingy samy mahafantatra avokoa isika rehetra fa misy antony tsara

kokoa anatrehantsika ny fivoriansika sy iainantsika ny fiainantsika ho toy ny mpianatra feno fanolorantena an’i Jesoa Kristy.

Manketo aho satria maniry amin’ny foko iray manontolo ny hanaraka an’i Jesoa Kristy, Tompoko. Maniry mafy aho ny hanao ny zava-drehetra izay nampanirahany ahy ato anatin’ity asa lehibe ity. Mangetaheta ny ho ampianarin’ny Fanahy Masina aho ka handre ny feon’ Andriamanitra rehefa miresaka amin’ny alalan’ireo mpanompony voahosotra Izy. Manketo aho mba ho lasa olona tsaratsara kokoa, mba hahazo hery amin’ny alalan’ireo ohatra manentana fanahy asehon’ireo rahalahiko sy anabaviko ao amin’i Kristy, mba hianatra ny fomba hanompoana ampahombiazana bebe kokoa ireo olona tojo fahasahiranana.

Raha fehezina dia hoe: manketo aho satria tiako ny Raiko any An-danitra sy i Jesoa Kristy, Zanakalahiny.

Azoko antoka fa izany koa no antony mahatonga anareo eto. Izay no antony mahatonga antsika vonona ny hanao fahafoizan-tena fa tsy manambara fotsiny hoe manara-dia an’ny Mpamonjy. Izay no antony mahatonga antsika mihazona amim-panajana ny fisoronany masina.

ny vaovao mahafaly dia hoe afaka manorina zavatra amin’izay tanjaka anananareo ianareo. Ato anatin’ny Fianganan’i Jesoa Kristy ianareo dia afaka ny ho tonga matotra ara-panahy ka manatona kokoa ny Mpamonjy amin’ny alalan’ny *fampiharana* ny fitsipiky ny filazantsara *isan’andro isan’andro*.

Raha manana faharetana sy fikirizana dia afaka ho lasa afô miredareda eo amin’ny fiainana feno fanolorantena ny asa faran’izay bitika indrindra ataon’ny mpianatra na ny finoana faran’izay kely. Raha ny marina dia toy izany no fiandohan’ny ankamaroan’ny afô miredareda—pitik’afô kely.

Koa raha mahatsapa tena ho kely sy malemy ianareo dia miangavy aho, manatona fotsiny an’i Kristy izay manao ny zavatra malemy ho matanjaka.<sup>8</sup> Izay malemy indrindra amintsika, noho ny fahasoaan’ Andriamanitra, dia afaka ny ho lasa matanjaka ara-panahy, satria Andriamanitra “tsy mizaha tavan’olona.”<sup>9</sup> Izy no “Andriamani[tsika] mahatoky, Izay mitandrana fanekena sy famindrampo amin’izay tia Azy sy mitandrana ny didiny.”<sup>10</sup>

Resy lahatra aho fa raha afaka nanolo-tanana Andriamanitra sy nanohana mpitsoa-ponenana Alemana

mahantra kely iray avy amin'ny fianakaviana sahirana tao amin'ny firenena rotiky ny ady, izay lavitry ny foiben'ny Fiangonana, dia afaka manolo-tanana anareo koa.

Ry rahalahiko malala ao amin'i Kristy, azo antoka fa ilay Andriamanitry ny Fahariana izay nanome aina an'izao rehetra izao dia manana ny hery hahomezana aina anareo. Azo antoka fa afaka manova anareo Izy ho tonga ilay olona ara-panahin'ny fahazavana sy fahamarinana izay irianareo hiafarana.

Azo antoka ny fampanantenan' Andriamanitra. Afaka ny ho voavela heloka isika ka ho voadio ho afaka amin'ny tsifahamarinana rehetra.<sup>11</sup> Ary raha manohy manaiky sy miaina fitsipika marina isika eo amin'ny toe-javatra manjo antsika sy ao anatin'ny fianakaviansika dia any amin'ny farany isika ho tonga amin'ny dingana hoe “tsy ho noana na hangetaheta intsony; . . . Fa ny Zanak'ondry Izay eo afovoan'ny seza fiandrianana no ho Mpiandry [antsika] ka hitondra [antsika] ho amin'ny loharanon'ny ranon'aina; ary hofafan' Andriamanitra ny ranomaso rehetra amin'ny maso[antsika].”<sup>12</sup>

#### Toeram-pahasitranana ny Fiangonana fa tsy toeram-piafenana

Tsy afaka mitranga nefa izany raha toa isika ka miafina ao ambadiky ny endrika fitaka an'ny tenantsika manokana, na ara-potokevitra na ara-pikambanana. Tsy vitan'ny hoe manakana antsika tsy hahita ny maha-tena izy marina antsika ny fanarahan-dia sandoka toy izany fa manakana antsika koa tsy hiova marina amin'ny alalan'ny fahagagan'ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy.

Tsy trano fampirantiana fiarakodia tsy akory ny Fiangonana—toerana izay ampisehoantsika ny tenantsika mba hahafahan'ny hafa mitsiriritra ny fiainam-panahintsika, na ny fahaizama-antsika na ny firoboroboantsika. Fa izany dia mitovy bebe kokoa amin'ny ivontoerana fikarakarana, izay andehanan'ny fiarakodia mila fanamboarana mba hahazoana fikolokoloana sy fanavaozana.

Ka moa ve isika rehetra tsy samy

mila fanamboarana, sy fikolokoloana ary fanavaozana avokoa?

Tsy hoe ny hanafina ny olantsika no ahatongavantsika aty am-piangonana fa ny hanasitrana azy ireny.

Ary amin'ny maha-mpihazona ny fisoronana antsika dia manana andraikitra fanampiny isika—dia ny “[miandry] ny ondrin' Andriamanitra . . . mitandrana azy tsy an-tery, fa amin'ny sitrapo, tsy amin'ny [tombontsoa manokana], fa amin'ny zotom-panahy; tsy ho mpanjakazaka, amin'ny anjara-fiandrasana, fa ho [ohatra ho an'ireo] ondry.”<sup>13</sup>

Tsarovy, ry rahalahy, fa “Andriamanitra manohitra ny mpiavonavona, fa manome fahasoavana ho an'ny manentry tena.”<sup>14</sup>

Ny olona faran'izay lehibe indrindra sy havanana indrindra ary tapipahaizana indrindra nandeha tety an-tany no olona faran'izay nanentry tena indrindra koa. Tamin'ny toerana mangingina no nanaovany ny sasany tamin'ireo asa fanompoany mahagaga indrindra, izay tsy nisy mpijery afa-tsy olom-bitsy, ka nangataka azy ireo Izy mba “tsy hilazalaza amin'olona” ny zavatra nataony.<sup>15</sup> Rehefa nisy niantso Azy hoe “tsara” dia naviliny faingana ilay fandokandokafana ka nantitranteriny fa Andriamanitra irery no tena tsara.<sup>16</sup> Tena hita miharihary fa tsy nisy dikany Taminy ny fideran'izao tontolo izao; ny hany tanjony dia ny hanompo ny Rainy ka “manao izay sitrany mandrakariva.”<sup>17</sup>



Tsara raha manaraka ny ohatra izay napetraky ny Tompontsika isika.

#### Enga anie isika hitia tahaka ny fomba nitiavany

Ry rahalahy isany, izao no antso avo sy masina nampanaovina antsika—dia ny ho solontenan'i Jesoa Kristy, ny hitia tahaka ny fomba nitiavany, ny hanompo tahaka ny fomba nanompoany, ny “[hampiakatra] ny tanana izay miravavy, ary [hampatanjaka] ny lohalika malemy,”<sup>18</sup> ny “hikarakara ny mahantra sy ny sahirana,”<sup>19</sup> ary ny hikarakara ireo mananotena sy kamboty.<sup>20</sup>

Mivavaka aho, ry rahalahy, ny hahavitantsika manohitra ny fakam-panahy hampidera ny zava-bitantsika rehefa manompo ao amin'ny fianakaviansika, ny kôlejintsika, ny paroasintsika, ny tsatòkantsika, ny fiarahamonintsika ary ny firenentsika, ka hiezahantsika hikatsaka kosa haja ambony lavitra kokoa: ho lasa mpianatra manentry tena sy marin'i Jesoa Kristy, Tompontsika sy Mpamonjy antsika. Ka rehefa manao izany isika dia hahita ny tenantsika mizotra amin'ilay lalana izay mitondra antsika any amin'izay tsara indrindra, sy marina indrindra ary mendri-kaja indrindra ao anatintsika. Izany no ijoroako ho vavolombelona amin'ny anaran'ilay Tompontsika, dia i Jesoa Kristy, amena. ■

#### FANAMARIHANA

1. Isaia 29:13.
2. Matio 23:27.
3. Fotopampianarana sy Fanekehivahanana 121:37.
4. Apòkalypsy 2:4.
5. Jereo ny Joseph Smith—Tantara 1:19; jereo koa ny Fotopampianarana sy Fanekehivahanana 84:20.
6. Môrmôna 8:39.
7. Voalaza fa nambaran'i Albert Einstein.
8. Jereo ny Etera 12:27.
9. Asan'ny Apòstôly 10:34.
10. Deuteronomia 7:9.
11. Jereo ny 1 Jaona 1:9.
12. Apòkalypsy 7:16–17.
13. 1 Petera 5:2–3.
14. Jakoba 4:6.
15. Jereo ny Lioka 8:56.
16. Jereo ny Marka 10:17–18.
17. Jaona 8:29.
18. Fotopampianarana sy Fanekehivahanana 81:5.
19. Fotopampianarana sy Fanekehivahanana 38:35.
20. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekehivahanana 83:6.



**Nataon'ny Filoha Henry B. Eyring**  
Mpanolotsaina Voalohany ao amin'ny Fiadidiana Voalohany

# Ny fisoronana sy ny vavaka ataon'ny tena manokana

*Afaka manome antsika hery ao amin'ny fisoronana Andriamanitra na inona na inona toe-javatra mety hisy antsika. Izany dia mitaky antsika fotsiny hangataka amim-panetrentena.*

Feno fankasitrahana aho noho ny fanomezam-pitokiana ahy hiresaka amin'ireo mpihazona ny fisoronan' Andriamanitra manerana an'izao tontolo izao. Mahatsapa ny havesat'izany fahafahana hiresaka izany aho satria mahafantatra zavatra mikasika ny fahatokiana izay napetrak' Andriamanitra aminareo. Noho ny fanekenareo ny fisoronana dia nandray ny zo hiteny sy hanao asa amin'ny anaran' Andriamanitra ianareo.

Rehefa mandray fitaomam-panahy avy amin' Andriamanitra ihany ianareo vao lasa tanteraka marina izany zo izany. Amin'izay fotoana izay ihany ianareo vao afaka hiteny amin'ny anarany. Ary amin'izay fotoana izay ihany ianareo vao afaka manao asa amin'ny anarany. Mety efa diso hevitra ianareo nieritreritra hoe: “Ô, tsy dia sarotra akory izany. Afaka mahazo fitaomam-panahy foana aho raha asaina manao lahateny na raha mila manome tsodranon'ny fisoronana.” Na mety mampionon-tena ny diakona na mpampianatra tanora amin'ilay eritreritra hoe:

“Rehefa lehibe aho na rehefa antsoina ho misiônera vao hahalala ny zavatra holazain' Andriamanitra sy ny zavatra hataon' Andriamanitra.”

Kanefa eritrereto ny andro izay tsy maintsy hahalalanareo ny zavatra holazain' Andriamanitra sy ny zavatra izay hataony. Efa sendra an'izany isika rehetra—na aiza na aiza misy anareo



eo amin'ny antsonareo ao amin'ny fisoronana. Lehibe tao amin'ny faritra vitsy mponina tany amin'ny faritra atsinanan'i Etazonia aho nandritra ny Ady Lehibe Faharoa. Nifanalavitra ny fonenan'ireo mpikamban'ny Fiangonana, ary hentitra ny fitsitsiana solika tamin'izany. Izaho no hany diakona tao amin'ilay sampana. Nomen'ireo mpikambana ny filohan'ny sampana ny valopy nisy ny fanatitra avy amin'ny fifadian-kanina rehefa tonga hanatrika fivoriana fifadian-kanina sy fijoroana ho vavolombelona tao antranonay izy ireo.

Rehefa feno 13 taona aho dia nifindra tany Utah izahay mba hiaina tao amin'ny paroasy lehibe iray. Tsaroako ny nampandraiketana ahy voalohany handeha hitety trano hanangona ireo fanatitra avy amin'ny fifadian-kanina. Nojereko ilay anarana teo amin'ny iray tamin'ireo valopy izay nomena ahy ka tsikaritro fa nitovy tamin'ny anaran'ny iray tamin'ireo Vavolombelona Telon'ny Bokin'i Môrmôna ilay anarana. Koa nodondoniko tamim-pahatokiana ilay varavarana. Nosokafan'ilay lehilahy ny varavarana ka nijery ahy izy, dia sorena ka nivazavaza nandroaka ahy handeha. Nandeha niala teo aho, tamim-pahakiviana.

Tokony ho 70 taona lasa no nitrangan'izany, kanefa mbola tsaroako ilay fahatsapana nananako teo amin'ilay tokonam-baravarana tamin'io andro io hoe nisy zavatra izay tokony ho nolazaiko sy ho nataoko. Raha mba nivavaka tamim-pinoana mantsy aho rehefa nandeha nivoaka tamin'io andro io dia mety ho voataona hijoro nandritra ny fotoana lavalava kokoa teo amin'io tokonam-baravarana io ka nitsiky sy nilaza zavatra toy ny hoe: “Faly mahafantatra anao aho. Misaotra anao noho ny zavatra izay efa nomenao sy ny fianakavianao hatrizay. Manantena ny hihaona aminao indray aho amin'ny volana ambony.”

Raha niteny sy nanao izany aho dia mety ho vao mainka tezitra bebe kokoa izy—ary mety ho tohina mihitsy aza. Kanefa fantatro ankehitriny izay mety ho fahatsapako tamin'izany. Tsy ho nahatsapa alahelo na tsy fahombiazana aho rehefa nandeha niala teo, fa mety ho nahatsapa tao an-tsaiko sy tao am-poko



ilay fiderana malefaka hoe “Tsara ny zavatra nataonao.”

Tsy maintsy miteny sy manao asa amin’ny anaran’ Andriamanitra isika rehetra amin’ny fotoana izay tsy mahampy ny fahaizantsika mandanjalanja tsisy fanampiana raha tsy misy fitaomam-panahy. Mety hanjo antsika ireny toe-javatra ireny rehefa tsy misy fotoana hiomanana. Matetika aho no tratran’izany. Nitranga izany taona maro lasa izay tany amin’ny hôpitaly iray izay nilazan’ny raim-pianakaviana iray tamiko sy ny mpiara-mamangy tamiko fa nilaza taminy ny mpitsabo fa ho faty ao anatin’ny minitra vitsivitsy ny zanany vavy telo taona izay tena naratra mafy tokoa. Rehefa nametraka ny tanako teo amin’ilay hany faritra teo amin’ny lohany izay tsy nisy bandy aho dia tsy maintsy nila nahafantatra, amin’ny maha-mpanompon’ Andriamanitra ahy, izay ho nataony sy ho nolazainy.

Tonga tao an-tsaiko sy teo ambavako ireo teny hoe ho velona izy. Nitrerona sady rikoriko ilay mpitsabo nijoro teo akaikiko ary nangataka ahy hiala teo. Nandeha nivoaka an’io efitranon’ny hôpitaly io aho nanana fahatsapana fiadanana sy fitiavana. Velona ilay ankizy vavy kely ka nandeha tamin’ny lalantsara nankao amin’ny fivoriana fanasan’ ny Tompo izy tamin’ny andro

farany nipetrahako tao amin’io tanàna io. Mbola tsaroako foana ny hafaliana sy ny fahafahampo tsapako noho ny zavatra izay nolazaiko sy nataoko teo am-panompoana ny Tompo ho an’io zazavavy kely io sy ny fianakaviany.

Ny maha-samy hafa ny fahatsapako tao amin’ilay hôpitaly sy ny alahelo izay tsapako rehefa nandeha niala an’ilay tokenam-baravarana fony aho diakona dia avy amin’ny zavatra nianarako momba ny fifandraisan’ny vavaka sy ny herin’ny fisoronana. Fony aho mbola diakona dia mbola tsy nahalala fa mitaky fanambarana ny hery ahafahana miteny sy manao asa amin’ny anaran’ Andriamanitra. Ary ny fananana izany amin’ny fotoana ilana azy dia mitaky vavaka sy asa amim-pinoana mba hanana ny Fanahy Masina.

Ny hariva talohan’ny nandehanako tany amin’io varavarana io mba haka ny fanatitra avy amin’ny fifadian-kanina dia nanao ny vavaka fanaoko aho alohan’ny hatory. Fa nandritra ny herinandro sy volana maromaro talohan’ny nahatongavan’ilay antso an-telefaonina avy tany amin’ny hôpitaly dia efa nisy fomba fivavaka narahako ary efa nanao ilay ezaka izay nampianarin’ny Filoha Joseph F. Smith fa hahafahan’ Andriamanitra hanome antsika ny fitaomam-panahy ilaina mba hananana

hery ao amin’ny fisoronana aho. Tsotra ny fomba nilazany izany nanao hoe:

“Tsy voatery hitalaho aminy amin’ny teny maro isika. Tsy voatery handreraka azy amin’ny vavaka lava be isika. Ny zavatra ilaintsika, sy ny zavatra tokony hataontsika amin’ny maha-Olomasin’ny Andro Farany antsika, mba hahasoa antsika, dia ny mankeo anoloany matetika, ny mijoro ho valombelona aminy fa mahatsiaro azy isika sy vonona ny hitondra ny anarany eo amintsika, ny hitandrina ny didiny, ny hiasa amim-pahamarinana, ary koa fa iriantsika mba hanampy antsika ny Fanahiny.”<sup>1</sup>

Ary avy teo ny Filoha Smith dia nilaza tamintsika izay tokony hangatahantsika amin’ny vavaka, amin’ny maha-mpanompony antsika izay nahavita fianianana fa hiteny sy hanao asa ho an’ Andriamanitra. Hoy izy: “Inona no angatahinareo amim-bavaka? Mivavaka ianareo mba ho eken’ Andriamanitra, mba hahafahany mandre ny vavakareo, ary mba hanomezany anareo ny Fanahiny.”<sup>2</sup>

Tsy dia ny fisafidianana ny teny izay ampiasaina loatra no zava-dehibe kanefa hitaky faharetana izany. Fomba fanatonana ny Rainareo any An-danitra izany miaraka amin’ny fikasana ny ho ekeny manokana. Andriamanitra ambonin’ny zava-drehetra Izy, Rain’ny rehetra, kanefa vonona hanome lanja tanteraka ny iray amin’ireo zanany. Izay angamba no antony nahatonga ny Mpamonjy nampiasa ireo teny hoe: “Rainy Izay any an-danitra, hohamasi-nina anie ny anaranao.”<sup>3</sup>

Mora kokoa ny mahazo fahatsapana fitsaohana marina rehefa mandohalika ianao na manondrika ny lohanao, kanefa mety azo atao ny mahatsapa fa manatona ny Rainao any An-danitra ianao amin’ny fomba tsy dia mahazatra loatra, eny mety amin’ny vavaka mangina mihitsy aza, izay matetika no ilaintsika hatao. Hisy tabataba sy olona maro manodidina anao amin’ny ankabeazan’ny tontolo andro maha-taitra anao. Ren’ Andriamanitra ny vavaka mangina ataonao, kanefa tsy maintsy mianatra ny manakana ireo fandrebirebena ianao satria mety tsy ho tonga amin’ny

fotoana mangina ny fotoana ilanao ny fifandraisana amin' Andriamanitra.

Nanome sosokevitra ny Filoha Smith fa ilanao ny mivavaka mba ho eken' Andriamanitra ny antsonao hanompo Azy. Efa fantany hatramin'ny antsipiriany ny mikasika ny antsonao. Izy no niantso anao, ary rehefa mivavaka Aminy ianao mikasika ny antsonao dia hanambara zavatra maro kokoa aminao Izy mba ho fantatrao.<sup>4</sup>

Hanome ohatra iray ho anareo aho momba ny zavatra izay azon'ny mpampianatra isan-tokantrano atao rehefa mivavaka. Mety efa fantatrarao fa ianareo dia tokony:

“[Hamangy] ny tranon'ny mpikambana tsirairay, [hanentana] azy hanao tonom-bavaka sy hivavaka mangina ary hiatrika ny adidy rehetra ao amin'ny fianakaviana . . .

“ . . . [Hitandrina] mandrakariva ireo mpikambana ao amin'ny fiangonana, ary ny [hiaraka] amin'izy ireo sy ny [hanatanjaka] azy;

“Ary ny [hijery] mba tsy hisy heloka ao amin'ny fiangonana, na fifanamafisam-po, na fandaingana, na fifosana, na fitenenan-dratsy;

“Ary ny [hanao] izay hiarahan'ny fiangonana mivory matetika, ary koa ny [hanao] izay hahatontosan'ny mpikambana rehetra ny andraikiny.”<sup>5</sup>

Ankehitriny, na dia ho an'ireo mpampianatra isan-tokantrano efa zandraharaha sy ny mpiara-miasa zandriny aza dia tena mazava tsara fa tsy azo tanterahina izany raha tsy misy ny fanampian'ny Fanahy Masina. Saintsaino kely ny mikasika ireo fianakaviana na ireo olona izay nasaina hotompoinareo. Tsy ho ampy raha ny fahendren'ny olombelona sy ny fikasana tsara fotsiny.

Koa dia hivavaka ianareo mba hahitana ny fomba hahafantarana ny ao am-pon'izy ireo, mba hahafantarana ny zavatra izay tsy mety eo amin'ny fiainana sy ny fon'ny olona izay tsy fantatrarao tsara nefa tsy maniry ny ho fantatrarao. Hilainareo ny mahalala ny zavatra tian' Andriamanitra hataonareo mba hanampiana azy ireo sy hanaovanareo izany araka izay azonareo atao sady mahatsapa ny fitiavan' Andriamanitra azy ireo.

Noho ianareo manana antso lehibe sy sarotra ao amin'ny fisoronana no nahatonga ny Filoha Smith nanoro hevitra hoe rehefa mivavaka ianareo dia mitalahoa amin' Andriamanitra mandrakariva ny mba hitahiany anareo amin'ny Fanahiny. Hila ny Fanahy Masina ianareo, tsy indray mandeha ihany fa imbetsaka araka izay hanomezan' Andriamanitra izany anareo, mba ho namanareo lalandava izany. Izany no antony mahatonga antsika tsy maintsy mivavaka mandrakariva mba hitarihan' Andriamanitra antsika eo amin'ny fanompoantsika ny zanany.

Koa satria ianareo tsy afaka mahatratra ny fahafaha-manaonareo ao amin'ny fisoronana raha tsy miaraka aminareo ny Fanahy dia tena kendren'ny fahavalon'ny fahasambarana rehetra ianareo. Raha toa ka afaka maka fanahy anareo izy hanota dia afaka mampihena ilay hery ahafahanareo ho tarihin'ny Fanahy, ka hampihena ny herinareo ao amin'ny fisoronana izany. Izay no antony nahatonga ny Filoha Smith nilaza fa tokony hivavaka mandrakariva ianareo mba hampitandreman' Andriamanitra anareo sy hiarovany anareo amin'ny ratsy.<sup>6</sup>

Mampitandrina antsika amin'ny fomba maro Izy. Anisan'ny drafitry ny famonjena ny fampitandremana. Samy mampiakatra feo fampitandremana avokoa ireo mpaminany, apôstôly, filohan'ny tsatòka, eveka ary misiônera mba hialana amin'ny antambo amin'ny alalan'ny finoana an'i Jesoa Kristy, sy ny fibebahana ary ny fanavana fanekempihavanana masina sy ny fitandremana izany.

Amin'ny maha-mpihazona ny fisoronana anao, dia natao ho mpandray anjara amin'ilay feo fampitandreman'ny Tompo ianao. Saingy mila manaraka ilay fampitandremana aloha ianao. Tsy ho velona ara-panahy ianao raha tsy misy ny fiarovana azo noho ny fiarahana amin'ny Fanahy Masina eo amin'ny fiainanao andavanandro.

Tsy maintsy mangataka izany amin'ny alalan'ny vavaka ianao ary miezaka ny hanana izany. Amin'ny alalan'io fitarihana io ihany no hahafahanao mahita ny lalanao eo amin'ilay

lalana ety sy tery izay mamakivaky ny zavon'ny haizina. Ny Fanahy Masina no ho mpitarika anao rehefa manambara ny fahamarinana Izy amin'ny fotoana handalinanao ny tenin'ny mpaminany.

Hitaky mihoatra noho ny fihainoana sy famakiana tsindraindray fotsiny ny fahazoana izany fitarihana izany. Mila mivavaka ianao sy miezaka am-pinoana mba hampilatsaka ny tenin'ny fahamarinana ao am-ponao. Tsy maintsy mivavaka ianao mba handrotsahan' Andriamanitra ny Fanahiny aminao, mba hitarihany anao ho any amin'ny fahamarinana rehetra sy hampisehoany anao ny lalana marina. Izany no fomba hampitandremany anao sy hitahiany anao amin'ny lalana marina eo amin'ny fiainanao sy ao amin'ny asa fanompoanao ao amin'ny fisoronana.

Ny Fihaonamben'ny Fiangonana Maneran-tany dia manome fahafahana lehibe mba hamelana ny Tompo hanamafy orina ny herinao amin'ny fanompoana ao amin'ny fisoronan' Andriamanitra. Afaka miomana ianao, tahaka ny azoko antoka fa nataonao tamin'ity fihaonambe ity, amin'ny alalan'ny vavaka. Afaka manakambana ny finoanao ianao amin'ireo izay hivavaka mandritra ny fihaonambe. Hivavaka izy ireo mba hirotsahan'ny fitahiana maro amin'ny olona maro.

Hivavaka izy ireo mba hirotsahan'ny Fanahy amin'ny mpaminany, amin'ny maha-mpitondratenin'ny Tompo azy. Hivavaka izy ireo ho an'ireo Apôstôly sy mpanompo rehetra izay nantsoin' Andriamanitra. Tafiditra ao anatin'izany ianareo, manomboka amin'ny diakona izay vaovao indrindra ka hatramin'ny mpisorona avo izay efa be traikefa, sy ny sasany, na antitra na ny tanora, izay mety handeha tsy ho ela any amin'ny tontolon'ny fanahy, izay toerana handrenesany ny hoe “Tsara izany, ry mpampanompo tsara sady mahatoky.”<sup>7</sup>

Io fiarahabana io dia hiantefa amin'ireo olona sasany izay tsy hanampo izany. Mety tsy mbola nitana anjara fanompoana avo mihitsy izy ireo tao amin'ny fanjakan' Andriamanitra tety an-tany. Mety nahatsapa ny sasany fa zara raha nahita vokatra kely tamin'ny

asa nataony na tsy nomena fahafahana hanompo na oviana na oviana. Ny hafa indray dia mety hahatsapa fa nahohezina kokoa noho izay nandrandrainy ny halavan'ny fotoana nanampoany teto amin'ity fiainana ity.

Tsy ny anjara fanompoana izay notanana na ny fotoana nanompoana no hanan-danja eo amin'ny mizanan'ny Tompo. Fantatsika izany tao amin'ny fanoharan'ny Tompo mikasika ireo mpiasa tao amin'ny tanimboaloboka, izay nahitana fa nitovy ny karama na hafiriana na hafiriana ny fotoana nanompoany, na taiza izany na taiza. Homena valisoa araka ny fomba nanompoany izy ireo.<sup>8</sup>

Mahalala lehilahy iray aho izay namako akaiky, ary nifarana omaly tamin'ny 11 alina ny fotoana nanompoany teto amin'ny fiainana an-tany teto amin'ity tanimboaloboka ity. Notsaboina nandritra ny taona maro izy noho ny homamiadana. Nandritra ireo taona nitsaboana azy sy niaretany fanaintainana sy fahasaratana mafy ireo no nanekeny antso iray hanao fivoriana sy ho tompon'andraikitra amin'ny mpikambana maro ao amin'ny parosiny izay lasa nandao ny tokantranony ny zanany, ka ny sasany tamin'ireo dia mananotena. Ny antsony dia ny hanampy azy ireo hahita fampiononana amin'ny fiaraha-monina sy ny fianarana ny filazantsara.

Rehefa reny ilay tombantombana mahonena farany fa hoe fotoana fohy sisa no hahavelomany dia tsy teo an-toerana ny evekany fa lasa namita iraka noho ny asa fandraharahany. Roa andro taty aoriana dia nandefa hafatra tany amin'ny evekany izy tamin'ny alalan'ny mpitarika ny vondron'ny mpisorona avo misy azy. Toy izao no nolazainy mikasika ny asa nampantraiketina azy: “Fantatro fa tsy eto an-toerana ny eveka, koa dia manao asa aho. Mieritreritra ny hanao fivoriana ho an'ny vondrontsika aho amin'ny Alatsinainy izao. Afaka mitondra anay hitsidika ny Ivontoeran'ny Fihaonamben'ny Fiangonana ny mpikambana anankiroa. Afaka mpiasa mpikambana sasantsasany isika mba hitondra azy ireo amin'ny fiara ary



Skoto vitsivitsy hanosika ny seza misy kodiarana. Arakaraka ny isan'ny olona misoratra anarana fa mety ho betsaka ihany ireo olona be taona hiaraka aminay ka mety ho vitanay samirery ihany izany, nefa tsara ihany ny mahafantatra fa manana olona fanampiny izay afaka hanampy izahay raha ilaina izany. Mety ho lasa takarivan'ny mpianakavy tsara koa io ho an'ireo mpanampy raha entiny ihany koa ny fianakaviany. Na izany aza, ilazao ihany aho alohan'ny hametrahako ilay drafitra. . . . Misaotra.”

Ary avy teo dia nanampoka an' ilay eveka ny antso an-telefaonina nataony. Tsy nilaza akory ny toe-pahasalamany izy na ny ezaka feno herimpo nataony teo amin'ny asa nampantraiketina azy fa nanontany izy hoe: “Ry eveka, sao dia misy zavatra azoko atao ho anao?” Ny Fanahy Masina no hany afaka namela azy hahatsapa ny entamavesatr'ilay eveka, na dia navesatra taminy tokoa aza ny azy. Ary ny Fanahy no hany nahafahany nanao drafitra hanompoana ny rahalahiny sy ny anabaviny miaraka amin'ilay fitandremana mitovy amin'izay fampiasany rehefa manomana ireo hetsiky ny Skoto fony izy mbola tanora.

Raha mivavaka am-pinoana, dia afaka manome antsika hery ao amin'ny fisoronana Andriamanitra na inona na inona toe-javatra mety hisy antsika. Izany dia mitaky antsika fotsiny

hangataka amim-panetrentena ny Fanahy mba hampiseho antsika ny zavatra tian' Andriamanitra holazaintsika sy hataontsika, hanao izany tokoa, ary mitozo miaina ho mendrika izany fanomezana izany.

Mijoro ho vavolombelona aminareo aho fa velona sy tia antsika ary mihaino izay vavaka rehetra ataontsika Andriamanitra Ray. Mijoro ho vavolombelona aminareo aho fa i Jesoa no ilay Kristy velona, ary ny Sorompanavotany no ahafahantsika ho voadio ka ho mendrika ny hanana ny Fanahy Masina. Mijoro ho vavolombelona aho fa indray andro any isika, noho ny finoantsika sy ny fahazotoantsika dia afaka ny handre ireo teny izay hitondra fifaliana ho antsika izay manao hoe: “Tsara izany, ry mpanompo tsara sady mahatoky.”<sup>9</sup> Mivavaka aho mba hahazoantsika izany fitahiana mahafinaritra izany avy amin'ilay Tompo izay tompointsika. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

#### FANAMARIHANA

1. *Teachings of Presidents of the Church: Joseph F. Smith* (1998), 23.
2. *Teachings: Joseph F. Smith*, 26.
3. Lioka 11:2, jereo ny fanamarihana ery ambany.
4. Jereo ny Joseph F. Smith, *Gospel Doctrine*, ed. faha 5 (1939), 215–21.
5. Fotopampianarana sy Fane Kempihavanana 20:51, 53–55.
6. Jereo ny *Teachings: Joseph F. Smith*, 26.
7. Matio 25:21.
8. Jereo ny Matio 20:1–16.
9. Matio 25:21.



Nataon'ny Filoha Thomas S. Monson

# Ny Fisoronana— fanomezam- pahasoavana masina

*Isika tsirairay dia samy nanankinana ny iray amin'ireo fanomezam-pahasoavana sarobidy indrindra izay nomena ny zanak'olombelona hatrizay.*

**A**nisan'ny fahatsiarovana niavaka indrindra ho ahy ny fanatrehana fivorian'ny fisoronana raha vao notendrena ho diakona aho ka nihira nandritra ny hira fanombohana hoe: “Que tous les fils de Dieu, dotés de la prêtrise.”<sup>1</sup> Anio hariva, ho an'ireo rehetra izay miangona eto amin'ity Ivontoeran'ny Fihaonambe ity, ary raha ny marina, manerana izao tontolo izao, no hamerenako ny fanahin'izany hira miavaka izany ka hilazako amina-reo hoe: *Avia, ianareo zanakalahin' Andriamanitra rehetra izay nandray ny fisoronana*, andeha isika hisaintsaina ny antsontsika, andeha isika handinika an'ireo andraikitsika, andeha isika hamariparitra ny adidintsika, ary andeha isika hanaraka an'i Jesoa Kristy Tompontosika. Na dia mety ho samy hafa aza isika eo amin'ny taona na eo amin'ny fombafomba, na eo amin'ny fiaviana, dia atambatry ny antsontsika ao amin'ny fisoronana ho iray ihany.

Ho antsika tsirairay avy, dia tena manan-danja tokoa ny namerenan'i

Jaona mpanao Batisa ny Fisoronana Aharôna tamin'i Oliver Cowdery sy Joseph Smith. Tahaka izany koa, dia zava-nitranga ankamamiana ny namerenan'i Petera sy i Jakôba ary i Jaona ny Fisoronana Melkizedeka tamin'i Joseph sy i Oliver.

Andeha isika handray amim-pahamatorana kokoa ireo antso sy andraikitra ary ireo adidy izay mifandraika amin'ny fisoronana hazonintsika.

Nahatsapa andraikitra goavana aho rehefa nantsoina ho mpitantsoratra tao amin'ny kôlejin'ny diakona nisy ahy. Nomaniko tamim-pitandremana ireo firaketana izay notazoniko, satria tiako ny hanao izay tsara indrindra fantatro amin'ny fomba hanatanterahana izany antso izany. Nahazo hafaliana be aho tamin'ny asako. Ny fanaovana ny zavatra rehetra azoko atao araka izay tsara indrindra vitako no tanjoko hatrany tamin'izay antso rehetra nananako hatrizay.

Manantena aho fa ny zatovolahy tsirairay izay notendrena ao amin'ny Fisoronana Aharôna dia omena

fampahalalana ara-panahy mikasika ny maha-masina izany antso nanendrena azy izany, ary koa ny tombontsoa hилоfo amin'izany. Nahazo tombontsoa tahaka izany aho fony aho diakona, raha nian-gavy ahy ny episkôpa hitondra ny fana-sana masina ho an'ny olona iray marary ao am-pandriana izay nipetraka 1 km sy sasany miala ny trano fiangonanay. Tamin'io Alahady maraina niavaka io aho, rehefa nandondona teo am-baravaran'ny Rahalahy Wright, ka naheno ny feony mangovitra niteny hoe: “Mandrosoa ô,” dia tsy hoe ny tranokeliny tsotsotra fotsiny no nidirako, fa efitrano heniky ny Fanahin'ny Tompo. Nanatona ny fandrian'ny Rahalahy Wright aho ary napetrako moramora teo imolony ilay tapa-mofo. Avy eo dia natolotro ny kaopin-drano mba hahafahany misotro. Rehefa handeha aho dia hitako nanganohana ny masony raha niteny izy hoe, “Hitahy anao anie Andriamanitra ry zanako.” Ary notahian' Andriamanitra tokoa aho—lasa nankasitraka ireo tandindona masin'ny fanasan'ny Tompo sy ny fisoronana izay nohazoniko.

Tsy misy diakona na mpampianatra na mpisorona avy tao amin'ny paroasinay ka hanadino ireo fitsidihana mendrika ho tsaroana nataonay tany Clarkston, Utah, nitsidihanay ny toerana nilevenan'i Martin Harris, iray tamin'ireo Vavolombelona Telon'ny Bokin'i Môrmôna. Rehefa nanodidina ilay tsangam-bato avo vita tamin'ny granita izay manamarika ny fasany izahay, ka novakin'ny iray tamin'ireo mpitarika



ny kôlejy taminay ireo teny mahery vaika tao amin' "Ny tenivavolombelon'ireo Vavolombelona Telo," izay hita ao amin'ny fiandohan'ny Bokin'i Môrmôna, dia nitombo ny fitiavanay an'io rakitsoratra masina io sy ireo fahamarinana ao anatin'ny.

Nandritra ireny taona ireny dia ny ho tonga tahaka ireo zanakalahin'i Môsià no tanjonay. Raha ny momba azy ireo dia voalaza fa:

"Nihanahery tamin'ny fahalalana ny marina izy ireo; fa izy ireo dia olon'ny fahalalana tsy misy tomika ary efa nodinihiny tamim-pahazotoana tokoa ny soratra masina hahazoany mahalala ny tenin' Andriamanitra.

"Nefa tsy izay ihany; efa nanokantena ho amin'ny fivavahana fatratra sy ny fifadian-kanina izy ireo; noho izany dia nananany ny fanahin' ny faminaniana sy ny fanahin' ny fanambarana, ary rehefa nampianatra izy ireo dia nampianatra tamin' ny hery sy ny fahefan' Andriamanitra."<sup>2</sup>

Tsy mahita tanjona mendrika kokoa tokony hananan'ny zatovolahy iray aho, ankoatra ny hoe mba ho faritana hoe mitovy amin'ireo zanakalahin'i Môsià izay mahery fo sy marina.

Rehefa nanakaiky ny tsingerintaonako faha 18 ka niomana hiroso amin'ny fanompoam-pirenena tao amin'ny tafika izay notakina tamin'ireo tovolahy nandritra ny Ady Lehibe Faha II, dia naroso aho mba handray ny Fisoronana Melkizedeka, kanefa mialohan'izany dia nila niantso ny filohan'ny tsatòkako aho, dia i Paul C. Child, mba hanao dinidinika. Olona tia sy nahatakatra ny soratra masina izy, ary tiany ihany koa ny olona hafa rehetra raha mba hitia sy hahatakatra ny soratra masina tsy misy hafa amin'izany. Koa satria aho efa nahare tamin'ireo namako sasany mikasika ireo dinidinika lalina sy hatramin'ny antsipiriany fanaony, dia niriko ny mba tsy hahitana loatra hoe hatraiza ny mba fahalalako soratra masina. Koa rehefa niantso azy aho dia nandroso hevitra ny hihaona aminy ny Alahady aorian'io, amin'ny fotoana izay fantatro tsara hoe adiny iray monja mialohan'ny fivoriana fanasan'ny Tompo izay hatrehany.



Hoy ny valinteniny: "Ô ry Rahalahy Monson, tsy ho ampy hahafahantsika mandalina soratra masina izany fo-toana izany." Avy teo izy dia nanolotra fotoana izay adiny telo mialohan'ny fivoriana fanasan'ny Tompo, ary nanome torolalana ahy izy ny mba hitondrako ny boky soratra masina izay fampiasako manokana misy voalokoloko sy tenin'ny soratra masina mifandray.

Rehefa tonga tany an-tranony aho ny Alahady, dia noraisiny tsara, ka dia nanomboka ny dinidinika. Hoy ny filoha Child: "Rahalahy Monson, mihazona ny Fisoronana Aharôna ianao. Moa ve efa nisy anjely nanompo anao?" Namaly aho hoe tsy mbola nisy. Rehefa nanontany izy raha toa aho mahafantatra fa zoko ny mahazo izany, dia mbola namaly ihany aho hoe tsy nahafantatra izany aho.

Nanoro ahy izy hoe: "Rahalahy Monson, avereno tsy an-kijery hoe ny fizarana faha 13 ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana."

Nanomboka aho nanao hoe: "Ianareo ry mpiara-manompo amiko, amin'ny anaran'ny Mesia no tolora koa ny Fisoronan'i Aharôna, izay mihazona ny fanalahidin'ny fanompoan'ny anjely —"

"Ajanony," hoy ny Filoha Child. Avy eo, tamin'ny feo tony feno hatsarampanahy no nanorony ahy nanao hoe: "Rahalahy Monson, aza adino mihitsy fa amin'ny maha-mpihazona fisoronana Aharôna anao dia zonao ny ho tom-poin'ny anjely."

Tsy hoe nisy anjely mihitsy tao anatin'ilay efitrano tamin'io andro io. Tsy adinoko mihitsy io dinidinika io. Mbola tsapako foana ny fanahin'io fotoana manokana io rehefa niaranamaky ireo andraikitra sy adidy ary fitahian'ny Fisoronana Aharôna sy Fisoronana Melkizedeka izahay—fitahiana izay tonga tsy amintsika fotsiny ihany fa amin'ny fianakaviansika ihany koa sy amin'ireo hafa izay voninahitra ho antsika ny hanana fahafahana hanompo azy.

Notendrena ho loholona aho, ary tamin'ny andro niaingako hanatanteraka ny fanompoam-pirenena tao amin'ny tafika an-dranomasina dia nisy mpikambana iray tao amin'ny episkôpa niaraka tamin'ny fianakaviako sy ireo namako nanatitra ahy tany amin'ny gara mba hanao veloma ahy. Rehefa handeha hanainga iny ny fiaran-dalamby dia napeprany teo an-tanako ny boky iray mitondra ny lohateny hoe *Boky Torolalana*



*ho an'ny misiônera.* Nihomehy aho sady nanamarika fa tsy handeha hanao asa fitoriana aho tsy akory.

Hoy izy namaly, “Raiso ihany ity na dia izany aza. Mety misy hilanao azy.”

Tena nisy nilako azy tokoa. Nila zavatra mafimafy mahitsy zoro aho ho apetrako eo amin'ny fanambanin'ny kitapoko fitondra an-dranomasina mba hahatonga ny akanjoko hihenjana ko-koa ka tsy hiforiporitra loatra. Ilay *Boky Torolalana ho an'ny misiônera* mihitsy no tena nilaiko, ary nety tamin'ilay kitapoko nandritra ny 12 herinandro.

Ny alina nialohan'ny fialan-tsasatry ny Noely dia nitopy tany an-trano ny eritreritray. Nangingina ireo kazerina, kanjo nokotabain'ilay namana mpiray efitra tamiko izany fahanginana izany—tovo- lahy Môrmôna iray, Leland Merrill—izay nanomboka nitaraina noho ny fanaintainana. Nanontaniako azy ny antony izany, ary nilaza izy fa tena narary mafy saingy tsy te ho any amin'ny tobim-pahasalamana tao amin'ny toby, satria fantany fa raha manao izany izy dia tsy hahazo lalana hody ny ampitson'io.

Toa niharasty hatrany ny fahasalamany rehefa nandeha ny ora.

Nony farany, noho ny fahafantany fa loholona aho, dia nangataka ahy izy mba hanome tsodranon'ny fisoronana ho azy.

Tsy mbola nanome tsodranon'ny fisoronana mihitsy aho tany aloha, ary sady tsy mbola nandray tsodrano, no tsy mbola nanatri-maso fanomezana tsodrano. Raha nivavaka mangina aho mba hahazo fanampiana, dia tsaroako ilay *Boky Torolalana ho an'ny misiônera* tao amin'ny fanambanin'ny kitapoko. Navoakako haingana ny zavatra rehetra tao anatin'ny kitapoko ary nampanatoniko teo amin'ny jiro ilay boky. Tao no namakiako ny fomba fitsofan-drano ny marary. Ka dia nataoko ilay tsodrano, teo imason'ireo tantsambo maro liana te hijery. Mbola tsy voampiditro tao anatin'ny kitapoko akory ny entako rehetra, dia efa natory toy ny zazakely i Leland Merrill. Rehefa nifoha izy ny ampitso maraina dia nahatsiaro ho salama tsara. Tena lehibe aoka izany ny fankasitrahana tsapanay tsirairay noho ny herin'ny fisoronana.

Nandritra ireo taona maro nodiaviko dia maro loatra ireo fahafahana nananako hitsofan-drano ireo izay nila

izany ka tsy ho voaisako. Tamin'ireny fotoana tsirairay ireny dia feno fankasitrahana lalina aho fa nanankinan' Andriamanitra an'io fanomezam-pahasoavana masina io. Hajaiko fatratra ny fisoronana. Nanatri-maso ny herin'izany aho ombieny ombieny. Hitako ny tanjany. Nahatalanjona ahy ireo fahagagana nentiny.

Ry rahalahy, isika tsirairay dia samy nanankinana ny iray amin'ireo fanomezam-pahasoavana sarobidy indrindra izay nomena ny zanak'olombelona hatrizay. Raha manaja ny fisoronana nomena antsika isika, ka manana fiainana izay ahafahantsika ho mendrika amin'ny fotoana rehetra, dia hitobaka amin'ny alalantsika ireo fitahiana entin'ny fisoronana. Tiako ireo teny hita ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana fizarana faha 121, ny andininy faha 45, izay milaza amintsika ny tokony hataontsika mba ho mendrika: “Aoka ny kibonao . . . ho feno fiantrana ny olon-drehetra, sy ny mpianakavin'ny finoana, ary aoka handravaka tsy an-kijanona ny eritreritrao ny hatsaram-panahy; dia hiha-mahery ny fahatokian-tenanao eo anatrehan' Andriamanitra; ary ny fotopampianaran'ny fisoronana dia hitsika ao amin'ny fanahinao toy ny ando avy any an-danitra.”

Amin'ny maha-mpihazona ny fisoronan' Andriamanitra antsika, dia mirotsaka ao amin'ny asan'i Jesoa Kristy Tompo isika. Namaly ny antsony isika. Eo am-panaovana ny asany isika. Andeha isika hianatra Aminy. Andeha isika hanara-dia Azy. Andeha isika hiaina araka ny torolalany. Raha manao izany isika, dia ho vonona tsara hanatanteraka na inona na inona asa fanompoana asainy ataontsika. Asany ity. Fiangonany ity. Marina tokoa fa Izy no kapitenintsika, ilay Mpanjakan'ny Voninahitra, dia ilay Zanak' Andriamanitra. Mijoro ho vavolombelona aho fa velona Izy ary izany dia ataoko amin'ny anarany masina, dia ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

#### FANAMARIHANA

1. “Que tous les fils de Dieu, dotés de la prêtrise,” *Cantiques*, no. 204.
2. Almà 17:2–3.



Nataon'ny Filoha Thomas S. Monson

# Ireo fitahiana avy amin'ny tempoly

*Rehefa mandeha any amin'ny tempoly isika dia mety hitranga amintsika ny fisian'ny fatran'ny fiainam-panahy sy fahatsapana fiadanana lehibe.*

Ry rahalahy sy anabavy malalako, tena feno fankasitrahana aho tafaraka aminareo amin'izao marainan'ny Paska mahafinaritra izao izay ampitodihantsika ny saintsika any amin'ilay Mpamonjy an'izao tontolo izao. Manolotra ny fitiavako sy ny fiarahabako anareo rehetra aho ary mivavaka aho mba hitantana izay holazaiko ny Ray any An-danitra.

Feno fito taona tamin'ity fihaonambe ity ny nanohanana ahy ho Filohan'ny Fiangonana. Nisehoan-javatra maro dia maro ireo taona ireo, izay nahitana olana vitsivitsy ihany saingy nahitana fitahiana tsy hay isaina koa. Anisan'ireo fitahiana tena tsara sy masina ireo ny fahafahako nanokana sy namerina nanokana tempoly.

Nanana fahafahana aho vao haingana, tamin'ny nôvambra lasa teo, nanokana ilay tempoly vaovao sy tsara tarehin'i Phoenix Arizona. Niaraka tamiko tany ny Filoha Dieter F. Uchtdorf, ny Loholona Dallin H. Oaks, ny Loholona Richard J. Maynes, ny Loholona Lynn G. Robbins ary ny Loholona Kent F. Richards. Nisy fampisehoana ara-kolontsaina tena nahafinaritra ny hariva talohan'ny fanokanana,

izay nahitana ny filalaovan'ny zatovo mihoatra ny 4.000 avy amin'ny tempolin'ny distrika an-tsehatra tamin'ny fomba kanto. Notokanana tao anatin'ny fivoriana fanokanana in-telo izay masina sy nanentana ny fanahy ny tempoly.

Marika tena mazava maneho ny fitombon'ny Fiangonana ny fanorenana tempoly. Manana tempoly efa miasa izay miisa 144 isika maneran-tany, miaraka amin'ny tempoly miisa 5 izay havozina ary 13 fanampiny izay mbola eo an-dalam-pitsanganana. Ankoatra izany dia misy tempoly 13 izay efa nambara tany aloha no mandalo ambaratongampanomanana maro alohan'ny

hanombohan'ny fananganana. Mikasa ny hamerina hanokana tempoly 2 sy hanokana tempoly 5 vaovao izay ho vita izahay amin'ity taona ity.

Nandritra ny roa taona lasa farany teo, raha nifantoka tamin'ny famitana ireo tempoly izay nambara fa haorina ny ezaka nataonay, dia naato aloha ireo drafitra hanorina tempoly fanampiny. Amin'ity maraina ity anefa, dia faly aho manambara tempoly telo vaovao izay haorina amin'ireto toerana manaraka ireto: Abidjan, Côte d'Ivoire; Port-au-Prince, Haiti; ary Bangkok, Thailand. Endrey ireo fitahiana voatahiry ho an'ireo mpikambana mahatoky any amin'ireo faritra ireo, ary izany tokoa no mitranga na aiza na aiza misy tempoly manerana izao tontolo izao.

Mitohy ny dingan'ny famantarana ny zavatra ilaina sy ny fitadiavana toerana mba hanorenana tempoly fanampiny, satria maniry ny hananan'ny mpikambana faran'izay maro fahafahana hiditra ny tempoly tsy hanaovana fihafiana be loatra ara-potoana sy ara-bola izahay. Homenay fampahalalana ianareo rehefa misy fanapahan-kevitra raisina mikasika izany toy ny nataonay taloha.

Rehefa mieritreritra ny tempoly aho dia mitodika any amin'ireo fitahiana maro azontsika ao anatin'izany ny saiko. Avelantsika any aoriantika any ireo zavatra mahavarimbariana sy mampisafotofoto eto amin'izao tontolo izao rehefa miditra ny varavaran'ny tempoly isika. Mahita hatsarana sy filaminana isika ao anatin'izany toerana masina izany. Miala sasatra ny fanahintsika ary mitsahatra amin'ny fanaovana ireo adidy eo amin'ny fiainantsika isika.



Rehefa mandeha any amin'ny tempoly isika dia mety hitranga amintsika ny fisian'ny fatran'ny fiainam-panahy sy fahatsapana fiadanana lehibe lavitra noho izay fahatsapana hafa mety ho tonga ao am-pon'olombelona. Ho azontsika ny tena dikan'ilay tenin'ny Mpamonjy manao hoe: "Fiadanana no avelako ho anareo, ny fiadanako no omeko anareo. . . . Aza malahelo na matahotra ny fonareo."<sup>1</sup>

Afaka mameno ny fon'olona rehetra ny fiadanana toy izany—fo ianjadian'ny olana, fo vesaran'alahelo, fo misafoto-foto, fo mangataka fanampiana.

Vao haingana aho no nahafantatra mivantana mikasika ny tovolahy iray izay nandeha tany amin'ny tempoly niaraka tamin'ny fo nangataka fanampiana. Naharay ny antsony hanompo any amin'ny misiôna iray any Amerika Atsimo izy volana maro talohan'izany. Nihemotra nandritra fotoana lava dia lava anefa ny fahazoany visa ka dia nasaina nanompo tany amin'ny misiôna hafa iray tao Etazonia izy. Na dia diso fanantenana aza izy fa tsy afaka nanompo tany amin'ilay faritra tao anatin'ny antso nomena azy voalohany dia niasa mafy izy tao amin'ilay toerana vaovao nanirahana azy, vonona ny hanompo tsara faran'izay vitany. Lasa kivy anefa izy noho ny zavatra ratsy niainany niaraka tamin'ireo misiônera izay toa liana bebe kokoa amin'ny fialamboly noho ny fizarana ny filazantsara.

Nianjadian'ny aretina tena henjana io tovolahy io volana vitsivitsy taty aoriana izay nampalemy ny ampahan'ny vatany, ka dia nalefa nody izy noho ny filany fitsaboana.

Sitrana soa aman-tsara io tovolahy io volana vitsy taty aoriana ary tsy nalemy intsony. Nampahafantarina azy fa afaka miverina ho misiônera indray izy, izay fitahiana nangatahany tamim-bavaka isan'andro. Ny hany vaovao nandiso fanantenana azy dia ny fiverenany any amin'ilay misiôna efa nialany, izay toerana nahitany fitondrantena sy fihetsiky ny misiônera sasany izay tsy araka ny tokony ho izy.

Nandeha tany amin'ny tempoly izy mba hitady fampaherezana sy fanamafisana fa afaka ny hiaina zavatra



tsara amin'ny maha-misiônera azy. Nivavaka koa ny ray aman-dreniny mba hitondra ilay fanampiana nilain'ny zanany izany fandehanana any amin'ny tempoly izany.

Rehefa niditra ny efitrano seles-tialy ilay tovolahy taorian'ny fivoriana natrehana, dia nipetraka teo amin'ny seza iray ary nanomboka nivavaka mba hahazo fitarihana avy amin'ny Rainy any An-danitra.

Nisy tovolahy iray hafa nantsoina hoe Landon niditra ny efitrano seles-tialy fotoana fohy taorian'izay. Rehefa niditra ilay efitrano izy dia tonga dia nitopy teny amin'ilay tovolahy nipe-traka teo amin'ny seza, izay nanakimpy ny masony sy nivavaka mazava ho azy, ny masony. Naharay bitsika mazava i Landon fa tokony hiresaka amin'io tovolahy io. Nanapa-kevitra ny hiandry anefa izy fa tsy te hanelingelina ilay tovolahy eo am-pivavahana. Raha mbola teo am-pivavahana ihany ilay tovolahy minitra maro taty aoriana dia fantatr'i Landon fa tsy afaka ny hanemotra intsony ilay bitsika azony izy. Nanatonany ilay tovolahy ary nokasihiny moramora ny sorony. Nosokafan'ilay tovolahy ny masony ary gaga izy hoe nisy nanelingelina. Niteny moramora i Landon hoe: "Nisy zavatra nanosika ahy hoe mila miresaka aminao aho na dia tsy fantatro tsara aza ny antony.

Namboraka ny tao am-pony tamin'i Landon ilay tovolahy rehefa nanomboka niresaka izy ireo, ka nohazavainy

ny toe-javatra niainany ary nofaranany tamin'ny filazany ilay faniriany hahazo fampaherezana sy famporisihana mikasika ny fanaovany asa fitoriana izany. Notantarain'i Landon, izay vao niverina avy nanao asa fitoriana tamim-pahombiazana herintaona lasa izay, ny zavatra niainany manokana nandritra ny fanaovana asa fitoriana, ny fanamby sy ny olana natrehany, ny fomba nitodihany tany amin'ny Tompo mba hahazoana fanampiana ary ireo fitahiana azony. Nampahery sy nampitony ny teniny ary nifindra tany amin'ilay tovolahy ny fahavitrihany nanompo. Nisy fahatsapana fiadanana tonga tao aminy tamin'ny farany rehefa nanjavona ny tahotr'ilay tovolahy. Feno fankasitrahana lalina izy rehefa tsapany fa voavaly ny vavaka nataony.

Niara-nivavaka ireo tovolahy anankiroa ireo, dia niomana ny handeha i Landon, faly fa nihaino ilay aingampanahy tonga tao aminy. Rehefa nitsangana izy dia nanontany an'i Landon ilay tovolahy hoe: "Taiza ianao no nanompo?" Hatramin'io fotoana io aloha dia samy mbola tsy nisy nilaza izay misiôna nanompoany izy ireo. Nipatrapatraka ny ranomason'ilay tovolahy rehefa nolazain'i Landon ny anaran'ny misiôna nanompoany. Nanompo tany amin'ilay misiôna izay hiverenan'ilay tovolahy i Landon!

Nozarain'i Landon tao anatin'ny taratasy nalefany ho ahy ny teny nolazain'ilay tovolahy talohan'ny nisarahan'izy ireo: "Nanana finoana aho fa hitahy

ahy ny Ray any An-danitra, saingy tsy noheveriko velively hoe handefa olona iray hanampy ahy Izy izay nanompo tany amin'ny misiôna nisy ahy. Fantatro amin'izao fotoana izao fa hilamina ny zava-drehetra.”<sup>2</sup> Nohenoina sy novaliana ny vavaka feno fanetrentena nataon'olona mahitsy fo iray.

Ry rahalahiko sy anabaviko, hiatrika fakam-panahy, fitsapana ary olana isika eo amin'ny fiainantsika. Ho afaka ny handresy tsara kokoa ireo fakam-panahy ireo isika sy hazaka ny fitsapana mahazo antsika rehefa mandeha any amin'ny tempoly sy mahatsiaro ireo fanekempihavanana natao tany. Afaka mahita fiadanana isika any amin'ny tempoly.

Tsy voavidy vola ireo fitahiana avy amin'ny tempoly. Ny iray amin'izany izay maha-feno fankasitrahana ahy isan'andro eo amin'ny fiainako dia ilay azonay sy i Frances vady malalako rehefa nandohalika teo amin'ny alitara masina izahay ary nanao fanekempihavanana izay mamehy anay hiaraka mandrakizay. Tsy misy fitahiana sarobidy kokoa noho ny fiadanana sy ny fampaherezana azoko avy amin'ny fahalalako fa ho tafaraka indray izahay.

Enga anie hotahian'ny Ray any An-danitra isika mba hanana ilay toetra tokony hananana mahakasika ny fitsaohana any amin'ny tempoly, mba hankatò ny didiny ary mba hanaraka soa aman-tsara ny dian'i Jesoa Kristy Tompontosika sy Mpamonjintsika. Mijoro ho vavolombelona aho fa Mpanavotra antsika Izy. Zanak' Andriamanitra Izy. Izy ilay nivoaka avy ao am-pasana tamin'ilay marain'ny Paska, ka nentiny niaraka taminy ilay fanomezana ny fiainana mandrakizay ho an'ny zanak' Andriamanitra rehetra. Eo am-pankalazantsika izany zava-niseho manan-danja izany amin'izao andro mahafinaritra izao, dia enga anie isika hanolotra vavaka feno fankasitrahana noho ireo fanomezana lehibe sy tena tsara nomeny antsika. Mivavaka amimpanetrentena amin'ny anarany masina aho mba ho tanteraka izany, amena. ■

#### FANAMARIHANA

1. Jaona 14:27.
2. Taratasy eo an-tanan'i Thomas S. Monson.



Nataon'i Rosemary M. Wixom  
Filohan'ny Kilonga maneran-tany

## Miverina amin'ny finoana

*Ny tsirairay amintsika dia afaka mampahatanjaka ny finoantsika an'i Jesoa Kristy amin'ny diantsika manokana ka hahita fifaliana.*

Amin'izao marain'ny Paska izao dia feno fankasitrahana isika mihaino ny feon'ny mpaminany velona antsika, ny Filoha Monson. Mankatolina ny teninao izahay, anisan'izany ny torohevitrao manao hoe: “Mahita fifaliana ao amin'ny dia”<sup>1</sup> sy ny hoe “Mazava toy ny finoanareo ny hoavy.”<sup>2</sup>


Amin'ity taona ity ny ankizy ao amin'ny Kilonga dia mizara ny fifaliana sy ny fahazavan'ny finoan'izy ireo an'i Jesoa Kristy rehefa mihira ny hira hoe: “Fantatro fa tia ahy ny Mpamonjy Ahy.” Mihira ny fahamarinana izy ireo: “Koa satria velona Izy! Izaho mba te hanaraka Azy koa.”<sup>3</sup> Toy ny kilonga, ny tsirairay avy amintsika dia afaka mampahatanjaka ny finoantsika an'i Jesoa Kristy amin'ny diantsika manokana sy hahita fifaliana.

Nihaino reny vao herotreronny iray izay nizara ny ampahany tamin'ny dian'ny fiovam-pony aho vao haingana, nandritra ny fivorian'ny Fikambanana Ifanampiana indray alahady. Lehibe tato anatin'ny Fiangonana izy niaraka tamin'ny ray aman-dreny izay nampianatra azy ny filazantsara. Nanatrika ny Kilonga sy ny Zatovovavy ary ny seminera izy. Tia nianatra sy namantatra ireo fahamarinana izy. Ny hahafantatra ny *antony* nitrangan'ny zavatra hatrany no fanontaniany. Niteny ny Loholona

Russell M. Nelson hoe: “Ny saina mangataka ihany no azon'ny Tompo ampianarina.”<sup>4</sup> Ary azo nampianarina izany zatovovavy izany.

Nandeha nianatra tany amin'ny oniversite iray izy taorian'ny lycée, nofehezina tany amin'ny tempoly tamin'ny misiônera niverina iray izy ary nahazo zanaka mahafinaritra.

Nanohy nametraka fanontaniana niaraka tamin'ny fanahin'ny fanontaniana ity renim-pianakaviana ity. Kanefa rehefa nihasarotra ireo fanontaniana dia nihasarotra koa ireo valiny. Indraindray aza tsy nisy





valim-panontaniana mihitsy—na tsy nisy valim-panontaniana izay nitondra fiadanana. Rehefa nikatsaka hahazo valim-panontaniana izy taty aoriana dia betsaka kokoa ireo fanontaniana ni-poitra ka nanomboka niahiahy momba ireo tena fototry ny finoany izy.

Nandritra izany fotoam-pisalasalana izany dia nisy ireo sasany tamin'ny manodidina azy no niteny hoe: “Miankina fotsiny amin'ny finoako.” Kanefa nieritreritra izy hoe: “Tsy afaka manao izany aho. Tsy takatrareo mihitsy; tsy miaina ireto olana ireto ianareo.” Nanazava izy hoe: “Vonona hampiseho fahalalam-pomba tamin'ireo izay tsy nanana ahiahy aho, raha toa ka hampiseho fahalalam-pomba amiko izy ireo.” Ary betsaka no nanao izany.

Hoy izy hoe: “Fantatry ny ray aman-dreniko ny foko ary betsaka no tsy nanadala ahy firy momba izany olana izany. Nisafidy ny hitia ahy izy ireo raha niezaka namaha izany manokana aho.” Nihaona matetika tamin'ity reny vao herotrerony ity toy izany koa ny evekany ka niresaka momba ny fahatokisany azy.

Tsy nisalasala nampiseho fitiavana ihany koa ireo mpikambana tao amin'ny paroasy, ary tsapany ho mpikambana tao izy. Tsy paroasy niezaka ny hiseho ho tonga lafatra ny paroasiny; fa toerana fikolokoloana izany.

“Tena nahavariana izany,” hoy izy nahatsiaro. “Nahatsapa fifandraisana marina tamin'ny ray aman-dreniko izay efa nodimandry aho nandritra izany fotoana izany. Nanohana ahy

sy namporisika ahy hiezaka hatrany izy ireo. Tsapako toy ny niteny izy ireo hoe: ‘Mifantoha amin'izay zavatra fantatrao.’”

Nanjary nalaina izy na dia teo aza ny andian'olona maro izay nanohana azy. Niteny izy hoe: “Tsy nampisaraka ny tenako tamin'ny Fianganana aho noho ny fitondrantena ratsy, tsy firaharahiana momba ny zavatra ara-panahy, fitadiavana fialan-tsiny tsy hiainana ny didy, na fitadiavana fomba tsotra iray handaminana ny olako. Nahatsapa aho fa nila namaly ilay fanontaniana hoe: ‘inona marina no inoako?’”

Tamin'ny fotoana toy izao dia namaky boky misy ny rakitsoratr'i Mère Thérèse izay nizara fahatsapana nitovy tamin'izany izy. Nanoratra i Mère Thérèse tao anatin'ny taratasy iray tamin'ny 1953 hoe: “Miangavy aho mba hivavahana manokana ho ahy mba tsy hanimbako ity asa ity sy mba hanehoan'ny Tompo ny Tenany—satria misy haizina mahatsiravina ao anatiko, tahaka ny maty avokoa ny zavatra rehetra. Tahaka izany hatrany izany, indraindray betsaka, indraindray kely hatramin'ny fotoana nanombohako ‘ilay asa.’ Mivavaha amin'ny Tompo mba hanome risimpo ho ahy.”

Namaly ny Arseveka Périer hoe: “Mitarika anao Andriamanitra, ry Reny malala; tsy ao anatin'ny haizina araka ny eritreretinao ianao. Mety tsy hazava avy hatrany ny lalana arahina. Mangataha fahazavana; aza manapakevitra maimaika, henoy izay lazain'ny hafa, saintsaino ny hevitr'izy ireo. Hahita zavatra hanampy anao hatrany

ianao. . . . Ampy ny anananao rehefa tarihin'ny finoana amin'ny alalan'ny vavaka sy amin'ny alalan'ny fomba fandinihana mazava ianao.”<sup>5</sup>

Nieritreritra ilay namako fa raha toa ka afaka nanaraka ny fivavahany tsy nanana ny valim-panontaniana rehetra sy tsy nanana fahatsapana mazava ny amin'ny zavatra rehetra i Mère Thérèse, dia angamba afaka manao izany koa izy. Afaka namindra indray mandeha tamim-pinoana fotsiny izy—dia namindra indray avy eo. Nifantoka tamin'ireo fahamarinana ninoany izy ka namela ireo fahamarinana ireo hanenika ny sainy sy ny fony.

Rehefa nieritreritra ny zava-nitranga izy dia niteny hoe: “Nanjary toy ny lavenona ny fijoroana ho vavolombelona nananako. May avokoa izany rehetra izany. Ny hany sisa tavela dia i Jesoa Kristy.” Notohizany hoe: “Kanefa tsy mamela anao Izy rehefa manana fanontaniana ianao. Misokatra malalaka ny varavarana rehefa misy olona miezaka mitandrina ny didy. Manjary manan-danja fatratra ny vavaka sy ny fandalinana ny soratra masina.”

Ny dingana voalohany mba hanorenany indray ny finoany dia ny manomboka amin'ireo fahamarinana fototry ny filazantsara. Nividy fihirana ho an'ny Kilonga izy ary nanomboka namaky ny tonon'ireo hira. Nanomboka tiany ireo hira ireo. Nangataka finoana izy mba hanaisotra ilay enta-mavesatra tsapany.

Nianatra izy fa rehefa nahita teny nambara izay nahatonga azy hiahiahy izy dia “afaka niato izy, nieritreritra ny fifandraisan'izany tamin'izay efa fantany, ka nisaintsaina ny fiantraikan'izany lafin'ny filazantsara izany teo amin'ny fiainany.” Niteny izy hoe: “Nanontany aho hoe: ‘Ity ve no lalana ho ahy sy ny fianakaviako?’ Nanontany tena aho indraindray hoe: ‘Inona no tiako ho an'ny zanako?’ dia fantatro fa tiako hanana fanambadiana any amin'ny tempoly izy ireo. Tamin'izay no niverina tao am-poko ny finoana.”

Niteny ny Loholona Jeffrey R. Holland hoe: “[Ho] singa ao amin'ny fikatsahana ny fahamarinana *rehetra* hatrany ny fanentrentena sy finoana ary ny fitaoman'ny Fanahy Masina.”<sup>6</sup>

Na dia nanana fanontaniana momba ny nahatongavan'ny Bokin'i Môrmôna azy izy dia tsy nandà ireo fahamarinana fantany tao anatin'ny Bokin'i Môrmôna. Nifantoka tamin'ny fandalinana ny Testamenta Vaovao izy mba hahatakarana bebe kokoa ny Mpamonjy. “Kanefa taty aoriana,” hoy izy dia “nirotsaka tao amin'ny famakiana ny Bokin'i Môrmôna indray aho satria tiako ny zavatra tsapako rehefa namaky momba an'i Jesoa Kristy sy ny Sorompanavotany aho.”

Nofaranany hoe: “Mila manana ny traikefanao manokana amin'ireo fahamarinana ao anatin'izany boky izany ianao,” ary nanana izany izy. Nanazava izy hoe: “Namaky tao amin'ny Môsià aho ary nahatsapa ho notarihana tanteraka: ‘Minoa an’ Andriamanitra; minoa fa misy Izy, ary Izy no nahary ny zava-drehetra . . . ; minoa fa Izy dia manana ny fahendrena rehetra sy ny fahefana rehetra, na any an-danitra na ety an-tany; minoa fa ny olona dia tsy mahatakatra ny zava-drehetra izay azon’ ny Tompo takarina.’”<sup>7</sup>

Tamin'izany fotoana izany dia nahazo antso ho mpitendry pianô ao amin'ny Kilonga izy. “Toerana azo antoka izany,” hoy izy. “Tiako ho ao amin'ny Kilonga ny zanako, ary afaka miaraka amin'izy ireo aho izao. Ary tsy mbola vonona ny hampianatra aho.” Rehefa nanompo izy dia nitohy nahatsapa ny fanasana avy amin'ireo izay nanodidina azy manao hoe: “Avia, te hanatona anao izahay na aiza na aiza dingana misy anao amin'ny arapanahy, ary hiara-hiasa aminao amin'ny dingana misy anao izahay. Omeo anay izay azonao atolotra.”

Rehefa nitendry ireo hiran'ny Kilonga izy dia nieritreritra matetika hoe: “Izany ireo fahamarinana tiako. Mbola afaka mijoro ho vavolombelona ihany aho. Holazaiko fotsiny ireo zavatra izay haiko sy hatokisako. Mety tsy ho fanatitra lavorary amin'ny fahalalana izany, saingy izany no ho fanatitro. Mivelatra ao anatiko ny zavatra ifantohako. Mahafinaritra ny miverina mifantoka indray amin'ireo lafin'ny filazantsara ka mahatsapa fahazavana.”

Rehefa nihaino ity rahavavy zandry ity aho tamin'izay alahady maraina izay, rehefa nizara ny tantaran'ny diany izy



dia tsaroako fa “eo ambonin'ny vatolampin'ny Mpanavotra antsika” no tsy maintsy hanorenantsika rehetra ny fototra iorenantsika.<sup>8</sup> Tsaroako ihany koa ny torohevitra ny Loholona Jeffrey R. Holland hoe: “Mifikira amin'izay efa fantatrarao ary mijoroa mafy mandrapahatongan'ny fahalalana fanampiny.”<sup>9</sup>

Fantatro amim-paharisihana kokoa tamin'ny lesona nozarainy fa tonga ny valin'ireo fanontaniana amin-kitsimpo ananantsika rehefa mikatsaka amin-kafanam-po sy miaina ny didy isika. Tsaroako fa afaka manampy antsika hino ireo zavatra izay tsy mitombina amin'ny eritreritsika ny finoantsika.

Ary tena te ho toa an'ireo izay nanodidina ity reny vao herotreronny ity aho, be fitiavana sy nanohana azy. Araka ny nolazain'ny Filoha Dieter F. Uchtdorf hoe: “Mpivahiny isika rehetra, izay mikatsaka ny fahazavan'Andriamanitra eo am-pandehanana amin'ilay lalana izoran'ireo mpianatry ny Tompo. Tsy manameloka ny hafa isika noho ny habetsaky ny fahazavana izay mety ananany na tsy ananany; fa kolokolointsika kosa, ary amporisihintsika izay fahazavana rehetra mandra-pahatongan'izany ho mazava sy mamiratra ary marina.”<sup>10</sup>

Rehefa mihira ny “La prière d'un enfant” ny Kilonga dia manontany izy ireo hoe: “Ray any An-danitra ô, tena ao ve ianao? Ary henonao sy valianaô ve ny vavaky ny ankizy rehetra.”<sup>11</sup>

Mety hanontany tena koa isika hoe: “Tena ao ve ny Ray any An-danitra?”

mba hifaliana fotsiny—tahaka ny nataon'ilay namako—rehefa tonga ao anatin'ny fahatokiana mangina sy tsotra ireo valim-panontaniana. Mijoro ho vavolombelona aho fa tonga ireo fahatokiana tsotra ireo rehefa manjary ho ny sitrapony no sitrapontsika. Mijoro ho vavolombelona aho fa eto ambonin'ny tany ny fahamarinana ankehitriny ary hita ato amin' Ny Fianganon'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany ny filazantsarany. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

#### FANAMARIHANA

1. Thomas S. Monson, “Mahita ifaliana ao amin'ny dia,” *Liahona*, nov. 2008, 85.
2. Thomas S. Monson, “Aza matahotra,” *Liahona*, mey 2009, 92.
3. “Fantatro fa Velona ny Mpamonjy ahy,” ao amin'ny *Fantatro fa Velona ny Mpamonjy ahy: 2015 Rindran-damina ho an'ny Fotoana Ifanakalozana* (2014), 29.
4. Russell M. Nelson, tao amin'ny M. Russell Ballard, “What Came from Kirtland” (Takariva amorom-patana tao amin'ny Oniversiten'i Brigham Young, 6 nov. 1994); speeches.byu.edu.
5. Ao amin'ny *Mother Teresa: Come Be My Light: The Private Writings of the Saint of Calcutta*, boky navoakan'i Brian Kolodiejchuk (2007), 149–50; nampanarahana fenitra ny mari-tsoratra.
6. Jeffrey R. Holland, “Be Not Afraid, Only Believe” (takariva niarahana tamin'ny Loholona Jeffrey R. Holland, 6 feb. 2015); lds.org/broadcasts.
7. Môsià 4:9.
8. Jereo ny Helamàna 5:12.
9. Jeffrey R. Holland, “Tompo ô, Mino aho,” *Liahona*, mey 2013, 94.
10. Dieter F. Uchtdorf, “Mandray fijoroana ho vavolombelona ny fahazavana sy ny fahamarinana,” *Liahona*, nov. 2014, 22.
11. “La prière d'un enfant,” *Chant pour les enfants*, 12.



Nataon'ny Loholona José A. Teixeira

Ao amin'ny Fitopololahy

# Mikatsaka ny Tompo

*Rehefa manao izay hampalalim-paka ny fahatakarantsika momba ny Mpamonjy isika dia hanana faniriana mitombo mba hiaina amim-pifaliana sy finoana fa misy izany fifaliana.*

Ry rahalahy sy ranabavy malalako isany, fifaliana lehibe ny ijoroako eto anoloanareo eto am-piarahantsika mandray anjara amin'ity fihaonamben'ny Fiangonana ity. Fintahiana tsy voafatra ho an'ny Rahavavy Teixeira sy ho an'ny fianakavianay ary ho ahy ny fihainoana ireo teny mifono fahendrena, torohevitra, fankaherezana ary fampitandremana nomena nandritra ireo fihaonamben'ny Fiangonana tao anatin'ny taona maro.

Amin'izao vanim-potoana miavaka ao anatin'ny taona izao, indrindra amin'ity Sabatan'ny Paska ity, dia mila misaintsaina momba ny maha-zava-dehibe ireo fampianaran'ny Mpamonjy sy ny ohatra feno hatsaram-panahy sy fitiavana nasehony teo amin'ny fiainako aho.

Hanome antsika fanantenana lehibe kokoa amin'ny hoavy sy fahatokiantena bebe kokoa amin'ny fanatantehana ireo tanjontsika izay tsara ny fanakarana lalina kokoa ny momba an'i Jesoa Kristy, na dia eo aza ny tsy fahatomombanantsika. Hanome antsika koa faniriana bebe kokoa hanompo ny mpiara-belona amintsika izany.

Niteny ny Tompo hoe: “[Katsaho] Aho amin'ny eritreritra rehetra; aza mi-roanàhana, aza matahotra.”<sup>1</sup> Fikatsahana atao isan'andro, ezaka manan-danja ny

fikatsahana ny Tompo sy ny fahatsapana ny maha-eo Azy.

Ry rahalahy sy ranabavy, amin'izao fotoana izao isika dia manana fahafahana sy loharano miavaka bebe kokoa eo am-pelatanantsika noho ny tamin'ny fotoana hafa mba hanaovana izay hampahalalim-paka ny fahatakarantsika ireo fampianaran'i Jesoa Kristy sy ny Sorompanavotany. Hanampy antsika hiaina fiainana mamokatra feno fifaliana ny fampiasana ireny loharano ireny.

Niteny ny Mpamonjy tao amin'ny fanoharana momba ny voaloboka sy ny sampany hoe: “Tomoera Amiko ary Izaho aminareo. Tahaka ny sampany tsy mahay mamoa ho azy, dia toy izany koa hianareo, raha tsy miray Amiko.”<sup>2</sup>

Rehefa mahatakatra bebe kokoa ny anjara asa miavaka ananan'i Kristy eo amin'ny fiainantsika isika dia vao mainka isika mahatakatra ny tanjontsika eto ambonin'ny tany, dia ny hanana fifaliana. Izany fifaliana izany anefa dia tsy manakana antsika tsy hiaina fitsapana sy olana, ny sasany aza tena lehibe sy sarotra ka mety hitarika antsika hieritreritra fa tsy misy ny fifaliana ao anatin'ny toe-javatra toy izany.

Fantatro tamin'ny alalan'ny zavatra niainako manokana fa afaka mitohy

ny fifaliana avy amin'ny fiainana ao anatin'ny fahamarinana sy fitoerana ao amin'i Kristy na dia eo aza ireo fahoriana izay fahita mahazatra eto amin'ny fiainana an-tany. Matetika ireny fahoriana ireny no mampivelatra, manefy ary mitarika antsika hahazo fahatakarana lalina kokoa momba ny tanjon'ny fisiantsika ety an-tany sy momba ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy amin'ny farany.<sup>3</sup>

Hoy Izy: “Izaho no voaloboka, hianareo no sampany. Izay miray Amiko, ary Izaho aminy, dia mamoa be izy; fa raha misaraka Amiko kosa hianareo dia tsy mahay manao na inona na inona.”<sup>4</sup>

Mino aho fa rehefa manao izay hampalalim-paka ny fahatakarantsika momba ny Mpamonjy isika dia hanana faniriana mitombo mba hiaina amim-pifaliana sy finoana fa misy izany fifaliana izany. Hanana fahafahana lehibe kokoa isika vokatr'izany mba hiaina isan'andro miaraka amin'ny faharisihana bebe kokoa hiatrika ny fiainana sy hitandrina ireo didin' Andriamanitra, na ao anatin'ny toe-javatra sarotra aza.

Aoka tsy ho avelantsika ho amin'ny rahampitso izay azontsika atao anio. Izao isika no tsy maintsy manatona an'i Kristy satria “raha mino [Azy Isika], dia hilofo raha mbola atao hoe anio izany.”<sup>5</sup>

Tokony hieritreritra mba hirotsaka ao anatin'ny fifaneraserana matetika amin'ireo fampianaran'i Kristy isika isan'andro. Ny fihetsika sy asa kely sy tsotra atao isan'andro dia:

1. Hampahalalim-paka ny fahatakarantsika momba ny maha-zava-dehibe ny Tompo eo amin'ny fiainantsika, sy
2. Hanampy antsika hizara izany fahatakarana izany amin'ny taranaka vao misondrotra, izay azo antoka fa hahatsapa ny fitiavan'ny Ray any An-danitra sy Jesoa Kristy Zanany, rehefa mahita ny ohatra asehontsika amin'ny fiainana ny filazantsara amin-kitsimpo izy ireo.

Koa inona ary ny sasany amin'ireo fitondrantena tsotra amin'izao fotoana maoderina izao izay hanjary ho balsama ho an'ny fanahintsika amin'ny fampatanjahana ny fijoroana

ho vavolombelona ananantsika momba an'i Kristy sy ny asa nanirahany Azy?

Tamin'ny taona 2014, ny fifaninana sary nataon'ny National Geographic dia naharay sary mihoatra ny 9.200 ho entina hifaninanana izay avy tamin'ny mpaka sary matihanina sy mpankafy avy tamin'ny firenena mihoatra ny 150. Ny sary nandresy dia nampiseho vehivavy iray eo afovoan'ny fiaran-dalamby feno mpandeha. Manazava ny tarehiny ny hazavana avy amin'ny findainy. Mampita hafatra mazava ho an'ireo mpandeha hafa izy hoe: na dia eo aza izy arabatana dia tsy tena eo izy.<sup>6</sup>



*Eo ambony: Fampitana ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany avy ao amin'ny fiaramanidina iray eny am-pisidinana. Eo ankavia: Ilay mpaka sary nibata ny fandresena tamin'ny fifaninana sary National Geographic an'ny taona 2014 dia nampiseho vehivavy iray izay mampita hafatra mazava amin'ireo mpandeha hafa tao amin'ny fiaran-dalamby; na dia teo arabatana aza izy dia tsy tena teo ny eritreriny.*

Nanova be ny fomba fiainantsika eto amin'izao tontolo izao sy ny fomba fifandraisantsika amin'ny hafa ny données mobiles, smartphone, ary ireo tambazotra ifaneraserana. Afaka mitondra ny tenantsika hain-gana any amin'ny toerana sy hetsika izay manaisotra antsika haingana eo amin'izay zavatra manan-danja mba hanana fiainana feno fifaliana maharitra ity vanim-potoana hampiasana ireo fitaovana nomerika ity. Ny fotoana hampiasana internet, raha toa ka tsy voafehy dia lasa hanome lanja ambony kokoa ny fifandraisana amin'ireo olona izay tsy fantatsika na tsy mbola nifanena tamintsika noho ny amin'ireo olona izay miaramiaina amintsika—ny fianakaviansika manokana! Amin'ny lafiny iray dia fantatsika rehetra fa manana loharano tena tsara

azontsika jerena en ligne isika, anisan'izany ireo izay narafitry ny Fiangonana, toy ny lahatsoratra sy ny horonampeon'ny soratra masina sy ny fihaonamben'ny Fiangonana, ireo horonantsary navoaka momba ny fiainana sy ny fampianaran'i Jesoa Kristy, ny application mba hiraketana ny tantaran'ny fianakaviansika ary ireo fahafahana hihaino hira manentana ny fanahy. Misy fiantraikany lehibe ireo safidy sy laharampahamehana ataontsika mandritra ny fotoana hampiasantsika ny internet. Afaka mamaritra ny fivoarantsika ara-panahy sy ny fahamatorantsika ao amin'ny filazantsara ary ny fanirantsika hitondra anjara biriky amin'ny fanaovana izay hahatsara kokoa izao tontolo izao izany ary hiaina fiainana mahomby kokoa. Noho ireo antony ireo aho anio dia te hilaza fahazarana tsotra anankitelo

izay hanorina fomba fampiasana amim-pahendrena ny internet. Hampisy fandinihan-tena isan'andro izay ilaina mba hanakaikezantsika bebe kokoa an'ireo fampianaran'ny Raintsika any An-danitra sy i Jesoa Kristy Zanany ireo fahazarana ireo.

**Fahazarana laharana 1: Tsidiho ireo tranonkala ôfisialin'ny Fiangonana ho loharanom-pahalalana**

Hanampy antsika hiraiki-po hatrany amin'ireo fampianaran'ny filazantsara sy hamporisika ny fianakaviansika sy ny namantsika mba hieritreritra sy hisaintsaina momba izay manan-danja indrindra ny fitsidihana matetika ireo loharano ireo isan-kerinandro.

**Fahazarana laharana 2: Misoràta anarana amin'ireo tambazotra ifaneraserana ôfisialin'ny Fiangonana**

Izany safidy izany dia hitondra eo amin'ny efjerinao ny votoatin-kevitra izay ilaina mba hampahalalim-paka ny fikarohanao sy ny fikatsahanao ny Tompo sy ireo fampianarany ary izany dia hampahatanjaka ny fanirianao mba hahatakatra ny filazantsara. Ary ny tena manan-danja indrindra dia hanampy anao hahatsiaro izay andrasan'i Kristy amin'ny tsirairay amintsika izany.

Tahaka ny hoe “tsy misy tany tsara raha tsy misy mpamboly tsara”<sup>7</sup> dia tsy hisy vokatra tsara azo avy amin’ny internet koa raha tsy mifantina mialoha izay hotadiavin’ny rantsantanantsika sy ho tonga ao an’eritrerintsika isika.

**Fahazarana laharana 3: Makà fotoana hanajanonana ny fitaovana entina mandehandeha anananareo**

Tena mampahazo aina ny manajonona ireo fitaovana eletrônika ananantsika mandritra ny fotoana elaela kely ka mamaky soratra masina ho solon’izany na mifampiresaka amin’ny olona ao amin’ny fianakaviansika sy ny namantsika. Indrindra amin’ny andron’ny Tompo, hihaino ny fiadanana tsapa avy amin’ny fandraisana anjara amin’ny fanasan’ny Tompo ka tsy misy fahamainana hijery raha toa ka nahazo hafatra vaovao na publication vaovao ianao.

Ny fahazarana manajanona elaela ny fitaovana entina mandehandeha anananao dia hampitombo sy hampivelatra ny fahitanao ny fiainana, satria tsy voafetra ao anatin’ny efijery folo santimetatra ny fiainana.

Niteny i Jesoa Kristy Tompo hoe: “Tahaka ny nitiavan’ny Ray Ahy no nitiavako anareo; tomoera amin’ny fitiavako ianareo.”<sup>8</sup> Tian’ Andriamanitra hahazo fifaliana sy hahatsapa ny fitiavany isika. Manana ireo fitaovana hahafantarana Azy bebe kokoa isika sy hiainana ny filazantsarany.

Mijoro ho vavolombelona aho momba ny fifaliana izay misy rehefa mitandrina ny didy isika ary momba ilay fiadanana izay tsapantsika rehefa mitoetra ao amin’ny fitiavana ny Ray any An-danitra sy ny Zanany Lahy dia ny Mpamonjintsika isika. Amin’ny anaran’i Jesoa Kristy, amena. ■

#### FANAMARIHANA

1. Fotopampianarana sy Fanekehampihanana 6:36.
2. Jaona 15:4.
3. Jereo ny Jaona 15:11.
4. Jaona 15:5.
5. Fotopampianarana sy Fanekehampihanana 64:25.
6. Jereo ny “Photo Contest 2014,” *National Geographic*, [photography.nationalgeographic.com/photography/photo-contest/2014/](http://photography.nationalgeographic.com/photography/photo-contest/2014/).
7. Mpanoratra tsy fantatra.
8. Jaona 15:9.



**Nataon’ny Erika Gérald Caussé**

Mpanolotsaina Voalohany ao amin’ny Episkôpa Mpiahy

## Mbola mahagaga anareo ve izany?

*Famantarana ny finoana ny mitolagaga amin’ireo zava-mahagagan’ny filazantsara. Fahafantarana ny tanan’ny Tompo eo amin’ny fiainantsika sy eo amin’ny zavatra rehetra manodidina antsika izany.*

Nanana fifaliana lehibe izaho sy ny vadiko tamin’ny nanabeazanay ireo zanakay dimy teo akaikin’ny tanàna mahafinaritr’i Paris. Tianay ny nanome azy ireo fahafahana feno maro mba hahita ny zavatra mahatalanjon’izao tontolo izao nandritra ireo taona ireo. Isaky ny lohataona dia nanao dia lavitra ny fianakavianay mba hitsidika ireo sangan’asa mendrika hotsaroana, ireo toerana manan-tantara, ary ireo

zava-mahagaga ara-boajanahary goavana indrindra tany Eorôpa. Farany, rehefa avy nipetraka nandritra ny 22 taona tao amin’ny faritr’i Paris izahay dia niomana ny hifindra monina. Mbola tsaroako foana ilay andro nanatontan’ny zanako ahy ka nitenenany hoe: “Dada, tena mahamenatra mihitsy izany! Nipetraka teto isika nandritra ny fiainantsika iray manontolo, kanefa tsy mbola tany amin’ny Tour Eiffel mihitsy!”



Betsaka ireo zava-mahagaga eto amin'ity izao tontolo izao ity. Kanefa rehefa hitantsika matetika eo ambany masontsika izy ireny dia ataontsika tsinontsinona. Mijery isika kanefa tsy tena mahita; maheno isika kanefa tsy tena mihaino.

Niteny tamin'ny mpianany i Jesoa nandritra ny asa fanompoana nataony teto an-tany nanao hoe:

“Sambatra ny maso mahita izay hitanareo:

“Fa lazaiko aminareo fa mpaminany sy mpanjaka maro no naniry hahita izay hitanareo, fa tsy nahita, ary naniry handre izay renareo, fa tsy nahare.”<sup>1</sup>

Matetika aho no nanontany tena hoe manao ahoana izany niaina tamin'ny andron'ny Mpamonjintsika izany. Azonareo sary an-tsaina ve izany mipetraka eo an-tongony izany? Mahatsapa ny fihiny? Manatri-maso rehefa nanompo ny hafa Izy? Kanefa dia mbola maro tamin'ireo izay nifanana Taminy no tsy nahafantatra—tsy “nahita”—fa niaina teo anivony ilay tena Zanak' Andriamanitra.

Manana tombontsoa koa isika miaina amin'ny fotoana miavaka. Ireo mpaminany fahiny dia nahita ny asan'ny Famerenana amin'ny laoniny ho “asa mahatalanjona . . . , eny, asa mahatalanjona sy mahagaga iray.”<sup>2</sup> Tamin'ity fotoampitantanana ity irery ihany no niantsoana misiônera marobe, sy nanokafana firenena marobe ho amin'ny hafatry ny filazantsara ary nananganana tempoly marobe manerana izao tontolo izao.

Amintsika, dia misy ihany koa ireo zava-mahagaga mitranga amin'ny fiainantsika tsirairay amin'ny maha-Olomasin'ny Andro Farany antsika. Anisan'izany ny fiovampontsika manokana, ireo valim-bavaka azontsika, ary ireo fitahiana lehibe izay arotsak' Andriamanitra amintsika isan'andro.

Famantarana ny finoana ny fahagagana amin'ireo zava-mahagagan'ny filazantsara. Fahafantarana ny tanan'ny Tompo eo amin'ny fiainantsika sy eo amin'ny zavatra rehetra manodidina antsika izany. Mamokatra tanjaka ara-panahy ihany koa ny fahagagantsika. Manome antsika ny tanjaka mba



hijanonana ho miorim-paka ao amin'ny finoantsika izany sy hirotsahan'ny tenantsika ao amin'ny asa famonjena.

Aoka anefa isika hitandrina. Marefo ny fahafahantsika ho gaga. Rehefa ela ny ela dia mety hitoetra ao amintsika ny toetra toy ny fitandremana amimpahazarana fotsiny ny didy, ny fahalaianana, na ny harerahana mihitsy ka hahatonga antsika tsy hiraharaha eny fa na ireo famantarana miavaka indrindra sy ireo fahagagan'ny filazantsara aza.

Ny Bokin'i Môrmôna dia mamaritra vanim-potoana iray tena mitovy amin'ny antsika, izay nialoha ny fahatongavan'ny Mesia tany Amerika. Nipoitra tampoka teny amin'ny lanitra ireo famantarana ny fahaterahany. Nandraingiraingin'ny fahagagana izy ireo ka nanetry ny tenany, ary saika ho niova fo avokoa ny rehetra. Efa-taona monja taty aoriana anefa dia “nanomboka nanadino ireo famantarana sy zava-mahagaga izay efa reny ireo ary nanomboka tsikelikely ho tsy talanjona firy tamin' ny famantarana na ny zava-mahagaga avy tany an-danitra, . . . ary nanomboka tsy nino izay rehetra efa reny sy hitany izy.”<sup>3</sup>

Ry rahalahy sy anabavy isany, mbola mahagaga anareo ve ny filazantsara? Mbola afaka mahita, mandre, mahatsapa, ary talanjona ve ianareo? Sa nihena ny ara-panahinareo? Na inona na inona toe-javatra iainanareo dia manasa anareo aho hanao zavatra anankitelo.

Voalohany, aza reraka na oviana na oviana amin'ny fahitana na fahitana indray ireo fahamarinan'ny filazantsara.

Hoy ilay mpanoratra Marcel Proust hoe: “Ny tena dia amin'ny fahitan-java-baovao dia tsy ny fitadiavana tontolo vaovao, fa ny fananana maso vaovao.”<sup>4</sup> Tsaroanareo ve ny fotoana voalohany namakianareo andinin-tsoratra masina ka nahatsapanareo fa toy ny niresaka mivantana taminareo ny Tompo? Tsaroanareo ve ny fotoana voalohany nahatsapanareo ny fitaomana mamin'ny Fanahy Masina teo aminareo, angamba talohan'ny nahafantaranareo fa Fanahy Masina izany? Tsy fotoana masina sy niavaka ve ireny?

Tokony ho noana sy hangetaheta ny fahalalana ara-panahy isika isan'andro. Mifototra amin'ny fandalinana, fandinihana lalina ary vavaka izany fomba fanaon'ny tena manokana izany. Mety ho alaim-panahy isika indraindray ka hieritritra hoe: “Tsy mila mandalina ny soratra masina aho anio; efa novakiako avokoa ireo taloha” na “Tsy mila mandeha any am-piangonana aho anio; tsy misy zava-baovao any.”

Ny filazantsara anefa dia loharanom-pahalalana izay tsy ho ritra na oviana na oviana. Misy zava-baovao hatrany azo ianarana sy ho tsapa isaky ny alahady, amin'ny fivoriana tsirairay, ary ao amin'ny andinin-tsoratra masina tsirairay. Amim-pinoana no hihazonantsika ilay fampanantenana fa raha “mitady [isika] dia hahita.”<sup>5</sup>

Faharoa, afikiro amin'ireo fahamarinana mazava sy tsotran'ny filazantsara ny finoanareo. Tokony hiorim-paka amin'ireo fitsipika fototry ny finoantsika sy ny fahadiovan'ireo fanekempihavanana sy ôrdônansy ary ireo fomba



fitsaohana tsotra indrindra izay ataontsika ny fahagantsika.

Niresaka momba ny tantaran'ny lehilahy telo izay nihaona tamin'ny nandritra ny fihaonamben'ny distrika iray tany Afrika ny misiônera vehivavy iray. Avy tany amin'ny tanàna lavitra anaty kirihitra izy ireo izay tsy mbola nananganana ny Fiangonana kanefa nahitana mpikambana mahatoky 15 sy naman'ny Fiangonana efa ho 20 isa. Nandeha an-tongotra mihoatra ny roa herinandro ireo lehilahy ireo, nanao dia mihoatra ny 480 kilaometatra tamin'ny lalana feno fotaka noho ny orana, mba hahafahan'izy ireo manatrika ny fihao-nambe sy hitondra ny fahafolonkarena avy amin'ireo mpikambana ao amin'ny vondrona misy azy ireo. Nanao drafitra ny hijanona mandritra ny herinandro iray manontolo izy ireo mba hahafahany mankafy ny tombontsoan'ny fandraisana ny fanasan'ny Tompo ny alahady manaraka ary dia nanantena ny handeha hiverina sady hiloloha baoritra feno Bokin'i Môrmôna mba homena ireo vahoaka any amin'ny tanànany.

Nijoro ho vavolombelona ilay misiônera fa nanohina azy ny zava-mahagaga nasehon'ireto rahalahy telo ireto sy ny fanolorantena avy tamin'ny fo nataony mba hahazoana zavatra izay tsy sarotra azo akory ho an'ilay misiônera.

Nanontany tena izy hoe: “Raha toa ka mifoha aho amin'ny marainan'ny alahady iray any Arizona ka mahita fa tsy mandeha ny fiara, handeha an-tongotra ve aho ho any am-piangonana izay trano vitsivitsy miala ny tranoko fotsiny? Sa hijanona ao an-trano satria lavitra loatra izany na satria avy ny orana?”<sup>6</sup> Fanontaniana tsara hosaintsainintsika rehetra izany.

Farany dia manasa anareo aho mba hikatsaka sy hankamamy ny fananana ny Fanahy Masina ho namana. Tsy azo tsapaina amin'ny fahatsapantsika ara-boajanahary ny ankamaroan'ireo zava-mahagagan'ny filazantsara. Ireny no ireo zavatra izay “tsy mbola hitan'ny maso sy tsy mbola ren'ny sofina, . . . efa namboarain' Andriamanitra ho an'izay tia Azy.”<sup>7</sup>

Rehefa manana ny Fanahy miaraka amintsika isika dia manjary mora handairan-javatra ny fahatsapana ara-panahintsika ary mihatsara ny fitadidiansika ka tsy afaka hanadino ireo fahagagana sy famantarana izay hitantsika isika. Izany no mety ho antony nivavahan'ny mpianatr'i Jesoa Nefita tamin-kafanam-po, raha nahafantatra fa efa handao azy ireo Izy, “ho an'izay niriany indrindra; ary niriany ny hanoomezana ny Fanahy Masina azy ireo.”<sup>8</sup>

Na dia nahita ny Mpamonjy tamin'ny masonry manokana aza izy ireo sy nikasika ny ratrany tamin'ny tanany manokana dia fantatr'izy ireo

fa hihalefy ny fijoroana ho vavolombelona ananan'izy ireo raha tsy havaozina hatrany amin'ny alalan'ny herin'ny Fanahin' Andriamanitra. Ry rahalahy sy anabaviko isany, aza manao na inona na inona mety hahavery izany fanomezana sarobidy sy mahatalanjona izany—ny fananana ny Fanahy Masina ho namana. Katsaho amin'ny alalan'ny vavaka mafy sy fiainana araka ny fahamarinana izany.

Mijoro ho vavolombelona aho fa ny asa izay irotsahantsika dia “asa mahagaga sy mahatalanjona.” Rehefa manaraka an'i Jesoa Kristy isika dia mijoro ho vavolombelona amintsika Andriamanitra “[amin'ny] famantarana sy ny fahagagana ary tamin'ny asa lehibe samy hafa sy ny fanomezana ny Fanahy Masina nozarazarainy araka ny sitrapony.”<sup>9</sup> Amin'izao andro miavaka izao dia mijoro ho vavolombelona aho fa ny zava-mahagaga sy mahatalanjon'ny filazantsara no vatofantsika ao amin'ny fanomezana lehibe indrindra amin'ny fanomezan' Andriamanitra rehetra—ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy. Izany no fanomezam-pitiavana lafatra indrindra izay natolotry ny Ray sy ny Zanaka, izay iray tanjona, amintsika. Miaraka aminareo aho manao hoe: “Mahagaga ahy ny fitiavan'i Jesoa. . . . Endrey mahagaga re, mahagaga re!”<sup>10</sup>

Ny hananantsika hatrany ny maso izay mahita, sofina izay maheno, ary fo izay mahatsapa ireo zava-mahagagan'ity filazantsara mahatalanjona ity no vavaka ataoko amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

#### FANAMARIHANA

1. Lioka 10:23–24.
2. 2 Nefia 27:26.
3. 3 Nefia 2:1.
4. “Marcel Proust,” *Guardian*, 22 jolay 2008, [theguardian.com/books/2008/jun/11/marcelproust](http://theguardian.com/books/2008/jun/11/marcelproust).
5. Matio 7:7.
6. Nalaina sy narindra avy tamin'ny Lorraine Bird Jameson, “The Giants of Kinkondja” (article on Africa Southeast Area website, 2009); [web.archive.org/web/20101210013757/http://www.lds.co.za/index.php/news-a-events/news/aseanews/91-the-giants-of-kinkondja](http://web.archive.org/web/20101210013757/http://www.lds.co.za/index.php/news-a-events/news/aseanews/91-the-giants-of-kinkondja).
7. 1 Korintiana 2:9.
8. 3 Nefia 19:9.
9. Hebreo 2:4.
10. “Mahagaga ahy,” *Fihirana sy hiran'ny ankizy*, lah. 44.



**Nataon'ny Loholona Brent H. Nielson**

Ao amin'ny Fitopololahy

## Miandry ilay nania

*Enga anie izaho sy ianao ka handray ny fanambarana mba hahalalana ny fomba hanatonana bebe kokoa ireo olona eo amin'ny fiainantsika izay very.*

**N**andany ny fotoana nanompoany teto an-tany tamin'ny fampianarana mikasika ilay hery manasitrana sy manavotra ananany ny Mpamonjy. Indray mandeha tao amin'ny Lioka toko 15 ao amin'ny Testamenta Vaovao, dia tena nokianina tokoa Izy fa niara-nisakafo sy niresaka tamin'ireo mpanota (jereo ny Lioka 15:2). Nampiasain'ny Mpamonjy io fanakianana io hoentina hampianarana antsika rehetra ny fihetsika tokony haseho amin'ireo izay very lalana.

Novaliny tamin'ny alalan'ny fame-trahana fanontaniana manan-danja anankiroa ireo mpanakiana Azy:

“Iza moa no olona aminareo, izay manana ondry zato, ka very ny anankiray, no tsy mandao ny sivy amby sivifolo any an'efitra ka mandeha hitady ilay very mandra-pahitany azy?” (Lioka 15:4).

“Ary iza moa no vehivavy manana farantsakely folo, ka very ny anankiray, no tsy mampirehitra jiro ka mifafa trano sy mitady fatratra mandra-pahitany azy?” (Lioka 15:8).

Dia nampianarin'ny Mpamonjy avy eo ny fanoharana mikasika ilay zanaka adala. Tsy mikasika ny ondry zato sy farantsakely folo akory io fanoharana io fa mikasika ny zanaka anankiray sarobidy izay very. Inona ary amin'ny

alalan'izany fanoharana izany no ampianarin'ny Mpamonjy antsika mikasika ny fihetsika tokony haseho rehefa misy olona iray nivily lalana ao amin'ny fianakaviana?

Nilaza tamin-drainy ilay zanaka adala hoe ilainy izao dia izao ny anjara lovany. Te handao ny fiainana amimpandriam-pahalemana ao an-tranony sy ao amin'ny fianakaviany izy ka hikatsaka ny fiainana ara-nofon'izao tontolo izao (jereo ny Lioka 15:12–13). Jereo tsara ao anatin'ilay fanoharan'ny Mpamonjy fa fihetsika feno fitiavana no nasehon'ilay ray ka nomeny ilay zanany lahy ny lovany. Azo antoka

fa nanao izay rehetra vitany ilay ray mba handresena lahatra ilay zanany lahy hijanona. Saingy raha vao nandray ny fanapahan-keviny ilay zanakalahy efa lehibe dia navelan'ilay ray nandeha izy. Dia naneho fitiavana marina ilay ray ka niandrindra ny hiverenany ary niandry (jereo ny Lioka 15:20).

Niaina toe-javatra nitovy tamin'izany ny fianakaviako. Notaizan'ny ray aman-dreny fakan-tahaka izaho sy ny rahalahiko mahatoky anankiroa ary ny anabaviko mahafinaritra anankiray. Nampianarina ny filazantsara izahay tao an-tokantranonay. Lehibe soa aman-tsara izahay ary samy nofehezina tamin'ny vadinay tany amin'ny tempoly avokoa izahay efatra. Lasa tsy faly tamin'ny Fiangonana sy ny fampianarany sasantsasany anefa i Susan anabaviko tamin'ny 1994. Resy lahatra tamin'ireo nandraboraby sy nanakiana ireo mpitarika ny Fiangonana tany am-piandohana izy. Navelany hihena ilay finoany ny mpaminany velona sy ny apôstôly. Resin'ny ahiahiny ny finoany rehefa nandeha ny fotoana ka dia nisafidy ny handao ny Fiangonana izy. Nomen'i Susan lalana aho hizara ny tantarany sao mety hanampy ny hafa izany.

Kivy izaho sy ireo rahalahiko ary ny reniko izay mananotena. Tsy azonay an-tsaina mihitsy ny zavatra mety nitarika azy handao ny finoany.

Efa eveka sy filohan'ny kôlejy izaho sy ireo rahalahiko ka tsapanay izany fifaliana noho ny fahombiazana teo





amin'ny famonjena ireo mpikambana tao amin'ny paroasy sy kôlejy izany rehefa nandao ny sivy amby sivifolo izahay ka nandeha nitady ilay iray very. Toa vao mainka nampanalavitra bebe kokoa an'ilay anabavinay anefa ny ezaka tsy tapaka nataonay mba hamonjy azy.

Rehefa nikatsaka ny fitarihan'ny lani- tra izahay mikasika ny fomba ahafahana- nay manampy azy araka ny tokony ho izy, dia nazava be fa tokony hanaraka ny ohatra nasehon'ilay ray tao anatin'ny fanoharana momba ilay zanaka adala izahay. Nanao ny safidiny i Susan dia tsy maintsy navelanay, ara-panoharana, nandeha izy—saingy tsy navelanay nandeha fotsiny ka tsy nahalala sy nahatsapa ny fitiavanay marina azy izy. Koa dia niandrandra ny fiverenany sy niandry azy tamin'ny fitiavana sy hatsaram-panahy hatrany izahay.

Tsy nitsahatra nitia sy nikarakara an'i Susan ny reniko. Nosoratan'ny reniko teo amin'ny horonan-taratasy misy ny anaran'olona hivavahana any amin'ny tempoly ny anaran'i Susan isaky ny mandeha any amin'ny tempoly izy ary tsy very fanantenana mihitsy izy. Nasain'ny zokiko lahy sy ny vadiny izay mipetraka akaiky indrindra an'i Susan any Californie mba hanatrika ireo fotoana rehetra iaraha-mifaly amin'ny fianakaviana i Susan. Nanomana sakafo hariva tao an-tranony izy ireo isan-taona isaky ny fitsingerenan'ny taona nahaterahan'i Susan. Nataon'izy ireo izay nifandraisana tsy tapaka taminy sy izay nahafantarany ny fitiavan'izy ireo marina azy.

Nifanerasera tamin'ny zanak'i Susan tany Utah ny zandriko lahy sy ny

vadiny ary nikarakara sy nitia azy ireo. Nataon'izy ireo izay hanasana foana ny zanak'i Susan tany amin'ireo fihaonam- pianakaviana ka rehefa tonga ny fotoana nanaovana batisa ny zafikelivavin'i Susan dia ny rahalahiko no tany nanatanteraka ilay ôrdônansy. Nanana mpampianatra isan-tokantrano sy mpa- mangy isan-tokantrano be fitiavana izay tsy nilavo lefona velively koa i Susan.

Rehefa nandeha nanao asa fito- riana sy nanambady ireo zanakay dia nasaina sy nanatrika izany fiaraha- mifaly amin'ny fianakaviana izany i Susan. Niezaka izahay mba hikarakara tsy tapaka fotoana iarahana amin'ny fianakaviana mba hahafahan'i Susan sy ny zanany miaraka aminay ka ho fantany fa tianay izy ireo ary anisan'ny fianakavianay. Nahazo mari-pahaizana ambony tany amin'ny oniversite iray tany Californie i Susan ary nanatrika tany daholo izahay mba hanohana azy

tamin'ny fizarana ny mari-pahaizana. Marina fa tsy afaka nekenay ny safidy sasany nataony saingy izy kosa dia ne- kenay tokoa. Nitia izahay dia niandran- dra ny fiverenany ary niandry.

Ny taona 2006, 12 taona lasa taorian'ny nandaozan'i Susan ny Fiangonana dia nifindra tany Californie i Katy zanakay vavy sy ny vadiny mba hahafahan'ny vadiny mianatra any amin'ny sekoly mpianatra la'làna. Nipetraka tao amin'ny tanàna nisy an'i Susan izy ireo. Nitodika tany amin'i Susan nenitoany ireto mpivady vao he- rotrerony ireto mba hahazo fanampiana sy fanohanana ary notiavin'izy ireo izy. Nanampy tamin'ny fikarakarana an'i Lucy zafikelinay vavy roa taona i Susan ary nanampy azy tamin'ny vavaka fanao isan-kariva. Niantso ahy indray andro i Katy ary nanontany raha mba efa noeritretiko ny hiverenan'i Susan ao amin'ny Fiangonana. Nanome toky azy aho fa nahatsapa ny hiverenany indray fa mila manohy ny fananana faharetana izahay. Nandritra ny telo taona dia niandrandra ny fiverenany sy niandry niaraka tamin'ny fitiavana tsy tapaka izahay.

Enin-taona lasa katroka tamin'ity faran'ny herinandro ity izay no nipetra- hanay sy i Marcia vadiko teo amin'ny laharan-tseza voalohan'ity ivontoe- ran'ny fihaonambe ity. Hotohanana mba ho Manampahefana Ambony aho tamin'izay andro izay. Nanoratan'i



Marcia, izay mifandray akaiky foana amin'ny Fanahy, teny kely mivaky toy izao aho: “Fotoana izao hiverenan'i Susan araka ny eritreritro.” Nanoro hevitra ahy i Katy zanako vavy mba hivoaka sy hiantso an'i Susan ka hanasa azy hijery ny fihaonamben'ny Fiangonana tamin'izay andro izay.

Rehefa namporisihan'ireo vehivavy roa manana ny maha-izy azy ireo aho dia nandeha nankany amin'ny toeram-piandrasana ary niantso ny anabaviko. Nametraka hafatra am-bava tao amin'ny telefona aho ka nanasa azy tsotra fotsiny mba hijery io fivoriana anankiray tamin'ny fihaonamben'ny Fiangonana io. Voarainy ilay hafatra. Tena faly izahay fa nisy nanosika azy hijery ireo fivoriana rehetra amin'ny fihaonambe. Naheno ny tenin'ireo mpaminany sy apôstôly izay tiany tany aloha tany izy. Naheno anarana vaovao izay tsy mbola henony teo aloha izy toy ny hoe, Filoha Uchtdorf, Loholona Bednar, Loholona Cook, Loholona Christofferson, ary Loholona Andersen. Tonga saina nandritra izany fotoana izany sy tao anatin'ny toe-java-niseho hafa nalefan'ny lanitra ilay anabaviko—tahaka ilay zanaka adala (jereo ny Lioka 15:17). Namporisika azy hitodika sy hanomboka hanao dia miverina mody indray ny tenin'ireo mpaminany sy apôstôly ary ny fitiavan'ny fianakaviany. Very ka hita indray 15 taona taty aoriana ilay zanakavavinay sy anabavinay. Tapitra ny fiandrindrana ny fiverenana sy ny fiandrasana.

Ny famariparitan'i Susan io zavatra niainany io dia mitovy amin'ny famariparitan'i Leahia izany ao amin'ny Bokin'i Môrmôna. Navotsony ilay anja-by ary tafiditra tao anatin'ny zavon'ny haizina izy (jereo ny 1 Nefia 8:23). Nilaza izy fa tsy fantany hoe very raha tsy nofohazin'ilay Fahazavan'i Kristy indray ny finoany izay nampiharihary mazava tsara ny fahasamihafana goavana nisy teo amin'ny zavatra niainany tao amin'izao tontolo izao sy ny zavatra natolotry ny Tompo sy ny fianakaviany.

Nisy fahagagana niseho tao anatin'izay enin-taona lasa izay. Manana fijoroana ho vavolombelona indray momba ny Bokin'i Môrmôna i Susan.



Nahazo ny fahazoan-dalany hidirana ny tempoly izy. Efa mpanatanteraka ôrdônansy tany amin'ny tempoly izy ary amin'izao fotoana izao dia mampianatra ny fotopampianaran'ny filazantsara ao amin'ny paroasiny. Nisokatra ho an'ny zanany sy ny zafikeliny ny varavaran'ny lanitra ary na dia nisy aza ireo zava-tsarotra nateraky ny nataony dia toy ireny hoe tsy nandao ny Fiangonana izany velively izy.

Ny sasany aminareo, tahaka ny fianakaviana Nielson, dia manana olona ao amin'ny fianakaviana izay nivily lalana vetivety. Ny torolalan'ny Mpamonjy ho an'ny rehetra dia ny mandao ireo sivy amby sivifolo ary mandeha mitady sy manavotra ilay anankiray. Ny torolalany ho an'ireo izay nanana farantsakely folo ka nanary ny anankiray dia ny mitady izany mandrapahita azy. Raha toa ka zanakao lahy na zanakao vavy na rahalahinao na anabavinao na anadahinao na rahavavinao ilay very, ary nisafidy ny handeha izy, dia nianatra izahay tao amin'ny fianakavianay fa rehefa ataontsika ny zavatra rehetra azontsika atao, dia tiavintsika amin'ny fontsika rehetra io olona io ary miandrindra ny fiverenany isika sy mivavaka ary miandry ny fianan'ny tanan'ny Tompo.

Ny lesona manan-danja indrindra nampianaran'ny Tompo ahy tao

anatin'io zava-nitranga io angamba dia niseho nandritra ny fandalinan'ny fianakavianay ny soratra masina taorian'ny nandaozan'ny anabaviko ny Fiangonana. Ny zanako lahy David no namaky raha niara-nandalina ny Lioka 15 izahay. Rehefa namaky ny fanoharana momba ilay zanaka adala izy dia hafa noho ny fahenoako azy hatramin'izay ny fahenoako azy tamin'io andro io. Noho ny antony tsy fantatra loatra dia nahatsapa foana ho toy ilay zanakalahy nijanona tao an-trano aho. Rehefa namaky anefa i David dia tsapako toy ny hoe *izaho* ilay zanaka adala. Isika rehetra dia tsy manana ny voninahitra avy amin'ny Ray (jereo ny Romana 3:23). Mila ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy isika mba hanasitrana antsika. Olona very isika rehetra ary mila tadiavina. Io fanambarana azo tamin'io andro io dia nanampy ahy hahafantatra fa samy nila ny fitiavan'ny Mpamonjy sy ny Sorompanavotany izaho sy ny anabaviko. Samy teo amin'ilay lalana miverina mankany an-trano izaho sy i Susan raha ny marina.

Mahery vaika ny tenin'ny Mpamonjy ao anatin'ilay fanoharana rehefa niantara ny fitsenan'ilay ray ny zanany adala Izy, ary mino aho fa ny zavatra niainan'izy ireo no mety ho endriky ny zavatra hiainantsika sy ianao miaraka amin'ny Ray rehefa miverina mody any amin'ilay fonenantsika any an-danitra isika. Mampianatra antsika mikasika an'ilay ray izay tia sy miandry ary miandrindra ny fiverenana izy ireo. Iza no tenin'ny Mpamonjy: “Fa raha mbola lavitra izy, dia tazan-drainy, ary onena azy izy ka nihazakazaka, dia namihina ny vozony sady nonoroka azy” (Lioka 15:20).

Enga anie izaho sy ianao ka handray ny fanambarana mba hahalalana ny fomba hanatonana bebe kokoa ireo olona eo amin'ny fiainantsika izay very ary rehefa ilaina dia mba hanana ilay faharetana sy fitiavan'ny Raintsika any An-danitra sy Jesoa Kristy Zanany, eo am-pitiavana sy eo am-piandrindrana ny fiverenan'ilay adala sy eo am-piandrasana azy. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■



Nataon'ny Loholona Jeffrey R. Holland  
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

# [Fahamarinana, fitiavana, famindrampo, no tafaraka soa

*Nijaly sy maty ary nitsangana tamin'ny maty i Jesoa Kristy mba hahafahany mampakatra antsika ho amin'ny fiainana mandrakizay.*

Ny mpirahalaha—Jimmy, 14 taona sy i John, 19 taona (na dia tsy tena izay aza no anaran'izy ireo)—dia nanandrana nihanika ny rindrin'ny cañon mijidina iray, tsy nisy tady fiarovana amin'ny loza na fatorana mipetaka amin'ny vatana, na karazana fitaovana entina mihanika haram-bato, tao amin'ny valan-javaboahary tao Snow Canyon State, tao amin'ny faritra atsimo-n'i Utah, izay toerana nahalehibe ahy. Rehefa akaiky ho tonga teny amin'ny faratampony izy ireo tamin'ny fihanihana mazana be izay nataony dia nahita fa nisy vato nisolampy teo amin'ny lalany, izay tsy namela azy ireo hamita ireo metatra vitsivitsy farany tamin'ny fiakarana. Tsy afaka niakatra tao ambonin'ilay vato misolampy izy ireo, kanefa izao dia tsy afaka nidina ilay rindrim-bato ihany koa. Nihitsoka teo izy ireo. Rehefa avy nampiasa tetika tamim-pisainana tsara i John dia nahita toerana ampy asiana ny tongony mba hanosehana ny zandriny lahy ho any amin'ny toerana azo antoka tao ambonin'ilay vato misolampy. Saingy tsy nisy fomba hampikarany ny tenany.

Arakaraka ny nikirizany mafy nitady zavatra hamikirana na hametrahana ny tongony no nampivonkona ny hozany. Nanomboka nameno azy ny tahotra ary nanomboka natahotra ny hamoy ny ainy izy.



Noho i John tsy afaka niaritra ela intsony dia nanapa-kevitra izy fa ny hany safidy azony natao dia ny niezaka nitsambikina niakatra mba hiezaka ny hamikitra amin'ny tampon'ilay vato misolampy izay nandondona. Raha mahomby izy dia mety hahatosika ny tenany ho amin'ny toerana azo antoka amin'ny alalan'ny tanjaka lehiben'ny sandriny.

Hoy izy tamin'ny teniny manokana hoe:

“Talohan'ny nitsambikinako dia noteneniko i Jimmy mba handeha hitady tahon-kazo matanjaka tsara mba hatso-tra midina tany amiko, na dia fantatro aza fa tsy nisy na inona na inona toy izany teo amin'io tendro vatovatoina io. Fomba iray hamitahako azy noho ny fahakiviako fotsiny ihany io. Raha tsy mahomby ny fitsambikinako dia farafaharatsiny aho mba afaka manao izay tsy hahitan'ny zandriko lahy ahy hianjera ka ho faty.

“Rehefa avy nanome azy fotoana ampy hidifiana aho dia nanao ny faravavako—hoe tiako ho fantatry ny fianakaviako fa tiako izy ireo ary afaka ny ho tonga any an-trano soa aman-tsara samirery i Jimmy—dia nitsambikina amin'izay aho. Nahatosika mafy tsara aho ka dia afaka nampitsotra ny tanako teo ambonin'ilay vato misolampy efa ho hatreo amin'ny kihoko ilay fitsambikina. Saingy rehefa nitehaka teo an-tampon'ilay vato ny tanako dia tsy nahatsapa afa-tsy fasika misaratsaraka teo amin'ny vato fisaka aho. Mbola tsaroako foana ny fahatsapana ireo fasika namatovato rehefa nihantona teo aho ary tsy nisy na inona na inona namikirana—tsy nisy morony, tsy nisy vato nivoitra, tsy nisy na inona na inona hamaharana na hotazonina. Tsapako nibolisatra tsimoramora teo amin'ilay faritra feno fasika ireo rantsantanako. Fantatro fa vita hatreo ny amiko.

“Saingy tampoka teo tamin'izay fotoana izay, tahaka ny tselatra tao anatin'ny oram-baratry ny fahavaratra iray, dia nipoitra avy any avy tao ambonin'ny moron'ilay tevana ny tanana roa, izay namihina ny hatotanako tamin'ny tanjaka sy ny fahavononana izay nahatalanjona raha ny haben'ireo tanana no

jerena. Tsy nandeha nitady tahon-kazo izay tsy tena nisy akory ilay zandriko lahy mahatoky. Noho ny fahafantarany mazava tsara ny zavatra nokasaiko hatao dia tsy nihetsika mihitsy izy na dia kely aza. Niandry fotsiny izy—tamim-pahanginana, saika tsy naharenesana feo mihitsy—nahafantatra tsara mihitsy izy fa tena adaladala tokoa aho ka hahavita hiezaka hanao izay fitsambikina izay. Rehefa nitsambikina aho dia nofikiriny sy notazoniny ary tsy nanaiky ny hianjerako mihitsy izy. Nanavotra ny aiko ireo sandrim-pitiavana matanjaka natolotry ny rahalahiko ireo tamin'izay andro izay rehefa nihantona tsy afaka nanao na inona na inona teny ambony aho, ary ny fianjerana tamin'izany dia azo antoka fa ho nahafaty ahy.”<sup>1</sup>

Ry rahalahy sy anabavy malala, Alahadin'ny Paska androany. Na dia tokony hahatsiaro *mandrakariva* aza isika (mampanantena isika fa hanao izany ao anatin'ny vavaky ny fanasan'ny Tompo isan-kerinandro), dia ity no andro masina indrindra ao anatin'ny taona mba hahatsiarovana amin'ny fomba miavaka ireo asa fanehoana fitiavana sy ezaka tamim-pahavononana nataon'i Jesoa izay rahalahy na anadahintsika, izay nipaka hatrany amin'ny lavaka mangitsokitsoky ny fahafatesana mba hanavotra antsika amin'ny fahalavoana sy ny tsy fahombiazantsika, hanavotra antsika amin'ny alahelo sy ny fahotantsika. Amin'ny alalan'ny fampiasana ity tantara notantarain'ny fianakavian'i John sy i Jimmy ity ho toy ny sahan-kevitra dia maneho ny fankasitrahako ny Sorompanavotana sy ny Fitsanganan'i Jesoa Kristy Tompo tamin'ny maty aho, ary mankasitraka ireo zava-niseho tao anatin'ny drafitra masin' Andriamanitra aho, izay niteraka sy nanome lanja ilay “fitiavan'i Jesoa [izay natolony antsika].”<sup>2</sup>

Amin'izao fiarahamonina misy antsika izay momba izao tontolo izao hatrany dia tsy mahazatra sy efa lany andro ny firesahana mikasika an'i Adama sy i Eva na ny Saha Edena na mikasika ilay “fahalavoan[izy ireo izay] soa ihany fa nisy” ka nanjary mety maty. Ny fahamarinana tsotra anefa dia hoe *tsy afaka* ny hahatakatra feno ny

Sorompanavotana sy ny Fitsanganan'i Kristy tamin'ny maty isika ary *tsy afaka* ny hankasitraka araka ny tokony ho izy ilay tanjona tsy manan-tsahala nahatonga ny fahaterahany sy ny fahafatesany—raha lazaina amin'ny teny hafa dia hoe tsy misy fomba hankalazana marina ny Krismasy *na* ny Paska—raha tsy mahatakatra fa tena nisy izany Adama sy i Eva izany izay lavo ka voaroaka tao amin'ny saha Edena izay tena nisy niaraka tamin'ireo vokatra izay nentin'ny fahalavoana tamin'izany.

Tsy fantatro ny antspirian'ny zavatra niseho teto amin'ity planeta ity talohan'izany, saingy fantatro fa ireo olona roa ireo dia noharian'ny tanana masin' Andriamanitra, fantatro fa niaina irery tao amin'ny paradisa nandritra ny fotoana tsy voafaritry izy ireo, izay toerana tsy nisian'ny fahafatesan'olombelona na fahafahana hanana fianakaviana, ary fantatro fa nandika didin' Andriamanitra iray tamin'ny alalan'ny safidy nisesisesy izy ireo, izay nitaky ny hialan'izy ireo ilay saha nisy azy ireo, kanefa namela azy ireo hanan-janaka mialoha ny hiatrehan'izy ireo ny fahafatesan'ny vatana.<sup>3</sup> Mba hanampiana alahelo sy fahasaratana bebe kokoa tamin'ny toe-javatra niainan'izy ireo dia nisy fiantraikany ara-panahy ihany koa ny fandikan'izy ireo lalàna, izay nahatonga azy ireo tsy ho eo anatrehan' Andriamanitra intsony mandrakizay. Noho isika teraka ao anatin'izany tontolo lavo izany taorian'izay, ary noho isika handika ny lalàn' Andriamanitra ihany koa dia voaheloka hahazo ireo sazy nihatra tamin'i Adama sy i Eva isika.

Loza izany! Lavo tsy misy na inona na inona afaka manakana azy ny olombelona rehetra—ny lehilahy sy ny vehivavy ary ny ankizy rehetra ao anatin'izany dia mikodiadia mankany amin'ny fahafatesan'ny vatana maharitra mandrakizay, ary mitsoraka mankany amin'ny fahoriana mandrakizay ara-panahy. Natao hizotra toy izany ve ny fiainana? Izay ve no vokatra farany andrasana avy amin'ny fiainan'ny olombelona? Mihantona fotsiny ao amin'ny cañon iray mangatsiaka ao amin'ny tontolo iray tsy mandraharaha

antsika ve isika rehetra, ary ny tsirairay avy amintsika dia mitady loharanompanampiana kely, ny tsirairay avy amintsika dia mitady mafy zavatra iray hamikirana—kanefa tsy misy na inona na inona afa-tsy fahatsapana fasika misosa ao ambanin'ireo rantsantanantsika, tsy misy na inona na inona hamonjy antsika, tsy misy na inona na inona hitazonana, ary azo antoka fa tsy misy na inona na inona mitazona antsika? Fisiana tsy misy antony ve no hany tanjontsika amin'ny fiainana—manatanteraka fotsiny izay azontsika tanterahina, maharitra hatramin'ny fitopolo taona eo ho eo, dia tsy mahomby ary mianjera, ary manohy milatsaka tsy misy fiafarany?

Tsia mazava tsara sy mandrakizay no valin'ireo fanontaniana ireo! Mijoro ho vavolombelona miaraka amin'ireo mpaminany fahiny sy maoderina aho fa “ny zava-drehetra dia efa natao araka ny fahendren' Ilay mahafantatra ny zava-drehetra.”<sup>4</sup> Noho izany dia hatramin'ny fotoana nialan'ireo ray amandreny voalohany ireo tao amin'ny Saha Edena no nanirahan'ilay Andriamanitra sy Raintsika rehetra, izay nanaiky ny fanapahan-kevitr'i Adama sy i Eva, ireo anjely avy any an-danitra mba hanambara amin'izy ireo—izay miampitampita ka tody aty amintsika—fa ny fitambaran'ireo zavatra maro nifanesy ireo dia natao mba hanatanterahana ny fahasambarantsika mandrakizay. Ampahany tamin'ny drafiny masina izay nanolotra Mpamonjy, dia ny Zanaka naterak' Andriamanitra ara-bakiteny—“Adama” iray hafa, no niantsoan'i Paoly Apôstôly Azy<sup>5</sup>—izay ho tonga amin'ny mitataovovonan'ny fotoana mba hanavotra tamin'ny fandikan-dalàna nataon'ilay Adama voalohany. Izany Sorompanavotana izany dia handresy tanteraka ny fahafatesan'ny vatana, izay hanome tsy misy fepetra ny fitsanganana amin'ny maty ho an'ny olona rehetra izay efa teraka sy ho teraka eto amin'ity tontolo ity. Hanome famelaneloka amin'ny alalan'ny famindram-po ihany koa izany ho an'ireo fahotana nataon'ny tsirairay amin'ny olona rehetra manomboka amin'i Adama ka hatramin'ny fiafaran'izao tontolo izao,



miankina amin'ny fibebahana sy ny fankatoavana ireo didin' Andriamanitra.

Amin'ny maha-iray amin'ireo vavolombelony voatendry ahy dia manambara aho amin'ity marainan'ny Paska ity fa i Jesoa avy any Nazareta izany Mpamonjy izao tontolo izao izany, izany “Adama farany” izany,<sup>6</sup> ilay Tompon'ny finoantsika sy Mpandefa azy, ilay Fianohana sy Fiafaran'ny fiainana mandrakizay. Nanambara i Paoly hoe: “Fa tahaka ny ahafatesan'ny olona rehetra ao amin'i Adama no ahaveloman'ny olona rehetra kosa ao amin'i Kristy,”<sup>7</sup>. Ary hoy ny nambaran'i Lehia ilay mpaminany sady patriarika hoe: “Lavo i Adama mba hisian' ny olona. . . . Ary avy ny Mesia amin' ny fahafenoan' ny fotoana mba hahazoany manavotra ny zanak' olombelona amin' ny fahalavoana.”<sup>8</sup> Ary ny tena feno indrindra amin'izy rehetra dia nampianarin'i Jakôba ilay mpaminany ao amin'ny Bokin'i Môrmôna tao anatin'ny toriteny nataony nandritra ny roa andro mikasika ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy hoe “ny fitsanganana amin' ny maty dia tsy maintsy . . . tonga . . . noho ny fahalavoana.”<sup>9</sup>

Ka noho izany dia ankalazaintsika anio ilay fanomezam-pahasoavan'ny fandresena ny fahalavoana rehe- tra izay efa niainantsika, ny alahelo rehetra izay efa tsapantsika, ny fahakiviana rehetra izay efa nananantsika,

ny tahotra rehetra efa niainantsika—ary mazava ho azy fa ankalazaintsika koa ny fitsanganantsika amin'ny maty sy ny famelana ny fahotantsika. Mahazo izany fandresena izany isika noho ireo zava-nitranga izay niseho tao anatin'ny faran'ny herinandro iray tahaka ity diavintsika manokana ity efa ho roa arivo taona latsaka kely izay tao Jerosalema.

Nanomboka tamin'ilay fijaliampanahy tao amin'ny Sahan'i Getsemane, nankany amin'ny Fanomboana teo amin'ny hazofijaliana tao Kalvary, ary nifarana tamin'ny alahady maraina kanto iray tao anatin'ny fasana iray nomen'ny olona Azy no nanaovan'ilay Zanaka naterak' Andriamanitra arabakiteny, izay tsy nanam-pahotana, madio, ary lehilahy masina, ny zavatra izay tsy mbola nataon'ny olona hafa efa maty ary tsy ho vitany velively. Nitsangana tamin'ny maty tamin'ny alalan'ny herin'ny tenany Izy, ka tsy hisaraka amin'ny fanahiny intsony ny vatany. Sitrapony ny nanaisotra tamin'ny vatany ny lambam-paty izay namatorana Azy, ary napetrany tsara “mitokana”<sup>10</sup> hoy ny soratra masina ny mosara izay namehy ny tavany.

Ireo andro nifanesy nahatanteharahan'ny Sorompanavotana sy ny Fitsanganana amin'ny maty ireo no mandrafitra ilay fotoana manan-danja indrindra, ilay fanomezana tena

goavana indrindra, ilay fijaliana lalina indrindra, ilay fanehoam-pitiavana madio lehibe indrindra izay naseho teo amin'ny tantaran'izao tontolo izao. Nijaly sy maty ary nitsangana tamin'ny maty i Jesoa Kristy, ilay Zanaka Lahitokan'Andriamanitra mba hahafahany, tahaka ny tselatra ao anatin'ny oram-baratry ny fahavaratra, mamikitra antsika rehefa lavo isika sy mihazona antsika amin'ny alalan'ny heriny ary hampakatra antsika any amin'ny fiainana mandrakizay amin'ny alalan'ny fankatoavantsika ny didiny.

Amin'ity Paska ity aho dia misaotra Azy sy ny Ray izay nanome Azy antsika fa mbola mpandresy ny fahafatesana hatrany i Jesoa na dia mijoro amin'ny tongotra maratra aza Izy. Amin'ity Paska ity aho dia misaotra Azy sy ny Ray izay nanome Azy antsika fa mbola manolotra amintsika famindrampo tsy misy fetra Izy, na dia atolony amin'ny felatanana nogorobahana sy hatotanana maratra aza izany. Amin'ity Paska ity aho dia misaotra Azy sy ny Ray izay nanome Azy antsika fa afaka mihira mikasika ilay saha iray voapentim-pentin'ny hatsembohana miharo ra sy ny hazofijaliana fanomboana iray ary ny fasana iray izay foana tamim-boninahitra manao hoe:

*Endrey voninahitra be,  
Fanavotana re.  
[fahamarinana,] fitiavana,  
famindrampo  
No tafaraka soa!*<sup>11</sup>

Amin'ny anarana masin'ilay Jesoa Kristy nitsangana tamin'ny maty, amena. ■

#### FANAMARIHANA

1. Taratasy nalefan'olona ho an'i Jeffrey R. Holland.
2. “Endrey mahagaga ahy,” *Fihirana sy hiran'ny ankizy*, lah. 44.
3. Jereo ny 2 Nefia 2:19–29, indrindra fa ny andininy 20–23; Mosesy 5:10–11.
4. 2 Nefia 2:24.
5. 1 Korintiana 15:45.
6. 1 Korintiana 15:45.
7. 1 Korintiana 15:22.
8. 2 Nefia 2:25–26.
9. 2 Nefia 9:6.
10. Jaona 20:7.
11. “Endrey fahendrena, fitia,” *Fihirana sy hiran'ny ankizy*, lah. 37.



Nataon'ny Filoha Dieter F. Uchtdorf

Mpanolotsaina Faharoa ao amin'ny Fiadidiana Voalohany

# Ny fanomezam-pahasoavan'ny famindrampo

Anio sy ho mandrakizay, dia ho an'ireo rehetra izay manana fo torotoro sy fanahy manenina ny famindrampom' Andriamanitra.

Ny Alahadin'ny Paska no ankala-zantsika ilay vanim-potoana be voninahitra indrindra sy nandrandraina fatratra tokoa teo amin'ny tantaran'izao tontolo izao.

Io andro io no nanova ny zava-drehetra.

Niova ny fiainako tamin'io andro io.

Niova ny fiainanao.

Niova avokoa ny hoavin'ny zanak' Andriamanitra rehetra.

Tamin'izany andro soa izany, ilay Mpamonjin'ny zanak'olombelona, izay nitondra teo aminy ny fatotry ny fahotana sy ny fahafatesana izay nambabo antsika, dia nanapaka ireo fatotra ireo ka nanafaka antsika.

Noho ny sorona nataon'ilay Mpanavotra malalantsika, dia tsy manana fanindronana ny fahafatesana, ary ny fasana dia tsy manana fandresena,<sup>1</sup> Tsy manana fahefana maharitra i Satana, ary isika dia "[nateraka] . . . indray [. . .] ho amin'ny fanantenana velona tamin'ny *ni-tsanganan'i* Jesoa Kristy tamin'ny maty."<sup>2</sup>

Tena marina mihitsy ny an'ny Apôstôly Paoly raha nilaza izy fa isika

dia afaka "mifampionona . . . amin'izany teny izany."<sup>3</sup>

## Famindrampom' Andriamanitra

Mazàna isika no miresaka mikasika ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy—ary rariny loatra raha manao izany isika!

Araka ny tenin'i Jakôba hoe: "Fa nahoana no tsy hiresaka ny momba ny sorompanavotan'i Kristy, ka tsy ho takatra ny fahalalana tomombana ny

Aminy?"<sup>4</sup> Kanefa isika rehefa "miresaka an'i Kristy . . . mifaly amin'i Kristy, . . . mitory an'i Kristy, [ary] maminany ny amin'i Kristy"<sup>5</sup> amin'ny fotoana rehetra ahafahana manao izany, dia tsy tokony ho hadinointsika velively ny fahatsapana fiderana sy fankasitrahana lalina noho ny sorompanavotana mandrakizain'ny Zanak' Andriamanitra.

Tsy ho lasa toa zavatra mahazatra fotsiny eo amin'ny fampianarantsika, na eo amin'ny resaka ifanaovantsika, na ao am-pontsika ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy. Tena masina izany, satria tamin'ny alalan'io "sorona lehibe sady farany" io no nitondran'i Jesoa Kristy "famajena ho an'ireo rehetra izay hino ny anarany."<sup>6</sup>

Talanjona aho mieritreritra fa nanaiky nidina ambany ny Zanak'Andriamanitra mba hamonjena antsika, isika izay tsy tonga lafatra, maloto, mpanao meloka, ary tsy mahay mankasitraka araka ny fanaontsika matetika. Niezaka ny hahatakatra ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy aho araka izay takatry ny saina keliko, ary ny hany fanazavana hitako dia ity: tena lalina sy tanteraka ary tsy manam-petra ny fitiavan' Andriamanitra antsika. Tsy vitako na ny hanomboka akory aza haminavina ny "sakany sy lavany ary hahavony sy halalin'[ny] . . . fitiavan'i Kristy."<sup>7</sup>

Ny fomba mahery vaika isehoan'izany fitiavana izany dia ilay matetika antsoin'ny soratra masina hoe *famindrampom' Andriamanitra*—dia ilay fanampiana masina sy fanomezana hery izay ahafahantsika mivoatra





Helsinki, Finlande

avy amin'ilay olona tsy tanteraka sy manam-petra misy antsika amin'izao fotoana izao, ka ho tonga olona misandratra ao amin'ny "fahamarinana sy fahazavana, ambara-pahatonga [antsika] hankalazaina ao amin'ny fahamarinana sy hahafantatra ny zava-drehetra."<sup>8</sup>

Tena zavatra mahatalanjona tokoa io famindrampon' Andriamanitra io. Kanefa dia tsy takatra loatra izany matetika.<sup>9</sup> Na izany aza dia tokony hahafantatra mikasika ny famindrampon' Andriamanitra isika raha mieritreritra ny handova ireo zavatra izay nomanina ho antsika ao amin'ny fanjakany mandrakizay.

Noho izany antony izany, dia te hiresaka mikasika ny famindrampo aho. Indrindra fa ny fomba ahafahan'ny famindrampo *manokatra ny vavahadin'ny lanitra*, ary faharoa, ny fomba ahafahan'izany *mamoha ny varavarany ny lanitra*.

**Voalohany: Ny famindrampo no manokatra ny vavahadin'ny lanitra**

Koa satria isika rehetra samy efa "nanota, ary tsy manana ny voninahitra avy amin' Andriamanitra,"<sup>10</sup> ary satria koa "tsy afaka miditra ny fanjakan' Andriamanitra rehefa zavatra tsy madio"<sup>11</sup> dia tsy mendrika ny hiverina eo anatrehan' Andriamanitra isika tsirairay avy.

Na dia manompo an' Andriamanitra amin'ny fanahintsika manontolo aza isika, dia tsy ampy izany, ary dia mbola ho "mpanompo tsy mahaso"<sup>12</sup> ihany isika. Tsy afaka mahazo ny lalantsika



mankany an-danitra isika. Ny fitakian'ny fahamarinana no hijoro ho toy ny sakana izay tsy vitantsika ny mandresy azy amin'ny herin'ny tenantsika manokana.

Kanefa tsy very akory ny fanantenana.

Ny famindrampon' Andriamanitra no fanantenana lehibe sy tsy manam-petra ho antsika.

Amin'ny alalan'ny sorompanavotan'i Jesoa Kristy no ahafahan'ny drafitry ny famindrampo hanefa ny fitakian'ny fahamarinana<sup>13</sup> "ary mitondra fitaovana ho an'ny olona mba hahazoany manana finoana ho amin'ny fibebahana."<sup>14</sup>

Ny fahotantsika, na dia tahaka ny jaky aza dia afaka ho tonga fotsy tahaka ny oram-panala.<sup>15</sup> Satria ny Mpamonjy malalantsika dia "nanolotra ny tenany ho avotra hisolo ny olona rehetra,"<sup>16</sup> dia atolotra antsika ny fidirana mankao amin'ny fanjakany mandrakizay.<sup>17</sup>

Misokatra ilay vavahady!

Saingy ny famindrampon'

Andriamanitra dia tsy hamerina antsika amin'ny toetra naha tsy manan-tsiny antsika teo aloha fotsiny. Raha toa ka midika hoe famafana ny fahadisoantsika sy ny fahotantsika fotsiny ny famonjena, dia tsy mahatanteraka ny tanjon' Andriamanitra ho antsika noho izany ny famonjena—na dia mahagaga aoka izany aza. Ambony lavitra kokoa noho izany ny tanjony: Tiany ho tonga tahaka Azy ireo zanany lahy sy zanany vavy.

Noho ny fanomezana ny famindrampon' Andriamanitra, dia tsy mampihemotra ny lalan'ny maha-mpianatra; fa mampisondrotra.

Mitondra mankany amin'ny toerana avo izay tsy takatry ny saintsika izany! Mitondra mankany amin'ny fisandratana ao amin'ny fanjakana selestialin'ny Raintsika any An-danitra, izay toerana handraisantsika "avy amin'ny fahafe-noany sy avy amin'ny voninahiny", miaraka amin'ireo olon-tiantsika.<sup>18</sup> Antsika ny zava-drehetra, ary an'i Kristy isika.<sup>19</sup> Eny tokoa, izay rehetra ananan'ny Ray dia homena antsika.<sup>20</sup>

Mba handovana io voninahitra io, dia mila zavatra mihoatra noho ny vavahady misokatra isika; tsy maintsy miditra eo amin'io vavahady io isika miaraka amin'ny faniriana marina ny hiova—fiiovana lehibe tokoa ka faritan'ny soratra masina hoe "ateraka indray, eny, aterak' Andriamanitra, ovaina avy amin'ilay toetra[ntsika araka izao tontolo izao] sy lavo, ho amin'ny toetry ny fahamarinana, rehefa navotan' Andriamanitra ka tonga zanany lahy sy vavy."<sup>21</sup>

**Faharoa: Ny famindrampo dia mamoha ny varavarany ny lanitra**

Singa iray hafa ao amin'ny famindrampon' Andriamanitra ny fanokafana ny varavarany ny lanitra, izay ahafahan' Andriamanitra mandrotsaka ireo fitahian'ny hery sy tanjaka, ka ahafahantsika manatontosa zavatra izay ho lavitra tsy azontsika takarina raha tsy izany. Amin'ny alalan'ny famindrampo mahagaga an' Andriamanitra no ahafahan'ireo zanany manohitra ireo fakampanahy mampidi-doza sy miafin'ilay mpamitaka, ary tsy manota intsony ka "[ho] tanteraka ao amin'i Kristy."<sup>22</sup>

Na dia manana fahalemena avokoa aza isika rehetra, dia azontsika resena izy ireny. Eny, amin'ny alalan'ny famindrampon' Andriamanitra dia tonga matanjaka ho antsika ny zavatra malemy, raha manetry tena sy manam-pinoana isika.<sup>23</sup>

Mandritra ny androm-piainantsika, dia manolotra fitahiana ara-nofy sy fanomezana ara-panahy ny famindrampon' Andriamanitra, izay manitatra ny fahafahantsika manao zavatra sy manatsara ny fiainantsika. Manadio antsika ny famindrampony. Manampy antsika ho tonga ilay tsara indrindra vitantsika ny famindrampony.

#### Iza no afaka ho mendrika an'izany?

Hitantsika ao amin'ny Baiboly ny fitsidihan'i Kristy tao an-tranon'i Simona ilay Fariseo.

Avy ety ivelany, dia ohatran'ny olona tsara sy marina i Simona. Vitany tsara daholo ireo adidy sy andraikitra arapivavahana ananany: nitandrina ny lalana izy, nandoa ny fahafolonkarenany, nanaja ny Sabata, nivavaka isan'andro, ary nandeha tany amin'ny sinagoga.

Kanefa rehefa niaraka tamin'i Simona i Jesoa, dia nisy vehivavy iray nanatona, ka nanasa ny tongotry ny Mpamonjy tamin'ny ranomasony, ary nanosotra menaka manitra tamin'ny tongony.

Tsy nahafaly an'i Simona io fanehoana fiderana io satria fantany fa mpanota io vehivavy io. Nieritritra i Simona hoe raha tsy nahafantatra an'izany i Jesoa, dia tsy ho mpaminany izany mihitsy Izy fa raha tsy izany dia tsy ho navelany nikasika azy ilay vehivavy.

Nahafantatra ny eritritra'i Simona i Jesoa, ka nitodika tany aminy sady nantony hoe. “Nisy roa lahy nananan'ny mpampànana vola anankiray trosa . . . ny iray nananany denaria diman-jato, . . . ny iray kosa dimam-polo.

“Ary raha tsy nanan-kalao izy roa lahy, dia samy navelany. Koa iza amin'ireo no tia azy indrindra?”

Namaly Simona hoe ilay namoi-zany be.

Avy eo i Jesoa dia nampianatra lesona lalina iray: “Hitanao va io vehivavy io? . . . Voavela ny helony be; *fa be*

*fitiavana izy*: fa izay voavela tamin'ny kely dia kely fitiavana.”<sup>24</sup>

Iza amin'ireo olona roa ireo no mitovy kokoa amintsika?

Mitovy amin'i Simona ve isika? Moa ve isika mahatoky tena sy mahazo aina tsara amin'ny asa tsara vitantsika, ka mitoky amin'ny fahamarinantsika manokana? Moa ve isika mety ho somary tsy manampaharetana amin'ireo izay tsy miaina mifanaraka amin'ny fitsipi-piainantsika? Moa ve isika manao zavatra am-pahazarana fotsiny, manao zavatra tsy amim-piheverana rehefa manatrika ireo fivoriantika, manoaka fotsiny mandritra ny kilasin'ny Fotopampianaran'ny Filazantsara, ary angamba mijery ny findaintika mandritra ny fivorian'ny fanasan'ny Tompo?

Sa ve isika mitovy amin'ity vehivavy ity, izay nieritritra fa tena very sy tsy manam-panantenana intsony noho ny fahotany?

Moa ve isika *be fitiavana*?

Moa ve takatsika ny trosantsika amin'ny Ray any An-danitra ka mitalaho amin'ny fanahintsika iray manontolo ny famindrampon' Andriamanitra?

Rehefa mandohalika mivavaka isika, moa ve izany mba hamerenana ireo zava-tsoa vitantsika noho ny fahamarinantsika manokana, sa moa ve izany ataontsika hibabohana ireo fahadisoantsika, ka hitalahoana ny famindrampon' Andriamanitra, ary handrotsahana ranomasom-pankasitrahana noho ilay drafitra mahagagan'ny fanavotana?<sup>25</sup>

Tsy azo vidina amin'ny fankatoavana ny famonjena, fa tsy maintsy efaina amin'ny ran'ilay Zanak' Andriamanitra.<sup>26</sup> Ny fiheverana fa azontsika amin'ny alalan'ireo asa tsara ataontsika ny famonjena, dia mitovy amin'ny hoe mividy tapakila handehanana fiaramanidina ka avy eo dia mihevitra isika fa lasa fananantsika ilay kômpianiam-pitaterana. Na ny fieritretana fa rehefa avy mandoa hofantrano isika, dia lasa misoratra amin'ny anarantsika ny tany iray manontolo.

#### Inona ary no antony hankatoavana?

Raha fanomezana avy amin' Andriamanitra ny famindrampony, nahoana ary izany no zava-dehibe tokoa ny fankatoavana ireo didin'

Andriamanitra? Nahoana no mbola misahirana amin'ireo didin' Andriamanitra—na ny fibebahana, rehefa dinihana? Fa nahoana no tsy hoe miaiky fotsiny hoe mpanota, dia mamela an' Andriamanitra hamonjy antsika?

Na, raha apetraka amin'ny alalan'ny tenin'i Paoly ilay fanontaniana manao hoe “Mbola hitoetra amin'ny ota ihany va isika hitomboan'ny famindrampono?” Tsotra sady mazava ny valintenin'i Paoly: “Sanatria izany!”<sup>27</sup>

Ry rahalahy sy rahavavy, mankatò ireo didin' Andriamanitra isika—noho ny fitiavantsika Azy!

Ny fiezahantsika hahatakatra ny fanomezam-pahasoavan'ny famindrampon' Andriamanitra amin'ny fo sy ny saintsika manontolo, dia vao mainka manome antsika antony tokony hitiavana sy hankatoavana ny Ray any An-danitra amim-pahalemam-panahy sy fankasitrahana. Rehefa mandeha amin'ny lalan'ny maha-mpianatra isika, dia manadio antsika izany, sy mampivoatra antsika, ary manampy antsika hitovy bebe kokoa Aminy, ary mitondra antsika miverina ho eo anatrehan'ny. “Ny fanahin'ny Tompo [Andriamanitsika]” no nahatonga izany “fiovana mahery vaika tao [amintsika izany], . . . ka tsy manana fironana hanao ratsy intsony [isika] fa ny hanao soa lalandava kosa.”<sup>28</sup>

Noho izany, ny fankatoavantsika an'ireo didin' Andriamanitra dia ho lasa toy ny vokatra ny fitiavantsika sy fankasitrahantsika tsy misy fetra noho ny hatsaran' Andriamanitra. Io endripitiavana sy fankasitrahana madio io no hampitambatra amin'ny fomba mahagaga ny zavatra ataontsika sy ny famindrampon' Andriamanitra. Handravaka tsy an-kijanona ny eritritra tsika ny hatsaram-panahy, ary hihamafy ny fahatokian-tenantsika eo anatrehan' Andriamanitra.<sup>29</sup>

Ry rahalahy sy anabavy malala, tsy enta-mavesatra ny miaina ny filazantsara amim-pahatokiana. Fotoam-piomanana mitondra fifaliana izany—fiomanana handova ilay voninahitra lehiben'ny mandrakizay. Mikatsaka ny hankatò ny Raintsika any an-danitra isika satria ho lasa mora mandray kokoa an'ireo zava-panahy ny fanahintsika. Hisokatra

ireo sehatra izay tsy mbola fantatsika hatrizay. Fanazavana sy fahatakarana no ho tonga amintsika rehefa manao ny sitrapon'ny Ray isika.<sup>30</sup>

Fanomezan' Andriamanitra ny famindrampo, ary ny fanirantsika han-katò ireo didin' Andriamanitra tsirairay no mampiseho an' Andriamanitra fa te handray an'io fanomezana masina avy amin'ny Ray any an-danitra io isika.

#### Ireo zavatra rehetra azontsika atao

Nandray anjara betsaka ny mpami-nany Nefia mba hahatakarantsika ny famindrampom' Andriamanitra raha nilaza izy hoe: “Miasa araka ny zotom-po isika . . . mba handresy lahatra ny za-natsika, ary koa ny rahalahintsika mba hinoany an'i Kristy sy hihavanany amin' Andriamanitra; satria fantatsika fa *noho ny famindrampony no hamonjena antsika rehefa ataontsika ny zavatra rehetra azontsika atao.*”<sup>31</sup>

Na izany aza, dia manontany tena aho indraindray sao diso ny fandraisantsika ny teny hoe “rehefa ataontsika ny zavatra rehetra azontsika atao.” Tsy maintsy tokony ho takatsika fa ny hoe “rehefa” dia tsy mitovy amin'ny hoe “noho.”

Tsy voavonjy isika “noho” ireo zavatra rehetra azontsika atao. Moa ve isika rehetra samy nahavita ny *zavatra rehetra* izay azontsika natao? Moa ve Andriamanitra miandry antsika hahavita ny ezaka rehetra alohan'ny hidirany antsehatra eo amin'ny fiainantsika miaraka amin'ny famindrampony mahavonjy?

Maro ny olona no kivy satria tsy mahomby foana izy ireo. Fantatr'izy ireo tsara mihitsy fa “mety ihany ny fanahy fa ny nofo no tsy manan-kery.”<sup>32</sup> Miaramandra-peo amin'i Nefia izy ireo ary miteny hoe: “Mitoloko ny foko noho ny fahotako.”<sup>33</sup>

Tena azoko antoka fa fantatr'i Nefia fa ny famindrampom'ny Mpamonjy *no mamela antsika sy ahafahantsika* mandresy ny fahotana.<sup>34</sup> Izany no antony nahatonga an'i Nefia niasa mafy mba handresy lahatra ireo zanany sy rahalahiny “mba hinoany an'i Kristy sy hihavanany amin' Andriamanitra.”<sup>35</sup>

Rehefa dinihina tokoa dia, *izany no* azontsika atao! Ary *izany no* adidintsika eto amin'ny fiainana an-tany!



#### Natao ho an'ny rehetra ny famindrampo

Rehefa mieritreritra ny zavatra nataon'ny Mpamonjy ho antsika aho, fotoana fohy talohan'io Alahadin'ny Paska voalohany io, dia te hanandratra ny feoko sy hihiaka fiderana ho an'Ilay Andriamanitra Avo indrindra sy ho an'ny Zanany Jesoa Kristy!

Nivoha ny vavahadin'ny lanitra!

Nivoha ny varavaran'ny lanitra!

Anio sy ho mandrakizay, dia ho an'ireo rehetra izay manana fo torotoro sy fanahy manenina ny famindrampom' Andriamanitra.<sup>36</sup> I Jesoa Kristy no nana-zava ny lalana ahafahantsika manatratra ny fivoarana izay tsy hain'ny sain'olombelona takarina.<sup>37</sup>

Mivavaka aho mba hahitantsika ny maha-zava-dehibe ny sorompanavotana mandrakizain'ny Mpamonjy amin'ny maso sy fo vaovao. Mivavaka aho mba hasehontsika ny fitiavantsika an' Andriamanitra sy ny fankasitrahantsika ny fanomezam-pahasovan'ny famindrampom' Andriamanitra tsy manam-petra amin'ny fitandremana ireo didiny ary hifaly amin'ny “[f]andeha[nana] amin'[ilay] fiainambaovao.”<sup>38</sup> Amin'ny anarana masin'ny Mpampianatra sy Mpanavotra antsika, dia i Jesoa Kristy, amena. ■

#### FANAMARIHANA

1. Jereo ny 1 Korintiana 15:55; Mòsià 16:8.
2. 1 Petera 1:3; nampiana fanamafisana.
3. 1 Tesaloniana 4:18; jereo koa ny andininy faha 13–17.
4. Jakôba 4:12.

5. 2 Nefia 25:26.
6. Almà 34:10, 15.
7. Efesiana 3:18–19.
8. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 93:28.
9. Tena marina fa isika dia “ankizy madinika, ary . . . tsy mbola mahatakatra ny halehiben'ireo fitahiana eo an-tanan'ny Ray ary nomaniny ho [antsikal]” (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 78:17).
10. Romana 3:23.
11. 1 Nefia 15:34; jereo koa ny 1 Nefia 10:21; Mosesy 6:57.
12. Mòsià 2:21.
13. Jereo ny Almà 42:15.
14. Almà 34:15.
15. Jereo ny Isaia 1:18.
16. 1 Timoty 2:6.
17. Jereo ny 2 Petera 1:11.
18. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 76:56.
19. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 76:59.
20. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:38.
21. Mòsià 27:25.
22. Mòrônia 10:32.
23. Jereo ny Etera 12:27.
24. Jereo ny Lioka 7:36–50; nampiana fanamafisana.
25. Ny teny fanoharan'i Kristy mikasika ny fariseo sy ilay mpamory hetra dia manazava tsara ity teboka ity (jereo ny Lioka 18:9–14).
26. Jereo ny Asan'ny Apôstôly 20:28.
27. Romana 6:1–2.
28. Mòsià 5:2.
29. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 121:45.
30. Jereo ny Jaona 7:17.
31. 2 Nefia 25:23; nampiana fanamafisana.
32. Matio 26:41; jereo koa ny Romana 7:19.
33. 2 Nefia 4:17.
34. Jereo ny 2 Nefia 4:19–35; Almà 34:31.
35. 2 Nefia 25:23.
36. Jereo ny 3 Nefia 9:19–20.
37. Jereo ny 1 Korintiana 2:9.
38. Romana 6:4.



**Nataon'ny Loholona Robert D. Hales**  
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

# Miaro ny fahafahana misafidy, miaro ny zom-pahafahana misafidy ny finoana

*Ny fampiasana amim-pahatokiana ny fahafahantsika misafidy dia miankina amin'ny fananantsika zom-pahafahana misafidy ny finoana.*

**A**lahadin'ny Paska androany: andro hanehoana fankasitrahana sy fahatsiarovana hanomezana voninahitra ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy Mpamonjy sy ny Fitsanganany tamin'ny maty ho an'ny olona rehetra. Mitsaoka Azy isika, ary feno fankasitrahana ny zom-pahafahana misafidy ny finoana, ny zom-pahafahana mivory, ny zom-pahafahana maneho hevitra izay ananantsika ary ilay zom-pahafahana misafidy nomen' Andriamanitra antsika.

Araka ny efa nolazain'ny mpaminany mialoha mikasika izao andro farany iainantsika izao dia misafotofoto ny sain'ny olona maro mikasika ny hoe iza isika ary inona no inoantsika. Ny sasany “mpa-nendrikendrika . . . [sy] tsy tia ny tsara.”<sup>1</sup> Ny hafa “milaza ny ratsy ho tsara ary ny tsara ho ratsy; [ary] manao ny maizina ho mazava ary ny mazava ho maizina.”<sup>2</sup>

Rehefa misafidy ny fihetsika tiany haseho eo anatrehan'ny finoantsika ireo olona manodidina antsika dia

tokony hotsaroantsika fa ny fahafahana misafidy ara-pitondrantena dia lafin-javatra iray tena ilaina ao anatin'ny drafir' Andriamanitra ho an'ny zanany rehetra. Ao anatin'izany drafitra mandrakizay izany izay novelabelarina tamintsika nandritra ilay filankevitra talohan'ny nahaterahana dia ahitana ny fanomezana ny fahafahana misafidy.<sup>3</sup>

Nampiasa ny fahafahany misafidy mba hanoherana ny drafitr' Andriamanitra i Losifera, izay fantatra amin'ny anarana hoe Satana, tao anatin'izany Filankevitra Lehibe izany. Hoy Andriamanitra hoe: “Koa satria . . . nikomy tamiko i Satana ary nikatsaka ny handrava ny safidin'ny olona, izay efa nomeko, Izaho Tompo Andriamanitra azy, . . . dia nasaiko nazera etỳ ambany izy.”<sup>4</sup>

Notohizany hoe: “Ary ny ampahatelon'ny miaramilan'ny lanitra koa dia naodiny hiala Tamiko noho ny safidin'izy ireo.”<sup>5</sup>

Namoy ny anjarany araka an' Andriamanitra noho izany ireo fanahy zanaky ny Ray any an-danitra izay nisa-fidy ny handà ny drafiny ary hanaraka an'i Losifera.

Hoy i Jesoa Kristy raha nampiasa ny fahafahany misafidy hoe:

“Inty Aho, iraho Aho.”<sup>6</sup>

“Hatao anie ny sitraponao ary ho Anao ny voninahitra mandrakizay.”<sup>7</sup>

I Jesoa Kristy izay nampiasa ny fahafahany misafidy hanohana ny drafitry ny Ray any an-danitra dia hitan'ny Ray ka notendreny ho Mpamonjy, voatendry mialoha hanatanteraka sorompanavotana ho an'ny rehetra. Torak'izany koa, ny fampiasansika ny fahafahantsika misafidy mba hitandrina ny didy no ahafahantsika mahatakatra tanteraka hoe iza isika sy ahafahantsika mahazo ireo fitahiana rehetra ananan'ny Raintsika any An-danitra—tafiditra ao anatin'izany ny tombontsoa hanana vatana, hivoatra, hiaina fifaliana, hanana fianakaviana ary handova ny fiainana mandrakizay.

Mila mahafantatra ny fotopampianarana ôfisialin'ny Fiangonana isika raha hitandrina ny didin' Andriamanitra mba tsy hihalavitra ny fitarihan'i Kristy isika noho ilay toetra miangetsangetsana miova lava ananan'ny olona.

Ireo fitahiana azontsika amin'izao fotoana izao dia vokatry ny fanaovantsika safidy hanaraka ny Mpamonjy talohan'ity fiainana ity. Ho anareo rehetra izay mihaino na mamaky izao teny izao izao, na iza na iza ianareo ary na inona na inona mety ho lasanareo, dia tsarovy izao: tsy tara loatra izao hanaovana izany safidy izany indray ary hanarahana Azy.

Amin'ny alalan'ny finoantsika an'i Jesoa Kristy, ny finoana ny Sorompanavotany sy ny fibebahana amin'ny fahotantsika ary ny fanaovana batisa dia afaka mahazo ilay fanomezana ny Fanahy Masina izay avy amin' Andriamanitra isika avy eo. Io fanomezana io dia manome fahalalana, fahatakarana, fitarihana, tanjaka ahafahana mianatra sy mahazo fijoroana ho vavolombelona, hery ary fanadiovana mba handresena ny fahotana, fampaherezana sy famporisihana mba ho mahatoky ao anatin'ny fitsapana.



Mampitombo ny fahafahana sy ny hery ananantsika mba hanaovana ny marina ireo fitahiana tsy manam-paharoa avy amin'ny Fanahy ireo, satria “izay itoeran'ny Fanahin'ny Tompo no itoeran'ny fahafahana.”<sup>8</sup>

Rehefa mandeha eo amin'ilay lalan'ny fahafahana malalaka ara-panahy isika amin'izao andro farany izao dia tsy maintsy takatsika fa ny fampiasana amim-pahatokiana ny fahafahantsika misafidy dia miankina amin'ny fananantsika zom-pahafahana misafidy ny finoana. Efa fantatsika fa tsy tian'i Satana ny hananantsika io zom-pahafahana io. Nanandrana namotika ny safidim-pitondrantena izy tany an-danitra ary izy amin'izao fotoana izao eto an-tany dia manozongozona sy manohitra amim-pahasiahana ny zom-pahafahana misafidy ny finoana ary mampiely zavatra mampisafotofoto mikasika izany—ny votoatin'izany sy ny antony ilana izany eo amin'ny fiainam-panahintsika sy ny famonjena antsika mihitsy.

Misy vato efatra ifaharan'ny zom-pahafahana misafidy ny finoana izay tsy maintsy ianteherantsika sy arovantsika amin'ny maha-Olomasin'ny Andro Farany antsika.

Voalohany ny zom-pahafahana mino. Tsy misy na iza na iza azo tsikeraina na azo henjehin'ny olona na ny governemanta noho ny zavatra inoany mikasika an' Andriamanitra. An'ny tena manokana sy tena manan-danja izany. Ny fanambarana iray tany am-piandohana

momba ny zavatra inoantsika mahakatsika ny zom-pahafahana misafidy ny finoana dia milaza hoe:

“Tsy misy governemanta afaka miaina amim-piadanana raha tsy arafitra sady tanana ho tsy azo dikaina ny lalàna izay hiantoka ho an'ny olona tsirairay ny fananana fieritreretana malalaka. . . .

“ . . . Ny mpitsara tsotra dia tokony hanafay ny meloka fa tsy hanery na oviana na oviana ny eritreritra [na hanafonana] ny fahalalahan'ny fanahy.”<sup>9</sup>

Taorian'izay, io zom-pahafahana misafidy ny finoana izay tena manan-danja io dia neken'ny Firenena Mikambana ao anatin'ny Universal Declaration of Human Rights (Fanambarana ho an'izao tontolo izao mikasika ny zon'olombelona) sy ao anatin'ireo taratasy ôfisialy hafa avy amin'ny firenena iray na iraisam-pirenena mikasika ny zon'olombelona.<sup>10</sup>

Ny vato faharoa ifaharan'ny zom-pahafahana misafidy ny finoana dia ny fahafahana mizara ny finoantsika amin'ny hafa. Nandidy antsika ny Tompo hoe: “Ary ampianaro ny zanakareo [ny filazantsara] . . . [rehefa] mipetraka ao an-tranonao hianao.”<sup>11</sup> Nilaza tamin'ireo mpianany koa Izy hoe: “Mandehana any amin'izao tontolo izao ianareo, ka mitoria ny filazantsara amin'ny olona rehetra.”<sup>12</sup> Miantehitra amin'ny zom-pahafahana misafidy ny finoana isika amin'ny maha-ray amandreny, misiônera manompo amin'ny

fotoana feno ary mpikambana manao asa fitoriana antsika mba hampianarana ny fotopampianaran'ny Tompo ao amin'ny fianakaviansika sy manerana an'izao tontolo izao.

Ny vato fahatelo ifaharan'ny zom-pahafahana misafidy ny finoana dia ny fahafahana manorina antokompinoana, fiangonana, mba hitsaohana amim-pilaminana miaraka amin'ny hafa. Manambara izao ny fanekempinoana faha iraika amin'ny folo: “Isika dia mitaky ny zo hanompo an' Andriamanitra Tsitoha araka ny baikon'ny fieritreretantsika ary miaiky fa manana izany zo izany ny olondrehetra, ka aoka izy hanompo, na manao ahoana na manao ahoana, na aiza na aiza, ary na inona na inona sitrany.” Manohana io fitsipika io ireo taratasy iraisam-pirenena miaro ny zon'olombelona sy ireo lalam-panorenan'ny firenena maro.

Ny vato fahaefatra ifaharan'ny zom-pahafahana misafidy ny finoana dia ny fahafahana miaina ny finoantsika—fampiharana malalaka ny finoantsika izay tsy any an-trano fotsiny na any ampiangonana fa any amin'ireo toerana ifaneraseran'ny besinimaro. Nandidy antsika ny Tompo mba tsy hivavaka mitokana fotsiny<sup>13</sup> fa mba handeha koa “[hamela ny tenantsika] hazava eo imason'ny olona . . . mba hahitany ny asa soa atao[ntsika] ka hankalazany ny Rai[ntsika] any an-danitra.”<sup>14</sup>

Misy olona sasany tafintohina rehefa entintsika ampahibemaso ny finoantsika, kanefa ireo olona ireo ihany izay mikiry mafy ny mba handeferan'ny fiarahamonina ny hevitra ijoroany sy ny zavatra ataony no matetika tena mitaredretra amin'ny fanehoana io fandeferana io amin'ireo mpino izay maniry koa ny mba handeferana ny hevitra ijoroany sy ny zavatra ataony. Ny tsy fisian'ny fanajana ny hevitra ijoroana ara-pinoana dia miteraka tsy fifandeferan-tsaina ara-piarahamonina sy ara-pôlitika ho an'ireo olona mivavaka sy ny fanjakana.

Rehefa miatrika ny fanerena mihamitombo mba hanaraka ireo fitsipika iainan'izao tontolo isika sy hanary ilay zontsika ahafahana misafidy ny

finoana, ary hamoy ny fahafahantsika misafidy dia diniho ny zavatra ampiarinarin'ny Bokin'i Môrmôna mikasika ny andraikitsika. Hitantsika ao amin'ny bokin'i Almà ny momba an'i Amlisia, "lehilahy tena fetsy" ary "olon-dratsy" izay nitetika ho lasa mpanjaka teo amin'ny vahoaka ka "hanaisotra aminy ny zony sy ny tombontsoany" izay "nampivadi-po ny vahoakan'ny fiangonana."<sup>15</sup> Nampianarin'i Môsià Mpanjaka izy ireo mba hanambara amin'ny alalan'ny feony ny zavatra tsapany fa marina.<sup>16</sup> Noho izany dia "niaranivory nanerana ny tany manontolo ny vahoaka, *ny olona tsirairay dia samy araka ny sainy avy*, na izy mpomba an'i Amlisia, na izy mpanohitra azy, tamina antoko nisaratsaraka, noho ny fisian'ny . . . fifandirana nampitolagaga teo amin'izy samy izy."<sup>17</sup>

Tao anatin'ireo fifampiresahana ireo dia nanana fahafahana ny mpikamban'ny Fiangonana sy ireo olona hafa mba hiara-hihaona sy hiaina ilay fahatsapana firaisankina ary hotarihin'ny Fanahy Masina. "Ary ny zava-nitranga dia nanohitra an'i Amlisia ny feon'ny vahoaka, ka tsy natao mpanjaka teo amin'ny vahoaka izy."<sup>18</sup>

Manana andraikitra isika amin'ny maha-mpanara-dian'i Jesoa Kristy antsika mba hiaraha-hiasa amin'ireo mpino mitovy hevitra amintsika mba hanambara amin'ny alalan'ny feontsika ny zavatra marina. Na dia tsy tokony hilaza tena velively na hanisi-kevitra akory aza hoe miteny amin'ny anaran'ny Fiangonana isika, dia asaina isika rehetra amin'ny maha-olompirenena antsika mba hizara ny fijo-roana ho vavolombelona ananantsika manokana omban'ny finoana sy fitiavana—"ny lehilahy [sy ny vehivavy] tsirairay samy araka ny sainy [manokana]."<sup>19</sup>

Hoy ny Mpaminany Joseph Smith: "Amim-pahasahiana no hanambarako eo anoloan'ny Lanitra fa tena vonona ny ho faty mba hiarovana ny zon'ny Presbiterianina iray na Batista iray na olona tsara iray avy amin'izay mety ho antokom-pinoana hafa aho [raha ny maha-Môrmôna] satria ilay fitsipika izay hanitsakitsahana ireo zon'ny Olomasin'ny Andro Farany

ihany no hanitsakitsahana ireo zon'ny Katôlika Rômana na antokom-pinoana hafa izay mety tsy malaza na marefo loatra ka tsy afaka miaro ny tenany.

"Ny fitiavana fahafahana no manosika ny fanahiko—zom-pahafahana amin'ny maha-olon-tsotra sy zom-pahafahana misafidy ny finoana ho an'ny olombelona rehetra."<sup>20</sup>

Ry rahalahy sy rahavavy, tompon'andraikitra amin'ny fiarovana ireo fahafahana sy zo masina ireo isika ho an'ny tenantsika sy ny taranantsika. Inona no azontsika sy ianao atao?

Voalohany, afaka maka vaovao isika. Fantaro izay olana miseho eo amin'ny fiarahamonina misy anao ka mety hisy fiantraikany eo amin'ilay zom-pahafahana misafidy ny finoana.

Faharoa, amin'ny anaran'ny tenanao manokana dia miaraha amin'ireo olona hafa izay manohana koa ny fanolorantenantsika hiaro ny zom-pahafahana misafidy ny finoana. Miaraha-miasa mba hiarovana ny zom-pahafahana misafidy ny finoana.

Fahatelo dia aoka ny fiainana iainanao ho toy ny ohatra tsara maneho ny zavatra inoana—eo amin'ny teny sy fihetsika. Ny fomba iainantsika ny finoantsika dia manan-danja lavitra bebe kokoa noho izay mety holazaintsika mikasika ny finoantsika.

Efa manakaiky ny Fiavian'ny Mpamonjy Fanindroany. Aoka isika tsy ho tara ao anatin'ny fanaovana ity asa lehibe ity. Tsarovy ny Kapiteny Môrônia izay nanangana ny fanevan'ny fahafahana ahitana ny soratra hoe "Ho fahatsiarovana ny Andriamanitray, ny fivavahanay sy ny fahafahanay ary ny fiadanany, ny vadinay sy ny zanakay."<sup>21</sup> Aoka hotsaroantsika ny fihetsika nasehon'ny vahoaka: nampiasa ny fahafahany misafidy izy ireo ka "niara-nirohotra" niaraka tamin'ny fanaovana fanekempihavanana fa handray andraikitra.<sup>22</sup>

Ry rahalahy sy anabavy malalako, aza mandeha tsotra fotsiny fa mihazakazaha! Mihazakazaha mba handray ireo fitahian'ny fahafahana misafidy amin'ny alalan'ny fanarahana ny Fanahy Masina sy ny fampiasana ireo fahafahana nomen' Andriamanitra antsika mba hanaovana ny sitrapony.

Mijoro ho vavolombelona aho amin'izao andron'ny Paska manokana izao fa nampiasa ny fahafahany misafidy i Jesoa Kristy mba hanaovana ny sitrapon'ny Raintsika .

Hiraintsika ny momba ny Mpamonjy hoe: "Nalatsany ny rany soa; Nomeny ny ainy."<sup>23</sup> Ary noho ny fanaovany izany dia manana tombontsoa sarobidy isika "hifidy ny fahafahana sy ny fiainana mandrakizay" amin'ny alalan'ny hery sy ny fitahian'ny Sorompanavotana.<sup>24</sup> Enga anie isika ka hisafidy malalaka ny hanaraka Azy androany ary hanaraka Azy foana. Izany no vavaka ataoko amin'ny anarany masina, dia i Jesoa Kristy, amena. ■

#### FANAMARIHANA

1. 2 Timoty 3:3.
2. Isaia 5:20.
3. Jereo ny Mosesy 6:56.
4. Mosesy 4:3.
5. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 29:36.
6. Abrahama 3:27.
7. Mosesy 4:2.
8. 2 Korintiana 3:17.
9. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 134:2, 4.
10. Jereo ny Universal Declaration of Human Rights (Fambarana ho an'izao tontolo izao mikasika ny zon'olombelona), izay nekena nandritra ny fihaonambe maneran-tanin'ny firenena mikambana tamin'ny 10 Des.1948, [un.org/en/documents/udhr](http://un.org/en/documents/udhr). Milaza ny andalana-dalana faha 18 hoe: "Ny olona tsirairay dia manana zom-pahafahana manana ny firehankeviny sy ny eritreriny ary zom-pahafahana misafidy ny finoany. Io zo io dia ahitana fahafahana hanova ny finoany sy fahafahana haneho ny finoany amin'ny alalan'ny fampianarana sy ny fampiharana, ary ny fitsaohana sy ny fanajana izany, ka na izany atao irery na iarahana amin'ny hafa na atao ampahibemaso na atao mitokana." Jereo koa ny andalana-dalana faha 9 avy ao amin'ny Fifanarahan'i Eorôpa mikasika ny fiarovana ny zon'olombelona sy ny fahalalahana fototra izay nekena tamin'ny 3 Sept.1953, [conventions.coe.int/treaty/en/treaties/html/005.htm](http://conventions.coe.int/treaty/en/treaties/html/005.htm).
11. Deoteronomia 11:19.
12. Marka 16:15.
13. Jereo ny Matio 6:6.
14. Matio 5:16.
15. Jereo ny Almà 2:1-4.
16. Jereo ny Môsià 29:25-26.
17. Almà 2:5; nampiana fanamafisana.
18. Almà 2:7.
19. Almà 2:5.
20. *Enseignements des Présidents de l'Église: Joseph Smith* (2007), 345.
21. Almà 46:12.
22. Almà 46:21.
23. "Endrey fahendrena, fitia" *Fihirana sy Hiran'ny ankizy*, lah. 37.
24. 2 Nefia 2:27.



Nataon'ny Loholona Kevin W. Pearson  
Ao amin'ny Fitopololahy

# Mijan'ona eo akaikin'ilay hazo

*Ny fahitan'i Lehia momba ilay hazon'aina dia fanoharana mahery vaika mikasika ny faharetana hatramin'ny farany.*

Fotoana fohy talohan'ny nahafatesan'ny Filoha Heber J. Grant, dia namangy ny tokantranony ny iray tamin'ireo Rahalahy. Talohan'ny nandaozan'ilay Rahalahy azy dia nivavaka toy izao ny Filoha Grant: "Andriamanitra ô, tahio aho mba tsy hamery ny fijoroana ho vavolombelona ananako ka hijanona ho mahatoky hatramin'ny farany!"<sup>1</sup> Izany no vavaka mahery nataony taorian'ny nahafilohan'ny Fiangonana azy tokony ho 27 taona teo ho eo. Ny ohatra nasehony dia fampahatsiahivana mahery vaika fa tsy misy olona, na firy taona na firy, izay voaro amin'ny fitaoman'i Satana. Roa amin'ireo fitaovan'i Satana mahery vaika indrindra ny fandrebirebena sy ny famitahana.

Ny faharetana hatramin'ny farany dia toetran'ny tena mpianatry ny Tompo ary ilaina mba hahazoana ny fiainana mandrakizay. Saingy rehefa tonga eo amintsika ny fitsapana sy ny olana dia matetika isika no asaina "miaritra" fotsiny. Aoka hazava fa ny "miaritra" dia tsy fitsipiky ny filazan-tsara. Ny faharetana hatramin'ny farany dia midika hoe manatona hatrany an'i Kristy ary hatao tanteraka ao Aminy.

Raha toa ka ilaina ny maharitra hatramin'ny farany mba hahazoana ny fiainana mandrakizay dia nahoana isika no sahirana amin'ny fijanonana ho mahatoky? Sahirana isika rehefa mila misafidy ny iray amin'ireo laharampahamehana izay mifanohitra. Ny fankatoavana tsy vokatry ny fo sy ny fanolorantena matimaty dia mampihen-danja ny

finoana. Ny faharetana hatramin'ny farany dia mitaky fanolorantena tantaraka ho an'ny Mpamonjy sy amin'ireo fanekempihavanana nataontsika.

Ny fahitan'i Lehia momba ilay hazon'aina dia fanoharana mahery vaika mikasika ny faharetana hatramin'ny farany. Miangavy aho ny mba handalinanareo sy hisaintsainanareo amimbavaka ny nofin'i Lehia. Dia ampiharo amin'ny tenanareo izany avy eo. Rehefa manao izany ianareo dia diniho tsara ireo fitsipika enina manan-danja izay manampy antsika haharitra hatramin'ny farany.

## 1. Aza adino ny mivavaka

Ilay fahitana dia manomboka amin'i Lehia nandeha irery "tao amin'ny tany ngazana maizina sy mahonena."<sup>2</sup> Ny tsirairay amintsika dia samy miaina ao anatin'ny fotoana maizina sy manirery. "Raha vao maizina ny diano, mivavaha ianao."<sup>3</sup> Araho ny ohatra nasehon'ny Filoha Heber J. Grant. Mivavaha mba hahazoana hery haharitra hatramin'ny farany. Anontanio ny Ray any Andanitra hoe: "Inona koa no mbola tianao hataoko?"

## 2. Manatona an'i Kristy ary aoka hatao tanteraka ao Aminy

Ilay hazon'aina no tena ifantohanao ao amin'ny nofin'i Lehia. Misarika ny



saintsika ho amin'ilay hazon'aina avokoa ny zavatra rehetra. Ilay hazo dia maneho an'i Kristy, izay fanehoana mazava tsara ny fitiavan' Andriamanitra. Ny voa dia ny Sorompanavotany tsisy fetra sy ny porofo lehiben'ny fitiavan' Andriamanitra. Ny fiainana mandrakizay miaraka amin'ireo olon-tiantsika dia mamy kokoa sy mampilendalenda kokoa noho ny zavatra hafa rehetra. Mba hahatanteraka izany fanomezana izany dia tsy maintsy "manatona an'i Kristy [isika] ary hatao tanteraka ao Aminy."<sup>4</sup> Izy no "lalana sy fahamarinana ary fiainana."<sup>5</sup> Azontsika fenoina fahombiazana sy fahavitana zavatra tsara ny fiainantsika, kanefa amin'ny farany, raha toa isika ka tsy manao fanekempihavanana masina mba hanaraka an'i Kristy sy hitandrina azy ireny amim-pahatokiana, dia tena tsy takatsika tanteraka ny tena tanjontsika.

### 3. Aoka hibosesika hatrany amin'ny finoana

Misy lalana mitondra mankany amin'ilay hazon'aina, mankany amin'i Kristy. Ety sy tery izany, hentitra sy marina. Ireo didin' Andriamanitra dia hentitra fa tsy maneritery. Miaro antsika amin'ny loza ara-panahy sy ara-batana izy ireny ary miaro antsika mba tsy ho very.

Ny fankatoavana no manorina ny finoana an'i Kristy. Ny finoana dia fitsipiky ny asa sy ny hery. Ny fanarahana tsy tapaka ny ohatry ny Mpamonjy dia miteraka hery sy fahafaha-manao ara-panahy. Raha tsy eo ny hery mampatanjaka sy manafaka avy amin'ny Sorompanavotana, dia tsy azo heverina ny ahafahana mijanona eo amin'ilay lalana ka haharitra.

"[Aoka] hibosesika handroso hatrany amin'ny fiorenana ao amin'i Kristy."<sup>6</sup>

### 4. Fanalahidin'ny fahavelomana ara-panahy ny Bokin'i Mormôna

Sarotra ny diantsika eo amin'ny fiainana. Mora ny hahatonga antsika ho voarebireby sy hiala amin'ilay lalana ary ho very. Ny fahoriana dia ampahany tsy azo ialana ary ilaina amin'ny fivoarantsika mandrakizay. Rehefa tonga ny fotoan-tsarotra dia aza avela ho ravan'izay zavatra tsy takatrao tanteraka ny

zavatra rehetra izay fantatrao. Mahareta, mifikira amin'ny fahamarinana dia ho avy ny fahatakarana. Ny fitsapana dia toy ny zavon'ny haizina izay afaka manajamba ny masontsika sy manamafy ny fontsika. Raha tsy "[m]ihazona mafy [hatrany]"<sup>7</sup> ny tenin' Andriamanitra isika, sy miaina araka izany, dia ho lasa very hevitra ara-panahy isika raha tokony hoe hihevitra ny zava-panahy. Halalino isan'andro isan'andro ny Bokin'i Mormôna sy ny tenin'ny mpaminany velona! Izany no fanalahidin'ny fahavelomana ara-panahy sy fanalahidin'ny fialana amin'ny fitaka. Raha tsy misy azy io dia very ara-panahy isika.

### 5. Aza mety ho voarebireby sy voafitaka

Ny hoe mihaino dia mifantoka tsara. Ny fihainoana ireo izay tsy mino an'i Kristy dia tsy hanampy anao hahita Azy. Ny fikarohana fahalalana ao amin'ny #tranomalalaka dia tsy hitarika anao ho any amin'ny fahamarinana. Tsy ho hita ao izany. Ny Mpamonjy ihany no manana "ny tenin'ny fiainana mandrakizay."<sup>8</sup> Ny zavatra hafa rehetra dia tsy manan-danja. Ilay trano lehibe sy malalaka dia maneho ny "hevi-dravina sy ny fieboeboana"<sup>9</sup> an'izao tontolo izao—izany hoe, fandrebirebena sy famitahana. Izy io dia feno olona tsara fitafiana izay toa manana ny zavatra rehetra. Kanefa izy ireo dia maneso ny Mpamonjy sy ireo izay manaraka Azy. Izy ireo dia "mianatra mandrakariva, nefa tsy mahatratra ny fahalalana ny marina."<sup>10</sup> Mety ho marina izy ireo eo imason'izao tontolo izao, saingy very izy ireo ara-panahy.

### 6. Mijanôna eo akaikin'ilay hazo

Ny hafatr'i Lehia dia hoe mijanôna eo akaikin'ilay hazo. Mijanona isika satria niova fo ao amin'ny Tompo. Nampianatra i Almà hoe: "Indro Izy dia nanova ny fon'izy ireo; eny, namoha azy ireo tamin'ny torimasoa lalina, ary dia nifoha ho an' Andriamanitra izy ireo."<sup>11</sup> Rehefa manolotra ny fontsika ho an' Andriamanitra isika dia manova ny tena toetrantsika ny Fanahy Masina, lasa miova fo tanteraka ao amin'ny Tompo isika, ary tsy mikaroka intsony ilay trano malalaka. Rehefa mitsahatra

amin'ny fanaovana ireo zavatra izay mitondra fiovampo lalim-paka isika dia mihamalemy ara-panahy. Ny Apôstazia no mifanohitra amin'ny fiovampo.

Ho an'ireo misiônera rehetra taloha sy ankehitriny: ry Elder sy Soeur, tsy azo heverina tsotra izao izany hoe hody avy any amin'ny asa fitoriana nataonareo ianareo dia avy eo miverina amin'ny fomban'izao tontolo izao, sy mandany ora maro manao izay hahazoana isa tsy ilaina amin'ny "jeux vidéos" tsy manan-danja, dia hoe tsy ho lasa malemy ara-panahy. Ary tsy azo heverina ihany koa ny tsy hiainanareo vokatra ara-panahy tena mahatsiravina raha milefitra amin'ireo zavatra mamoaafady amin'ny Internet sy minia tsy mahalala ny fahatsarantoetra sy ny fahadiovam-pitondrantena ianareo. Raha tsy manana ny Fanahy Masina ianareo dia ho very. Aza mety ho voarebireby sy voafitaka.

Ireo mpianatra marina dia manohy mifoha ao amin' Andriamanitra isan'andro amin'ny vavaka manan-danja ataon'ny tena manokana, fandalinana amin-kitsimpo ny soratra masina, fankatoavan'ny tena manokana, ary asa fanompoana tsy mikatsaka ny ho an'ny tenany. Mijanôna eo akaikin'ilay hazo ary aza sondrian-tory.

Taona maro lasa izay dia nantsoina ho filohan'ny Misiôna an'i Washington Tacoma izaho sy Rahavavy Pearson. Tsy nampoizinay mihitsy ilay antso. Somary natahotra aho nihaona tamin'ny mpitari-draharaha sy ny tale jeneralin'ilay orinasa niasako rehefa nampahafantatra azy ireo ilay antsoko hitory ny filazantsara. Hita niharihary fa nahasorena azy ireo ny fanapahan-kevitra hiala tao amin'ilay orinasa. "Oviana ianao no nandray izany fanapahan-kevitra izany ary nahoana ianao no tsy niresaka taminay mialoha?" hoy izy ireo nanontany.

Tao anatin'ny fotoana kely nana-nako fahazavan-tsaina dia tonga tao an'eritreritro ny valinteny mavesa-danja iray. Hoy aho: "Nandray io fanapahan-kevitra io aho fony aho zatovolahy 19 taona, rehefa nanao fanekempihavanana masina tamin' Andriamanitra



tao amin'ny tempoly fa hanaraka ny Mpamonjy. Naoriko teo ambonin'ireo fanekempihavanana ireo ny fiainako manontolo, ary mikasa tanteraka ny hanaja azy ireo aho ankehitriny.”

Rehefa manao fanekempihavanana amin' Andriamanitra isika, dia tsy misy fiverenan-dalana. Tsy safidy tokony hatao ny milefitra sy mitsoaka andaharana ary mampihena ny tanjaka. Ao amin'ny fanjakan' Andriamanitra dia misy ny fenitry ny fahalavorariana mba hahazoana ny fisandratana. Mitaky ny fanehoana ny maha-mpianatra amin-kerimpo izany! Tsy misy toerana ho

an'ireo mpianatra izay antonontonony na tsy vonona hiezaka. Fahavalon'ny fahalavorariana ny antonontonony, ary ny fanolorantena antonontonony dia hisakana anao tsy haharitra hatramin'ny farany.

Raha toa ianareo ka manana olana, na sahiran-tsaina, na very ara-panahy, dia mitaona anareo aho hanao ny zavatra iray izay fantatro fa hanampy anareo hiverina hanao izay andrasan'ny Tompo aminareo. Manomboha indray mandalina amim-bavaka ny Bokin'i Môrmôna sy miaina araka ny fampianarany, isan'andro, isan'andro, isan'andro!

Mijoro ho vavolombelona aho ny amin'ny hery lehibe ao amin'ny Bokin'i Môrmôna izay hanova ny fiainanareo sy hampatanjaka ny fahavononanareo hanaraka an'i Kristy. Ny Fanahy Masina dia hanova ny fonareo, ary hanampy anareo hahita “ny zavatra araka ny tena toetrany.”<sup>12</sup> Hasehony anareo izay ilaina ataonareo avy eo. Izao no fampanantennana nataon'i Nefia ho anareo:

“Ary dia nolazaiko azy ireo fa . . . na zovy na zovy no hihaino ny tenin' Andriamanitra sy te hihazona izany mafy, dia tsy ho faty na oviana na oviana izy; ny fakam-panahy sy ny zana-tsipika mirehitry ny fahavalo dia tsy afaka hampanaiky azy koa ho amin'ny fahajambana ka hitarika azy any amin'ny famongorana.

“Koa izaho . . . dia nandrisika azy ireo . . . mba hampandriany sofina amin'ny tenin' Andriamanitra sy hahatsiarovany ny hitandrina mandrakariva ny didiny amin'ny zavatra rehetra.”<sup>13</sup>

Ry rahalahy sy rahavavy, ny maharitra hatramin'ny farany no ilay fizahan-toetra lehibe ho an'ireo mpianatra ny Tompo. Ny maha-mpianatra antsika isan'andro no hamaritra ny anjarantsika mandrakizay. Mifohaza ao amin' Andriamanitra, mifikira amin'ny fahamarinana, hajao ireo fanekempihavanana masin'ny tempoly nataonareo, ary mijanôna eo akaikin'ilay hazo!

Mijoro ho vavolombelona ny amin'i Kristy velona sy nitsangana tamin'ny maty aho. Ny faniriako lehibe indrindra dia ny mba ho marina sy mahatoky hatramin'ny farany amin'ny fanarahana ny ohatra tena kanto izay nasehony. Amin'ny anarana masin'i Jesoa Kristy Tompo, amena. ■

#### FANAMARIHANA

1. Teny nindramin'i John Longden, ao amin'ny Conference Report, Oct. 1958, 70.
2. 1 Nefia 8:7.
3. “Moa Nivavaka?” *Fihirana sy Hiran'ny Ankizy*, lah. 96.
4. Môrônia 10:32.
5. Jaona 14:6.
6. 2 Nefia 31:20.
7. 1 Nefia 8:30.
8. Jaona 6:68.
9. 1 Nefia 12:18.
10. 2 Timoty 3:7.
11. Almà 5:7.
12. Jakôba 4:13.
13. 1 Nefia 15:24–25.



Nataon'ny Loholona Rafael E. Pino

Ao amin'ny Fitopololahy

# Ny fomba fijery mandrakizay raketin'ny filazantsara

*Ilaina ny fananana fomba fijery araka ny filazantsara ho an'ireo fanapahan-kevitra misy fiantraikany amin'ny mandrakizay.*

Ao anatin'ny fanambarana iray izay nomena an'i Mosesy dia nolazaina tamintsika ny fikasan'ny Raintsika any An-danitra izay nambara manao hoe: “Fa indro izao no asako sy voninahitro—ny manatanteraka ny tsy fahafatesana sy ny fiainana mandrakizain'ny olona.”<sup>1</sup> Araka io fanambarana io dia ny hanome fahafahana ny tsirairay handray ny fahafenoan'ny fifaliany no fanirian'ny Ray. Ireo fanambarana amin'izao andro farany izao dia maneho fa namorona drafitra lehiben'ny fahasambarana ho an'ny zanany rehetra ny Raintsika any An-danitra mba hahafahantsika miverina miara-miaina Aminy.

Ny fahatakarana io drafitry ny fahasambarana io dia manome antsika fomba fijery mandrakizay sy manampy antsika tena hanisy lanja ireo didy, ôrdônansy, fanekempihavanana ary ireo fitsapana sy fahoriana.

Azo avy amin'i Almà ny fitsipika iray manan-danja manao hoe: “Koa nomen' Andriamanitra ho azy ny didy, rehefa nampahafantariny azy ny drafitry ny fanavotana.”<sup>2</sup>

Mahaliana ny mahatsikaritra ny fifanesen-javatra ao amin'ilay dingan'ny fampianarana. Nampianatra an'i Adama sy i Eva ny drafitry ny fanavotana aloha ny Raintsika any An-danitra izay vao nanome didy azy ireo.

Fahamarinana manan-danja io. Ny fahatakarana ilay drafitra dia hanampy ny olona hitandrina ny didy sy handray fanapahan-kevitra tsara kokoa ary hanana ilay antony tena mampazoto.

Nandritra ny fotoana nanompoako tato amin'ny Fiangonana dia nahita ny fanolorantena sy ny fahatokian'ireo mpikamban'ny Fiangonana tao amin'ireo firenena samihafa aho, ary ny sasany amin'ireo firenena ireo dia ahitana ady ara-pôlitika, na ara-piarahamonina, na ara-toekarena. Antony iray iraisana izay hitako matetika tao amin'ireo mpikambana mahatoky ireo ny fomba fijery ananan'izy ireo mikasika ny mandrakizay. Ny fomba fijery mandrakizay raketin'ny filazantsara dia mitarika antsika hahatakatra ny toerana misy antsika ao anatin'ny drafitr' Andriamanitra, hanaiky ireo

zava-tsarotra sy hivoatra amin'ny alalan' izy ireny, handray fanapahan-kevitra ary hampifantoka ny fiainantsika amin'ny fahafahantsika ho lasa tahaka an' Andriamanitra.

Ny fomba fijery dia ny fomba fahitantsika zavatra rehefa mitazana azy ireo avy lavitra isika, ary izany dia mamela antsika hitsara ny tena lanjan'izy ireo.

Izany dia tahaka ny hoe ao anaty ala iray isika dia misy hazo iray eo anoloantsika. Raha tsy mihemotra kely isika dia tsy ho afaka hahazo an-tsaina hoe inona marina no atao hoe ala. Indray mandeha aho dia nitsidika ny kirihitr'alan'i Amazonie ao Leticia, Colombie, eo akaikin'ny sisintanin'i Brésil sy i Pérou. Tsy afaka nahazo an-tsaina ny habeny aho raha tsy nisidina teo amboniny ka nahatazana ny zava-drehetra.

Raha mbola kely ireo zanakay dia fanaon'izy ireo ny nijery fahitalavitra iray ho an'ny ankizy izay nandefa fandaharana nantsoina hoe *Inona no hitanao?* Nampiseho akaiky dia akaiky zavatra iray ny efijery ary nasaina namantatra ilay zavatra ny ankizy rehefa nihahita tsikelikely teo amin'ny efijery ilay sary. Raha vantany vao hita manontolo ilay zavatra dia afaka nilaza mora ny olona iray hoe saka izany, na zava-maniry, na voankazo iray, sy ny sisa.

Tadidiko fa nisy fotoana iray nijeren'izy ireo an'izany fandaharana izany, dia nampiseho zavatra akaiky dia akaiky izay noraisin'izy ireo fa toy ny ratsy tarehy tokoa, na naharikoriko mihitsy aza ilay fandaharana. Saingy rehefa nihahita ilay sary dia hitan'izy ireo fa pizza matsiro ilay izy. Dia hoy izy ireo tamiko hoe: “Dada a! hividiano ohatra an'io mihitsy izahay!” Rehefa avy takatr'izy ireo hoe inona ilay izy dia lasa zavatra tena nanintona ilay zavatra izay toy ny tsy nahafinaritra tamin'izy ireo tamin'ny voalohany.

Mamelà ahy ianareo hizara zavatra niainana iray hafa. Tia nanao piozila ireo zanakay tao an-tranonay. Mety efa samy nanana fahafahana nanao piozila avokoa angamba isika rehetra. Vita amin'ny singa kely maro ny sasany. Tadidiko fa ny iray tamin'ireo zanakay (tsy holazaiko ny anarany mba tsy hisy



hahalala hoe iza izy) dia matetika no nifantoka tamin'ireo singa tsirairay, ka rehefa tsy nety nampidirina teo amin'ny toerana izay noheveriny fa tokony hisy azy izany dia nanjary tezitra izy, dia nihevitra fa tsy nisy nilana azy izany ka dia naniry ny hanary izany izy. Hainy ihany ny nanao ilay piozila nony farany rehefa takany fa nanana ny toerany tao anatin'ilay sary farany ny singa kely tsirairay avy, na dia tsy fantany teo no ho eo aza ny toerana tokony hisy izany.

Fomba iray handinihana ny drafitry ny Tompo izany. Tsy tokony hisahirana be loatra amin'ny singa tsirairay izay mandrafitra izany isika fa tokony hiezaka kosa ny hahatakatra ireo fitsipika indray miaraka amin'ny endriny manontolo, ary hahatsiaro lalandava hoe inona ilay vokatra farany ho azo. Fantatry ny Tompo ny toerana misy ny singa tsirairay avy mba hifanarahana'izany amin'ilay drafitra. Manana lanja mandrakizay ny didy rehetra ao anatin'ny sahan'ny drafitra lehiben'ny fahasambarana.

Tena faran'izay manan-danja tokoa ny hoe tsy tokony handray fanapahan-kevitra mikasika ny zavatra misy vokany mandrakizay avy amin'ny fomba fijerin'ny olona eto amin'ny fiainana an-tany isika. Ilaina ny fananana fomba fijery araka ny filazantsara ho an'ireo fanapahan-kevitra misy fiantraikany amin'ny mandrakizay.

Nampianatra ny Loholona Neal A. Maxwell hoe: “Na dia ‘mifantoka’ amin'izay zavatra tena antenaintsika indrindra amin'ny mandrakizay aza isika dia hafa ny sasany amin'ireo zavatra antenaintsika eto amin'ity fiainana ity. Mety manantena fisondrotan-karama isika, na olona miavaka hampiarahana, na fandresena amin'ny valim-pifidianana, na trano lehibe kokoa—izay zavatra mety ho tanteraka na tsia. Manome antsika faharetana ny finoana ny drafitry ny Ray, eny fa na dia tsy tanteraka aza ireo zavatra tsy maharitra nantenaina ireo. Ny fanantenana dia mihazona antsika ‘hazoto hirotsaka’ amin'ny tanjona tsara, na dia amin'ny fotoana izay toa tsy hahatanteraka ireo tanjona ireo aza (jereo ny F&F 58:27).”<sup>3</sup>

Ny tsy fananana fomba fijery mandrakizay, na ny tsy fananana izany intsony toy ny teo aloha, dia mety hitarika antsika hanana fomba fijery araka ny fiainana an-tany mba ho fenitra arahantsika sy handraisantsika fanapahan-kevitra izay tsy mifanaraka amin'ny sitrapon' Andriamanitra.

Ny Bokin'i Môrmôna dia milaza ny fihetsika nofidian'i Nefia haseho sy ny fihetsika nofidian'i Lamàna sy i Lemoela. Samy niaritra zava-tsarotra sy fahoriana maro avokoa izy rehetra. Kanefa tsy nitovy ny fihetsika nasehon'izy ireo nanoloana ireo zavatra ireo. Hoy i Nefia: “Ary lehibe tokoa

ny fitahian' ny Tompo anay, fa raha mbola nivelona tamin' ny hena manta izahay tany an-tany foana, ny vadina ny kosa dia nanome nono betsaka ny zanany, sady natanjaka, eny, nitombandahy aza; ary izy ireo dia nanomboka nahatanty ny dia, tsy nimonomonona.”<sup>4</sup>

I Lamàna sy i Lemoela kosa tetsy an-kilan'izay dia nitaraina mafy. “Ary dia toy izany no nimonomonon' i Lamàna sy i Lemoela izay zokiny indrindra, tamin-drainy. Izy ireo dia nimonomonona, satria tsy fantany ny fitondran' ilay Andriamanitra izay efa nahary azy ireo.”<sup>5</sup> Ny tsy fahafantarana na ny tsy firaharahiana “ny fitondran' . . . Andriamanitra” dia fomba iray hamerezana ny fomba fijery mandrakizay, ary ny fimonomononana dia iray fotsiny ihany amin'ireo fomba fisehon'izany. Na dia nahita fahagagana maro niaraka tamin'i Nefia aza i Lamàna sy i Lemoela dia nihiaka hoe: “Ary efa nirenireny tany an-tany foana izahay nandritra izay taona maro izay; ary efa nisasatra ny vehivavinay, satria nitondra vohoka; ary tera-bao tany an-tany foana ireo sy niaritra ny zava-drehetra afa-tsy ny fahafatesana; ary ho tsara kokoa ho azy ireo ny maty talohan' ny nialany tao Jerosalema, toy izay niaritra ireo fahoriana ireo.”<sup>6</sup>

Fomba fihetsika roa tsy mitovy mihitsy ireo, na dia nitovy aza ny zava-tsarotra sy ny fahoriana natrehin'izy ireo. Hita mibaribary fa tsy nitovy ny fomba fijerin'izy ireo.

Nanoratra izao manaraka izao ny Filoha Spencer W. Kimball: “Raha heverintsika fa ny fiainana an-tany ihany no fisiansika iray manontolo dia ho zava-doza tokoa ny fanaintainana sy ny alahelo sy ny tsy fahombiazana ary ny fiainana vetivety dia nifarana. Fa rehefa jerentsika ho toy ny zavatra mandrakizay izay miitatra hatrany amin'ny fiainana talohan'ny nahaterahana tany aloha ary mitohy mankany amin'ny hoavy mandrakizay aorian'ny fahafatesana ny fiainana, dia ho hita amin'ny fijery tsara kokoa ny zava-mitranga rehetra.”<sup>7</sup>

Ny Loholona David B. Haight dia nitantara tantara iray mikasika an'i Michel-Ange izay mpanao sary

sokitra iray mba hanazavana ny maha-zava-dehibe ny fahitana ny zavatra rehetra amin'ny fomba fijery tsara kokoa: “Rehefa nanapaka bolongana vatovandana iray ilay mpanao sary sokitra dia nisy zazalahy iray tonga teo isan’andro ka nijery tamim-pahamenamenarana. Rehefa nanomboka hita sy nipoitra avy eo amin’izany vato izany ny endrik’i Davida, ary vita tanteraka mba hafafahan’ny rehetra mankafy izany, dia nanontany an’i Michel-Ange ilay zazalahy hoe: ‘Fa ahoana no nahafantaranao fa tao anatin’io vato io izy?’”<sup>8</sup>


Ny fomba fijery izay nahitan’ily mpanao sary sokitra ilay bolongana vatovandana dia tsy nitovy tamin’ny fomba fijerin’ily zazalahy izay nijery azy niasa. Namela ilay mpahaikanto hamorona asakanto ny fahatakarany ny zavatra azo notanterahina izay voarakitra tao anatin’ily vato.

Mahafantatra ny zavatra tiany hotanterahina amin’ny tsirairay avy amintsika ny Tompo. Fantany ny karazana fanatsarana tiany hotontosaina eo amin’ny fiainantsika, ary tsy manan-jo ny hanoro hevitra Azy isika. Lehibe lavitra noho ny fihevitsika ny fiheviny.<sup>9</sup>

Mijoro ho vavolombelona aho fa manana Ray any An-danitra be fitiavana sy marina ary be famindrampo isika, izay nanomana drafitra ho an’ny fahasambarantsika mandrakizay. Mijoro ho vavolombelona aho fa i Jesoa Kristy dia Zanany ary Mpamonjy an’izao tontolo izao. Fantatro fa mpaminanin’ Andriamanitra ny Filoha Thomas S. Monson. Ireo zavatra ireo dia lazaiko amin’ny anaran’i Jesoa Kristy, amena. ■

#### FANAMARIHANA

1. Mosesy 1:39.
2. Almà 12:32.
3. Neal A. Maxwell, “Brightness of Hope,” *Ensign*, nov. 1994, 35–36.
4. 1 Nefia 17:2.
5. 1 Nefia 2:12.
6. 1 Nefia 17:20.
7. *Enseignements des présidents de l’Église: Spencer W. Kimball* (2006), 15.
8. David B. Haight, “Your Purpose and Responsibility” (Takariva amorom-patana tao amin’ny Oniversiten’i Brigham Young, 4 sept. 1977), 2–3, speeches.byu.edu.
9. Jereo ny Isaia 55:8–9.




Nataon’ny Loholona Neil L. Andersen  
Ao amin’ny Kolejin’ny Apôstôly Roambinifolo

## Ho Tonga anie ny Fanjakanao

*Mampiantanentana ny fanahiko ny mieritreritra ny fiverenany. Tena hampitolagaga mihitsy izany! Ny fielezan’izany sy ny mahafeno voninahitra an’izany ary ny halehiben’izany sy ny hatsaran’izany dia hihotra lavitra noho ny zavatra rehetra izay hita na nainan’ny olombelona.*

Rehefa nihira teo isika dia tena nampihetsi-po lalina ahy ny nieritreritra fa amin’izao fotoana izao indrindra dia Olomasina mino amana hetsiny, mety ho aman-tapitrisany mihitsy aza, avy amin’ny firenena mihoatra ny 150 sy fiteny 75 samihafa<sup>1</sup> izay tena mahatalanjona tokoa, no niara-nanandratra ny feontsika ho an’ Andriamanitra, nihira hoe:

*O viens, toi, Roi des rois  
Attendu si longtemps!  
Objet de notre foi,  
Délivre tes enfants!*<sup>2</sup>



“O viens, toi, Roi des rois!”<sup>3</sup> Fianakaviana mpino lehibe dia lehibe manerana izao tontolo izao isika, mpianatry ny Tompo Jesoa Kristy.

Nandray ny anarany eo amintsika isika, ary rehefa mandray ny fanasan’ny Tompo isaky ny herinandro isika, dia manao fanolorantena fa hahatsiaro Azy mandrakariva sy hitandrina ny didiny. Tena mbola ho ela isika vao ho tonga lafatra, nefa tsy ataontsika ambanin-javatra ny finoantsika. Mino Azy isika. Midera Azy isika. Manaraka Azy isika. Tena tia Azy isika. Ny asany no asa lehibe indrindra eto amin’izao tontolo izao.

Miaina amin’ny andro mialoha ny Fiavian’ny Tompo Fanandroany isika, ry rahalahy sy rahavavy, fotoana izay nandrandrain’ny mpino maro teo amin’ny tantara. Miaina ao anatin’ny ady sy tabataban’ady isika, ao anatin’ny vanimpotoan’ny loza voajanahary, ao anatin’ny vanimpotoana iainan’izao tontolo izao fikorontanana sy fihotakotahana.

Miaina ao anatin’ily vanimpotoana lehiben’ny Famerenana amin’ny Laoniny koa anefa isika, izay hitondrana

ny filanzantsara eran'izao tontolo izao— fotoana izay nampanantenain'ny Tompo fa Izy dia “hanangona . . . vahoaka madio”<sup>4</sup> ary hotafiany “amin'ny fahamarinana sy ny herin' Andriamanitra”<sup>5</sup> izy ireo.

Miravoravo isika amin'izao andro izao ary mivavaka mba ho afaka hiatrika amin-kerimpo ireo fahasahiranana sy ny fisalasalana iainantsika. Ny fahasarotana iainan'ny sasany dia mafimafy kokoa noho ny an'ny hafa, nefa tsy maintsy hiharan'izany avokoa ny rehetra. Niteny tamiko ny Loholona Neal A. Maxwell indray mandeha hoe: “Raha milamina tsara daholo ny zava-drehetra eo amin'ny fiainanao ankehitriny, dia miandrasa fotsiny.”

Na dia manome toky antsika hatrany hatrany aza ny Tompo fa isika dia “tsy tokony hatahotra”<sup>6</sup> dia matetika tsy mora ny fananana fomba fijery mazava tsara sy ny fijerena mihoatra an'ity fiainana an-tany ity, rehefa ao anatin'ny fitsapana.

Nampianatra lesona manan-danja ho ahy ny Filoha Thomas S. Monson mikasika ny fananana hatrany fomba fijery mitodika amin'ny mandrakizay.

Rehefa nanao dia tamin'ny fiarandalamby nankany Suisse niaraka tamin'ny Filoha Monson aho, valo amin'ny folo taona lasa izay, dia nanontaniako azy ny mikasika ny andraikitra lehibe izay sahaniny. Nankahery ny finoako ny valinteniny. “Ao amin'ny Fiadidiana Voalohany,” hoy izy, “izahay dia manao ny zavatra rehetra azonay atao mba hampandrosoana ity asa ity. Asan'ny Tompo anefa izy ity ary Izy no mitantana. Variana izahay rehefa mijery Azy manokatra ny varavarana izay tsy hainay sokafana ary rehefa mahita ireo fahagagana izay ahianay tsy ho tanterakay.”<sup>7</sup>

Ry rahalahy sy rahavavy, ny mahita sy ny mino ny fahagagana ataon'ny Tompo amin'ny fananganana ny Fanjakany eto an-tany dia afaka manampy antsika hahita sy hino fa mitantana ny fiainantsika manokana ihany koa ny Tompo.

Nanambara ny Tompo fa: “Mahavita ny asako ihany Aho.”<sup>8</sup> Samy miezaka manao ny anjara manandrify antsika isika, fa Izy no ilay mpahary ny zava-drehetra. Teo ambany fahian'ny Rainy

no namoronany izao tontolo izao. “Ny zavatra rehetra dia natao tamin'ny alalany; ary raha tsy Izy dia tsy nisy na inona na inona natao ka hary.” Rehefa malady ny masontsika sy ny sofintsika ara-panahy, dia mahita ny fitaomany manerana an'izao tontolo izao sy ny fitaomany amin'ny fiainantsika manokana isika.

Mamelà ahy hizara ohatra iray mikasika an'izay.

Tamin'ny 1831, raha niisa 600 fotsiny ny mpikamban'ny Fiangonana, dia nanambara ny Tompo hoe: “Ankinina amin'ny olona eto an-tany ny fanalahidin'ny fanjakan' Andriamanitra, ary hatreo dia hikodiadia hatrany amparan'ny tany ny filazantsara, toy ny vato izay nendahina hiala tamin'ny tendrombohitra nefa tsy nendahan-tanana ka hikodiadia ambara-pamenoany ny tany manontolo.”<sup>10</sup>

Ny mpaminany Nefia dia naminany fa amin'izao androntsika izao dia ho “vitsy” ny mpikamban'ny Fiangonana raha oharina amin'ny olona rehetra eto an-tany, nefa izy ireo kosa dia ho “eran'ny lafiny rehetra amin'ny tany.”<sup>11</sup>

Ohatra telo maha-finaritra momba ny fitaoman'ny Tompo amin'ny fananganana ny fanjakany ireo tempoly nambaran'ny Filoha Monson androany. Iza no nanampo tempoly tany Haïti sy Thailande ary Côte-d'Ivoire folo taona lasa izay?

Ny toerana asiana ny Tempoly iray dia tsy tapahana arakaraka ny fahatsarana na fetezan'ny toerana. Tonga amin'ny alalan'ny fanambarana avy amin'ny Tompo ho an'ny mpaminaniny izany, izay midika asa lehibe tokony hatao ary amin'ny fahalalany ny fahamarinan'ireo Olomasina izay hankamamy sy hikarakara ny tranony mandritra ireo taranaka fara aman-dimby.<sup>12</sup>

Izaho sy ny vadiko Kathy dia namangy an'i Haïti, roa taona lasa izay. Teny an-tampon'ny tendrombohitra izay nahitana tsara an'i Port-au-Prince

izahay no niaraka tamin'ny Olomasina ao Haïti mba hankalaza ny fanokanana ny firenena izay nataon'ny Loholona Thomas S. Monson 30 taona lasa monja talohan'izay. Tsy hain'ny tsirairay avy aminay ny hanadino ilay horohorontany mpandrava tany Haïti tamin'ny 2010. Tamin'ny alalan'ny mpikambana mahatoky sy ny andiana misiônera izay saika tsy nahitana afa-tsy olona avy any Haïti, no nahafahan'ny Fiangonana mitombo sy matanjaka hatrany ao amin'io nosy io. Mampitombo ny finoako ny mahita ao an-tsaiko ireo Olomasin' Andriamanitra marin-toetra ireo, miakanjo fotsy, manana ny herin'ny fisoronana masina mba hitarika sy hanatanteraka ny ôrdônansy masina ao amin'ny tranon'ny Tompo.

Iza no nanampo tranon'ny Tompo iray ao amin'ny tanàna tsaran'i Bangkok? Iray isan-jato ihany no Kristianina ao amin'ity firenena izay amin'ny ankapobeny dia Bodista ity. Toy ny tany Haïti, dia hitantsika ao Bangkok koa fa nanangona ny nofinidin'ny tany ny Tompo. Raha namangy tany izahay



volana vitsivitsy lasa izay, dia nifankahita tamin'i Sathit sy Juthamas Kaivaivatana ary ireo zanany feno fanolorantena. Niditra ho mpikamban'ny Fiangonana tamin'ny faha 17 taonany i Sathit ary nitory ny filazantsara tamin'ny fotoana feno tany amin'ny tany niaviany izy. Taty aoriana dia nifankafantatra tamin'i Juthamas izy tany amin'ny kilasin'ny institiota, ary nofehezina tany amin'ny Tempolin'i Manille any Philippines izy roa. Tamin'ny 1993, dia voadonan'ny fiara lehibe iray ny fianakaviana Kaivaivatana, noho ilay mpamily an'ilay fiara rendremana ka lasa malemy avokoa ny faritra midina ny tratran'i Sathit rehetra. Tsy voahozongozona mihitsy ny finoan'izy ireo. Mpampianatra manankaja ao amin'ny International School Bangkok i Sathit. Filohan'ny Tsatòkan'i Bangkok Avaratra any Thailande izy. Hitantsika ao amin'ny asany mahatalanjona sy ao amin'ny fiainantsika manokana ny fahagagan'ny Tompo.

Raha hiresaka momba ny fahagagan'ny Fiangonana any Côte d'Ivoire isika dia tsy maintsy manonona ny anaran'ireto mpivady roa ireto: Philippe sy Annelies Assard ary Lucien sy Agathe Affoue. Fony izy ireo mpivady vao herotreron'ny no lasa mpikamban'ny

nahatsapan'i Philippe sy i Lucien fa tokony hiverina any amin'ny firenena Afrikanina niaviany ho fananganana ny fanjakan' Andriamanitra izy ireo. Ho an'ny Rahavavy Assard, izay Alemana, dia nitaky finoana goavana ny nandao ny fianakaviany, sy namela an'ny Rahalahy Assard nandao ny asany, izay injeniera amin'ny mekanika manana ny maha-izy azy. Tany Côte d'Ivoire no nifankahitan'ireo mpivady roa ireo voalohany ary nanangana Sekoly Alahady iray izy ireo. Izany dia nitranga 30 taona lasa izay. Ankehitriny dia valo ny tsatòka ary 27.000 ny mpikambana ao amin'io firenena Afrikanina mahafinaritra io. Mbola manompo ampahamendrehana ry Affoue mivady, ry Assard mivady ihany koa, izay nana-tontosa asa fanompoana tao amin'ny Tempolin'i Accra, any Ghana, vao tsy ela izay.

Hitanao ve ny fiasan'ny tanan' Andriamanitra eo amin'ny fampan-drosoana ny asany? Hitanao ve ny fiasan'ny tanan'Andriamanitra teo amin'ny fiainan'ireo misionera any Haïti na ny Fianakaviana Kaivaivatana tany Thailand? Hitanao ve ny fiasan'ny tanan'Andriamanitra teo amin'ny fiainan'ny fianakaviana Assard sy Affoue? Hitanao ve ny fiasan'ny tanan'Andriamanitra eo amin'ny fiainanao manokana?

"Ary tsy misy na inona na inona ataon'ny olona ka manafitohina an' Andriamanitra . . . afa-tsy ireo izay tsy miaiky ny tanany amin'ny zava-drehetra."<sup>13</sup>

Ny fahagagan' Andriamanitra dia tsy any Haiti, Thailande, na Côte d'Ivoire ihany no mitranga. Jereo ny manodidina anao.<sup>14</sup> "Andriamanitra dia mahatsiaro ny vahoaka tsirairay . . . ; eny, manisana ny vahoakany Izy, ary . . . ny famindram-pony dia manerana ny tany manontolo."<sup>15</sup>

Indraindray dia mahita ny fiasan'ny tanan'ny Tompo eo amin'ny fiainan'ny hafa isika nefa diniho hoe, "Ahoana no

hahafahako mahatsikaritra bebe kokoa fiasan'ny tanany eo amin'ny fiainako manokana?"

Hoy ny Mpamonjy:

"[Aza] mihanahana."<sup>16</sup>

"Aza matahotra."<sup>17</sup>

"[Tsisy] tsintsina . . . iray . . . ho latsaka amin'ny tany, raha tsy avelan'ny Rainareo. . . .

"Koa aza matahotra; fa mihoatra noho ny tsintsina maro hianareo."<sup>18</sup>

Tsarovy ilay zatovolaha izay nitaraina tamin'ny mpaminany Elisa rehefa voahodidin'ny fahavalo izy ireo: "Indrisy [inona] no hataontsika?"<sup>19</sup>

Ary hoy Elisa:

"Aza matahotra; fa ny momba antsika dia be noho ny momba azy.

"[Avy eo] Elisa nivavaka hoe, . . .

Jehovah ô, . . . ampahirato ny masony mba hahitany. Ary Jehovah nampahiratra ny mason'ilay zatovo; ary dia nahita . . . ny tendrombohitra feno soavaly sy kalesy afo manodidina an'i Elisa [izy]."<sup>20</sup>

Rehefa mitandrina ny didy sy mivavaka am-pinoana ny hahita ny fiasan'ny tanan' Andriamanitra eo amin'ny fiainanao ianao, dia mampanantena anao aho fa hosokafany bebe kokoa ny masonao ara-panahy, ary hahita tsaratsara kokoa ianao hoe tsy mba irery.

Ny soratra masina dia mpampianatra fa isika dia tokony "[hiorina] mafy tokoa amin'ny finoana an'izay[ho avy]."<sup>21</sup> Inona no ho avy? Toy izao ny vavaka nataon'ny Mpamonjy:

"Rainay izay any an-danitra, hohamasinina anie ny anaranao.

"Ho tonga anie ny fanjakan'ao. Hatao anie ny sitraponao etỳ an-tany tahaka ny any an-danitra."<sup>22</sup>

Vao nihira ny "O viens, toi, Roi des rois" isika teo.

Mitombo ny finoantsika rehefa miandrindra ilay andro be voninahitra hiverenan'ny Mpamonjy eto an-tany isika. Mampiantanentana ny fanahiko ny mieritreritra ny fiverenany. Tena hampitolagaga mihitsy izany! Ny fielezan'izany sy ny mahafeno voninahitra an'izany ary ny halehiben'izany sy ny hatsaran'izany dia hihoatra lavitra noho ny zavatra rehetra izay hita na niainan'ny olombelona.



Ambony ankavia: Filoha Thomas S. Monson tany Haiti tamin'ny fanokanana izany firenena izany tamin'ny taona 1983. Eo ambony: Ireo mpamaky lay ao Côte d'Ivoire, i Philippe sy i Annelies Assard (eo ankavia) ary i Lucien sy i Agathe Affoue. Eo ankavia: Ny filohan'ny tsatòka Sahit Kaivaivatana sy ny vadiny, Juthamas, ao Bangkok, Thailand.

Fiangonana, ny iray tany Alemana ary ny iray kosa tany Frantsa. Tany amin'ny taona 1980 tany ho any, no



Amin'io andro io, dia tsy ho “voahodidina lamban-jaza sady mandry ao am-pihinanam-bilona”<sup>23</sup> Izy, fa hiseho “eny amin'ny rahon'ny lanitra, mitafy hery sy voninahitra lehibe; miaraka amin'ny anjely masina rehetra.”<sup>24</sup> Isika dia haheno “ny feon'ny arikanjely, ary . . . ny trompetran' Andriamanitra.”<sup>25</sup> Ny masoandro sy ny volana dia hiova, ary “ny kintana [dia] hoesorina amin'ny toerany.”<sup>26</sup> Izaho sy ianao, na ireo izay manaraka antsika, “ireo olomasina . . . avy amin'ny [vazan-tany efatra],”<sup>27</sup> “dia hampahavitrihana sy . . . hakarina mba hitsena Azy,”<sup>28</sup> ary ireo izay nody mandry tao amin'ny fahamarinana ihany koa, dia “hakarina hitsena Azy eo afovoan'ny . . . andrin'ny lanitra.”<sup>29</sup>

Avy eo, dia hisy ny trangan-javatra iray izay toa tsy hay heverina akory: “Ny nofo rehetra,” hoy ny Tompo, “hiara-hahita Ahy.”<sup>30</sup> Ahoana no hitrangan'izany? Tsy fantatsika. Mijoro ho vavolombelona anefa aho fa hitranga izany—araka ny faminiana. Handohalika am-panajana isika, “ary hiloa-bava ny Tompo ka handre izany avokoa ny faran'ny tany.”<sup>31</sup> “Izany . . . dia ho toy ny feon'ny rano maro ary ho toy ny feon'ny kotrokorana lehibe.”<sup>32</sup> “[Avy eo] ny Tompo, . . . ny Mpamonjy, dia hitsangana eo afovoan'ny vahoakany.”<sup>33</sup>

Hisy fihaonana tsy hay hadinoina eo amin'ny anjelin'ny lanitra sy ny Olomasina eto an-tany.<sup>34</sup> Fa tena zavadehibe, araka ny nambaran'i Isaia, ny hoe: “Ary ny faran'ny tany rehetra hahita ny famonjen' Andriamanitra,”<sup>35</sup> ary Izy “hanjaka amin'ny nofo rehetra.”<sup>36</sup>

Amin'io andro io, dia hangina ny mpisalalava lava, “fa ny sofina tsirairay dia handre . . . , ary ny lohalika rehetra hitsaoka, ary ny lela rehetra hiaiky”<sup>37</sup> fa i Jesoa no Kristy, Ilay Zanak' Andriamanitra, Ilay Mpamonjy sy Mpanavotra an'izao tontolo izao.

Paska anio. Miravoravo miaraka amin'ireo Kristianina manerana izao tontolo izao isika amin'ny Fitsanganany tamin'ny Maty be voninahitra sy amin'ny fitsanganantsika amin'ny maty, izay fampanantenana nomena antsika. Enga anie isika hio-mana amin'ny fiaviany amin'ny fieritretana hatrany hatrany ireo zavatra hitranga lehibe ireo ao an-tsaintsika sy miaraka amin'ireo olona tiantsika ary engo anie ny vavaka nataony no hataontsika: “Ho tonga anie ny fanjankanao. Hatao anie ny sitraponao ety an-tany tahaka ny any an-danitra.”<sup>38</sup> Mijoro ho vavolombelona aho fa velona Izy, “Avia, O ry Mpanjakan'ny mpanjaka.” Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

## FANAMARIHANA

1. Rehefa voadika amin'ny fiteny 94 ny fihaonamben'ny fiangonana rehetra, dia tsy ampitaina miaraka daholo ireo fiteny ireo amin'ny fivoriana rehetra. Ho an'ny fivoriana alahady tolakandro tamin'ity fihaonamben'ny fiangonana ity, dia fiteny 75 no nampitana mivantana.
2. “O viens, toi, Roi des rois” *Cantiques*, no. 29.
3. Tamin'ny talata 31 martsa 2015 dia nandefa e-mail tamiko ny Fiadidiana Voalohany nanazava fa handray anjara fitenenana aho amin'ny alahady tolakandro 5 aprily avy hatrany aorian'ny fihiran'ny daholobe ny “O viens, toi, Roi des rois.” Ny tonon'ity hiran'ny Famerenana amin'ny Laoniny mahafinaritra ity, izay nosoratan'i Parley P. Pratt, dia fiangaviana feno fanetrentena an'ny Mpamonjy mba hiverina eto an-tany. Naneho ny hafatry ny lahateniko amin'ny fihaonambe izany, angamba tamin'ny fomba mahery vaika kokoa noho ireo fihirana hafa izay hiraintsika. Tena nanohina ahy ny lanjan'ireo Olomasina mino hatraiza hatraiza miara-mivory amin'ny alahadin'ny Paska, manandratra ny feontsika ho an' Andriamanitra ary miara-mihira hoe “O viens, toi, Roi des rois. Attendu si long-temps!” Rehefa nahatsapa aho fa tsy nisy nidiran'ny tenako manokana ny fifidianana ny hira atao amin'ny fihaonambe dia nanontany tena aho raha efa novakin'ireo tompon'andriakitra amin'ny mozika ny lohatenin'ny lahateniko amin'ny fihaonambe izay manao hoe “Ho tonga anie ny fanjankanao” ka nisafidy ity fihirana momba ny Fiavian'ny Mpamonjy Fanindroany ity izy ireo. Nahafantatra aho taty aoriana fa ireo talen'ny Amboarampeon'ny Tabernakely no nanolotra ilay hira tamin'ny Fiadidiana Voalohany tamin'ny fiandohan'ny volana martsa, herinandro vitsivitsy talohan'ny nandefasana ny lahateniko tany amin'ny Fiadidiana Voalohany mba hadika. Tamin'ny Oktôbra 2002 no farany nihiran'ny daholobe ny “O viens, toi, Roi des rois” tamin'ny fihaonamben'ny fiangonana. Samy miezaka manao ny anjarantsika tsirairay avy isika, fa Izy no mpahay mari-trano lehibe.
4. Fotopampianarana sy Fanekepivahanana 100:16.
5. 1 Nefia 14:14.
6. Fotopampianarana sy Fanekepivahanana 10:55.
7. Traikefa manokana, Mey 1997.
8. 2 Nefia 27:20.
9. Jaona 1:3.
10. Fotopampianarana sy Fanekepivahanana 65:2.
11. 1 Nefia 14:12.
12. Tamin'ny faramparan'ny taona 2001, fony izaho nonina tany Brésil, dia nizara zavatra mahavariana maro mikasika ireo Olomasina monina ao amin'ny tanànan'i Curitiba tamin'ny Filoha James E. Faust tao amin'ny Fiadidiana Voalohany aho, nanantena fa hampitainy amin'ny Filoha Gordon B. Hinckley izany. Nanapaka ny teniko ny Filoha Faust. “Ry Neil,” hoy izy, “tsy manery ny Filoha isika. Ny fanapahana ny toerana hananganana ny tempoly dia ho an'ny

Tompo sy ny mpaminaniny.” Notokanana tamin’ny 2008 ny Tempolin’i Curitiba any Brésil.

13. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 59:21.
14. Anisan’ny fahagagan’ny fiasan’ny tanan’ny Tompo Tompo ny fihetsehan’ny fanjakany manerana an’i Etazonia eny amin’ny tanàna sy tanàna kelin’ny faritany tsirairay. Ohatra iray amin’izany ity manaraka ity. Tamin’ny Mey 2006 dia nomena andraikitra tamin’ny fihaonamben’ny Tsatòkan’i Denton, any Texas aho. Nitoetra tany amin’ny tokantranon’ny filohan’ny tsatòka, dia ny Filoha Vaughn A Andrus aho. Niresaka tamiko momba ny mpikamban’ny Fiangonana tany am-boalohany tao Denton, izay nanomboka tamin’ny ray aman-dreniny, John sy Margaret Porter ny Rahavavy Andrus izy. Iray monja ny Sekoly Alahady tany am-boalohany. Fa nizara ny filazantsara tamin’ny fianakaviana Ragsdale ry Porter ary izy ireo kosa dia nizara izany tamin-dry Noble sy Martino. Mazava ho azy fa nitondra ny anjara birikiny manan-danja ny misiònèra. Fianakaviana maro no niditra tamin’ny Fiangonana. Nisy ireo avy any andrefana nifindra monina tany Denton. Ankehitriny, tao amin’ily nahitana sampana kely iray monja, dia misy tsatòka efatra, ary ny zanakalahin’i Martino iray, ny Loholona James B. Martino, izay lasa mpikamban’ny Fiangonana tamin’ny faha 17 taonany dia manompo amin’ny maha-Manampahefana Ambonin’ny Fiangonana.
15. Almahà 26:37.
16. Matio 21:21.
17. Marka 5:36.
18. Matio 10:29, 31.
19. 2 Mpanjaka 6:15.
20. 2 Mpanjaka 6:16–17.
21. Mòsià 4:11.
22. Matio 6:9–10; jereo koa ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 65:6.
23. Lioka 2:12.
24. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 45:44.
25. 1 Tesaloniana 4:16.
26. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 133:49.
27. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 45:46.
28. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:96.
29. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:97.
30. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 101:23.
31. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 45:49.
32. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 133:22.
33. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 133:25.
34. Jereo ny Mosesy 7:63.
35. Isaia 52:10.
36. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 133:25.
37. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:104.
38. Matio 6:10.



Nataon’ny Loholona Jorge F. Zeballos  
Ao amin’ny Fitopololahy

## Raha ho tompon’andraikitra ianareo

*Andeha isika handroso hatrany amin’ny alalan’ny fianarana ny adidintsika, fandraisana fanapahan-kevitra marina, fanaovana asa araka izany ary fanekena ny sitrapon’ny Ray.*

**12** taona monja aho tamin’ny fotoana voalohany nahatongavan’ny misiònèra mba hitory ny filazantsara tao amin’ny tanàna nahaterahako tany avaratr’i Chili. Indray alahady, rehefa nanatrika ny fotoam-bavaka tao amin’ily sampana kely nandritra ny enim-bolana aho dia



nanolotra ny mofa ho ahy ny misiònèra iray rehefa nizara ny Fanasan’ny Tompo izy. Nijery azy aho dia niteny mora hoe: “Tsy afaka aho.”

“Fa maninona?” hoy izy namaly.

Nolazaiko taminy hoe: “Satria tsy mpikamban’ny Fiangonana aho.”<sup>1</sup>

Tsy nino ilay misiònèra. Gaga izy. Angamba nieritritra izy hoe: “Fa ity zatovolahy ity ary tonga foana isaky ny fivoriana! Nahoana izy no tsy mpikamban’ny Fiangonana?”

Tonga tany an-tranoko ireo misiònèra ny ampitson’io, ary nanao izay rehetra azony natao izy ireo mba hampianarana ny fianakaviako iray manontolo. Noho ny tsy fahalianan’ny fianakaviako anefa dia ny fahazotoako nandeha tany am-piangonana isaky ny alahady no nampazoto ireo misiònèra hanohy ny fampianarana. Ary nony farany dia tonga ihany ilay fotoan-dehibe izay nandrasako rehefa nanasa ahy hiditra ho mpikamban’ny Fiangonan’i Jesoa Kristy izy ireo. Nanazava ny misiònèra fa satria aho tsy mbola ampy



taona dia nila ny fahazoan-dalana avy amin'ny ray aman-dreniko. Nandeha tany amin'ny raiko niaraka tamin'ireo misiônera aho sady nieritreritra fa ny ho valinteniny feno fitiavana dia hoe: “Anaka, rehefa ampy taona ianao dia ho afaka mandray fanapahan-kevitra ho an'ny tenanao manokana.”

Raha niresaka taminy ny misiônera dia nivavaka mafy aho mba hikasihana ny fony ka ho afaka hanome ny fahazoan-dalana nilaiko izy. Izao manaraka izao no navaliny ny misiônera: “Elders, nandritra izay enim-bolana lasa izay dia nahita an'i Jorge zanako lahy nifoha maraina be aho isaky ny alahady, nanao ny akanjony tsara indrindra ary nandeha tongotra nankany am-piangonana. Fitaomana ho amin'ny tsara hatrany eo amin'ny fiainany no hitako avy amin'ny Fiangonana.” Dia niresaka tamiko izy ka nanaitra ahy rehefa niteny hoe: “Anaka, raha ho tompo-ndraikitra amin'izany fanapahan-kevitra izany ianao, dia mahazo alalana avy amiko mba hatao batisa.” Namihina ny raiko aho, nanoroka azy ary nisotra azy tamin'izay nataony. Natao batisa aho ny ampitson'izany. Tamin'ny herinandro lasa teo ny tsingerintaona faha-47 an'izany fotoana manan-danja teo amin'ny fiainako izany.

Inona ny andraikitra ananan-tsika amin'ny maha-mpikamban'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy antsika? Toy izao manaraka izao no nilazan'ny Filoha Joseph Fielding Smith izany: “Manana andraikitra lehibe roa

isika. . . . Voalohany, ny mikatsaka ny famonjena ny tenantsika; ary faharoa, ny adidintsika amin'ny mpiara-belona amintsika.”<sup>2</sup>

Ireto noho izany ireo andraikitra voalohany izay napetraky ny Raintsika amintsika: ny fikatsahana ny famonjena antsika manokana sy ny an'ny hafa, miaraka amin'ny fahatakarana fa ao amin'io fehezanteny io, ny *famonjena* dia midika hoe mahatratra ny ambaratongam-boninahitra avo indrindra izay nomen'ny Raintsika ho an'ny zanany izay mankatò.<sup>3</sup> Ireo andraikitra ireo izay napetraka tamintsika—izay nekentsika tamin-kalalahana—dia tsy maintsy mamaritra ny laharam-pahamehantsika, ny faniriansika, ny fanapahan-kevitsika, ary ny fitondrantenantsika isan'andro.

Ho an'ny olona iray izay lasa nahatakatra izany dia tena azony trararina ny fisandratana noho ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy, ary fahaverezana ny tsy fahavitana mahazo izany. Ny fahaverezana noho izany no mifanohitra amin'ny fisandratana, tahaka ny tsy fahombiazana izay mifanohitra amin'ny fahombiazana. Ny Filoha Thomas S. Monson dia nampianatra fa “ny olona dia tsy afaka ho mahazo aina ela be ao anatin'ny fitondrantena ratsy raha vantany vao fantany fa azony takarina ny fahatsarana.”<sup>4</sup> Ahoana noho izany no ahafahantsika ho mionona fotsiny amin'ny zavatra izay ambany kokoa noho ny fisandratana raha azo atao izany?

Avelao aho hizara fitsipika fototra efatra izay hanampy antsika hanatanteraka ny faniriansika ho tompo-ndraikitra eo amin'ny Raintsika any An-danitra, ary koa hahatanteraka izay andrasany amintsika dia ny hahatonga-vantsika ho toa Azy.

#### 1. Ny fianarana ny adidintsika

Raha toa ka hanao ny sitrapon' Andriamanitra isika, raha toa ka ho tompo-ndraikitra eo Aminy isika dia tsy maintsy manomboka mianatra, mahatakatra, manaiky, ary miaina araka ny sitrapony ho antsika isika. Niteny ny Tompo hoe: “Koa ankehitriny, aoka ny olona tsirairay hianatra ny andraikiny ary hiasa amin'ny zotom-po rehetra.”<sup>5</sup> Ny fananana ny faniriana hanao ny tsara dia tsy ampy raha toa ka tsy ataontsika izay hahatakarana izay andrasan'ny Raintsika amintsika sy tiany hataontsika.

Ao amin'ny tantaran'i Alice au pays des merveilles, dia tsy fantatr'i Alice ny lalana tokony halehany, ka nanontany ny sakan'i Cheshire izy hoe: “Azonao lazaina amiko ve azafady ny lalana tokony halehako manomboka eto?”

Namaly ilay saka hoe: “Miankina amin'ny toerana halehanao izany.”

Niteny i Alice hoe: “Tsy raharahako firy izay toerana halehako.”

“Dia tsy maninona izany izay lalana alehanao,” hoy ilay saka.<sup>6</sup>

Fantatsika anefa fa ilay lalana izay mitondra amin'ny “hazo, izay maha-sambatra ny olona”<sup>7</sup>—“ilay lalana, izay mankany amin'ny fiainana”—dia tery. Mitaky ezaka ny mandeha amin'ilay lalana, ary “vitsy ny mahita azy.”<sup>8</sup>

Mampianatra antsika i Nefia fa “hilaza aminareo ny zava-drehetra tokony hataonareo ny tenin'i Kristy.”<sup>9</sup> Dia nampiany hoe: “ny Fanahy Masina . . . no hampiseho aminareo ny zavatra rehetra izay tokony hataonareo.”<sup>10</sup> Noho izany, ireo loharano izay mamela antsika hianatra ny adidintsika dia ny tenin'i Kristy izay azontsika amin'ny alalan'ny mpaninany taloha sy maoderina ary ny fanambarana ho an'ny tena manokana izay azontsika amin'ny alalan'ny Fanahy Masina.

## 2. Ny fandraisana fanapahan-kevitra

Na nianatra momba ny Famerenana amin'ny laoniny ny filazantsara isika, momba ny didy miavaka iray, ireo adidy miaraka amin'ny fanompoana ao amin'ny antso iray na ireo fanekempihavanana nataontsika tany amin'ny tempoly dia antsika ny safidy na isika hanao asa araka izany fahalalana vaovao izany na tsia. Misafidy malalaka ho an'ny tenany hiditra ao amin'ny fanekempihavanana masina toy ny batisa na ny ôrdônansin'ny tempoly ny olona tsirairay. Satria ampahany natrally tamin'ny fiainana ara-pivavahan'ny olona taloha ny fianianana dia nilaza ny lalàna taloha hoe: "Aza mianianty tò amin' ny anarako."<sup>11</sup> Tamin'ny mitataovovonan'ny fotoana anefa dia nampianatra lalàna ambony kokoa ny Mpamonjy momba ny fitandremana ireo fanolorantena nataontsika rehefa niteny Izy fa ny *eny* dia midika hoe eny ary ny *tsia* dia midika hoe tsia.<sup>12</sup> Ny tenin'ny olona iray dia ampy hilazana ny fahamarinany sy ny fanolorantenany amin'ny olon-kafa iray—ary indrindra indrindra fa rehefa ny Raintsika any An-danitra izany olon-kafa izany. Manjary ho fanehoana ny fahamarinana sy fahitsian'ny tenintsika ny fitandremana ny fanolorantena nataontsika.

## 3. Ny fanaovana asa araka izany

Aorian'ny fianarana ny adidintsika sy fandraisana fanapahan-kevitra izay mifanaraka amin'izany dia tsy maintsy manao asa araka izany isika.

Ohatra mahery vaika iray momba ny fahavononana tanteraka hahatontosa ny fanolorantenany tamin'ny Rainy ny zavatra niainan'ny Mpamonjy rehefa nentina hositrana teo Aminy ny lehilahy iray izay nararin'ny paralyssisa. "Ary Jesoa, nony nahita ny finoan' ireo, dia nanao tamin' ilay mararin' ny paralyssisa hoe: Anaka, voavela ny helokao."<sup>13</sup> Fantatsika fa ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy dia ilaina amin'ny fahazoana famelan-keloka kanefa nandritra ilay fotoana izay nanasitrana ilay lehilahy nararin'ny paralyssisa dia tsy mbola nisy izany tranga lehibe izany; tsy mbola nitranga ny fijalian'ny Mpamonjy tao Getsemane sy teo amin'ny hazofijaliana.



Tsy nitahy ilay nararin'ny paralyssisa tamin'ny fahafahana mijoro sy mandeha ihany i Jesoa, fa nanome azy koa ny famelana ny fahotany, ka nanome famantarana mazava fa tsy hamitaka Izy, fa hanatanteraka ilay fanolorantena nataony tamin'ny Rainy Izy ary hanao izay nampanantenainy hatao Izy ao Getsemane sy eo ambony hazo fijaliana.

Tery ny lalana izay nofidantsika arahina. Fanamby maro no eo amin'ilay lalana izay hitaky ny finoantsika an'i Jesoa Kristy sy ny ezaka tsara indrindra vitantsika mba hijanonana eo amin'ilay lalana sy handrosoana hatrany. Mila mibebaka sy mankatò ary maharitra isika, na dia tsy takatsika aza ireo toejavatra miseho rehetra izay manodidina antsika. Tsy maintsy mamela ny hafa isika ary miaina araka ny nianarantsika sy ireo safidy nataontsika.

## 4. Ny fanekena amim-pahavononana ny sitrapon'ny Ray

Ny maha-mpianatra dia tsy mitaky amintsika fotsiny ny hianarantsika ny adidintsika, sy handraisantsika fanapahan-kevitra marina ary hanaovantsika asa araka izany, fa manandanja ihany koa ny fikolokoloantsika ny fahavononantsika sy ny fahafahantsika manaiky ny sitrapon' Andriamanitra, na dia tsy mitovy amin'ny fanirantsika

marina na ny fitiavantsika manokana aza izany.

Variana sy mankasitraka ny fihetsik'ilay boka izay nanatona ny Tompo aho, ka "nitaraina taminy sady nandohalika teo anatrehany ka nanao taminy hoe: Raha mety Hianao, dia mahay manadio ahy."<sup>14</sup> Tsy nangataka na inona na inona ilay boka, na dia mety ho marina aza ny faniriany; vonona fotsiny ny hanaiky ny sitrapon'ny Tompo izy.

Taona vitsy lasa izay dia nahazo zazalahy izay niriana efa hatry ny ela, izay efa nangatahana efa ela, ny mpiavady mahatoky izay namako. Heniky ny fifaliana izany tokantrano izany raha nankafy ny fiarahana tamin'ilay zazalahy vaovao ny namanay sy ny zanak'izy ireo vavy izay vavy tokana talohan'izany. Indray andro anefa dia nisy zavatra tsy nampoizina nitranga: tsy nahatsiaro tena tampoka ilay zazalahy kely, izay mbola vao tokony ho telo taona monja. Raha vantany vao naheno ilay zava-nitranga aho dia niantso ilay namako mba haneho ny fanohanana tamin'izany fotoan-tsarotra izany. Lesona ho ahy anefa ny valinteny. Hoy izy hoe: "Raha toa ka sitrapon'ny Ray ny haka azy dia tsy maninona aminay izany." Ny tenin'ilay namako dia tsy nahitana fimonomononana, fikomiana na fahatezerana na dia kely akory aza.

Ny mifanohitra amin'izany aza, ny hany tsapako tao amin'ny teniny dia fankasitrahana an' Andriamanitra tamin'ny namelany azy ireo hankafy ilay zanakalahy kelin'izy ireo nandritra izay fotoana fohy izay, sy ny fahavononany tanteraka hanaiky ny sitrapon'ny Ray ho azy ireo koa. Andro vitsy taty aoriana dia nalaina ho any amin'ny trano selestialiny izany zaza izany.

Andeha isika handroso hatrany amin'ny alalan'ny fianarana ny adidintsika, fandraisana fanapahan-kevitra marina, fanaovana asa araka izany ary fanekena ny sitrapon'ny Ray.

Tena feno fankasitrahana ary faly aho tamin'ny fanapahan-kevitra izay navelan'ny raiko noraisiko 47 taona lasa izay. Rehefa lasa ny fotoana dia nanjary fantatro fa ilay fepetra izay nomeny ahy—ny ho tompon'andraikitra amin'izany fanapahan-kevitra izany—dia midika hoe tompon'andraikitra amin'ny Raiko any Andanitra sy hikatsaka ny famonjena ny tenako manokana ary ny an'ny mpiara-belona amiko, ka dia ho tonga izay andrasan'ny Raiko sy tiany ahatongavako. Amin'ity andro miavaka ity dia mijoro ho vavolombelona aho fa velona Andriamanitra Raintsika sy ny Zanany Malalany. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

#### FANAMARIHANA

1. Fantaro fa “na dia natao ho an'ny mpi-kamban'ny Fiangonana aza ny fanasan'ny Tompo dia tsy tokony hanao filazana ny episkôpa fa eo amin'ny mpikambana ihany izany no hampandalovina, ary tsy misy na inona na inona tokony hatao mba hanakanana ireo tsy mpikambana handray izany” (*Manuel 2: Administration de l'Église* [2010], 20.4.1).
2. *Teachings of Presidents of the Church: Joseph Fielding Smith* (2013), 294.
3. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 132:21–23.
4. Thomas S. Monson, “To the Rescue,” *Liahona*, jolay 2001, 58.
5. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 107:99.
6. Lewis Carroll, *Alice's Adventures in Wonderland* (1920), 89.
7. 1 Nefia 8:10.
8. Matio 7:14.
9. 2 Nefia 32:3.
10. 2 Nefia 32:5.
11. Levitikosy 19:12.
12. Jereo ny Matio 5:37.
13. Marka 2:5.
14. Marka 1:40.



Nataon'ny Loholona Joseph W. Sitati  
Ao amin'ny Fitopololahy

# Maroa fara sy mihabetsaha, ary mampanompoa ny tany

*Nandidy sy nitsodrano antsika ny Ray any Andanitra mba ho maro fara, hihabetsaka ary hampanompo ny tany mba hahatonga antsika ho tahaka Azy.*

Misaotra anareo Amboaram-peon'ny Tabernakely amin'izany fanomezam-boninahitra tamim-pitiavana ho an'ny Mpamonjy izao tontolo izao izany.

Tamin'ny andro izay niantsoan' Andriamanitra Ray ny Zanany Lahitokana mba hanamboatra olona tahaka ny endriny sy ny tarehiny, dia nitsodrano ireo zanany Izy ka niteny hoe: “Maroa fara sy mihabetsaha, ary mamenoa ny tany ka mampanompoa azy, ary manjakà . . . amin' ny biby rehetra izay mihetsika ambonin'ny tany.”<sup>1</sup> Noho izany dia nanomboka tamin'ny alalan'ny didy avy amin' Andriamanitra niaraka tamin'ny fitahiana iray ny fiainantsika eto an-tany. Nanome didy sy fitahiana ny ho maro fara sy hihabetsaka ary hanjaka ny Ray be fitiavana mba hahafahantsika mivoatra sy ho lasa toa Azy.

Ry rahalahy sy anabavy, mangataka ny finoanareo sy ny vavakareo aho amin'ity tolakandro ity raha hizara aminareo ny eritreritro mikasika ireo toetra fototra telo ananantsika araka

an' Andriamanitra. Mivavaka aho mba hahazoantsika rehetra mahafantatra sy manatanteraka feno kokoa ny andraikitra masina sahanintsika—ilay didy nomen' Andriamanitra antsika—hampitombo ny toetrantsika araka an' Andriamanitra mba hahafahantsika mamakivaky ny fiainana amimpahombiazana kokoa ary mahazo ny anjara araka an' Andriamanitra.

#### Voalohany, nandidy antsika ho maro fara Andriamanitra

Zavatra iray manan-danja amin'ny hoe maro fara, izay matetika no odian'ny olona tsy hita ny fampiore-nana ny fanjakan' Andriamanitra eto an-tany. Nampianatra ny Mpamonjy nanao hoe:

“Izaho no voaloboka, ianareo no sampany. Izay miray amiko, ary Izaho aminy, dia mamoa be izy; fa raha misaraka amiko kosa ianareo, dia tsy mahay manao na inona na inona. . . .

“Raha miray amiko ianareo, ka mitoetra ao anatinareo ny teniko, dia

angataho izay tianareo na inona na inona, fa ho tonga aminareo izany.

“Izany no ankalazana ny Raiko, mba hamoazanareo be ka ho tonga mpianatro ianareo.”<sup>2</sup>

Ho maro fara isika rehefa miray amin'i Kristy sy rehefa “[Mitondra] ny anara[ny eo amintsika] . . . [manompo] Azy hatramin'ny farany”<sup>3</sup> amin'ny fanampiana ny hafa hanatona Azy.

Amin'izao androntsika izao ireo mpaminany velona sy ny apôstôly dia mbola manohy manandratra ny feony manasa antsika hirotsaka tanteraka amin'ny asa famonjena araka ny fahaiza-manaontsika sy ny fahafahantsika.


Ny voalohany indrindra amin'ny valin'izany izay manome vokatra betsaka indrindra dia ny manao “malemy fanahy sy mietry am-po.”<sup>4</sup> Afaka ny hanatona bebe kokoa an'i Kristy isika avy eo rehefa manaiky ny fitaoman'ny Fanahy Masina sy mitandrina ireo fanekempihavanana rehetra izay nataontsika.<sup>5</sup> Afaka ny hikatsaka sy handray ny fanomezam-pahasoavan'ny fiantrana isika ary hanana ny hery hanasana ireo fianakaviansika, ireo razambentsika, ary ireo mpiara-monina sy namantsika mpikambana sy tsy mpikambana mba handray ny filazantsaran'i Jesoa Kristy.

Tsy adidy akory ny fiasana ao anatin'ny fanahin'ny fiantrana fa fifaliana. Lasa fahafahana hanorina finoana ireo fotoan-tsarotra. Lasa “vavolombelon '[ny hatsaran'] Andriamanitra amin'ny fotoana rehetra sy amin'ny zava-drehetra ary amin'ny toerana rehetra izay mety hisy [antsika], na dia hatramin'ny fahafatesana aza” isika.<sup>6</sup>

Afaka ary tokony hirotsaka tanteraka amin'ny asa famonjena isika rehetra. Nanome antsika izao andraikitra narahana fampanantenana izao ny Mpamonjy: “Izaho no nifidy anareo ka nanendry anareo mba handeha sy hamoa, ary mba haharetan'ny vokatrareo, mba homen'ny Ray anareo izay rehetra hangatahinareo amin'ny anarako na inona na inona.”<sup>7</sup>

#### **Faharoa, nandidy antsika hihabetsaka Andriamanitra**

Fitahiana avy amin' Andriamanitra ny vatantsika. Nomeny antsika izany



mba hanatanterahana ny asan'ny Ray any An-danitra dia “ny manatanteraka ny tsy fahafatesana sy ny fiainana mandrakizain'ny olona.”<sup>8</sup> Ny vatana no fitaovana ahafahantsika mahatratra ny tanjona ho tonga tahaka an' Andriamanitra.

Manome fahafahana ireo fanahy mpankatò zanaky ny Ray any Andanitra hiaina ny fiainana an-tany ny vatana.<sup>9</sup> Manome fahafahana ny fanahy hafa izay zanak' Andriamanitra hankafy koa ny fiainana an-tany ny fiterahana zanaka. Manana fahafahana hivoatra sy hasandratra ireo rehetra izay teraka ety an-tany raha toa ka mankatò ny didin' Andriamanitra izy ireo.

Ny fanambadiana eo amin'ny lehilahy iray sy ny vehivavy iray no rafitra voatendrin' Andriamanitra hanatanterahana ilay didy hoe mihabetsaha. Tsy

manana fahafahana ny hihabetsaka ny samy lahy na ny samy vavy miaraka.

Ny fanambadiana ara-dalàna sy ara-panjakana nofehezina tany amin'ny tempoly sy manaja ny fanekempihavanan'ilay famehezana dia manome fahafahana ireo ray aman-dreny sy ny zanany hahatsapa amin'ny fomba tsara indrindra ny fitiavana sy ny fiomanana ho amin'ny fiainana ahazoam-bokatra. Manome azy ireo ilay tontolo tena lafatra indrindra izay ahafahan'izy ireo miaina ny fanekempihavanana nataony tamin' Andriamanitra izany.

Noho ny fitiavany antsika, dia nomen'ny Ray any An-danitra fahafahana ny zanany mahatoky rehetra izay tsy nandray na tsy afaka nandray ny fitahian'ny fanekempihavanan'ny fanambadiana sy tsy nahazo zanaka na ny fahafenoan'ireo fitahiana ireo noho



ny antony tsy miankina aminy mba handray ireo fitahiana ireo, amin'ny fotoana voatondron'ny Tompo.<sup>10</sup>

Nanoro hevitra ireo rehetra izay manana fahafahana ny hiditra ao amin'ny fanekempihavanan'ny fanambadiana mandrakizay ireo mpaminany velona sy ny apôstôly mba hirotsaka ao anatin'izany amim-pahendrena sy amim-pinoana. Tsy tokony hanemotra ny fotoan'izany andro masina izany isika noho ny fikatsahana ny zavatra ara-nofo na ny fiandrasantsika namana sahaza manana lenta miavaka ka maha-tonga ireo hafa tokony ho azo safidiana tsy ahafeno ho azy ny fepetra.

Ny fampanantenana ho an'ireo rehetra izay nofehezina tao amin'ny fanekempihavanan'ny fanambadiana mandrakizay sy izay mihabetsaka amin'ny alalan'ny fitandremana ireo fanekempihavanana nataony dia tsy hanan-kery hanimbana ny fototry ny fifandraisana mandrakizay misy eo amin'izy ireo velively ny fahavalo.

#### **Fahatelo, nandidy antsika hampanompo ny tany Andriamanitra**

Ny dikan'ny hoe mampanompo ny tany sy manjaka amin'ny biby rehetra dia mifehy ireo zavatra ireo mba hahatanterahan'izy ireo ny sitrapon' Andriamanitra<sup>11</sup> rehefa miasa mba ho tombontsoan'ireo zanany izy ireo. Tafiditra amin'ny hoe mampanompo ny fahazoantsika ny fifehezana ny tenantsika.<sup>12</sup> Tsy tafiditra ao anatin'izany ny maha-voagejan'ireo zavatra ireo antsika

ka tsy manana hery hanoherana izany na ny fampiasana azy ireo mifanohitra amin'ny sitrapon' Andriamanitra.<sup>13</sup>

Ny fahaizana mampanompo ny zavatra ny tany dia manomboka amin'ny fanetrentena hiaiky ny fahalemena amin'ny maha-olombelona antsika sy ny hery azontsika amin'ny alalan'i Kristy sy ny Sorompanavotany. Fa "efa niteny i Kristy hoe: Raha manam-pinoana Ahy ianareo dia hanana ny fahefana hanao na inona na inona zavatra mahasoana ao Amiko."<sup>14</sup> Azontsika io hery io rehefa misafidy ny hanao zavatra amim-pankatoavana ny didiny isika. Mampitombo ny fahaizantsika isika amin'ny fikatsahana ireo fanomezam-pahasoavan'ny Fanahy sy amin'ny fampiroboroboana ny talentantsika.

Teraka sy lehibe tao anatin'ny toe-piainana ambany tahaka ny ankamaroan'ny fianakaviana ao Afrika aho. Nahazo fahafahana nandresy ireo toe-piainana ireo aho tamin'ny fikatsahako sy ny fahazoako fanabeazana tsara niaraka tamin'ny fikarakarana sy ny fanampian'ireo ray aman-dreniko. Tena nilaina tamin'ny fivoarako ny fanatsarana ny fomba fahitana ny hoaviko. Taty aoriana, raha mbola mpivady vao herotreron'ny izaho sy i Gladys vadiko, dia nahita ny filazantsara naverina tamin'ny laoniny izahay, izay mbola mitahy hatrany ny fiainanay miaraka amin'ny fitarihana ara-panahy. Miatrika fitsapana sy fanamby toy ny fianakaviana rehetra izahay, kanefa rehefa mikatsaka ny fanampian'ny Tompo

izahay dia nahazo valiny izay nitondra fiadanana sy fampiononana ho anay ary tsy mahatsiaro ho tototr'ireo fahasahiranana ireo izahay.

Tsy mitsaha-mitombo ny zavatsarotra atrehin'ny fiaraha-monina amin'izao fotoana izao, toy ny fahalotoam-pitondrantena, pôrôgrafia, ady mitam-piadiana, fandotoana ny tontolo iainana, fidorohana zavamahadomelina, ary ny fahantrana satria betsaka amin'izao tontolo izao no misafidy hampitodika ny tenany "amin'ny sitrapon'ny devoly sy ny nofo"<sup>15</sup> toy izay ny sitrapon' Andriamanitra. "Tsy mikatsaka ny Tompo izy ireo mba hanorina ny fahamarinany, fa samy mandeha amin'ny lalany avy ny olona tsirairay, ary manaraka ny endriky ny andriamaniny avy, izay manam-pitoviana amin'izao tontolo izao ny endriny"<sup>16</sup>

Na izany aza dia manasa ny zanany rehetra Andriamanitra handray ny fanampiany mba handresena sy hiaretana ireo zava-tsarotra eto amin'ity fiainana ity amin'ny alalan'ireto teny ireto:

"Izaho no Andriamanitra; Izaho no nanao izao tontolo izao sy ny olona talohan'ny nahatongavany ho nofo.

". . . Raha mitodika Amiko ianao ary mihaino ny feoko sy mino ary mibebaka amin'ny fandikanao lalana rehetra sy atao batisa amin'ny rano, amin'ny anaran'ny Zanaka Lahitokako, . . . dia handray ny fanomezana ny Fanahy Masina ianao, ka hangataka ny zava-drehetra amin'ny Anarany, ary na inona na inona hangatahinao, dia homena anao izany."<sup>17</sup>

Ireo olomasin'ny andro farany mahatoky izay mahazo an-tsaina ny hery anaty ananany ho lasa tahaka an' Andriamanitra sy miantehitra amin'ny fony manontolo amin'ny hery azo amin'ny alalan'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy Tompo dia hahazo hery ao amin'ny fahalemen'izy ireo ary afaka "manao ny zava-drehetra."<sup>18</sup> Omena fahafahana izy ireo ny handresy ny fitaoman'ny ratsy izay efa nanandevozan'ny fahavalo ny olona maro. Nampianatra i Paoly hoe:

"Mahatoky Andriamanitra ka tsy hamela anareo halaim-panahy mihotra noho izay zakanareo; fa momba

ny fakam-panahy dia hasiany lalana hahafahanareo koa mba hahazakana-reo izany.”<sup>19</sup>


“Fa satria nalaim-panahy ny tenany tamin’ny fahoriana nentiny, dia mahavonjy izay alaim-panahy koa Izy.”<sup>20</sup>

Nandidy sy nitsodrano antsika ny Ray any An-danitra mba ho maro fara, hihabetsaka ary hampanompo ny tany mba hahatonga antsika ho tahaka Azy. Nanome fanampiana Izy mba hahazoantsika tsirairay mivoatra, amin’ny alalan’ny safidintsika, ka ho tonga tahaka Azy. Mivavaka aho mba hahafahantsika rehetra miaina ny fiainantsika ka ho voatarika amin’ny alalan’ny fahitantsika ny toetrantsika araka an’ Andriamanitra, hitaky ny tombontsoa masina rehetra tokony ho azontsika ary hahatratra ny anjarantsika araka an’ Andriamanitra.

Mijoro ho vavolombelona aho ny amin’ny fahavelomana sy ny fisian’ Andriamanitra Ray sy ny Zanaka Malalany, i Jesoa Kristy Mpamonjy antsika; ny drafitry ny fahasambarany be voninahitra; ary ny fanalahidy izay nomeny ny mpaminany velona ankehitriny, dia i Thomas S. Monson, izay tiantsika sy tohanantsika. Mivavaka aho mba hananantsika hery handray ny fahafenoan’ny fitahiany amin’ny anaran’i Jesoa Kristy, amena. ■

#### FANAMARIHANA

1. Mosesy 2:28; jereo koa ny Mosesy 2:26–27; Genesisy 1:26–28.
2. Jaona 15:5; 7–8.
3. Fotopampianarana sy Fanekehampihavanana 20:37.
4. Môrônia 7:44.
5. Jereo ny Môsià 3:19.
6. Môsià 18:9.
7. Jaona 15:16.
8. Mosesy 1:39.
9. Jereo ny Mosesy 5:10–11.
10. Jereo ny *Boky torolalana 2: Fitantanana ny Fiangonana* (2010), 1.3.3; Ezra Taft Benson, “To the Single Adult Sisters of the Church,” *Ensign*, nov. 1988, 96–97.
11. Jereo ny Jakôba 2:18–19.
12. Jereo ny 1 Korintiana 6:19–20; Galatiana 5:16–25; 1 Tesaloniana 4:3–7; 2 Timoty 2:22.
13. Jereo ny Jakôba 2:12–16, 20–21.
14. Môrônia 7:33.
15. 2 Nefia 10:24.
16. Fotopampianarana sy Fanekehampihavanana 1:16.
17. Mosesy 6:51–52.
18. Almà 26:12.
19. 1 Korintiana 10:13.
20. Hebreo 2:18.



Nataon’ny Loholona Russell M. Nelson  
Ao amin’ny Kôlejin’ny Apôstôly Roambinifolo

## Fahafinaretana ny Sabata

*Ahoana no ahafahanao manao izay hitondran’ny fitondrantenanao amin’ny Sabata fifaliana sy firavoravoana?*

Ry rahalahy sy anabavy malala isany, tena nahafinaritra izay roa andro nanaovana ny fihao-nambe izay. Nahazo hery tamin’ny alalan’ny hira manentana ny fanahy sy ireo vavaka tsara lahatra isika. Nampatanjahana tamin’ny alalan’ireo hafatry ny fahazavana sy fahamari-nana ny fanahintsika. Misaotra an’ Andriamanitra amim-piraisampo sy amin-kitsimpo indray isika noho ny mpaminany amin’izao alahadin’ny Paska izao.

Ny fanontaniana ho antsika tsirairay dia hoe: ahoana no fomba hiovako noho ny zavatra henoko sy tsapako nandritra ity fihao-nambe ity? Na inona na inona valinteninareo dia avelao aho hanasa anareo handinika ny fahatsapanareo momba ny andro Sabata sy ny fitondrantenanareo mandritra izany.

Mahavariana ahy ny tenin’i Isaia, izay niantso ny Sabata ho “fahafinaretana.”<sup>1</sup> Kanefa manontany tena aho raha toa ka tena fahafinaretana ho ahy sy ho anao tokoa ny Sabata?

Voalohany nahita fahafinaretana tamin’ny Sabata aho taona maro lasa izay rehefa fantatro fa nanjary ho androm-panasitranana ho an’ny tenako manokana ny Sabata amin’ny mahampandidy be andraikitra ahy. Narary ny tanako isaky ny faran’ny herinandro

noho ny fikosehana izany matetika amin’ny savony sy rano ary borosy maranitra volo. Nila fiatoana koa aho noho ny fahasarotan’ny asa. Nitondra fahamaivanana izay nilaina tokoa ny alahady.

Inona no tian’ny Mpamonjy nolazaina rehefa niteny izy hoe “ny sabata no natao ho an’ny olona, fa tsy ny olona ho an’ny sabata”?<sup>2</sup> Mino aho fa tiany hahatakatra isika fa ny Sabata dia fanomezany ho antsika, izay mitondra fitsaharana marina amin’ny fiatrehana ireo zava-tsarotra mitranga amin’ny fiainana andavanandro sy fahafahana iray hanovozana hery vaovao ho an’ny fiainam-panahy sy ny vatana. Nanome izany andro miavaka izany ho antsika Andriamanitra, tsy hialana voly na hanaovana ny asa andavanandro fa hitsaharana amin’ny adidy, arahin’ny fahazoana fahamaivanana ara-batana sy ara-panahy.

Amin’ny teny Hebreo, ny teny hoe *Sabata* dia midika hoe “fitsaharana.” Ny tanjon’ny Sabata dia efa nisy nanomboka tany amin’ny Fahariana izao tontolo izao rehefa nitsahatra tamin’ny asa fahariana ny Tompo taorian’ny enina andro niasana.<sup>3</sup> Rehefa nambarany tamin’i Mosesy ireo Didy Folo taty aoriana dia nandidy antsika Andriamanitra mba “[hahatsiaro] ny

andro sabata hanamasinana azy.”<sup>4</sup> Notandremana ny Sabata taty aoriana ho fampahatsiahivana ny fanafahana an’i Isiraely tamin’ny fanandevozana azy ireo tany Egipta.<sup>5</sup> Ny manan-danja indrindra angamba dia ny hoe nomena ho fanekena mandrakizay ny Sabata, mpampahatsiahy tsy tapaka fa hanamasina ny vahoakany ny Tompo.<sup>6</sup>

Ankoatra izany dia mandray ny fanasan’ny Tompo amin’ny andro Sabata isika ankehitriny ho fahatsiarovana ny Sorompanavotan’i Jesoa Kristy.<sup>7</sup> Manao fanekempihavanana indray isika fa vonona hitondra eo amintsika ny anarany masina.<sup>8</sup>

Ny Mpamonjy mihitsy no nilaza ny tenany ho ny Tompon’ny Sabata.<sup>9</sup> Androny izany! Nangataka tamintsika foana Izy mba *hitandremantsika* ny Sabata<sup>10</sup> na mba *hanamasinantsika* ny andro Sabata.<sup>11</sup> Nanao fanekempihavanana isika fa hanao izany.

Ahoana no *hanamasinantsika* ny andro Sabata? Nandalina ireo lisitra nataon’ny olona hafa mikasika ireo zavatra atao na ireo zavatra *tsy* atao amin’ny andro Sabata aho tamin’ny fahatanorako. Taty aoriana aho vao nianatra avy tamin’ny soratra masina fa ny fitondrantenako sy ny fihetsiko amin’ny Sabata dia nandrafitra *famantarana* teo amiko sy ny Raiko any Andanitra.<sup>12</sup> Tsy nila ireo lisitry ny zavatra atao sy zavatra *tsy* atao intsony aho niaraka tamin’izany fahatakarana izany. Rehefa nila nandray fanapahan-kevitra aho momba ny hoe mety sa *tsy* mety amin’ny Sabata ny zavatra atao iray dia nanontany tsotra aho hoe: “Inona no *famantarana* tiako homena an’ Andriamanitra?” Nampahazava tsara ny safidiko momba ny andro sabata izany.

Na dia efa nisy hatramin’ny fahiny aza ny andro Sabata dia nohavaozina izany amin’izao andro farany izao ho ampahany iray ao anatin’ny fanekempihavanana vaovao miaraka amin’ny fampanantenana iray. Henoy ny herin’ity fanambarana avy amin’ Andriamanitra ity:

“Ary mba hahazoanao miaro tantaraka kokoa ny tenanao *tsy* ho voapentimpetin’ izao tontolo izao, dia handeha ho any amin’ny trano fivavahana ianao

ary hanatitra ny fanati-pisaoranao amin’ny androko masina;

“Satria marina tokoa fa izany no andro voatendry ho anao hitsaharanao amin’ny asanao; ary hanatanterahanao ny fanompoana ny Avo Indrindra. . . .

“Ary amin’io andro io, dia . . . hanomana ny haninao amin’ny fahatsoram-po [ianaol], mba hahatonga ny fifadianao ho fanaperana, . . . mba ho feno ny fifalianao. . . .

“Ary raha ataonareo amin’ny fanakasitrahana, amin’ny fo sy ny tarehy falifaly ireo zavatra ireo, . . . dia anareo ny fahafenoan’ny tany.”<sup>13</sup>

Eritretero ny halehiben’izany fanambarana izany! Ampanantenaina ho an’ireo izay mitandrana ny andro Sabata ho masina ny fahafenoan’ny tany.<sup>14</sup> Tsy mahagaga raha nantsoin’i Isaia hoe “fahafinaretana” ny Sabata.

Ahoana no ahafahanao manao izay hitondran’ny fitondrantenanao amin’ny Sabata fifaliana sy firavoravoana? Ankoatra ny fandehanana any ampiangonana, fandraisana ny fanasan’ny Tompo sy fahazotoana amin’ny antso manokana izay anompoanareo, dia inona ireo hetsika hafa izay hanampy anareo hanao ny Sabata ho fahafinaretana ho anareo? Inona no famantarana izay omenareo ny Tompo mba hampisehoana ny fitiavanareo Azy?

Manome fahafahana mahafinaritra mba hanamafy orina ny fifandraisan’ny fianakaviana ny Sabata. Raha ny marina

dia tian’ Andriamanitra isika tsirairay avy, amin’ny maha-zanany antsika, mba hiverina any Aminy amin’ny maha-Olomasina vita fanafiana masina sy nofehezina tamin’ny razambentsika sy ny taranantsika tany amin’ny tempoly amin’ny maha-fianakaviana antsika.<sup>15</sup>

Manao ny Sabata ho fahafinaretana isika rehefa mampianatra ny filazan-tsara amin’ny zanantsika. Mazava be ny andraikitsika amin’ny maha-ray amandreny antsika. Niteny ny Tompo hoe: “Ary ankoatra izany, raha manan-janaka ao Ziona . . . ny ray aman-dreny ka *tsy* mampianatra azy hahazoany ny foto-pampianarana momba ny finoana an’i Kristy ny Zanak’Ilay Andriamanitra velona, ary ny momba ny batisa sy ny fanomezana ny Fanahy Masina amin’ny alalan’ny fametrahana-tanana, rehefa feno valo taona izy, dia mby eo amin’ny lohan’ny ray aman-dreny ny fahotana.”<sup>16</sup>

Nanamafy momba ny maha-zava-dehibe ny fotoana tsara atokana ho an’ny fianakaviana ny Fiadidiana Voalohany taona maro lasa izay. Nanoratra izy ireo hoe:

“Miantso ny ray aman-dreny izahay mba hanao izay tsara indrindra vitan’izy ireo amin’ny fampianarana sy fanabeazana ny zanany ao anatin’ireo fitsipiky ny filazantsara izay hihazona azy ireo ho akaikin’ny Fiangonana. Ny tokantrano no fototry ny fiainana araka ny fahamarinana, ary *tsy* misy zavatra hafa





afaka manolo izany na manatontosa ny asa manan-danja fonosin'izany mba hanatanterahana ilay andraikitra nomen' Andriamanitra.

“Manoro hevitra ny ray aman-dreny sy ny zanaka izahay mba hanao ho laharampahamehana ambony indrindra ny vavaky ny mpianakavy, ny takarivam-pianakaviana, ny fandalinana ny soratra masina sy ny fananarana, ary ireo hetsika mahaso ho an'ny fianakaviana. Na mendrika sy tsara toy ny ahoana aza anefa ireo zavatra hafa hita fa tokony hatao koa sy ireo hetsika hafa dia tsy azo avela haka ny toeran'ireo adidy asain' Andriamanitra atao izany izay ny ray aman-dreny ihany no afaka manatontosa azy tsara.”<sup>17</sup>

Rehefa misaintsaina izany torohevitra izany aho dia saika maniry ny ho ray vao herotreronny indray. Manana loharano mahafinaritra maro ireo ray aman-dreny amin'izao fotoana izao mba hanampiana azy ireo hanao ny fiarahana amin'ny fianakaviana ho fotoana manan-danja kokoa, amin'ny andro sabata sy amin'ireo andro hafa koa. Manana ny LDS.org, Mormon.org, ireo Horonantsary momba ny Baiboly, ny Mormon Channel, ny Media Library,

ny *Friend*, ny *New Era*, ny *Ensign*, ny *Liahona*, sy ny maro hafa—izay maro dia maro izy ireo. Tena manampy ireo ray aman-dreny amin'ny fanantonosana ny adidy masina ananan'izy ireo amin'ny fampianarana ny zanany ireny loharano ireny. Tsy misy asa hafa manan-danja kokoa mihoatra izany maha-ray aman-dreny araka ny fahamarinana sy amin'ny nahim-po izany!

Hianatra bebe kokoa ianareo rehefa mampianatra ny filazantsara. Izany no fomban'ny Tompo hanampiana antsika hahatakatra ny Filazantsarany. Niteny Izy hoe:

“Ary omeko anareo ny didy mba hifampianaranareo ny fotopampianaran'ny fanjakana.

“Mampianara amin'ny fahazotoana tokoa . . . , mba hahazoana mampianatra anareo misimisy kokoa . . . ny amin'ny fotopampianarana, ny amin'ny lalàn'ny filazantsara, ny amin'ny zavadrehetra izay mikasika ny fanjakan' Andriamanitra.”<sup>18</sup>

Ny fandalinana ny filazantsara toy izany no mahatonga ny Sabata ho fahafinaretana. Mihatra izany fampiantenana izany na toy ny ahoana ny haben'ny fianakaviana, ny olona ao

amin'ny, na ny toerana misy azy.

Ankoatra ny fotoana ho an'ny fianakaviana dia afaka miaina ny tena fahafinaretana ianareo amin'ny Sabata amin'ny alalan'ny fanaovana ny tantaram-pianakaviana. Afaka mitondra fifaliana goavana ny fitadiavana sy fahitana ireo olona ao amin'ny fianakaviana izay nialoha lalana teto antany—ireo izay tsy nanana fahafahana hanaiky ny filazantsara fony mbola teto.

Vavolombelon'izany ny tenako. Tapa-kevitra ny hianatra ny fomba fanaovana fikarohana ny fianakaviana i Wendy vady malalako taona maro lasa izay. Niadana ny fivoarany tamin'ny voalohany, kanefa nianatra tsikelikely izy fa tena mora ny manao izany asa masina izany. Ary mbola tsy nahita azy faly toy izany aho. Ianareo koa dia tsy mila mandeha any amin'ny firenena hafa na mankany amin'ny ivontoeran'ny tantaram-pianakaviana aza. Afaka mamantatra ireo fanahy izay miandrindra ny ôrdônansiny ianareo any an-trano miaraka amin'ny fanampian'ny solosaina iray na ny fitaovana entina mandehandeha iray. Ataovy ho fahafinaretana ny Sabata amin'ny alalan'ny fitadiavana ireo razambenareo



Andriamanitra amin' ny herinareo, ny sainareo ary ny tanjakareo rehetra ianareo, amin' izany dia. . . hamasinina ao amin' i Kristy ianareo.”<sup>24</sup>

Apetrako aminareo amim-pitiavana izany ho vavaka sy fijoroana ho vavolombelona ary tsodrano ataoko amin'ny anarana masin'i Jesoa Kristy, amena. ■

#### FANAMARIHANA

1. Isaia 58:13.
2. Marka 2:27.
3. Jereo ny Genesisy 2:2-3.
4. Eksôdôsy 20:8; jereo ihany koa ny Deoteronomia 5:12; Môsià 13:16; 18:23.
5. Jereo ny Deoteronomia 5:14-15. Ny olona izay misafidy ny hiasa fito andro isan-kerinandro dia eo ambany fanandevozana—noho ny asa na ny vola, saingy andevo izy ireo na izany aza. Andevo manan-karena ny mpanefofo iray izay miasa fito andro isan-kerinandro.
6. Jereo ny Eksôdôsy 31:13, 16.
7. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekepivahanana 59:12. Nanorina ny Fanasan'ny Tompo teo anivon'ny mpianany ny Mpamonjy tamin'ny Fiaraha-misakafon'ny Paska talohan'ny Fanomboana Azy (jereo ny Matio 26:26-28; Marka 14:22-24). Nampiditra ny fanasan'ny Tompo ho fahatsiarovana ny Sorompanavotany teo anivon'ny vahoakan'i Amerika fahiny ny Tompo nitsangana tamin'ny maty (jereo ny 3 Nefia 18:1-12; Môrônia 4:1-3; 5:2) ary namerina izany tamin'ny laoniny tamin'ny andro farany (jereo ny Fotopampianarana sy Fanekepivahanana 20:77, 79). Manavao ny fanekepivahanana nataontsika tamin'ny batisa mba hitandrina ny didiny ny fandraisana ny fanasan'ny Tompo (jereo ny Fotopampianarana sy Fanekepivahanana 20:68).
8. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekepivahanana 20:37, 77.
9. Jereo ny Matio 12:8; Marka 2:28; Lioka 6:5.
10. Jereo ny Eksôdôsy 31:13; Levitikosy 19:3, 30; 26:2; Fotopampianarana sy Fanekepivahanana 68:29.
11. Jereo ny Ezekielia 20:20; 44:24.
12. Jereo ny Eksôdôsy 31:13; Ezekielia 20:12, 20.
13. Fotopampianarana sy Fanekepivahanana 59:9-10, 13, 15-16.
14. Jereo ny Levitikosy 26:2-4.
15. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekepivahanana 128:15-18.
16. Fotopampianarana sy Fanekepivahanana 68:25; nampiana fanamafisana; jereo ihany koa ny Mosesy 6:58-62.
17. Taratasy avy tamin'ny Fiadidiana Voalohany, 11 Feb. 1999; naverina nolazaina ao amin'ny *Boky torolalana 2: Fitantanana ny Fiangonana* (2010), 1.4.1.
18. Fotopampianarana sy Fanekepivahanana 88:77-78.
19. Jereo ny Isaia 61:1; Fotopampianarana sy Fanekepivahanana 128:22; 138:57-59.
20. Jereo ny Matio 25:35-40.
21. Isaia 58:13-14; nampiana fanamafisana.
22. Jereo ny Môsià 2:21.
23. Jereo ny 1 Timoty 4:12.
24. Môrônia 10:32-33.

sy amin'ny fanafahana azy ireo hiala avy ao amin'ny tranomaizin'ny fanahy!<sup>19</sup>

Ataovy ho fahafinaretana ny Sabata amin'ny alalan'ny fanaovana asa fanompoana ho an'ny hafa, indrindra ho an'ireo izay tsy salama na ireo izay manirery na sahirana.<sup>20</sup> Hankahery anareo koa ny fankaherezana ny fanahin'izy ireo.

Rehefa namaritra ny Sabata ho “fahafinaretana iray” i Isaia dia nampianariny antsika koa ny fomba hanaovana izany ho mahafinaritra. Niteny izy hoe:

“Raha miaro ny tongotrao . . . hianao, ka tsy manao izay tianao amin'ny androko masina; ary manao ny Sabata hoe fahafinaretana, . . . ka hanome voninahitra [ny Tompo], ary tsy mandeha amin'ny lalanao, na manao izay tianao, na miteniteny foana:

“Dia hiravoravo *ao amin'i Jehovah* ianao.”<sup>21</sup>

Mitaky fifehezan-tena ny tsy fanaovana izay “tianareo manokana” amin'ny Sabata. Mila mandà ny zavatra izay tianareo ianareo. Raha misafidy ny hiravoravo *amin'i Jehovah* ianareo dia tsy hamela ny tenanareo hanao izany ho toy ny andro hafa. Azo atao amin'ny fotoana hafa ireo zavatra fanao mahazatra sy ny fialamboly.

Eritrereto izao: Mamerina ny iray ampahafolon'ny vola miditra amintsika ho an'ny Tompo isika rehefa mandao ny fahafolonkarena. Manome andro iray ao anatin'ny fito ho Azy isika rehefa mihazona ny andro Sabata ho masina. Koa voninahitra ho antsika ny mahafovy vola sy fotoana ho Azy izay manome fiainana antsika isan'andro.<sup>22</sup>

Miteraka fitiavana ny Sabata ny finoana an' Andriamanitra. Miteraka fitiavana an' Andriamanitra ny finoana ny Sabata. Tena fahafinaretana marina ny Sabata masina.

Raha hifarana ity fihaonambe ity amin'izao fotoana izao dia fantatsika fa tokony ho ohatra ho an'ny mpino isika eo anivon'ny fianakavantsika, ny mpiray vodirindrina amintsika, ary ny namantsika na aiza na aiza misy antsika.<sup>23</sup> Mihazona ny andro Sabata ho masina ny tena mpino.

Faranako amin'ny alalan'ity fiangaviana nataon'i Môrmôna tao anatin'ny fanaovam-belomany ity ny teniko, rehefa namarana ny Bokin'i Môrmôna izy: “Manatona an' i Kristy, ary aoka hatao tanteraka ao Aminy, ary holavin'ny tenanareo ny toetra tsy araka an' Andriamanitra rehetra; ary raha mandà ny toetra tsy araka an' Andriamanitra rehetra ny tenanareo, ary tia an'

## Fanoroam-pejin'ireo tantara nandritra ny Fihaonambe

*Ity lisitra manaraka ity izay ahitana ireo zavatra niainana nofantenina avy tao amin'ny fihaonamben'ny Fiangonana dia azo ampiasaina amin'ny fandalinan'ny tena manokana sy ny takarivan'ny mpianakavy ary amin'ny fampianarana hafa. Ny tarehimarika hita eto dia maneho ny pejy voalohan'ilay lahateny.*

Mpandahateny	Tantara
<b>Neil L. Andersen</b>	(119) Nilaza tamin'i Neil L. Andersen ny Loholona Thomas S. Monson tamin'izany fotoana izany fa hanokatra varavarana ny Tompo ka hanao fahagagana. Nijanona ho matanjaka ny finoan'ny mpivady iray tany Thailande taorian'ny nampalemny ny vadiny. Taorian'ny fihaonana tany Côte d'Ivoire dia nanorina ny fanjakan'Andriamanitra any ny mpivady Olomasin'ny Andro Farany roa.
<b>Wilford W. Andersen</b>	(54) Nilaza tamin'ny mpitsabo iray ny Amerikana Zanatany iray fa afaka mampianatra mandihy an'ilay mpitsabo izy saingy mila maheno ilay feon-kira.
<b>David A. Bednar</b>	(46) Fony David A. Bednar mbola zazalahy kely dia natahotra ny hiditra am-ponja izy taorian'ny namakiany ny varavarankelin'ny trano fivarotana iray.
<b>Linda K. Burton</b>	(29) Nilaza tamin'ireo zanany ny ray iray fa ho voaro izy ireo raha mijanona ao anatin'ny fefy manodidina ny tokotaniny. Nitarika ny rahavavy iray ny Tompo amin'ny fanorenana miaraka amin'ny vadiny ny tokantrano izay ahafahan'ny Fanahy mitoetra.
<b>Gérald Caussé</b>	(98) Rehefa avy niaina nandritra ny 22 taona tao Parisy ny fianakaviana Caussé dia tonga saina fa mbola tsy nitsidika ny Tour Eiffel na oviana na oviana izy ireo. Nandeha an-tongotra mihoatra ny 480 kilaometatra ny lehilahy Afrika telo mba hanatrika ny fihaonamben'ny distrika sy handoa ny fahafolonkarena ary haka tahadikan'ny Bokin' i Môrmôna.
<b>D. Todd Christofferson</b>	(50) Nanentana sy nivavaka ho an'ny vehivavy iray izay mahatsapa tena ho tsy manana ny fahaiza-manao amin'ny maha-reny azy i D. Todd Christofferson.
<b>L. Whitney Clayton</b>	(36) Nandeha nankeny amin'ny hazavana teny lavidavitra ny zazavavy kely fito taona iray izay hany velon'aina tamin'ny fianjeran'ny fiaramanidina ambara-pahavotra azy.
<b>Quentin L. Cook</b>	(62) Maty teo am-panompoana nandritra ny Ady Lehibe II ny dadatoan'i Quentin L. Cook. Nankany amin'ny mpitsabo mba hahafantarana izay tsy metimety aminy ny mpikambana Samôana iray ao amin'ny Fiangonana izay nahirany ny hivavaka momba ny aretiny.
<b>Cheryl A. Esplin</b>	(8) Cheryl A. Esplin dia nanatrika fivoriana izay nianaran'ireo rahavavy fa ny fahamarinana sy ny Fanahy Masina dia manome hery ny tokantrano sy ny fianakaviany hanoherana ny ratsy. Nandray fahatsapana mahery vaika momba ny fizarana ny fijoroana ho vavolombelona izay ananany ny anabavin'ny raiben'ny renin'ny rahavavy Cheryl A. Esplin.
<b>Henry B. Eyring</b>	(17) Ny Fanahy Masina dia nitondra fampiononana sy hery ho an'ireo ray aman-dreny vonton'alahelo izay manan-janakalahy kely iray maty vokatry ny loza. (22) Nahatsiaro tena ho voatahy i Henry B. Eyring fa afaka nanampy ireo Olomasina any Vanuatu izay ravan'ny tafio-drivotra ny fanatitra amin'ny fifadian-kanina ataony. Nandeha fankasitrahana ny rahavavy iray noho ireo fanatitra amin'ny fifadian-kanina izay nanohana azy sy ny mpikamban'ny Fiangonana hafa nandritra ny ady an-trano tany Sierra Léone. (84) Raha teo am-panangonana ireo fanatitra amin'ny fifadian-kanina i Henry B. Eyring tamin'ny faha 13 taonany dia nandroaka azy handeha ny lehilahy iray. Nentanin-panahy i Henry B. Eyring hanome tsodrano ny ankizy naratra iray mba ho velona. Namporisika ny lehilahy iray izay eo ambahavahoan'ny fahafatesana ny Fanahy Masina mba hanatanteraka ny antsony ka nahatsapany ny enta-mavesatra iantsorohan'ny evehany.
<b>Larry M. Gibson</b>	(77) Nomen'ny rain'i Larry M. Gibson dôlara volafotsy izy mba hampahatsiahivana azy ny hoaviny mandrakizay. Nandeha an-tongotra 80 km nandritra ny adiny 19 niaraka tamin'ireo zanakalahiny i Larry M. Gibson.
<b>Jeffrey R. Holland</b>	(104) Nanavotra ny zokilahiny tsy hianjera tany amin'ny harambato ny zatovolohy iray tamin'ny alalan'ny fihazonana ny hatotanany sy tamin'ny fisintonana azy ho eny amin'ny toerana tsisy loza.
<b>Thomas S. Monson</b>	(88) Fony mbola diakona i Thomas S. Monson dia nahatsapa ho voatahy rehefa nitondra ny fasan'ny Tompo tany amin'ny lehilahy marary iray. Nitombo ny fitiavan'i Thomas S. Monson ny Bokin'i Môrmôna taorian'ny fitsidihana ny fasan'i Martin Harris. Raha mbola tao amin'ny tafika an-dranomasina i Thomas S. Monson dia nanome tsodranon'ny fisoronana ny namana iray izay lasa sitrana. (91) Rehefa avy nivavaka tao amin'ny tempoly momba ny fiverenany any amin'ny misiôna ny zatovolohy iray dia nahazo fahatokiana avy tamin'ny misiônera nahavita ny asa fitoriany izay nitory tao amin'ilay misiôna io ihany.
<b>Brent H. Nielson</b>	(101) Nitia tamim-paharetana ny fianakaviana malaindaina iray hiverina ao am-piangonana i Brent H. Nielson sy ny fianakaviany.
<b>Bonnie L. Oscarson</b>	(14) Nanohitra ny mpihetraketraka ny zatovovavy iray tany Italia tamin'ny taona 1850. Niaro ny maha-reny tany amin'ny sekolin'ny zanany ny zanakavavin'i Bonnie L. Oscarson.
<b>Boyd K. Packer</b>	(26) Niandry an'i Donna Smith, izay lasa vadiny taty aoriana, teo ivelan'ny kilasin'ny oniversiteny i Boyd K. Packer mba hanomezany mofomamy sy oroka azy.
<b>Kevin W. Pearson</b>	(114) Nivavaka ny Filoha Heber J. Grant mba hahafahany mijanona ho mahatoky hatramin'ny farany. Nandao ny asany i Kevin W. Pearson mba hanekena ny antso ho filohan'ny misiôna.
<b>Rafael E. Pino</b>	(117) Nianatra nankafy ny fahaizana mijery lavitra amin'ny alalan'ny fandaharan'ny fahitalavitra sy piozila ireo zanak'i Rafael E. Pino. Nanontany an'i Michel-Ange ny zazalahy kely iray hoe ahoana no fomba nahafantarany fa tao anatin'ny bolongana vatovandana iray ny endrik'i Davida.
<b>Dale G. Renlund</b>	(56) Nampianatra ny zanany vavy mikasika ny fandeferana ny reny iray tany Afrika Atsimo. Ny misiônera iray dia nandray fahatsapana iray izay nanampy azy hanana faharetana amin'ny namana mpiara-mitory aminy.
<b>Michael T. Ringwood</b>	(59) Tao anatin'ny fanaovany asa fitoriana sy seminera no nianaran'i Michael T. Ringwood fa mazàna ny fanompoana manan-danja indrindra dia ilay fanompoana ankasitrahana'Andriamanitra ireny ihany.
<b>Ulisses Soares</b>	(70) Nampitandrina ny mpiara-mianatra taminy momba ny pôrnôgrafia ny diakona iray. Nandritra ny asa fitoriany dia nianatra i Ulisses Soares fa tsy afaka manakana ny herin'ny fijoroana ho vavolombelona ananan'ny mpanara-dia iray ny ratsy.
<b>Joseph W. Sitati</b>	(126) Nampiakatra ny fari-piainana tamin'ny alalan'ny toe-javatra tsotra i Joseph W. Sitati tamin'ny alalan'ny fandrantoana fianarana tsara.
<b>Carole M. Stephens</b>	(11) Nitsidika rahavavy Amerikana Zanatany iray tany Arizona, Etazonia, izay nihevitra ny tenany ho reniben'ny olon-drehetra i Carole M. Stephens.
<b>Dieter F. Uchtdorf</b>	(80) Nanangona tantsaha sy trano fivarotana tsy tena izy ny governora iray tany Russië mba hampitolagaga ireo masoivoho mpamangy. Nametraka tanjona izay mifantoka amin'ny asa fanompoany ny mpitarika ao amin'ny tsatoka.
<b>Rosemary M. Wixom</b>	(93) Namerina nampiredareda ny finoany ny rahavavy malaindaina iray taorian'ny fandalinana ny filazantsara sy ny famakiana ny Bokin' i Môrmôna ary ny fahazoana fanohanana avy amin'ny fianakaviana sy ny mpikamban'ny paroasy.
<b>Jorge F. Zeballos</b>	(123) Namela azy hiditra ho mpikamban'ny Fiangonana ny rain'i Jorge F. Zeballos, fony izy 12 taona. Nanaiky ny sitrapon'ny Ray any An-danitra ny mpivady mahatoky iray rehefa nodimandry ny zanany kely.



## Manome anjara toerana ny Fihaonamben'ny Fiangonana eo amin'ny fiainantsika

*Ampiasao ny sasany amin'ireto asa atao sy fanontaniana ireto mba hanombohana ny fifanakalozan-kevitra ny mpianakavy na ny fandinihana ataon'ny tena manokana.*

### Ho an'ny ankizy

- Nizara ny tantaran'ny tahotra tsapany ny Loholona David A. Bednar ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo taorian'ny namakiany tsy nahy ny varavarankelin'ny trano fivarotana iray teo akaikin'ny tranony (pejy 46). Dia nampianatra izy avy eo fa rehefa mijery an'i Jesoa Kristy isika ka manaraka Azy dia afaka mahatsapa fiadanana ho solon'ny tahotra. Inona no azonao atao isan'andro mba hanampiana ny zanaka hijery ny Mpamonjy? Ahoana no fomba hampianaranao azy ireo hibosesika handroso ao amin'i Kristy na dia mandritra ny fotoan-tsarotra aza?
- Niresaka mikasika ny fianakaviana iray izay nifindra tao amin'ny trano vaovao izay tsy nisy fefy manodidina ny tokotany ny Rahavavy Linda K. Burton, filohan'ny Fikambanana Ifanampiana maneran-tany (pejy 29). Nasian'ilay ray marika tamin'ny tady ny faritry ny tokotany ka nilaza

tamin'ny zanany izy fa ho voaro izy ireo raha toa ka mijanona ao anatin'ilay tsipika. Nankato ireo ankizy, eny fa na dia nitontontontona nihoatra an'ilay tady aza ilay baolina. Amin'ny fomba ahoana no ahafahan'ny ray aman-dreny manampy ny zanaka ho voaro? Inona no fitahiana azo avy amin'ny fihainoana ny ray aman-drenintsika? Inona no faritra izay omen'ny Ray any An-danitra antsika?

- Nilaza ny tantara mikasika ny lehilahy telo tany Afrika izay nandeha an-tongotra nandritra ny roa herinandro tao anatin'ny lâlana mamotaka mba hanatrika ny fivorian'ny distrika ny Eveka Gérald Caussé, Mpanolotsaina Voalohany ao amin'ny Episkôpà Mpiahy (pejy 98)! Nijanona nandritra ny herinandro izy ireo mba hahafahany mandray ny fanasan'ny Tompo alohan'ny hiverenany mody. Avy eo dia niloloha baoritra feno tahadikany ny Bokin' i Môrmôna izy ireo mba homena

ny vahoaka any an-tanàny. Moa ve ianao mandray ny filazantsara ho zava-mahatalanjona? Inona no fahafoizantena tianao hatao mba hiainana ny filazantsara?

### Ho an'ny tanora

- Maro ireo lahateny tamin'ity fihaonambe ity no nampisongadina ny maha-zava-dehibe ny fianakaviana sy ny tokantrano. Ohatra: Rahavavy Bonnie L. Oscarson, filohan'ny Zatovovavy maneran-tany dia nangataka ny mpikamban'ny Fiangonana mba “hiaro ny tokantrano ho toy ny toerana izay mitana ny laharana faharoa fotsiny amin'ny fahamasinana aorian'ny tempoly” (pejy 14). Inona no azonao atao mba hiarovana ny tokantrano? Ahoana no fomba ahafahanao manampy ny tokantranoao ho lasa toerana masina?
- Ny Loholona Russell M. Nelson ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo dia nampianatra fa ny fihetsika asehontsika sy ny fitondrantenantsika mandritra ny Sabata dia famantarana eo amintsika sy ny Ray any An-danitra (pejy 129). Rehefa mamaky ny lahatenin'ny Loholona Nelson ianao, dia afaka mieritreritra momba an'ity Alahady ho avy ity ka manontania tena hoe : “Inona no famantarana izay tiako homena an'Andriamanitra?”
- Ny Loholona Ulisses Soares ao amin'ny Fitopololahy dia niresaka mikasika ny diakona iray izay nanaraka ny ohatra nasehon'ny Kapiteny Môrônia (pejy 70). Rehefa nahita ireo mpiara-mianatra aminy nijery sary misy pôrnôgrafia tamin'ny findainy ny zatovolahy iray dia nilaza tamin'izy ireo izy fa ratsy ny zavatra ataony ka tokony hajanony. Nanajanona ny namana iray. Amin'ny fomba ahoana no ahafahantsika mahazo hery hisafidianana ny tsara? Amin'ny fomba ahoana no ahalalantsika izay zavatra tsy mampidi-doza ho antsika ka ho ankafizintsika?
- Mety hitondra hery ireo fitaovana elektrônika satria manome fampahalalana sy fampitam-baovao saika

tsisy fetra izy ireo. Saingy mba efa niato kely ve ianao ka nanontany tena raha toa izy ireny ka mifehy anao? Hoy ny Loholona José A. Teixeira ao amin'ny Fitopololahy: “Tena mampahazo aina ny manajonona ireo fitaovana elektrônika ananantsika mandritra ny fotoana elaela kely” (pejy 96). Andramo kely ange. Makà andro iray tsy hampiasana fitaovana. Mety ho tsy tianao hatao izany, kanefa hitolagaga ianao ny amin'ny fotoana bebe kokoa izay holanianao amin'ny firesahana sy fahatsiahivana ny fahiny miaraka amin'ny namana sy ny fianakaviana.

- Iray amin'ireo fomba tsara indrindra hahatongavana ho matotra eo amin'ny hery ara-panahy ny fifandian-kanina. Nampahatsiahy antsika ny Filoha Henry B. Eyring, Mpanolotsaina Voalohany ao amin'ny Fiadidiana Voalohany fa nampatanjaka an'i Jesoa tamin'ny fanoherana ny fakam-panahin'i Satana ny fifandian-kanina sy ny vavaka raha mbola tany an-tany efitra ny Mpamonjy (pejy 22). Amin'ny Alahadin'ny fifadian-kanina ho avy izao dia andramo arahina ny ohatra nasehon'i Jesoa ka mifadia hanina miaraka amin'ny tanjona iray. Hahazo fanampiana sy fiarovana avy amin'Andriamanitra koa ianao.

#### Ho an'ny olon-dehibe

- Maromaro ireo mpandahateny nandritra ny fihaonambe izay niresaka mikasika ny lanjan'ny fanambadiana sy ny fianakaviana ao amin'ny fiarahamonina sy ao amin'ny drafitry ny famonjena. Azonao valiana ireo fanontaniana dimy izay napetraky ny Rahavavy Burton ao amin'ny pejy 31 ka saintsaino ombam-bavaka ny fomba ahafahanao manentana sy mitia tsara kokoa ireo izay akaiky anao. Diniho miaraka amin'ny fianakaviana ny fomba ahafahana-reo mampifantoka tsara kokoa ny tokantranonareo amin'i Jesoa Kristy sy ny fomba ahafahanareo mifanohana tsara kokoa.
- Ny Filoha Thomas S. Monson dia nampahatsiahy antsika ireo fitahiana


izay azo avy amin'ny fitsaohana any amin'ny tempoly, ka ao anatin'izany ny fiainam-panahy sy ny fiadanana ary ny hery hanoherana ireo fakam-panahy sy fitsapana (pejy 91). “Rehefa mandeha any amin'ny tempoly isika,” hoy izy, “dia mety hitranga amintsika ny fisian'ny fatran'ny fiainam-panahy sy fahatsapana fiadanana lehibe lavitra noho izay fahatsapana hafa mety ho tonga ao am-pon'ny olombelona.” Inona no azonao atao mba hahatonga ny fankanesanao any amin'ny tempoly ho manan-danja kokoa?

- Fitsipika mitaky asa ny finoana an'i Jesoa Kristy. “Tsy hino tsy nahy ny Mpamonjy sy ny filazantsarany isika tahaka ny tsy hivavahantsika na tsy handoavantsika ny fahafolonkarena,” hoy ny Loholona L. Whitney Clayton ao amin'ny Fiadidian'ny Fitopololahy. “Misafidy amim-pahazotoana ny hino isika” (pejy 36). Rehefa mamaky ny lahateniny sy ireo lahateny nataon'ny Loholona Dallin H. Oaks ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo (pejy 32); Rosemary M. Wixom, filohan'ny Kilonga maneran-tany (pejy 93); ny Eveka Gérald Caussé (pejy 98); ary ny Loholona Kevin W. Pearson ao amin'ny Fitopololahy (pejy 114) ianao, dia diniho ny hanaovana lisitry ny fomba hanamafisana orina ny finoanao an'i Jesoa Kristy sy ny filazantsarany. Avy eo

dia manaova lisitry ny fitahiana nampanantenaina izay azo avy amin'ny fampitomboana finoana.

- Nampianatra ny Loholona Jeffrey R. Holland ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo fa ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy sy ny Fitsanganana amin'ny maty no mandrafitra “ilay fanehoam-pitiavana madio lehibe indrindra izay naseho teo amin'ny tantaran'izao tontolo izao” (pejy 104). Amin'ny fomba ahoana no ahafahan'ny eritreritrao sy ny teninao ary ny asa ataonao haneho ny fankasitrahanao ny zavatra izay nataon'ny Mpamonjy?
- Nanazava ny fanomezam-pahasoavana mahagagan'ny famindrampo sy ny lanjan'ny fankatoavana sy ny fibebahana ny Filoha Dieter F. Uchtdorf, Mpanolotsaina Faharoa ao amin'ny Fiadidiana Voalohany. “Ny fiezahantsika hahatakatra ny fanomezam-pahasoavan'ny famindrampom' Andriamanitra amin'ny fo sy ny saintsika manontolo, dia vao mainka manome antsika antony tokony hitiavana sy hankatoavana ny Ray any Andanitra amim-pahalemam-panahy sy fankasitrahana,” hoy izy (pejy 107). Diniho ny fomba hanohizanao ny fandalinanao ny famindrampo amin'ny famakiana ny Romana 3:23; 6:1–4; 2 Nefia 25:23, 26.; Môsià 2:21; 5:2; 27:25; Almà 34:10, 15; Etera 12:27; ary ny Môrônia 10:32. ■





## Tempoly telo nambara

**N**ambaran'ny Filoha Thomas S. Monson nandritra ny fivoriana alahady marainan'ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany fa hisy ny fanamboarana tempoly any Port-au-Prince, Haiti; Abidjan, Côte d'Ivoire; ary Bangkok, Thailand. Ho an'ny tsirairay amin'ireo toerana ireo dia io no ho tempoly voalohany hatsangana ao amin'ny firenena misy izany. Hambara amin'ny fotoana manaraka ny tena toerana hisy ireo tempoly.

Hoy ny Filoha Monson hoe: "Endrey ireo fitahiana voatahiry ho an'ireo

mpikambana mahatoky any amin'ireo faritra ireo, ary izany tokoa no mitranga na aiza na aiza misy tempoly manerana izao tontolo izao."

### Tempolin'i Port-au-Prince Haiti

Fonenan'ny Olomasin'ny Andro Farany mihoatra ny 20.000 ao anatin'ny firenena ahitana vahoaka eo amin'ny 10 tapitrisa eo i Haiti. Nanomboka tamin'ny fomba ôfisialy tamin'ny taona 1980 ny asa fitoriana. Ny tempolin'i Santo Domingo ao amin'ny Repoblika Dôminikana no tempoly akaiky

indrindra. Na dia eo amin'io nosy io ihany aza no misy izany tempoly izany dia efa ho mandritra ny iray andro ny faharetan'ny dia mankany.

### Ny tempolin'i Abidjan Côte d'Ivoire

Fonenan'ny mpikamban'ny Fiangonana mihoatra ny 27.000 ao anatin'ny firenena ahitana vahoaka 20 tapitrisa eo ho eo i Côte d'Ivoire. Nanomboka tamin'ny fomba ôfisialy tamin'ny taona 1988 ny asa fitoriana. Ny tempolin'i Accra Ghana izay 550 kilaometatra miala avy eo no tempoly akaiky indrindra.

### Ny Tempolin'i Bangkok Thailand

Fonenan'ny Olomasin'ny Andro Farany tokotokony ho 19.000 eo ao anatin'ny firenena ahitana vahoaka eo amin'ny 67 tapitrisa i Thailand. Natsangana tamin'ny fomba ara-dalàna tany Thailand ny Fiangonana tamin'ny taona 1966. Ny tempolin'i Bangkok Thailand no hanompo ireo Olomasin'ny Andro Farany any Thailand sy any Azia atsimo atsinanana iray manontolo. Ny tempolin'i Hong Kong Chine, izay mihoatra ny 1.610 kilaometatra miala avy eo, no tempoly akaiky indrindra an'i Thailand amin'izao fotoana izao.

### Vaovao fanampiny mikasika ny tempoly

Nambara fa hatao ny taona 2015 ny varavarana misokatra sy fankalazana ara-kolontsaina ary ireo andro fisokafan'ireo tempoly dimy izay any Córdoba, Argentine; Payson, Utah, Etazonia; Trujillo, Pérou; Indianapolis, Indiana, Etazonia; ary Tijuana, Mexico. Haverina hotokanana ny taona 2015 ihany koa ilay tempolin'i Mexico City Mexico izay nohavaozina.

Tao anatin'ny roa taona lasa dia nifantoka tamin'ny fanatontosana ireo tempoly izay nambara tany aloha ny ezaka nataon'ny Fiangonana. Ankoatra ireo tempoly 3 vaovao dia misy tempoly 144 am-perinasa, 5 izay havaozina, 13 eo an-dalam-pitsanganana ary 13 nambara teo aloha fa ao anatin'ireo fanomanana isan-karazany mialoha ny hanombohan'ny fanorenana. ■

## Mpitarika vaovao notohanana

**N**otohanana nandritra ny fihonamban'ny Fiangonana ny Manampahefana Ambony vaovao miisa dimy mba hanompo ao amin'ny Kôlejy Voalohan'ny Fitopololahy. Izy ireo dia ny Loholona Kim B. Clark, ny Loholona Allen D. Haynie, ny Loholona Von G. Keetch, ny Loholona Hugo Montoya, ary ny Loholona Vern P. Stanfill.

Notohanana ihany koa ny fiadidian'ny Zatovolahy maneran-tany vaovao. I Stephen W. Owen no ho filoha; i Douglas D. Holmes, mpanolotsaina voalohany; ary M. Joseph Brough, mpanolotsaina faharoa.

Notohanana ihany koa ny mpanolotsaina iray vaovao ao amin'ny fiadidian'ny Kilonga maneran-tany. Nantsoina hanompo ho mpanolotsaina faharoa i Mary R. Durham. Hanohy hanompo amin'ny maha-filoha azy i Rosemary M. Wixom ary hanompo amin'ny maha-mpanolotsaina voalohany azy ankehitriny i Cheryl A. Esplin, izay nanompo tamin'ny naha-mpanolotsaina faharoa azy teo aloha.

Hita ao amin'ny pejy 140–144 ny tantaram-piainan'ireo mpitarika vao nantsoina. ■



## Ny Filoha Eyring tany amin'ny fihonana an-tampon'i Vatican

**N**angataka ny “fihavaozan'ny fanambadiana sambatra” ny Filoha Henry B. Eyring nandritra ny fihonana an-tampony maneran-tany itambaran'ny antokom-pinoana samihafa natao tao amin'ny Tanànan'i Vatican izay nampiantranoan'ny Fiangonana Katôlika tamin'ny 18 nôvambra 2014. Nampivondrona ireo mpitondra fivavahana avy amin'ny finoana 14 sy firenena 23 ilay hetsika izay nitondra ny lohateny hoe: “Ny fifamenoan'ny lehilahy sy ny vehivavy.”

Nilaza ny Filoha Eyring hoe: “Manana hery mahatalanjona mba hamoronana fahasambarana ho an'ny tenany sy ho an'ny fianakaviany ary ho an'ireo olona manodidina azy ireo ny lehilahy iray sy ny vehivavy iray izay miray hina ao anatin'ny fanambadiana.” ■

## Ny Bokin'i Môrmôna amin'ny fiteny miisa 110


**N**adika tamin'ny fiteny miisa 110 ankehitriny ny Bokin'i Môrmôna miaraka amin'ny famoahana izany tamin'ny fiteny Kôsræana tsy ela akory izay. Nosy iray ao amin'ny Fanjakana iombonan'i Mikrônezia i Kosrae.

Ho azo ampiasaina amin'ny volana jolay 2015 ireo Bokin'i Môrmôna izay natonta tamin'ny teny Kôsræana. Efa azo nalaina tamin'ny endriny numérique tao amin'ny LDS.org sy tao amin'ny Gospel Library ary tao amin'ireo applications mobiles ho an'ny Bokin'i Môrmôna izany tamin'ny volana martsa. Ankehitriny ny Fiangonana dia mamoka ireo soratra masina amin'ny endriny numérique amin'ny fotoana izay andefasana ireo lahatsoratra ho an'ny boky any amin'ny mpanonta printy. Mahatonga ny soratra masina vao nadika ho azon'ny mpikambana ampiasaina mialoha kokoa izany.

Hambara ato anatin'ny roa taona manaraka ireo dikanteny maro vaovaon'ny soratra masina. Havoaka mitokana ny 2015 ny dikanteny telo vaovaon'ny Bokin'i Môrmôna sy ireo dikanteny dimy fanampiny ho an'ny triptika (ny Bokin'i Môrmôna, ny Fotopampianarana sy Fanekempihavana ary ny Voahangy Lafo Vidy izay havoaka ao anatin'ny edisiôna iray).

Hampahafantarina ireo mpikambana miteny ireo fiteny ireo rehefa mivoaka amin'ny endriny numérique izany. ■





## Mampahatanjaka ny finoana amin'ireo horonantsary momba ny baiboly

Afaka manampy amin'ny fampantanjahana ny finoana an'i Jesoa Kristy ianareo amin'ity taona ity—ny finoanareo sy ny an'ny hafa—amin'ny alalan'ny fijerena sy fizarana ny *The Life of Jesus Christ Bible Videos* ao amin'ny BibleVideos.org sy ao amin'ny application Bible Videos.

Atolotra maimaimpoana ireo fiangonana hafa ireny loharanom-pitaovana mampiorina ny finoana ireny ao anatin'ny ezaka atao mba hizara ny hafatry ny Mpamonjy amin'ny faritra midadasika araka izay azo atao manerana izao tontolo izao, mba hanampiana ireo mpijery hahatsapa ny fitiavany sy hitaomana azy ireo mba haniry ny ho toa Azy bebe kokoa.

Amin'ireo horonantsary 92 momba ny baiboly izay novokarin'ny Fiangonana tato anatin'ny telo taona lasa izay dia mihoatra ny antsanany no nadika avy tamin'ny teny anglisy ho amin'ny teny Espaniôla, Pôrtogey, Italiana, Frantsay, Rosiana, Alemana, Kôreana, Japôney ary Sinoa. ■

## F&V ( Fanontaniana sy Valiny) miaraka amin'ny Loholona sy Rahavavy Bednar

Ny zatovo manerana izao tontolo izao dia asaina handray anjara amin'ny fivoriana hifametrahana fanontaniana sy handraisana valinteny mifanatri-tava mivantana amin'ny Loholona David A. Bednar ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo sy i Susan vadiny.

Afaka miditra amin'ilay fifandefasana hafatra amin'ny 12 mey amin'ny 6:00 ora hariva ora Mountain Daylight Time ny zatovo, amin'ny alalan'ny fijerena ilay fampitana mivantana ao amin'ny LDS.org, na ny pejy Facebook an'ny LDS Youth, na ny tranonkalan'ny Youth Activities (lds.org/youth/activities), na ny pejy YouTube an'ny Mormon Channel. Hadika ihany koa amin'ny teny espaniôla, italiana, alemana, frantsay, rosiana, kôreana, japôney ary sinoa ilay fampitana.

Amporisihina ny zatovo mba handefa ireo fanontaniana ao amin'ny tranonkalan'ny Youth Activities



mialoha na mandritra ilay hetsika; azon'izy ireo atao ihany koa ny manaraka ilay fifampiresahana amin'ny #LDSface2face.

“Mamporisika ny zatovo izahay, eo am-piomanan'izy ireo amin'ity hetsika ity, mba hikatsaka ny fitarihan'ny Fanahy amin'ny fisaintsainana ireo fanontaniana mety hapetrany,” hoy ny Loholona Bednar. “Rehefa manana ny Fanahy miaraka amintsika isika dia hiara-hianatra avokoa.” ■

## Fampaherezam-panahy ho an'ny tanora tokan-tena sy mpivady vao herotrerony

Handahateny mandritra ny fampaherezam-panahy manerantany ho an'ny tanora tokan-tena sy mpivady vao herotrerony ny Loholona Lynn G. Robbins ao amin'ny Fiadidian'ny Fitopololahy ny alahady 3 mey 2015, amin'ny 6:00 ora hariva, ora Mountain Daylight Time. Faharoa amin'ireo fampaherezam-panahy telo kasaina hatao ny taona 2015 ilay fampitana mivantana.

Asaina avokoa ireo tanora rehetra (18–30 taona) sy ireo mpianatra nahavita fianarana tany amin'ny sekoly ambaratonga faharoa (lycée) na izay mitovy amin'izany mba handray anjara. Hampitaina amin'ny alalan'ny tambazotran'ny zanabolan'ny Fiangonana sy ny Internet ary ireo haino aman-jery hafa ilay fampitana. Hita ao amin'ny devotionals.lds.org koa ireo fitaovana fanampiny araka ireo fampaherezam-panahy. ■

# Maneho ny asa fanompoana ho zava-dehibe ireo tranonkala


nona no ataon'ny Olomasin'ny Andro Farany mba hanatsarana ny fiarahamonina izay onenan'izy ireo? Fantaro izany ao amin'ny MormonNewsroom.org. Ireto misy ohatra vitsivitsy avy amin'ireo lahatsoratra navoaka vao haingana tao amin'ireo tranonkala maneran-tanin'ny Vaovam-piangonana.

## Nouvelle Zélande sy Vanuatu

Rehefa namely an'i Vanuatu izay firenena eo amin'ny nosy Pasifika kely iray ny rivo-doza Pam dia niara-niasa ireo Olomasin'ny Andro Farany tany Auckland, Nouvelle Zélande—niaraka tamin'ny fanampiana avy tamin'ireo Sampan-draharahan'ny Fiangonana mi-sahana ny fanampiana olona—mba hanampy ireo izay nanjadian'ny faharavana nataon'ilay tafio-drivotra. Nofenin'izy ireo sakafo ny baoritra 2 000 mba hanampiana ny maro indrindra araka izay tratra tamin'ireo vahoaka niharam-boina. Ny fitoeran-javatra tsirairay dia nofenoina lafarinina, vary, voankazo am-bifotsy, tsaramaso, toto-kena am-bifotsy, trondro, biscuit, voaloboka, paty, sôkôlà vovodronono, ary fitaovana famahana sakafo am-bifotsy. Azo ampiasaina hanaovana zavatra hafa ihany koa ireo fitoeran-javatra ireo, toy ny fitaterana rano.

## Repoblika Dôminikana sy Kanada

Nivondrona tamin'ny fankalazana ny andron'ny vehivavy maneran-tany, izay hetsika notohanana'ireo Firenena Mikambana, ny vehivavy Olomasin'ny Andro Farany tany amin'ny Repoblika Dôminikana sy Kanada. Vehivavy mihoatra ny 1200 no nivondrona tao amin'ireo trano fiangonana tany amin'ny faritra maro tao amin'ny Repoblika Dôminikana mba hanehoana fanajana ireo vehivavy noho ny anjara biriky maro entin'izy ireo eo amin'izao tontolo izao. Nandray anjara tamin'ilay hetsika izay nahitana fandaharam-potoana nisy hira sy kabary ireo mpitondra fivavahana sy mpitondra fanjakana ary miaramila. Nanamarika izany andro izany tamin'ny fizarana fampahalalana momba ny Fikambanana Ifanampiana ihany koa ireo vehivavy Olomasin'ny Andro Farany tany Kanada, ka nilaza fa “fitaovana goavana amin'ny asa fanompoana maneran-tany” izany.



## Royaume Uni

Ny hanajitra akanjo 100 ho an'ireo ankizy sahirana any Afrika no tanjon'izy ireo tany am-piandohana, kanefa rehefa vita ny asan'izy ireo dia nahavita akanjo mihoatra ny 230 ireo vehivavy tao amin'ny Paroasin'i Coventry tany Angletera. Mora ny manamboatra ireo akanjo tsotra izay vita tamin'ny fonon'ondana. Afaka namita telo tamin'izany ny rahavavy iray izay tsy mbola nanajitra na oviana na oviana teo aloha.

## Arkansas, Etazonia

Olona mihoatra ny 600 no nanatrika ny fampaherezam-panahy nitambaran'ireo antokom-pinoana samihafa niompana tamin'ny lohahevitra mikasika ny zom-pahafahana hisafidy ny finoana izay nampiantranoin'ny Tsatòkan'i Little Rock Arkansas, ka tao anatin'izany ireo solontena avy amin'ny vondrona Katôlika sy Metôdistà ary Silamo ary ireo mpanao fandaharana ara-pilazantsara amin'ny onjam-peo. Ilay hetsika iraisam-pinoana koa dia nahitana hafatra tamin'ny horonantsary avy tamin'ny governora lefitra teo amin'ny firenena sy vavaka famaranana nataon'ny senatera iray teo amin'ny firenena, izay samy Batista avokoa. Nilaza ireo mpikarakara fa nanorina “fifandraisana ho amin'ny fahatakarana” ilay hetsika. ■

# LDS.org mora ampiasaina kokoa

Ny LDS.org dia hahazo firafitra vaovao ho an'ny zavatra aroso sy fitsidihana notsorina sy natao mahomby kokoa amin'ity volana mey ity, izay fampivoarana farany indrindra mitohy ataon'ny Fiangonana mba hanaovana ny tranonkala ôfisialiny ho miavaka sy mora ampiasaina kokoa.

Nanambatra ireo hevitra avy amin'ny mpampiasa izany nandritra ny taona maro ireo mpanamboatra

sy mpamorona ny tranonkala mba hamoronana zavatra aroso izay mora ampiasaina kokoa. Ny fanandramana natao dia nampiseho fa manamora lavitra kokoa ny fahitana ny zavatra tadiavina sy ireo loharanom-pitaovana ilay fomba fitsidihana vaovao.

Misy horonantsary fanoroana nyLDS.org natolotra ihany koa, mba hanampiana ny mpikambana ho zatra amin'ilay fandaminana vaovao. ■

## Ireo fitantarana ny Fahitana Voalohany

Misy amin'ny fiteny 10 ankehitriny ireo fitantarana efatra voalohany momba ny Fahitana Voalohany izay nosoratan'i Joseph Smith. Azo jerena ao amin'ny [josephsmithpapers.org](http://josephsmithpapers.org) izy ireo, izay ahitan'ireo mpijery en ligne ireo antontan-taratasy sy diary tany am-boalohany ihany koa. ■



## Ny Fampianarana ho an'izao Androntsika izao

Manomboka amin'ny Mey 2015 ka hatramin'ny Ôktôbra 2015, ny lesona ao amin'ny Fisoronana Melkizedeka sy ny Fikambanana Ifanampiana isaky ny Alahady fahaefatra dia tokony homanina avy amin'ny lahateny anankiray na mihoatra izay natao nandritra ny fihonamben'ny Fiangonana volana Aprily 2015. Amin'ny Ôktôbra 2015, dia azo fantenina avy ao amin'ny fihonamben'ny Fiangonana volana Aprily 2015 na Ôktôbra 2015 ireo lahateny. Tokony hifidy ireo lahateny izay ho ampiasaina any amin'ny faritra misy azy ireo ny filohan'ny tsatôka sy distrika, na azon'izy ireo omena ny eveka na ny filohan'ny sampana izany andraikitra izany.

Ireo izay manatrika ny fampianarana isaky ny Alahady fahaefatra dia entanina mba handalina mialoha ireo lahateny voafantina. Hita amin'ny fiteny maro ao amin'ny [conference.lds.org](http://conference.lds.org) ireo lahatenin'ny Fihonamabe. ■



Loholona Kim B. Clark

*Kôlejy Voalohany ao amin'ny Fitopololahy*

Ny fianarana nandritra ny androm-piainana—amin'ny maha-mpianatra sy mpampianatra—dia hanampy ny Loholona Kim Bryce Clark amin'ny asa vaovao ampianaovina azy ao amin'ny Kôlejy Voalohany ao amin'ny Fitopololahy. Ny Loholona Clark izay notohanana tamin'ny 4 aprily 2015, dia hanomboka ny asa fanompoany herinandro vitsy monja aorian'ny fanatontosany ny asa nampianoviana azy amin'ny maha-filohan'ny Oniversiten'i Brigham Young–Idaho azy.

“Nanomboka nianatra aho hatramin'ny fahadimy taonako,” hoy ny nambaran'ilay Fitopololahy vao nantsoina. “Tiako ny mianatra sy mpampianatra.”

Teraka tao Salt Lake City, Utah izy tamin'ny 20 martsa 1949, zanaka'i Merlin sy Helen Mar Clark, zokiny indrindra amin'ny zanaka telo. Nandany ny fahazazany tao Salt Lake City izy hatramin'ny faha 11 taonany izay fotoana nanten'ny rainy asa iray tany Spokane, Washington.

Na dia nanao drafitra ny hianatra tao amin'ny Oniversiten'i Brigham Young ao Provo, Utah aza izy rehefa tao amin'ny kilasy fanombohana ny lycée dia nahatsapa fa mila mijery ireo safidy hafa izy ka nanapa-kevitra ny hisoratra anarana tao amin'ny Oniversiten'i Harvard any Massachusetts—toerana iray izay nanjary ho fonenany nandritra ny telopolo taona mahery taty aoriana.

Nanombo tany amin'ny misiônana'i Alemana Atsimo ny Loholona Clark tamin'ny 1968 ka hatramin'ny 1970 taorian'ny taom-pianarana voalohany tao Harvard. Nianatra tao BYU izy rehefa niverina, ary fotoana fohy taorian'izay dia nihaona tamin'i Sue Lorraine Hunt tao amin'ny paroa-siny izy tany. Natao mariazy izy ireo volana vitsy taorian'izay tamin'ny 14 jona 1971. Manan-janaka fito izy ireo.

Raha vao vita ny fanambadian'izy ireo dia nifindra tany amin'ny faritr'i Boston, Massachusetts izy mivady, ka nisoratra anarana tao Harvard indray ny Loholona Clark. Tao izy no nahazo licence, maîtrise, ary doctorat—samy momba ny toekarena avokoa. Lasa mpikambana tao amin'ny sekoly ambony tao amin'ny Harvard Business School ny Loholona Clark tamin'ny 1978 ary nantsoina ho filohan'ny sekoly taty aoriana tamin'ny 1995. Nantsoina ho filohan'ny BYU–Idaho izy tamin'ny 2005, ka nanombo nandritra ny folo taona latsaka tao izy.

Ny Loholona Clark dia efa filohan'ny kôlejin'ny loholona, mpitantsoatra mpanampy, mpanolotsaina ny eveka, mpanolotsaina avo, mpanolotsaina ny filohan'ny misiôna tao amin'ny tsatôka, ary Fitopololahin'ny vondrom-paritra. ■



## Loholona Allen D. Haynie

*Kôlejy Voalohany ao amin'ny Fitopololahy*

**N**otohanana ho mpikambana ao amin'ny Kôlejy Voalohany ao amin'ny Fitopololahy ny Loholona Allen Decker Haynie tamin'ny 4 aprily 2015.

Teraka tamin'ny 29 aogositra 1958 ny Loholona Haynie, zanak'i Van Lloyd sy Sarah Lulu Lewis Haynie.

Teraka tany Logan, Utah izy saingy nandany ny ankamaroan'ny fahatanorany tany amin'ny tanàna hafa, tany avaratr'i Utah sy Silicon Valley tao Californie. Nianatra tamin'ny sekoly ambaratonga fototra dimy samihafa izy, ambaratonga faharoa anankiroa ary farany dia nianatra tao amin'ny lycée tao Bountiful, Utah.

“Nampianatra lesona lehibe ho ahy momba ny fianarana mitia ny olon-drehetra” izany zavatra niainana isankarazany izany hoy izy “satria toa niova toerana sy nanana namana vaovao hatrany aho isan-taona. Anisan'ireo zavatra tiako momba ny Fiangonana ny hoe manolotra fahafahana ho antsika mba hifandray amin'ny olona sy hahita soatoavina amin'ny tantarany sy ny traikefa sy talenta ary fahaizamanao ananany, izay samy hafa amin'ny antsika.

Nanao asa fitoriana tany amin'ny misiônan'i Cordoba Argentine izy tamin'ny 1977 ka hatramin'ny 1979.

Nanohy ny fianarany mba hahazo doctorat momba ny lalàna tao amin'ny oniversiten'i J. Reuben Clark Law School ny Loholona Haynie tamin'ny 1985 rehefa nahazo licence en science politique avy tamin'ny Oniversiten'i Brigham Young.

Mpiraki-draharahan'ny fitsarana tao amin'ny Fitsarana ambony fahasiviny Etazonia tao San Diego, Californie izy nanditra ny herintaona talohan'ny nidirany tao amin'ny orinasa mpahay lalàna Latham and Watkins, niasa tao amin'ny biraon'i San Diego. Nanorina orinasa mpanampy eo amin'ny lafin'ny lalàna izy sy ny rahalahiny teo amin'ny dimy taona lasa teo izay.

Ny Loholona Haynie koa dia efa filohan'ny kôlejin'ny loholona, filohan'ny Zatovolaha ao amin'ny paroasy, mpampianatra seminera, mpanolotsaina avo, eveka, filohan'ny tsatòka ary Fitopololahin'ny vondrom-paritra.

Nihaona tamin'i Deborah Ruth Hall izy raha nianatra tao amin'ny BYU, ary nivady tao amin'ny tempolin'i Salt Lake izy roa tamin'ny 19 desambra 1983. Manan-janaka enina izy ireo.

Nilaza ny Loholona Haynie, sady nihetsi-po rehefa niresaka momba ny fijoroana ho vavolombelona ananany, fa namaky sy nanisy marika voalohany tao amin'ny Bokin'i Môrmôna izy tamin'ny faha 12 taonany. “Tsy mahatadidy fotoana tsy nananako finoana sy tsy nanaovako vavaka aho.” ■



## Loholona Von G. Keetch

*Kôlejy Voalohany ao amin'ny Fitopololahy*

**T**onga ny fotoana nitondra fiovana lehibe teo amin'ny fiainan'ny Loholona Von G. Keetch rehefa nahatontosana ny naha-mpiraki-draharaha tao amin'ny fitsarana azy niaraka tamin'ny Mpitsara Ambony Warren E. Burger sy ny Mpitsara Antonin Scalia tao amin'ny fitsarana faratampony an'i Etazonia izy ka niomana ny ho mpiasa amin'ny fotoana feno ao anatin'ny sampan-draharaha mpanampy eo amin'ny lafin'ny lalàna.

Afaka niasa tany amin'ny tanàna izay tiany tao Etazonia izy tany amin'ireo orinasa goavana maro mpanampy eo amin'ny lafin'ny lalàna. Kanefa naleon'izy sy i Bernice Pymm Keetch vadiny nivavaka mba hahazo fitaomam-panahy hahafantarana izay tokony hataon'izy ireo. Taorian'ny fotoana nitadiavana dia niverina tany Salt Lake City, Utah izy nivady ary dia niasa tao amin'ny orinasa mpanampy eo amin'ny lafin'ny lalàna tao amin'ny Kirton McConkie izy.

Tamin'izany fotoana izany dia nieritreritra ny Loholona Keetch fa afaka manao sorona ny fahaiza-manaony izy ka hiasa amin'ireo raharaham-pitsarana vaovao mba ho eo akaikin'ny fianakaviany. Kanefa, amin'ny maha-lehiben'ny filankevitra ara-dalàna nokaramaina ivelan'ny fikambanana ho an'ny Fiangonana azy dia niady hevitra momba ireo olana araka ny lalàm-panorenana sy ireo zava-miseho teo aloha momba ny zom-pahafahana misafidy ny finoana izy. Nisolo tena ny ankamaroan'ny antokom-pivavahana maro teo amin'ny firenena izy. “Tiako ny fananako fahafahana niasa ho an'ireo mpanjifa lehibe toy izany sy niandraikitra amin'ny olana lehibe toy izany,” hoy izy.

Ny Loholona Keetch dia teraka tamin'ny 17 martsa 1960 tao Provo, Utah, zanak'i Gary sy Deanne Keetch, ary izy no zokiny indrindra amin'ny zanaka efatra. Nipetraka tany Orem, Utah ny fianakaviany talohan'ny nifindrany tany Pleasant Grove, Utah—izay toerana niarahan'izy sy ilay ho vadiny nanompo tao amin'ny filankevitry ny seminera ao amin'ny lycée.

Nanompo tao amin'ny misiônan'i Dusseldorf Alemana ny Loholona Keetch ary nanjary tia ny vahoaka alemana izy. Nanambady an'i Bernice Pymm tao amin'ny tempolin'i Salt Lake izy tamin'ny 21 nôvambra 1981 rehefa niverina avy tany amin'ny sahan'ny misiôna; manana zanaka enina izy ireo. Nahavita fianarana tao amin'ny Oniversiten'i Brigham Young ny Loholona Keetch tamin'ny 1984 ka nahazo mari-pahaizana tamin'ny science politique ary nahazo mari-pahaizana momba ny lalàna tao amin'ilay oniversite izy tamin'ny 1987.

Nandritra ny taona maro, ny Loholona Keetch izay notohanana tamin'ny 4 aprily 2015 ho ao amin'ny Kôlejy Voalohany ao amin'ny Fitopololahy, dia nanompo tao amin'ny episkôpà, filankevitra avo, ary efa filohan'ny tsatòka sy Fitopololahin'ny Vondrom-paritra. ■



## Loholona Hugo Montoya

*Kôlejy Voalohany ao amin'ny Fitopololahy*

**H**ita tokoa fa tena tohina ny fon'ny Loholona Hugo Montoya rehefa nantsoina ho ao amin'ny Kôlejy Voalohany ao amin'ny Fitopololahy izy. Nahazo fampaherezana izy tamin'ny teny malefaka nataon'ny Filoha Thomas S. Monson nandritra ny fivoriana fanofanana an'ireo Manampahefana Ambony vaovao nanao hoe: “Eto ianareo satria tianareo ny Mpamonjy.” Nahatsapa ho nahazo hery ny Loholona Montoya rehefa nahafantatra fa name-traka azy hanao ny asan'ny Tompo ny antsony vaovao.

“Tiako ny Mpamonjy ary handeha any amin'izay rehetra hanirahana ahy aho,” hoy izy. “Hataoko izay rehetra asaina ataoko.” Notohanana nandritra ny fivoriana sabotsy tolakandron'ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany fanao isan-taona faha 185 ny Loholona Montoya.

Nahazo tanjaka avy amin'ny lovan'ny finoan'ny fianakaviany ihany koa ny Loholona Montoya. Olona manan-danja teo amin'ny tantaran'ny Fiangonana tany Mexique i Rafael Monroy izay rain'ny raibeny. Nosamborin'ny andian'olona mpanakorontana nandritra ny Révolution Mexicaine ny Rahalahy Monroy sy ny mpikambana namana iray, dia i Vincente Morales tamin'ny 1915. Samy nilazana ireo lehilahy roa ireo fa raha mandà ny finoany izy ireo, ankoatra ireo zavatra hafa nangatahina tamin'izy ireo, dia havotsotra.

Nandà izy roalahy ka notifirin'ny miaramila iray tokoa ho faty. Nilaza ny Loholona Montoya fa mijanona no ohatra mahery vaika eo amin'ny fiainany ny ohatra nasehon'ny rain'ny raibeny. “Nianatra aho fa ny fahatsapana tahotra dia azo resena amin'ny alalan'ny fahatsapana finoana sy fijoroana ho vavolombelona rehefa fantatrao fa manao ny marina ianao.”

Teraka tamin'ny 2 aprily 1960 tao Fresno, Californie ny Loholona Montoya, zanak'i Abel Montoya sy Maclovina Monroy. Tao Mexique izy no nipetraka nandritra ny ankamaroan'ny androm-piainany.

Nanambady an'i Maria del Carmen Balvastro tany Hermosillo izy; nofehezina tao amin'ny tempolin'i Mesa Arizona izy ireo tamin'ny 6 aprily 1983. Manan-janaka dimy izy ireo.

Taorian'ny naha-misiônara amin'ny fotoana feno azy tao amin'ny misiônana'i Mexico City Avaratra izy tamin'ny 1979 ka hatramin'ny 1981 dia filohan'ny zatovolalahy tao amin'ny paroasy izy, dia lasa mpanolotsaina avo, eveka, filohan'ny tsatòka, mpanamarim-bola tao amin'ny vondrom-paritra, ary Fitopololahin'ny vondrom-paritra.

Nahavita fianarana avy tao amin'ny Oniversiten'i Sonora State izy tamin'ny 1986 ka nahazo mari-pahaizana injeniera amin'ny fambolena sy niasa tamin'ny toeram-pitantanana maro tao amin'ny Xerox ary mpampianatra institiota tato amin'ny Fiangonana. ■



## Loholona Vern P. Stanfill

*Kôlejy voalohany ao amin'ny Fitopololahy*

**M**ino ny Loholona Vern P. Stanfill fa tsy misy izany kisendra sendra izany. Mino izy fa eto amin'ity fiainana ity dia misy antony ny fifanenan'ny olona ary afaka manentana ny fana-hin'ny zanany ny Tompo mba ho fitahiana ho an'ny hafa.

Tia manompo ny hafa ao amin'ny filazantsara ny Loholona Vern P. Stanfill, indrindra ny fiasana miaraka amin'ny olona tsirairay.

Ny Loholona Stanfill dia teraka tamin'ny 8 aogositra 1957, zanak'i Jed sy Peggy Stanfill, ary nihalehibe tao amin'ny toerana fiompiana biby teo akaikin'i Townsend, Montana. Nianatra ny lanjan'ny asa mafy sy nikolokolo fijoroana ho vavolombelona momba ny Mpamonjy Jesoa Kristy izy. Fahatelo tamin'ny zanaka efatra ny Loholona Stanfill, manana zoky lahy roa izy ary zandry vavy iray izay nanompo tamim-pahatokiana tato amin'ny Fiangonana.

“Eo amin'ny fiainantsika ny tanan'ny Tompo na dia eo aza ny fahalementsika,” hoy izy. “Tsy olona tonga lafatra izaho sy ny vadiko. Tsy manana fianakaviana lavorary izahay. Olona tsotra izay niezaka ny niaina ny fiainanay andavanandro izahay ary mamela ny Tompo ho ao anatin'izany.”

Rehefa avy nanao asa fitoriana tamin'ny fotoana feno tany Toulouse, France izy dia nianatra mba hahazo mari-pahaizana momba ny toekarena eo amin'ny lafin'ny fambolena tao amin'ny Oniversiten'i Brigham Young, ary nifanena tamin'i Alicia Cox dia nanambady azy. Nivady tamin'ny 17 desambra 1980 tao amin'ny tempolin'i Salt Lake izy ireo.

Nifindra indray tany Montana ny fianakaviana Stanfill rehefa vita ny fianarany ka afaka nanampy tamin'ny fitantanana ny toeram-piompian'ny fianakaviana izy, nanao asa fandraharahana niompiana tamin'ny biby fiompy sy vilona ary voa. Namidiny ilay orinasa tamin'ny 1998 ary nanomboka nitantana ny antontan-taratasy momba ny fanelanelanana amin'ny fivarotana sy fampianofana trano sy tany ary ireo mikasika ny fitantanambola izy, teo ihany koa ny firosahana tamin'ny fanaovana asa soa sy fikarakarana ny trano sy tany azy manokana.

Lasa mpitondra fiaramanidina hanaovana asa amandrahara sy hialana voly ny Loholona Stanfill ka sady manana fahazoan-dalana hitondra fiaramanidina sy helikaopitera izay ampiasaina amin'ny raharaha ara-barotra.

Ankoatra ny fanabeazana zanakavavy efatra niaraka tamin'ny vadiny dia nanana fahafahana hanompo tao amin'ny Fiangonana ihany koa ny Loholona Stanfill tamin'ny naha-filohan'ny kôlejin'ny loholona, eveka, mpanolotsaina avo, filohan'ny tsatòka ary Fitopololahin'ny vondrom-paritra azy. Nanompo tao amin'ny Kôlejy fahaenina tao amin'ny Fitopololahy izy tamin'ny fotoana niantsoana azy ho ao amin'ny Kôlejy voalohany. ■



## Mary R. Durham

*Mpanolotsaina faharoa ao amin'ny fiadidian'ny Kilonga maneran-tany*

Rehefa nampifandanja ireo zavatra takin'ny fiainana ao an-tokantrano, ny antso ao am-piangonana, ny asa ary ireo andraikitra hafa nandritra ny fiainany tao anatin'ny fanambadiana i Mary Richards Durham dia nahatsikaritra izy fa nilamina avokoa ny zavatra rehetra rehefa nametraka ny Tompo ho voalohany izy sy ny vadiny. “Zavatra mamy izany. Rehefa matoky ianao dia mitahy anao ny Tompo,” hoy izy.

Lohahevitra izay hitany niverimberina imbetsaka izany. Nantsoina ho filohan'ny zatovovavy tao amin'ny paroasy izy raha nanompo tao amin'ny fiadidian'ny tsatòka ny vadiny. Taty aoriana dia niara-nanompo izy ireo rehefa niahy ny misiônan'i Tokyo Japon ny vadiny tamin'ny 2000 ka hatramin'ny 2003. Ankehitriny dia hanompo amin'ny maha-mpanolotsaina faharoa ao amin'ny fiadidian'ny Kilonga maneran-tany azy izy raha manomboka ny asa fanompoany amin'ny maha-Fitopololahin'ny vondrom-paritra azy kosa ny vadiny.

“Mora kokoa ny zavatra rehetra rehefa miara-mitondra zioga miaraka amin'ny Tompo isika,” hoy izy.

Teraka tamin'ny 15 martsa 1954 tao Portsmouth, Virginia i Mary Lucille Richards, zanak'i L. Stephen Richards Jr. sy Annette Richards. Nifindra tany Minneapolis, Minnesota ny fianakaviany rehefa nanohy fianarana mba hahazoana ny mari-pahaizany amin'ny fitsaboana ny rainy mialoha ny nipetrahan'izy ireo tao Salt Lake City, Utah.

Nanjary fantany fa marina ny filazantsara rehefa noko-lokoloina tamin'ny alalan'ny finoana sy ny fitiavan'ireo ray aman-dreniny sy ny fianakaviana lehibe iray izy. “Traikefa mahafinaritra ny niaina ny filazantsara. Tsy nananosarotra izany. Nahafinaritra izany,” hoy ny Rahavavy Durham.

Fony izy zatovovavy dia nahazo fahatsapana mikasika ny maha-zava-dehibe ny fahitana zatovolahy mendrika iray mba ho vady izy ary nataony tao anatin'ny vavaka isan'andro sy fifadian-kanina isan-kerinandro izany. Rehefa nahavita ny fianarana tao amin'ny lycée izy dia nahazo vatsim-pianarana hianarana ny taranja dihy tao amin'ny Oniversiten'i Brigham Young ka nifanena tamin'i Mark Durham, izay nianatra tao amin'ny Oniversiten'i Utah. “Fantatro avy hatrany ny hatsaran-toetrany,” hoy izy.

Nivady tamin'ny volana jona 1974 tao amin'ny tempolin'i Salt Lake izy roa. Manan-janaka fito izy ireo.

Ny Rahavavy Durham dia efa filohan'ny Fikambanana Ifanampiana teo amin'ny tsatòka, mpanolotsaina tao amin'ny fiadidian'ny Fikambanana Ifanampiana tao amin'ny paroasy, mpampianatra ny Fotopampianaran'ny Filazantsara, filohan'ny zatovovavy tao amin'ny paroasy ary ny vao haingana indrindra dia mpikambana tao amin'ny flankevi-pitantanan'ny Kilonga maneran-tany. ■



## Stephen W. Owen

*Filohan'ny Zatovolahy maneran-tany*

Rehefa 14 taona i Stephen W. Owen dia nokaramain'ny mpifanolobodirindrina taminy mba hanapaka bozaka tao amin'ny tokotany lehibeny sy hanala ahi-dratsy tao amin'ny zaridainany isan-kerinandro. “Telo andro vao vitako ny nanapaka izany bozaka izany,” hoy Rahalahy Owen be tsikitsiky izay notohanana tamin'ny 4 aprily 2015 ho filohan'ny Zatovolahy maneran-tany.

Rehefa vitany ny asany dia nangataka taminy ilay mpampiasa hendry mba hiaraka handeha aminy manerana ilay zaridaina mba hanondro ny ahi-dratsy iray na roa izay tsy voajery.

“Nolazainy fa tokony hoesoriko hono ny ahi-dratsy rehetra.” “Izany no asako voalohany ary nanampy ahy hahatakatra ny atao hoe manana andraikitra izany.”

Nianatra lesona mihoatra ny fikarakarana tokotany sy zaridaina ny Rahalahy Owen tamin'izay taona izay. Voalohany dia fantany fa hita ao amin'ny fanaovana zavatra mafy amin'ny fomba tokony hanaovana izany ny fahafahampo. Nahafantatra ny lanjan'ny mpanara-maso ihany koa izy.

Niandry ny tsara indrindra avy tamin'i Stephen fotsiny ilay mpifanolobodirindrina taminy. “Toy ny niteny tamiko izy hoe: ‘Fantatro hoe afaka ny ho tonga olona toy ny ahoana ianao, ary te hanampy anao aho.’”

Mila mpanara-maso tahaka izany ny zatovolahy rehetra ato amin'ny Fiangonana mba hanampiana azy ho tonga mpihazona ny fisoronana tsara indrindra tokony hahatongavany. Nilaza izy hoe: “Manana fitiavana betsaka ho an'ny tanora aho.” “Tiako izy ireo ary fantatro fa fotoana manan-danja izao izay hanoritana ny ohatra arahiny mandritra ny andro sisa eo amin'ny fiainan'izy ireo.”

Nanompo tao amin'ny misiônan'i Texas San Antonio Rahalahy Owen ary efa lehiben'ny skoto, filohan'ny Zatovolahy ao amin'ny paroasy, eveka, mpanolotsaina avo ary filohan'ny tsatòka taty aoriana.

Ilay zanatany avy ao Holladay, Utah ihany koa dia niahy ny misiônan'i Californie Arcadia tamin'ny 2005 ka hatramin'ny 2008 izay toerana nanompoany niaraka tamin'i Jane Stringham Owen vadiny. Nivady tamin'ny 28 desambra 1979 tao amin'ny tempolin'i Provo Utah izy ireo. Manan-janaka dimy izy ireo.

Teraka tamin'ny 22 martsa 1958 tao Salt Lake City, Utah izy, zanak'i Gordon sy Carolyn Owen. Nahavita fianarana tao amin'ny Oniversiten'i Utah izy ka nahazo mari-pahaizana momba ny fitantanam-bola ary filohan'ny Harvest Bread Company ao Provo, Utah. ■



## Douglas D. Holmes

*Mpanolotsaina voalohany ao amin'ny fiadidian'ny Zatovolahy maneran-tany*

“Manana fahafahana lehibe kokoa amin'ny fanka-toavana ity taranaka ity noho izay taranaka teo aloha. Heveriko fa anisan'ny fandaharam-potoana sy fanomanan'ny Tompo ho amin'ny andro izay iainantsika izany,” hoy Rahalahy Douglas D. Holmes izay notohanana tamin'ny 4 aprily 2015 ho mpanolotsaina voalohany ao amin'ny fiadidian'ny Zatovolahy maneran-tany.

Teraka tamin'ny 27 febroary 1961 tao Salt Lake City, Utah Rahalahy Holmes, zanak'i Dee W. sy Melba Howell Holmes izy, ary lehibe tao Cottonwood Heights, Utah.

Rehefa avy nanompo tao amin'ny misiônan'i Scotland Glasgow izy tamin'ny 1980 ka hatramin'ny 1982 dia nahazo ny licence en science de la famille avy tao amin'ny Onivesiten'i Brigham Young tamin'ny 1986 ary nanohy fianarana mba hahazoana maîtrise en administration d'entreprise tao amin'ny oniversiten'i Marriott School of Management.

Taorian'ny fahavitany ny fianarana dia mpanome hevitra ara-pitantanana nandritra ny telo taona izy ary nahita fahombiazana arak'asa tany amin'ny orinasa mikasika ny télécommunication, ka lasa tale lefitra mpanatanteraka mikasika ny paikady sy ny fampanandrosoana ny orinasa tao amin'ny vondron'orinasa Media One izy. Niasa tena mikasika ny fametraham-bola ampiasaina sy ny fanelanelanana amin'ny fivarotana na fampanofana trano na tany izy nanomboka tamin'ny taona 2000 ka hatramin'ny niantsoana azy ho filohan'ny misiôna tamin'ny 2010 ary niverina tamin'izany indray nanomboka tamin'ny taona 2013.

Nandany ny ankamaroan'ny fotoany sy ny talentany tamin'ireo fikambanana tsy mitady tombontsoa izy ka nanompo tao amin'ny filankevi-pitantanana ny United Way tao amin'ny fivondronana Davis, Utah; Parents for Choice in Education; ny Safe Harbor Women's Shelter ao amin'ny fivondronana Davis; ary ny Academy for Creating Enterprise.

Efa mpitarika ny asa fitoriana ao amin'ny paroasy, filohan'ny Zatovolahy ao amin'ny paroasy, eveka izy ary vao haingana dia mpanolotsaina tao amin'ny fiadidian'ny tsatòka. Niahny ny misiônan'i Michigan Detroit izy tamin'ny 2010 ka hatramin'ny 2013.

Nanambady an'i Erin Sue Toone izy tamin'ny 22 jona 1985 tao amin'ny tempolin'i Salt Lake. Manan-janaka enina izy ireo.

“Nahita ny herin'ny teny teo amin'ny fiainanay izahay, na ny tenin'ireo mpaminany izany na ny tenin'ny soratra masina na ireo bitsiky ny Fanahy Masina,” hoy ny Rahalahy Holmes. ■



## M. Joseph Brough

*Mpanolotsaina faharoa ao amin'ny fiadidian'ny Zatovolahy maneran-tany*

Nandritra ireo telo taona nanompoan'i M. Joseph Brough tamin'ny naha-filohan'ny misiônan'i Guatemala City Central Guatemala azy (tamin'ny 2011 ka hatramin'ny 2014), dia sady namoy ny rainy izy no namoy ny rafozandahiny.

Na dia afaka niverina namonjy ireo fandevenana tany Etazonia aza ny vadiny dia nisafidy ny hijanona tany Guatemala izy mivady tamin'ireo fotoana roa ireo ka nanohy ny asa fitoriana nataon'izy ireo. “Fantatray fa tsara ho anay ny nijanona ka niasa tsara araka izay vitanay” hoy Rahalahy Brough, izay nantsoina tamin'ny 4 aprily 2015 ho mpanolotsaina faharoa ao amin'ny fiadidian'ny Zatovolahy maneran-tany. “Izany indrindra no nandrasan'ny rainy sy ny raiko taminay.”

Teraka tao Salt Lake City, Utah tamin'ny 11 desambra 1963 Rahalahy Brough, zanak'i Monte J. sy Ada B. Brough. Nandany ny fahatanorany tao Farmington, Utah, sy tao Robertson, Wyoming izy. Nifindra tany Minnesota ilay fianakaviana rehefa nantsoina ho filohan'ny misiôna ny rain'i Joseph, izay nanompo tamin'ny naha-mpikambana azy tao amin'ny Fitopololohy taty aoriana. Tao amin'ny taona famaranana i Joseph rehefa nahatontosa ny asa fanompoany tamin'ny naha-filohan'ny misiôna azy ny rainy. Tsy niverina tany amin'ny lycée i Joseph fa nanao fanadinana mitovy amin'ny any amin'ny lycée izy ka niditra mivantana tao amin'ny Oniversiten'i Weber State tao Ogden, Utah.

Nisisika mafy anefa ny ray aman-dreniny mba hahavitany fianarana seminera miaraka amin'ny mari-pahaizana mandritra ny efa-taona. Tamin'izy nianatra seminera tao amin'ny Davis High School no nifanenanany tamin'i Emily Jane Thompson, ilay ho vadiny taty aoriana. Nivady tao amin'ny tempolin'i Salt Lake izy ireo tamin'ny 25 aprily 1985; manan-janaka efatra izy ireo.

Nanompo tao amin'ny misiônan'i Quetzaltenango Guatemala ny Loholona Brough talohan'ny nivadian'izy roa. Ny filohan'ny misiônan'ny, i Jorge H. Perez, hoy izy no lasa “lehilahy tena nanova ny fiainany.”

Nahazo licence en finance sy maîtrise en administration d'entreprise avy tamin'ny Oniversiten'i Utah izy, ilay mpanorina sy tompon'ny Rotational Molding of Utah. Efa eveka sy filohan'ny Zatovolahy ao amin'ny paroasy ary mpanolotsaina avo izy tato amin'ny Fiangonana. ■



Eo anatrehanao ry Tompo, nataon'i Annette Everett

*“Manondrika ny lohako eo anatrehanao aho ry Tompo*

*Ary misaotra Anao tamin'izay voalaza teo.*

*Miontana ny fanahiko ary mihira ilay foko mahantra*

*Rehefa kasihin'ilay Fanahinao feno hatsarana.*

*Tena tsara ny teninao henoko androany!*

*Mivavaka aho mba ho mpitarika ahy Ianao ry Tompo.*

*Enga anie aho hanao ny adidiko amim-paharetana.*

*Araiketo ao am-poko ny teninao.”*

*(Hymns, no. 158)*



“Enga anie hotahian’ny Ray any An-danitra isika mba hanana ilay toetra tokony hananana mahakasika ny fitsaohana any amin’ny tempoly, mba hankatò ny didiny ary mba hanaraka soa aman-tsara ny dian’i Jesoa Kristy Tompontosika sy Mpamonjintsika,” hoy ny Filoha Thomas S. Monson nandritra ny Fihaonamben’ny Fiangonana maneran-tany fanao isan-taona faha 185. “Mijoro ho vavolombelona aho fa Mpanavotra antsika Izy. Zanak’ Andriamanitra Izy. Izy ilay nivoaka avy ao am-pasana tamin’ily marainan’ny Paska, ka nentiny niaraka taminy ilay fanomezana ny fiainana mandrakizay ho an’ny zanak’ Andriamanitra rehetra.”

NY FIANGONAN’I  
**JESOA KRISTY**  
HO AN’ NY OLOMASIN’ NY  
ANDRO FARANY